A propos de ce livre

Ceci est une copie numérique d'un ouvrage conservé depuis des générations dans les rayonnages d'une bibliothèque avant d'être numérisé avec précaution par Google dans le cadre d'un projet visant à permettre aux internautes de découvrir l'ensemble du patrimoine littéraire mondial en ligne.

Ce livre étant relativement ancien, il n'est plus protégé par la loi sur les droits d'auteur et appartient à présent au domaine public. L'expression "appartenir au domaine public" signifie que le livre en question n'a jamais été soumis aux droits d'auteur ou que ses droits légaux sont arrivés à expiration. Les conditions requises pour qu'un livre tombe dans le domaine public peuvent varier d'un pays à l'autre. Les livres libres de droit sont autant de liens avec le passé. Ils sont les témoins de la richesse de notre histoire, de notre patrimoine culturel et de la connaissance humaine et sont trop souvent difficilement accessibles au public.

Les notes de bas de page et autres annotations en marge du texte présentes dans le volume original sont reprises dans ce fichier, comme un souvenir du long chemin parcouru par l'ouvrage depuis la maison d'édition en passant par la bibliothèque pour finalement se retrouver entre vos mains.

Consignes d'utilisation

Google est fier de travailler en partenariat avec des bibliothèques à la numérisation des ouvrages appartenant au domaine public et de les rendre ainsi accessibles à tous. Ces livres sont en effet la propriété de tous et de toutes et nous sommes tout simplement les gardiens de ce patrimoine. Il s'agit toutefois d'un projet coûteux. Par conséquent et en vue de poursuivre la diffusion de ces ressources inépuisables, nous avons pris les dispositions nécessaires afin de prévenir les éventuels abus auxquels pourraient se livrer des sites marchands tiers, notamment en instaurant des contraintes techniques relatives aux requêtes automatisées.

Nous vous demandons également de:

+ *Ne pas utiliser les fichiers à des fins commerciales* Nous avons conçu le programme Google Recherche de Livres à l'usage des particuliers. Nous vous demandons donc d'utiliser uniquement ces fichiers à des fins personnelles. Ils ne sauraient en effet être employés dans un quelconque but commercial.

+ *Ne pas procéder à des requêtes automatisées* N'envoyez aucune requête automatisée quelle qu'elle soit au système Google. Si vous effectuez des recherches concernant les logiciels de traduction, la reconnaissance optique de caractères ou tout autre domaine nécessitant de disposer d'importantes quantités de texte, n'hésitez pas à nous contacter. Nous encourageons pour la réalisation de ce type de travaux l'utilisation des ouvrages et documents appartenant au domaine public et serions heureux de vous être utile.

+ *Ne pas supprimer l'attribution* Le filigrane Google contenu dans chaque fichier est indispensable pour informer les internautes de notre projet et leur permettre d'accéder à davantage de documents par l'intermédiaire du Programme Google Recherche de Livres. Ne le supprimez en aucun cas.

+ *Rester dans la légalité* Quelle que soit l'utilisation que vous comptez faire des fichiers, n'oubliez pas qu'il est de votre responsabilité de veiller à respecter la loi. Si un ouvrage appartient au domaine public américain, n'en déduisez pas pour autant qu'il en va de même dans les autres pays. La durée légale des droits d'auteur d'un livre varie d'un pays à l'autre. Nous ne sommes donc pas en mesure de répertorier les ouvrages dont l'utilisation est autorisée et ceux dont elle ne l'est pas. Ne croyez pas que le simple fait d'afficher un livre sur Google Recherche de Livres signifie que celui-ci peut être utilisé de quelque façon que ce soit dans le monde entier. La condamnation à laquelle vous vous exposeriez en cas de violation des droits d'auteur peut être sévère.

À propos du service Google Recherche de Livres

En favorisant la recherche et l'accès à un nombre croissant de livres disponibles dans de nombreuses langues, dont le français, Google souhaite contribuer à promouvoir la diversité culturelle grâce à Google Recherche de Livres. En effet, le Programme Google Recherche de Livres permet aux internautes de découvrir le patrimoine littéraire mondial, tout en aidant les auteurs et les éditeurs à élargir leur public. Vous pouvez effectuer des recherches en ligne dans le texte intégral de cet ouvrage à l'adresse `http://books.google.com`

VIC. APOST.
TANANARIVE
MADAGASCAR
PP. JÉSUITES FRANÇAIS
PROV. TOULOUSE.
REDDATUR

Digitized by Google

VIC. APOST.
TANANARIVE
MADAGASCAR
PP. JÉSUITES FRANÇAIS
PROV. TOULOUSE.

REDDATUR

E 54 / 77

Digitized by Google

Digitized by Google

Digitized by Google

par le P. Callet sj
1re édition.

voir Grandidier
Bibliographie de l'Alsace
t. I, 1, n° 699 (p. 50)

Digitized by Google

TANTARA NY ANDRIANA

ETO

MADAGASCAR.

HISTOIRE DES ROIS

D'IMERINE

D'APRÈS LES MANUSCRITS MALGACHES.

NO TONTAINA TAMY NY PRESY KATOLIKA

ANTANANARIVO

3 AVRIL 1875

Digitized by Google

Digitized by Google

LOHA-TENY.

Ry Merina, diniho sy vakio matetika hiany ny Tantara sy ny fomba nentin-dRazana. Ny Tantara raha vakina miadana sy amy ny fitandremana, mahasoa sy manome hevitra mahatoky amy ny izay mety hatao. Inona no hevitra ny Tantara, afatsy milaza marimarina ny soa na ny ratsy natao ny izay tao aloha ntsika? Aoka ny fahatsiarovana ny soa natao ny, handrisika antsika amy ny mety atao! Aoka ny fahalalana ny nahadiso azy, hampitandrina antsika mafy fandrao mba ho diso hevitra tahak'azy! Ny Tantara tsy miangatra: tsy maintsy ho lazaina, raha tsy androany dia rahampitso, ny mety sy ny tsy mety, na natao n'iza na natao n'iza. Koa amy ny izany, vakio ny Tantara milaza ny nanjakany ny Raza'nareo, ary indrindra tandremo tsara izay vaki' nareo; eritrereto ny niandohàny ny zavatra rehetra lazainy ny Tantara. Tsy misy tahaky ny fiheverana sy ny fitandremana mba hahalala zavatra. Ny olona sy ny zavatra dia mifampi-

Digitized by Google

solo hiany, fa ny fomba sy ny fo ny olombelona tsy miova. Izay mahalala marimarina ny Tantara ny taranaka tao aloha, dia mba mahalala antonintonina ny Tantara ny ankehitriny sy ny ho avy.

Hoy ny taratasy no soratany ny Malagasy tamy ny taloha, ka Ombiasy no nanoratra azy.

Digitized by Google

TANTARA NY RAZAN'ANDRIANA TAMY NY MADAGASCAR.

NA NY NANOA NA NY NANJAKA NO AMY NY ITY.

MIZARA ROA:

FIZARANA I. — HATRAMY NY NIANDOHANY NY ANDRIANA, KA HATRAMY NY NAHAVITAN'ANDRIANAMPOINIMERINA ANY MERINA.

FIZARANA II. — HATRAMY NY NAHAVITAN'ANDRIANAMPOINIMERINA ANY MERINA, NO MANKATY.

NY ANARANY NY ANDRIANA, SY NY TANY NITOERA'NY.

1. Andrianamponga vadindRamananambonitany eo Fanongoavana.
2. Andrianamboniravina vadindRampoloalina, ao Ampandrana.
3. Andriandranovola vadindRasoalimanjaka, eo Ambatondrakoriaka.
4. Rafandrandava vadindRamanamihoatrambonitany, ao Ampandrana.
5. Ramasindohafandrana vadindRamanalimananambonitany, ao Ampandrana.

Digitized by Google

6. Rafandrampoby vadindRasoalimananambonitany, ao Ampandrana.
7. Rafandramanenitra vadindRafaramahery, ao Ambohimasimbola.
8. Rangitamanjakatrimovavy ao i Merimanjaka.
9. Rafoby vadindRamanahimanjaka, ao Alasora.
10. Andriamanelo vadindRasolobe ao Alasora.
11. Ralambo vadindRatsitohinina, ao Ambohitrabiby.
12. Andrianjaka vadindRavadifo, ao Ambohimanga.
13. Andriantsitakatrandriana vadindRavololontsimitovy, ao Antananarivo.
14. Andrantsimitoviaminandriandehibe vadindRamahafoloarivo ao Antananarivo.
15. Andriamasinavalona vadindRatompoindroandriana sy Ramananimerina sy Ranavalontsimitovy sy Ramananandrianjaka, ao Antananarivo.
16. Andrianjakanavalomandimby vadindRatsimitoviaminandriana, ao Antananarivo.
17. Andriamponimerina vadindRamanantsahalarazaka ao Antananarivo.
18. Andrianavalonibemihisatra, ao Antananarivo.
19. Andriambalohery, ao Antananarivo.
20. Andriantsimitoviaminandriana vadindRampananaiambonitany, ao Ambohimanga.
21. Andriambelomasina vadindRasoherimanapitany ao Ambohimanga.
22. Andriantomponimerina ao Ambohidratrimo.
23. Andriantrimonibemihisatra ao Ambohidratrimo.
24. Andriamananimerina, ao Ambohidratrimo.
25. Andriantomponimerina ao Ambohidratrimo.
26. Andriambelo ao Ambohidratrimo.
27. Ramananandrianjaka, ao Ambohidratrimo.
28. Andrianavalomanotronimerina, ao Ambohitrabiby.
29. Andrianambonimena, ao Alasora.
30. Andriamohara, ao Alasora.

Digitized by Google

31. Andrianampoinimerina vadindRambolamasoandro, ao Ambohimanga.
32. Radamalahi-manjaka, ato Antananarivo.
33. Ranavalo-manjaka I, ato Antananarivo.
34. Radama II, nitondra tapany.
35. Rasoheri-manjaka, ato Antananarivo.
36. Ranavalo-manjaka II, manjaka izao.

ARY NY ANDRIANA NANJAKA TEO I MAMO.

Andriambahoakafovoanitany, tao Manazary.
Andriamanjakatokana, tao Ambohinihaza.
Andriamambandrano, tao Ambohitrondrana.
Andriantsiahofa, tao Manazary.
Andriantomponimamo, tao Ambohitromby.

ARY NY MPANOA KOSA.

Andriamoraóny, ao Ambatondrakorikia.
Ratsiseranina sy Andrianomena, ao Andraisisa.
Andrianamponga, ao Alasora.
Andriamananantitany, ao Ambohitrandriananahary.
Andriantompokoindrindra, ao Ambohimalaza.
Andrianjakatokana, ao Anosivato.
Andrianavalona, ao i Boràka.
Andriamborosy, ao Ambohidrapeto.
Rakotofanina, ao Anosipatrana.
Rampimanga, ao i Lanivato.
Ralambotsileonolombelona, ao i Tangaina.
Andriambetandra sy Andriantsalama ary Andriatomponimaromena, ao Fenoarivo.
Andriambolanambo sy Andrianavalotompo, ao Namehana.
Andrianavalona, ao Ambohitrinimanjaka.
Andriantomponimarovatana, ao Ambohipiara.
Andrianavalontomponibemihisatra, ao Ambohidratrimo.

Digitized by Google

Andriamanoro, ao Tsiafahy.
Andrianjakamananitany, ao Ambohimanjaka.
Andrianavalontomponatsimondrano, ao Ambohimanjaka.
Andriantsimatahomanjaka, ao Ambohimanjaka.
Andrianavalontompo, ao Andramasina.
Andriambodivato, ao Antongona.
Rabibiandanitra, ao i Ranovao.
Ratotsinivahoaka, ao Merinkasinina.
Andrianjakafonitany, ao i Fandana.
Andriandamboandrianjaka, ao Anosikely.
Andrianifonambe, ao Hiaramy.
Andriantomponibemihisatra, ao Miandrarivo.

ARY NY ANDRIAN-DRESY.

Razakatsitakatrandriana, ao Ambohimanatrika.
Andriamboatavo, nankany Mamo.
Andriamasindraimbelo, any Vonizongo.
Andrianavalontompo, any Kamoro any amy ny Sakalava.
Rabehety, ao Ambohimanatrika.
Rabelanonana, ao Ambohimanatrika.
Andriamaromanompo, ao Ambohimanatrika.
Andrianjafy, ao Ambohimanatrika.
Andrianavalonjafy, ao Ambohimanatrika.
Andriamahazomby, ao Ambohimanoro.

Digitized by Google

NY TANTARA NY 'NTAOLO.

TALOHA NY NISEHOANY NY ANDRIAMANJAKA NANJAKA TATY ANATY NY MERINA, ARY NY NAMINDRAN'AZY TATY ANTANANARIVO.

FIZARANA I. HATR'AMY NYNIANDOHANY NY ANDRIANA KA HATR'AMY NY NAMORIAN'ANDRIANAMPOINIMERINA ANY MERINA ENIN-TOKO.

TOKO I. HATR'AMY NY ANDRIANAMPONGA TEO FANONGOAVANA, KA HATR'AMY NY ANDRIAMASINAVALONA NAHAVITA ANY MERINA EFA-TOKO.

1. ANDRIANAMPONGA TEO FANONGOAVANA (†).

Ary ny Andriana no nanjaka kosa, Andrianamponga nanambady andRampananambonitany, nonina teo i Fanongoavana; ka niteraka an'Andrianamboniravina etsy Beravina atsinanan'Ankadivoribe. Very tantara izy.

(†). Mbola zavatra no saronany ny maizina ny niandohany ny Andriamanjaka nanjaka taty tamy ny taloha indrindra, ka tsy mba i Andrianamponga no voalohany, raha ny tantara izay no lazainy R.... no heverina; kanjo tantara miharo angano izany, koa tsy azo itokiana ho marina daholo ny azy rehetra; toizao ny tantara:

TANTARA NN VAZIMBA TEROA ANERINERINA TEO AVARATRY KILONY.

Ary nalatsak'Andriamanitra ny Zana'Nv nilalao tamy ny Vazimba, ka hoy Andriamanitra: *Iny Zanak'O iny te-hilalao amy nar'o. Aza mba akekena ny ondry, fa tsy homana ondry ny Zanak'O.*

Ary hoy kosa ilev Vazimba anankiray fotsi-fanahy: *Aira handraho'ntsika amy ny vilany fa handroanken'ondry hizahan'tsika.*

Digitized by Google

II. ANDRIANAMBONIRAVINA TEO AMBATONDRAKORIKIA.

Andrianamboniravina nanambady andRampoloalina teo Ambatondrakorikia niteraka an'Andriamoraóny sy Andranolava. Ary nony antitra Andrianamboniravina, dia niera ny Vahoaka nanao hoe: *Aiza Andriamoraóny?*

Ary nony no handraboi'ny izany, dia nampihinani'ny ny Zanak'Andriamanitra. Nony hariva ny andro, tsy afaka nody Izy, ka hoy Andriamanitra:

Nahoana moa izato Zanak'O no ahenahena nareo aty ambàny aty? — Ary nirifatra ny Vazimba.

Tezitra Andriamanitra: *Vorio avokoa izay Vazimba eto ambany eto.*— Ary raha vory ny Vazimba, hoy ny nalahatr'Andriamanitra: *Alao izay ho anareo: Ny Zanak'O iny va no ho tompoi'nareo: Fa ny ai'nareo no ho votsora'Ko. — Aleo nay ny Zanak'Ao no ho tompoi'nay, toizay ny ai'nay no ho votsorana ho faty.*—Ary hoy izy: *Any ny Zanak'O; anarany io Zanak'O io, Andrianerinerina.*

Koa nampidinany Zanak'Andriamanitra vehivavy tany andanitra ho Vady Ny, ary dia niteraka an'Andriananjavonana aroa Angavo atsinanana Izy. Ary niteraka Andriananjavonana an'Andrianamponga. Ary Andrianampouga kosa niteraka an' Andriandranolava, eroa Ambohimanjaka ao i Anivo. Ary niteraka Andriandranolava an'Andrianamboniravina, etsy Beravina atsinanan'Ankadivoribe. Ary niteraka Andrianamboniravina an'Andriampandrana eroa Ampandrana. Ary Andriampandrana niteraka an'Andriandohafandrana. Ary Andriandohafandrana nitéraka an'Andriampandramanenitra. Ary Andriampandramanenitra niteraka andRafandrampohy. Ary Rafandrampohy niteraka andRafandraudava. Ary Rafandrandava niteraka andRangita sy Rafohy eroa i Merimanjaka. Ary Rafohy niteraka an'Andriamanelo, etsy Alasora. Ary Andriamanelo niteraka andRalambo, eo Ambohitrabiby. Ary Ralambo niteraka an'Andrianjaka, teto Antananarivo. Ary Andrianjaka niteraka an'Andriantsitakatrandriana, ao Antananarivo. Niteraka kosa Andriantsitakatrandriana an'Andriantsimitoviaminandriana. Ary Andriantsimitoviaminandriana niteraka an'Andriamasinavalona. Ary Andriamasinavalona niteraka azy efa-daby: 1. an'Andriantomponimerina eroa Marova-

Digitized by Google

Hianao no lahimatoa ny Merina, fa efa ho Masina ny Andriana.---Ary hoy Andriamoraóny: *Mora ony aho, fa tsy an-drano-lava; kiady aho, fa tsy tompo ny saha. Fa mankanesa atsy amy n'Andranolava.* Dia Andranolava zandry ny no nanjaka, fa Andriamoraony no nanoa.

III. ANDRANOLAVA TEO AMPANDRANA.

Ny nanjakan'Andranolava vadindRasoalimanjaka teo Ambatondrakorikia no nonina, niteraka andRafandrandava teo Ampandrana.

Ary Andranolava nampiseho ny kabary. Ary hoy ny Vazimba: *Inona moa ny kabary ?*--- Dia namaly ny Andriana ny Vazimba: *Tsy izaho no Tompo ny kabary fa Andranolava no Tompo ny kabary,* (†).

IV. RAFANDRANDAVA TEO AMPANDRANA.

Ny nanjakandRafandrandava vadindRamanalimihoatrambonitany niteraka andRamasindohafandrana· Very tantara.

---

tana; 2. an'Andrianjakanavalomandimby navelany etsy Merinatsimo; 3. an'Andrianavalonimerina navelany eroa Ambohitrabiby; 4. ary an'Andriantsimitoviaminandriana navelany eroa Ambohimanga. Ary zanak'anabavy n'Andriamasinavalona, RavololondRalambo navelany etsy i Lafy, ary nampivadi'Ny zanak'olomianadahy izy. Ary Andriambelomasina nome'Ny ho tompo n'Avaradrano, dia Andrianjafy no zana'ny. Ary hoy Andriambelomasina nianiana: *Tontolo andro no an'ialahy fa ny farany any Ramboasalama.*— Andrianampoinimerina no Ramboasalama.— Ary nony tato aoriana, Andrianampoinimerina nahefa any Merina. Dia Lahidama no Zana'Ny nome'Ny handimby ny Fanjakana. Dia ny *farany* anv *Mavo.*—Rabodonandrianampoinimerina, Ranavalona I,—no atao Ny: *Mavotomponimerina.*

(†) *Teny Soa* 1868 p. 83.

Digitized by Google

V. RAMASINDOHAFANDRANA TEO AMPANDRANA.

Ny nanjakandRamasindohafandrana vadindRamanalimananambonitany teo Ampandrana niteraka andRafandrampohy. Very tantara.

VI. RAFANDRAMPOHY TEO AMPANDRANA.

Ny nanjakandRafandrampohy vadindRasoalimananambonitany teo Ampandrana niteraka andRafandramanenitra. Very tantara.

VII. RAFANDRAMANENITRA TEO AMBOHIMASIMBOLA.

Ny nanjakandRafandramanenitra vadindRafaramahery teo Ambohimasimbola, niteraka andRangitamanjaka sy Ratsiseranina. Ary Ratsiseranina nanoa teo Andraisisa. Dia havan'Andriana no farany. Ary Rafandramanenitra nandevina ny vola ny Vazimba iray lavaka teo andrefan'Ambohimasimbola.

VIII. RANGITAMANJAKA TEO MERIMANJAKA.

Ny nanjakandRangitamanjakatrimovavy teo i Merimanjaka niteraka andRafohy sy Andrianamponga; ka nanoa Andrianamponga. Very tantara.

IX. RAFOHY TEO ALASORA.

Ny nanjakandRafohy vadindRamanahimanjaka teo Alasora niteraka an'Andriamanelo sy Andriamananitany. Ary nandidy Rafohy, hoy ny fandidy ny: *Raha anio tontolo andro, anao Andriamanelo fa lahy matoa hianao,--- ary raha ny farany, an'Andriamananitany*

Digitized by Google

kosa. Ary dia niteraka Andriamanelo, niteraka andRalambo. Ary niteraka kosa Andriamananitany, niteraka an'Andrianamboninolona. (1) Ary nony nandidy Andriamanelo, hoy ny fandidy ny: *Hianao Ralambo, Zanak'O lahy matoa, ka hampanjakai'Ko*. Ary Andrianamboninolona niteraka andRatsitoinonamanjakanalondrano ho vadindRalambo ho tompo ny farany. Ary Andriamananitany nanoa; teo Ambohitrandrianana hary no nonina.

X. ANDRIAMANELO TEO ALASORA (2).

1° Ny lambo nah'anarandRalambo ny zanak'andriana vao teraka.

2° Andriamanelo no nisehoany ny vy sy ny lakana sy ny famorana.

3° Fomba Fanao ny famorana nentindRazana.

1° Ny nanjakan'Andriamanelo teo Alasora vadindRandapavola. Ary niteraka enina Randapavola, ka tsy nahazo zaza hiany. Ary nanana indray; nony nandray fanimpitony Randapavola, dia *Nanao sikidy* tamy n'Andriamanalina loholony ny mpisikidy. Ary dia nanaovany sikidy izao atsimo ny rano Andrenimiry izao, ka tsy nisy nety sikidy. Ary dia nanaovan-tsikidy indray ny andafy avaratra ny rano kosa, izay hahasoa hahatsara; dia ny avaratra no narahiny ny sikidy. Dia niaingia Randapavola, dia nampita teo Mahi-

(1) Andrianamboninolona no anarany ny firazanan'Andriana iray, ka taranaka, hono, ny io Andrianamboninolona, io isy ireo.

(2) Mbola velona ao ambany avaratry Filahoana ny sabandRamanelo.

Digitized by Google

tsiandriana izy; ary nony mby teo Ambohibaoladina, eo ambany atsinanana Betafo, dia nanao trano kisambosambo kely ny Angaralahy, dia teraka Randapavola. Dia avy ny lambo avy any atsinanana, nandikia ny trano misy Zanak'andriana vao teraka. Dia nenjehi'ny ny lambo ka voa sakany ny hady kely ao anda-fy andrefana ny heniheny ny Betafo; dia azo ny lambo nony tonga tao an-kady. K'izany no nanaovany io vohitra hoe *Ankadindambo*. Ary dia natao *Ralambo* no anarany ny Zanak'andriana, tamy ny ilay no dikainy ny lambo fony izy vao teraka teo Ambohibaoladina.

Ary dia faly Andriamanelo fa tera-dahy Randapavola, ka teraka tamy ny andro nahatsinanany ny Alahamady indrindra. Dia nova'Ny ny anarandRandapavola natao hoe *Rasolobe* : fa nazahoan'Andriamanelo ny Zazalahy soa. Ary raha manao Hasoavana, no isy atao enina, Randapavola no tsy nahazo zaza inenina, fa nandray fanimpitony vao nahazo zaza, dia izao no anaovana ny fito raha manao Hasoavana (*famorana*).

2° Ary tamy ny Andriamanelo no nisehoany ny *Vy* taloha natao lefona nenti'ny niady tamy ny Vazimba tety Antananarivo,— fa tsy mbola lao ny Vazimba, fa Rasoalao sy Rapeto no Andriana ny Vazimba,— dia resy Ny, fa ny lefona ny Vazimba *tamy manga* atao ny amy ny volotara ; ary Andriamanelo nahita ny vy ka naneiy tongy, ka nahavaky hoditra, dia nahafaty ; koa izay Vazimba niseho dia no tombohi'Ny. Ary hoy ny Vazimba : *Andeha isika handositra fa nanao vy manidina Andriamanelo*. Dia nivalana hiany izy, nankany Ambohimanoa.

Ary Andiamanelo koa no nisehoany ny *Lakana* hono, sy ny *Famorana* tamindRamasy sy Ranoro Zana ny lahy.

3° Ary ny fomba fanao amy ny Famorana nentindRazana taloha, dia mety ho lazaina amy n'izao.

Digitized by Google

Ny fomba ny Famorana dia mizara roa: ny amy ny Mpanjaka sy ny Hava'Ny; ary dia ny amy ny Vahoaka tsy vakivolo. Ary ny amy ny Mpanjaka no lazaina aloha, ka lazaina daholo izay fomba rehetra ny Famorana hatr'amy ny voalehany tsy miova fa mitombo an-dalana, mandrak'ankehitriny.

15.

NY FOMBA NY FAMORANA FANAO NY ANDRIAMANJAKA SY NY HAVA'NY AKAIKY, HIARAKA FORANA AMY NY ZANA'NY.

MAMONO VOALAVO. Voalohany indrindra manangona ny Vahoaka rehetra hivory. Ary nony vory ny Vahoaka dia mikabary amy ny Vahoaka ny Andriana manao hoe: *Izany no lazai'Ko amy nareo, ry Ambanilanitra: Hande handeha Aho hitety vohitra ho any Alasora, sy Ambohitrabiby, sy Ambohimanga, sy Ambohidratrimo, sy i Lafy, sy Namehana, hanao ny fomba-ndRaza'Ko. Koa amboary tsara ny lalana, ataovy madio tsara, soroky tsara ny bozaka, ataovy malalaka tsara: fa aleha Ko. Ary dia vonoy koa ny voalavo* (izany hoe: mpamosavy) *savao tsara, — ataovy tsara sava na dia roa aman-telo isampolo aza, — ataovy izay hala ny voalavo.* Ary nony voa laza ny teny n'Andriana, dia mamaly ny Lehibe amy ny Vahoaka, dia manao: *Trarantitra Hianao! Aza marofy! Mifanantera amy ny Ambaniandro! Raha milaza amy ny Ambaniandro Hianao, fa hitety vohitra hanao ny fomba-ndRaza'Nao, koa mampamboatra ny lalana mankany Alasorà, sy Ambohitrabiby, sy Ambohimanga, sy Ambohidratrimo, sy i Lafy sy Namehana; ka asai'Nao atao madio sy malalaka sy tsara, sy mampamono ny voalavo: dia manasina Anao izahay, koa ny hasina atao ny Ambaniandro Anao hampian-tsaotra, hampiam-bavaka! E Andriamanitra! E Zanahary! Ity hasina atao*

Digitized by Google

ny Ambaniandro anio ity, anie hahamasina Anao, hahatrarantitra Anao, hifanantera'Nao amy ny Ambaniandro.

Ary nony vita ny hasina: *Trarantitra Hianao! Aza marofy! Mifanantera amy ny Ambaniandro! Fa raha mampanao lalana Hianao, sy mampamono ny voalavo, dia matokia marimarina Hianao: fa atao nay madio sy malalaka tsara ny lalana, ary atao nay tsara sava ny voalavo, tsy asia'nay sisa. Fa ts'izay, ry Ambanilanitra? — Zay!* Ary nony vita ny kabary dia mirava ny Vahoaka, dia manao *Fampinomambe* izy mamono voalavo sy mamboatra lalana; fa ny manao fampinomambe no atao ny Andriana hoe: *Amboary ny lalana sy vonoy ny voalavo.*

Ary nony efa vita ny fampinomana, efa samy mipetraka ny Vahoaka, dia avy ny Loholona rehetra amy n'Ambaniandro hilaza amy n'Andriana hanao hoe: *Vita ny lalana Tompo ko, vita madio sy malalaka tsara, ary efa máty avokoa ny voalavo. Fa ataovy izay sitra-po Nao sy tia'Nao hatao.* Dia misaotra ny Loholona ny Andriamanjaka, dia manao hoe: *Efa re Ko izany, fa rehefa tsara sy malalaka ny lalana sy efa maty ny voalavo, dia hihevitra Ako hilaza izay andro tia'Ko hamoriana ny Ambaniandro.* Dia ampodiny ny Loholona ny Vahoaka. Ary nony misy andro tia'Ny hamoriana ny Vahoaka hilaza'Ny ny andro tia'Ny hanaovana ny Hasoavana, dia mamory ny Vahoaka Izy. Ary nony vory ny Vahoaka, dia mikiabary amy ny Vahoaka Izy manao hoe: *Izany no lazai'Ko amy nareo, ry Ambanilánitra: Hanao Hasoavaua Áho amy ny volana izany* (dia tononiny izay volana hanaovana Hasoavana). *Koa milaza amy nareo Amb.. Koa raha mety ho olo'Ko, na zaza na vehivavy, na lehibe na kely, na ny Anindrantany, dia tsy misy tsy tonga amy ny izany andro izany, fa raha tsy amy ny'izao, dia le-*

Digitized by Google

vo'ko marimarina.

Ary dia mamaly ny Vahoaka. Dia manasina Andriana. Dia manome toky Andriana amy ny andro hahavoriany. Ary nony vita izany dia mirava ny Vahoaka mody mandra-pahatonga ny fotoan'andro hivoriana. Ary nony tonga ny fotoan'andro natao ny Andriana, dia mivory ny olona rehetra. Ary nony efa vory ny olona, dia mikiabary amy ny Vahoaka ny Andriana milaza ny andro hivakiany volo.

Mivaky volo.

Dia mankeo Ambatomasina eo andafy atsinanana Andohalo ny Andriana hivaky volo (fa eo no fivakiany ny Razany volo), dia entina eo koa ny zaza ho foraisa. Ary nony tonga eo izy, dia velarana tsihy madio, dia mitodika miantsinanana, dia mirak'amy ny Andriana koa ny Velondray sy reny Mpanantatra zavatra Andriana. Dia ny Velondray sy reny amy ny zanaky I'Alasora no manoritra ny volo ny Andriana: fa izy no zoky ny indrindra amy ny Mpanantatra zavatra Andriana. Dia alavo ny Velondray aman-dreny ny omby vavy volavita. Nony lavo ny omby, dia mivavaka ny Andriamanjaka manao hoe: *Ary mivavaka amy n'Andriamanitra aho, mivavaka amy ny Zanahary, amy ny hasiny ny Tany sy ny Lanitra, sy ny hasiny ny Masoandro, sy ny Volana, sy mivavaka amy ny hasiny ny Tendrombohitra* 12, *sy ny hasiny ny* 12 *Nanjaka; ary mivavaka amy nareo Raza'ko rehetra: fa handahilahy zaza aho sy hanasin-jaza: kou mitondra io omby volavita io enti'ko mivavaka amy n'Andriamanitra sy ny Zanahary, sy enti'ko manasin-jaza: mivavaka amy n'Andriamanitra amy ny omby volavita aho, sy manasin-jaza: dia ho masina anie aho Andriamanitra! Hahaleo anie ny zaza! Hahalasana ho traran-*

Digitized by Google

titra! Tsy harofy! Ho moraim-pery!

Ary dia rasaina ny omby. Nony voa rasa ny omby dia entiny ny Velondray aman-dreny eo amy ny Andriana ny trafo ny, dia lelafi'ny. Dia izao no fiteny ny ny raha hilelaka ny trafon-kena: *Ho masina anie aho Andriamanitra! Hahaleo tany sy ny fanjakana anie ny zanak'o!* Dia nolelafi'ny ny trafo-nkena. Ary nony efa nilelaka ny trafo-nkena izy, dia soritany Velondray aman-dreny amy ny zanaky T'Alasora ny volo ny Andriana sy ny rai-njaza sy ny reny ny zaza niteraka azy. Dia izao no fiteny ny Andriana sy ny Velondray aman-dreny hanoritra ny volo ny: *Sambasamba Andriamanitra Andriananahary! Tsy ho azon-tsampona! Tsy ho azon-tambana! Hahaleo anie ny zaza! Hahalasana anie ho tratrantitra! Tsy harofy! Ho moraimpery!*

Dia soritana ny volo ny Andriana, sy ny ray sy ny reny ny zaza nitaiza azy. Dia atao telo no fanoritra ny volo, ka ny roa atao eo anoloana, ary ny iray ao an-katoka. Ary nony voa vaky ny volo, dia mandéfa basy sy tafondro betsaka, dia mandihy eo Andohalo. Ary nony ampitso dia mandihy eo Andohamandry indray. Dia mamono omby betsaka amy ny andro ivakiam-bolo. Ary nony efa nivaky volo, dia maniraka ny Velondray aman-dreny sy izay olona hiaraka ámy ny, haka *Ranomasina* amy ny izay fangalana azy. Dia mitafy lamba landy avokoa ny Velondray aman-dreny sy ny Manamboninahitra haka ranomasina mandrapahatonga. Ary dia mandihy sy mifaly sy mamono omby mandrakariva ny Andriana, mandra-pahatonga ny mpaka ranomasina, sy manao volo misalotra ny reni-njaza sy ny rai-njaza. Ka ny atao hoe *Salotra*: randranina madinika ny volo ny renin-jaza; ilay no vakina telo ka tovanana volo ka alaina ny tapakazo kely amboarina tsara, atao vorivory, atao maro,

Digitized by Google

ka ahodidina tsirairay amy ny izay tapa-kazo kely izay ny volo, dia atao tsara. Ary ny amy ny rai-njaza kosa, ao an-katoka hiany no asiana santatra telo, fa ny sisa dia atao amy ny izay randrana manendrikia azy hiany. Ary dia mamboatra soratra koa amy ny lohasaha fisoratany ny Andriamanjaka hisoratana rehefa mampaka-drano. Ary ny atao hoe *Soratra* : atao tahaky ny sora-panorona ny soratra eo amy ny lohasaha fisoratana ; ka dia sorohina madio tsara manaraka izay soratra izay, harahiny olona manaraky izay soratra izay, rehefa mandihy amy ny soratra amy ny andro isoratana.

Ary rehefa tonga ny ranomasina nalaina tany amy ny izay fangalana azy, dia mandrava trano ny Andriana ny trano hamorana. Ka ny atao hoe *Mandrava trano*: ravana ny rindrina atsimo amy ny trano hamorana, ka itárina mianatsimo halalaka ny trano. Ary nony voa rava dia amboarina sy temerana tsara ny trano. Ary ny manemitra ny trano no atao hoe: *Mitohy temitra*. Ary amy ny andro andravána trano, dia mandefa tafondro sy basy betsaka.

Mifehy voatavo ho entina maka ranomasina.

Ary rehefa vita tsara ny tohy temitra dia *Mifehy Voatavo* ny Andriana, ho entina maka ranomasina amy ny fanalana ranomasina ety Merina kosa, fa misy rano atao hoe: *Ranomasina*, fanalana rano fisantarana ny Andriamanjaka amy ny Fandroana sy ny Fora. Ary ny tany fanalany Andriana ranomasina amy ny Fandroana sy ny Fora dia: ao amparihy Ambohimanga, sy eo AmbatondRazaka ao atsimo n'Ambohimanga, sy eo Anosibe ao atsimo n'Ambohimanga, sy eo Ambatomasina ao andrefana Anosy eo avaratra Asabotsy, ary eo Andranomboahangy eo andrefan'

Digitized by Google

Ankadinbahoaka, ary Andrenimiry eo avaratra Alasora, sy eny i Farihy andrefan'Alasora. Ireo no tany fanalany Andriana ranomasina. Kanefa tsy misy zavatra mahamasina io rano io tsy akory, fa ny vava hiany no manao azy hoe: Ranomasina; fa tsy hita izay mahamasina azy, ary efa fanalany ny Razana teo aloha, ka dia arahiny ny zana'ny ato aoriana. Ary ny fanalany Vahoaka ranomasina kosa raha mamora, dia samy manana ny tany fanalany ranomasina hiany izy, na amy ny fora na amy ny fandroana. Ary nony efa voa fehy ny Voatavo, dia mihaingio sy miravaka tsara ny Velondray aman-dreny hitondra ny Voatavo hanalana ranomasina, sy ny olona hitondra ampingia sy ny lefona fitondra maka ranomasina, raha mamora Zanak'Andriana. Ary ny atao hoe *Mifehy Voatavo*: alaina ny voatavo misy vozony, atao hoe *Voatavoarivolahy* no anara'ny; sy alaina ny Fandrotrarana sy ny Hafotra atao hoe *Somangana;* dia atao halana telo ny fandrotrarana: ka ny iray atao amy ny vody ny Voatavoarivolahy; ary ny iray atao amy ny vozo'ny; ary ny iray atao amy ny loha ny. Ary nony vita ny halana fandrotrarana telo, dia atao amy ny Voatavoarivolahy, dia fehezina ny hafotra somangana, dia haratoana tsara, dia asiana Volafotsy koa eo amy ny vozony ny voatavo. Ary nony voa fehy ny voatavo, dia loahana amy ny lefona atao intelo. Ary nony voa loaka, dia atao ny Andriana eo an-doha ny Velondray aman-dreny. Dia mandeha ny Velondray aman-dreny indroa fito sy ny hiaraka amy ny mitondra ny ampingia iray sy ny lefona iray, haka ranomasina sy hamory ny zavatra rehetra fomba ny fanao amy ny Fora. Dia maka rano amy ny fanalana izy. Dia maka Vatan'akondro lehibe atao Fototra, sy Voan'akondro Boroboaka tanora; dia maka hazo atao anarana hoe Záhana, sy Hafotra

Digitized by Google

somangana, sy Sandrify any an'ala hatao Harona kely hasiana voan'akondro hatao Faditra ny zaza ho forana; dia mamolavola tain'omby hatao Lahinjiro amy ny fototra; dia maka Lovia tany manga; dia maka vorona Henjo; dia maka Trandraka; dia maka Amalona; dia maka Akanga; dia maka Vatokaranana hanohanana ny lahinjiro amy ny fototra; dia maka Fantáka hitsitsihana; dia maka Fary raiki-bololona; dia maka Volotara hatao oha-jaza; dia maka Vahy mavany hafehy eo amy ny valahany ny zaza ho forana, raha oharina amy ny volotara ny zaza ho forana.

Mampaka-dranomasina.

Ary rahefa azo ny ranomasina sy ireo fomba ny rehetra ireo, dia ajanona eny antsaha amy ny tany fitoerany ny ranomasin'Andriamanjaka raha mamora zanaka izy, na ho indroa andro na hateloana, izay tia ny Andriana hampijanonana azy na hafiriana na hafiriana, mandra-pahatonga ny izay andro tia'ny hampakaran-dráno. Ary nony tonga ny andro hampakaran-drano, dia mihaingo tsara dia tsara ny olona rehetra, sy miravaka tsara amy ny izay firavaka anana' ny. Ary dia mifehy tsara ny lehilahy, ary ny vehivavy dia miravaka tsara arak'izay anana'ny. Ary ny lehilahy mifehy, dia mitondra ampingia sy lefona iray avy, dia mandeha ny lehilahy mifehy haka ny ranomasina eny antsaha, sy ny vehivavy mihaingio hanatoa rano. Ary nony aingiaina ny ranomasina sy ireo zavatra fomba ny rehetra ireo, dia mandefa tafondro sy basy betsaka dia betsaka, fa atao ny Andriana *Andro lehibe sy malaza indrindra* ny andro ampakarandrano. Ary tsy misy haingio mitovy amy ny haingio atao amy ny izany andro izany. Ary dia ampakarina ny rano. Ary ny Andriana, sy ny zana'ny ho forana

Digitized by Google

sy ny hava'ny ho forana, dia miandry eo Andohalo. Ary izao no fiteny ny ilay Velondray aman-dreny mitondra ny ranomasina, sy ilay olona iray mitondra ampingia sy lefona nentina naka ranomasina, dia izao no fiteny ny: *Itoy rano inona* ? Dia mamaly ny mpitondra zavatra rehetra eo aoriana manao hoe: *Ranomasina, ranomanoro*. Ary ny lehilahy mifehy mitondra ampingia sy lefona, dia milahatra tsara eo andaniny roa atsimo sy avaratra, na ho atsinanana sy andrefana ny ranomasina. Dia manao tahaky ny mandihy no fandeha ny lehilahy mifehy. Ary ny vehivavy mihiaingio kosa eny aloha ny ranomasina sy ny lehilahy manao hoe: *Atoavy soa ranomasina, ranomanoro*. Dia atao ny hira no fanao ny izany teny izany, na ny miventy na ny manaraka. Ary rahefa tonga eo alatrano amy ny trano hamorana ny ranomasina sy ny zavatra rehetra, dia entina manodidina ny trano impito vao entina miditra ao an-trano. Ary rahefa tonga ao an-trano ny ranomasina sy ny zavatra rehetra fomba ny, dia mandrary ilay sandrify ny renin-jaza rehetra ao, isa ny zaza rehetra, hasiana ilay voan'akondro hatao faditry ny zaza. Dia izao no fiteny ny vehivavy mandrary. Ny sasany manao hoe: *Mandrary inona hianareo?* Dia hoy ny sasany: *Mandrary sandrify izahay*. Dia mandihy sy mihira ny olona ambara-pahariva ny andro. Ary nony hariva dia aorina ny fototry ilay vatan'akondro, dia aorina eo anjoro firarazana ery anjoro ny avaratra atsinanana. Dia tapahina eo antenatenany ny vatan'akondro asiana ny vilia tany manga eo an-tampo ny. Ary nony voa tsangana ny vatan'akondro, dia alaina ny Fanotonato ampidirina hitotoana ny fototra; dia izay lehilahy matanjaka tsara no mitondra, dia atao hoe: *Mitanilà idirany Ombalahy mahery*. Dia totoina ny fototra. Ary nony voa toto tsara, dia asiana lahy ny eo an-tampony ny foto-

Digitized by Google

tra, dia atao eo ny lovia tany manga; dia alaina ilay hazo zahana, dia vakina madinika, dia ranitana, dia atsatoka manodidina amy ny fototra hanohana ny vilia, dia haratoana amy ny hafotra somangana; ary nony voa fehy mafy tsara, dia alaina ilay tain'omby no volavolaina atao lahi-njiro, dia aorina anaty ny lovia, dia tohanana ny vatokaranana; ary nony voa tohana tsara, dia arehitra ny fototra. Ka ny Andriana no manao ny lovia eo an-tampony ny fototra sy mandrehitra ny fototra voalohany. Ary izay zavatra rehetra hiditra amy ny Lapa amy ny trano hamorana, na ny zaza ho forana, dia atoavina atao hoe: *Atoavy ny zaza*, *na ny zavatra hiditra*. Dia hoy ny an-trano: *Indro ny any ny noro maria manatoa soa*, *maria no toy itony*. Ary nony voa rehitra ny fototra, dia mamaky lapa ny Andriana, ka ny atao hoe *Mamaky lapa*: Ny Andriana manantatra mandihy voalohany, dia vao mandihy sy mihira ny olona rehetra; dia atao tsy tapaka ny dihy sy ny hira mandra-pahamaraina ny andro. Ary na ho indroa andro na ho hateloana izay tiany Andriana hisoratana, dia mandeha izy milatsaka an-tsaha mankeny amy ny ilay saha nasiana Soratra handihizana. Dia mihaingio tsara ny olona rehetra, na ny lehilahy na ny vehivavy. Dia mandeha ny Andriana sy ny olona rehetra sy ny zaza ho forana, mankeny amy ny Soratra, ary nony omby any dia milahatra tsara ny olona rehetra, dia miditra manaraka ilay Soratra, ny anoroany ny Andriana sy ny olona manaraka azy, dia amy ny afovoany indrindra; ary ny olona rehetra dia amy ny tanan-tsoratra rehetra, dia mandihy manaraka ny soratra na ny Andriana na ny Vahoaka; ary dia tsy maintsy hatao feno ny Soratra, fa raha tsy mahatonga soratra ka tsy mety. Ary ny zaza ho forana tsy mba mandeha manaraka ny soratra, fa mipetraka amy ny vato masina eo

Digitized by Google

andoha ny Soratra, fa misy Vato Masina eo amy ny saha fisoratana. Ary nony vita ny Soratra, dia manasina Andriana ny Vahoaka, manao isan-karazana, na Andriana na Vahoaka. Ary dia mandefa basy sy tafondro betsaka amy ny andro isoratana. Ary nony vita ny Soratra dia mody. Ary nony hariva dia atao tsy tapaka ny hira sy ny dihy mandra-pahamaraina ny andro. Ary nony alina dia manao oha-jaza: dia entina eo andrefan-trano ny zaza ho oharina sy ny volotara atao oha-jaza, sy ny vahy mavany amy ny vaniany ny zaza. Ary nony voa fehy dia atsangana ny zaza, dia oharina amy ny volotara, atao intelo: ny voalohany hatr'eo amy ny valaha'ny, dia jinjana ny antsy maranitra ny volotara; ary ny manarakaraka, hatr'amy ny soro'ny; ary ny farany, dia atao tovitry ny zaza. Dia vita ny oha-jaza, dia miditra ao an-trano. Ary nony tafiditra ny zaza, dia *Mitsitsika* ny Mpitsitsika. Ary ny karazan'olona atao hoe, Antehiroka no mpitsitsikia ny Zanak'Andriana manjaka sy ny Hava' ny akaiky azy. Ary izao kosa no fanao ny *Tsitsika*: Alaina ny Sahafa famelona apetraka eo ambody ny fototra, dia asiana Tantely sy Ranomasina sy Vola fotsy vaventy atao hoe *Vakoka* no anara'ny, sy Fantáka velondravina. Dia hoy no fiteny ny mpitsitsika: *Ary tsitsihina amy ny ty vola masina ity! Tsitsihina amy ny ity tantely velondreny ity! Tsitsihina amy ny ity ranomasina ity! Tsitsihina amy ny ty sahafa famelona ity! Tsitsihina amy ny ity fantáka velondravina ity! Hahaleo anie i Koto! Hahalasana ho tratrantitra! Ho moraim-pery!* Dia fafazana ny ranomasina eo an-tsahafa ny zaza ho forana. Dia mitsitsikia indray ny mpitsitsikia, dia manao hoe: *Handria! tsy zaza i Koto! i Koto gogo lahy niori-drano: tsy sambori-mita, tsy alain-karato! i Koto akondro avara-tanána: tsy toro-toroindravina, tsy alaim-bololona! Handria! tsy zaza i*

Digitized by Google

Koto! i Koto Sorohitra ambato: torahana tsy voa, mitora-mahavoa! Handria! tsy zaza i Koto! Ny omby ny Koto manolikoli-tanjona, manito hadilánana! Handria! tsy zaza i Koto! Ny vola ny Koto, fasimbe miavosa! Handria! tsy zaza i Koto! Ny andevo ny Koto mameno hadivory! Isatopoza, gedratoho, tsy hanihi-toho, tsy haka amalona: fa hanihi-bola, haka anomby. Soamadi-manoro, masin-teny, be vola, be anomby. E mahery! E moraim-pery! Atao ny hira izao teny izao fitsitsi-ha'ny azy. Dia fafazana ny ranomasina eo an-tsahafa ny zaza. Dia mitsitsika indray ny mpitsitsikia hoe: *Isa ambiroa, roa ambiroa, telo ambiroa, efatra ambiroa, dimy ambiroa...* (hatr'amy ny folo) *Isa ambiroa hanana amby ampy anie i Koto, Andriamanitra!* Dia fafazan-drano amy ny ranomasina eo an-tsahafa in-dray ny zaza. Dia vita ny Tsitsikia.

Ary ilay vorona Honjo, sy Akanga, sy Trandraka, sy Amálona sy ny Fary, dia apetraka eo atsinanany fototra, alainy ny olona mila-zaza, rahampitso mara-ina ny iny rahefa vita ny Fora. Ary asiana Vody he-na iray lehibe, sy vola A 1, ery anketona amy ny La-pa, hatao *Tahazaza* hifandrombahany ny olona ra-hampitso ny iny hanihiny amy ny andry afovoany. Ka izay haka mananikia ny andry afovoany no tom-po ny. Kanefa rehefa vita ny Fora vao alaina io taha-zaza io.

Famoizana.

Ary nony ampitso maraina mangiran-dratsy, dia alefa ny Mpaka *Rano mahery*, haka rano mahery amy ny tany fanalana rano mahery. Dia izay lehilahy ma-hery sy matanjaka tsara, no alefa haka rano mahe-ry; ka atao isa ny zaza ny olona maka rano mahe-ry, sy lehilahy mahery iray mitondra ampingia sy

Digitized by Google

lefona. Dia mitondra Voatavo arivolahy tsy loaka iray avy isa ny zaza, ny mpaka rano mahery. Ary ny rai-njaza kosa áto aoriana dia mandady mitondra ilay haron-kely sandrify, haka ilay akondro manta ao amy ny ilay trano lahy, (fa misy atao trano lahy tsy idiram-behivavy itoerany Mpamora). Ary nony efa mahazo ny akondro manta hatao fadi-jaza ao amy ny mpamora ny rai-njaza, dia mandady indray ny rai-njaza mitondra fadi-jaza amy ny haron-kely sandrify hankao an-dapa. Ary nony mby ao an-dapa, dia ome'ny ny rain-jaza ny fadi-jaza ho tána' ny. Ary nony efa mahazo rano mahery, ny mpaka rano mahery, dia miverina mihiazakazaka mafy. Dia miteny ilay mitondra ampingia sy lefona mitarikia ny mpaka rano mahery manao hoe: *Zana-boro-mahery*. Dia mamaly ny mpitondra rano mahery manao hoe : *Manatody ambato*. Ary nony mby eny ambavahady sy eny an-tanána, dia torahany olona rehetra vato, ilay mitondra ampingia sy lefona. Ary nony tonga ny mpaka ny rano mahery, dia entina eo avara-patana tandrify ny varavaran-kely ny Zanaky ny Andriana. Dia apetraka eo ambony ny amponga, vohana ny varavaran-kely, dia mivoaka eo alatrano tandrify ny zaza ny Andriana handahilahy ny Zana'ny. Ary nony hodidiana ny zaza dia miteny ny Andriana manao hoe: *Lehilahy hahaleo anie ialahy! Hahalasana! Haharo vody tatatra ! Ho tratrantira ! Ho ela velona Hahaleo tany anie ialahy! Hahaleo fanjakana!* Ary nony voa didy, dia miditra ny Andriana. Dia entina mamindro kely amy ny afo-njozoro eo anjoron'akoho ny zaza. Dia entina mivoaka hankany amy ny izay trano itoera'ny. Dia vita.

Ary ny amy ny Hava'ny kosa sy ny amy ny olona dia entina eo atsimom-patana tandrify ny varavaram-be. Dia ataingina eo ambony ny amponga. Dia

Digitized by Google

mankeo alatrano ny handahilahy ny zaza. Nony hodidiana ny zaza, dia miteny ny Mpandahilahy ny zaza manao hoe: *Lehilahy hahaleo ialahy! Hahalasana! Haharo vody tatatra, anie ialahy! Hahatoky lalam-bady anie ialahy! Hahery am-basy, hahery andefona! Ho tratrantitra anie ialahy! Ho ela velona! Ho tahaky ny manana na tsy havana na havana!* Dia vita. Dia ampamindroina amy ny afon-jozoro kely eo an-joro, dia vita. Dia mandefa tafondro sy basy betsaka amy ny andro anenterana andro iefana. Dia samy mody amy ny fonena'ny aloha ny Hava'ny, fa rahefa hisaotra indray vao avy.

Manao saotra.

Ary nony efa sitrana ny ferin-jaza, dia mandeha mitety vohitra ny Andriana mitondra ny Zana'ny, sy ny Hava'ny niaraka no forana tamy ny Zana'ny hisaorana. Dia mankany Alasora no voalohany, dia mandihy amy ny saha filanonany Raza'ny raha mamora, sy mamono omby betsaka. Dia mankany Ambohitrabiby, dia mandihy amy ny saha filanonany Raza'ny. Dia misaotra ny zaza; ary raha misaotra, mamono omby volavita sy omby malaza ny Andriana hilolohavany ny zaza ny trafo-nkena. Ary mamono omby betsaka koa ho any ny Vahoaka. Ary dia misaotra ny Andriana. Ary izao no fiteny ny Andriana raha misaotra ny omby volavita sy ny omby malaza izy: *Ary isaora'ko amy nao Andriamantra sy amy nao Zanahary! Isaora'ko amy ny hasiny ny Tany sy ny Lanitra, sy isaora'ko amy ny hasi'nao, Ralambo! Isaorana amy ny io omby volavita io sy io omby malaza io ny zaza ho forana. Ka dia hahaleo! Hahalasana anie ny zaza! Ho tratrantitra! Ho ela velona!* Dia vonoina ny omby volavita sy ny omby malaza;

Digitized by Google

dia alaina ny tendron-trafo ny omby volavita, dia entina ho lelafiny ny Andriana, dia hoy no fiteny ny Andriana raha milelaka ny trafon-kena : *Ho masina anie aho Andriamanitra! Hahaleo! Hahalasa ny zaza!* Ary rahefa milelaka ny trafon-kena ny Andriana, dia alaina ny trafony ny omby volavita sy ny trafony ny omby malaza, dia zaraina ho any ny zaza rehetra no forana; dia lolohaviny ny zaza; dia ifarombahany ny olona mila zaza ny trafo-nkena eny andoha ny ankizy. Ary dia vita ny Saotra. Dia mankeny Ambohimanga indray ny Andriana, dia mandihy eo Antsahamasina saha fanaovany ny Raza'ny *Hasoavana*, dia mamono omby betsaka. Dia mankany Ambohidratrimo indray izy, dia mandihy amy ny saha filalonany ny Raza'ny raha mamora, dia mamono omby betsaka. Ary dia mankany i Lafy izy, dia mandihy amy ny saha filalonany Raza'ny, dia momono omby betsaka. Dia miverina amy ny tanana fitoeranv ny Andriana. Dia vita ny famorany Andriamanjaka sy ny Hava'ny akaiky azy.

Ny Fomba ny Famorana hatr'amy ny zanak'Andriamasinavalona no ho midina.

Voalohany indrindra rehefa tonga ny taona famorany ny Vahoaka, dia mamory ny Vahoaka ny Andriamanjaka, dia mikiabary izy manao hoe : *Hanao Hasoavana aho*, *ry Ambanilanitra*, *koa vonoy ny voalavo*, *kanefa aza atao mihoatra isam-polo*. Dia manasina ny Andriana ny Vahoaka sy manome toky Andriana. Dia ampodiny ny Vahoaka rehefa vita ny Kabary. Dia manao fampinomambe : manao tavy be ny Vahoaka. Ary nony efa vita ny fampinomambe atao ny Vahoaka, dia miantso ny Vahoaka indray ny Andriana. Ary nony vory ny Vahoaka

Digitized by Google

dia mikiabary ny Andriana milaza ny *Hasoavana* amy ny Fora fa *Hasoavana ny Fora*. Ary rehefa voa laza ny Fora dia omeny ny Andriana Vanja efa-bava isandapa ny Vahoaka, dia izay hanao vanja efa-bava asaina maka vanja; ka anaovana ireo vanja efa-bava ireo: ny iray vava alefa amy ny andro ivakiam-bolo; ny iray vava amy ny andravan-trano; ary ny iray vava andro ampakaran-drano; ary ny iray vava andro anenterana. Izao no anavana ny vanja efa-bava. Ary ny fanao voalohany indrindra rehefa voa laza ny Andriana ny Fora, dia ny *Valy volo* no atao voalohany. Ary nony vory ny havana, dia mivela-tsihy eo andrefan-trano, hivaky volo, dia mamory ny havana; ary dia eo no mivaky volo. Dia ny Velondray amandreny no mamaky volo ny rain-jaza sy ny renin-jaza. Ary ny havana rehetra dia samy manome vola kely arak'izay foy ny, atao *Hasin-jaza*. Ary dia vakina ny volo. Dia izao no fiteny ny velondray amandreny mamaky volo: *Sambasamba Andriamanitra Andrianana-hary! Tsy ho azon-tsampona! Tsy ho azo tambana! Hahaleo anie ny zaza hahalasana!* Dia vakina ny volo, dia alefa ny basy iray vava, dia mandihy mihira ny olona. Ary ny manana dia mamono omby; ary ny tsy manana dia mamono arak'izay anana'ny. Ary rehefa vita ny vaky volo dia mandrava trano izay atao *Lapa hamorana*. Dia mamboatra trano, dia alefa indray ny basy iray vava. Ary nony vita ny trano, dia alefa ny mpifehy voatavo hifehy voatavo. Ka hatr'amy ny zanak'Andriamasinavalona no ho midina, ka hatr'amy ny zanadRalambo no ho miakatra, dia manatona izay vohitra itoerany Andriana no mifehy voatavo. Dia mitondra Farantsa iray ho entina mifehy voatavo hatao hasin'Andriana. Ary ny Hova sy ny Olo-mainty kosa, mitondra vola Sikajitelo, na Efatrambatry na Varidimivety, ho entina mifehy voatavo ho

Digitized by Google

any ny Andriana raho Menabe· ary raha Menakely n'olona, dia ho any ny Andriamanjaka sy ny Andriana Tompo ny Menakely. Ka ny fomba ny ireo sikajitelo sy efatrambatry sy varidimiventy ireo: sasahiny ny Andriamanjaka sy ny Tompo ny Menakely raha Menakely, ary raha Menabe dia any Andriamanjaka hiany. Ary ny antony andoavany ireo vola ireo: ny korobo isan-dapa amorana, ny lasiray amy ny fehivoatavo, ny lasiray amy ny tohi-temitra, ny lasiray amy ny manorim-pototra. Ary ny Menabe dia manatona izay tanána itoerany ny Andriamanjaka, no mifehy voatavo; ary ny Menakely dia amy ny fonenany Andriana Tompo ny Menakely hiany no mifehy voatavo. Ary nony voa fehy ny voatavo dia loahana ny lefona ilay entiny ny mpifehy voatavo. Dia atainginy Andriana eo an-doha ny Velondray amandreny, hitondra ranomasina. Dia maka ranomasina izy, any amy ny tany fanalana ranomasina, sy maka ireo zavatra fomba ny famorana rehetra ireo, afatsy ny Tráندraka, sy ny vorona Honjo sy ny Akanga sy ny Amalona: fa ny Andriamanjaka sy ny Hava'ny akaiky azy hiany no maka ireo. Ary ny sisa dia mitovy hiany ny fanao. Ary rehefa azo ny ranomasina dia ampandrina indray alina andrasana eny antsaha aloha ny ranomasina sy ireo zavatra fomba ny. Ary nony ampitso dia mampaka-drano, dia miditra an-dapa. Ary raha manaingia ny ranomasina ampakarina, dia alefa ilay basy ray vava. Ary izao fomba fanao rehetra izao, na ny fampakaran-drano, na ny fidiran'an-dapa, na ny mandrary sandrify, na ny fanao rehetra dia tahaky ny any ny Andriana hiany. Fa ny tombony ny any ny Andriamanjaka: *Ny misoratra*, fa ny Vahoaka tsy mba misoratra. Ary ny Zanak'andriantompokoindrindra koa no misoratra, fa Andrianantompokoindrindra no nisehoany ny Soratra. Ary

Digitized by Google

rehefa miditra an-dapa, dia samy manatitra hira ao an-dapa ny olona manodidina rehetra, mandra-pahamaraina ny andro. Ary nony maraina koa, dia maka rano mahery amy ny tany fanalany rano mahery. Dia tahaky ny any Andriana hiany no faka ny rano mahery. Ary nony tonga ny rano mahery, dia manentitra. Nony voa hentitra dia alefa ilay basy ray vava. Dia vita, dia samy mody avy antrano ny. Ary nony avy izay andro tiany ny Andriana hisaorana ny zanaky ny Ambaniandro no forana, dia mikiabary amy ny Ambaniandro izy milaza izay andro hisaorany. Ary nony voa laza ny andro hisaorany, dia samy mividy omby ny rai-njaza rehetra ny manan-karena, dia mahafaty omby iray lehibe; ary ny tsy manana, dia manao arak'izay anana'ny. Misy ny sasany mikiambana folo mihoatra aza amy ny omby. Ary rehefa amy ny andro hisaorana, dia angonina tahaky ny mandro ny omby hisaorany Andriana. Ary raha misaotra ny Andriana dia tahaky ny fisaotra ny ny azy, no fisaotra ny; fa ny omby volavita sy ny omby malaza no tsy atao, fa tsy manao irco ny olona. Ary rehefa vita ny Saotra, dia samy mandroaka ny omby hody, dia samy mamono ny azy; dia mampiloloha trafo-nkena ny zaza no forana; dia aterina ho azy ny vodihena tsy mivaky, afatsy ny any Zanadralambo no ho miakatra. Ary rehefa vita ny Saotra dia mandoa vola sikiajy isan-drai-njaza ny rai-njaza rehetra. Ary ny manangana ny zaza no forana koa, raha mandoa vola sikiajy dia mahazaza ny zaza no forana, toraky ny vola tsy vaky ananganan-jaza amy ny andro rehetra. Ary ny vola sikiajy isandrai-njaza ny any Menabe dia any Andriamanjaka hiany; ary ny any Menakely dia sasahiny Andriamanjaka sy ny Tompo ny Menakely. Izao no fomba ny Famorana ny Vahoaka.

Digitized by Google

XI. RALAMBO TEO AMBOHITRABIBY.

1° RATSITOHININA VADINDRALAMBO.

2° AVY INTELO NY TAFIKA HANAFIKA ANDRALAMBO ANY AMBOHIPENO. NY SAMPY KELIMALAZA NANONTANIANY.

3° RALAMBO MAHITA NY JAMÓKA NATAO NY HOE: OMBY, SY NY BESAVILY NATAO NY HOE: ONDRY.

4° ANDRIANJAKA ZANA'NY ZANDRINY NATAO NY HANDIMBY AZY, ARY ANDRIANTOMPOKOINDRINDRA ZOKINY NAPETRA'NY TEO AMBOHIMALAZA.

5° MIANAVARATRA HANKANY AMBOHITRABIBY RALAMBO, ARY MIADY AMY NY VAZIMBA.

6° IZY NO NAHITA ANY MERINA SY NY OMBY SY NY FANDROANA. FOMBA FANAO NY FANDROANA NENTINDRAZANA.

7° NY AMY NY SIKIDY SY NY SAMPY ARY NY ANAKANDRIANA NIPOSAHA'NY.

1° Ny nanjakandralambo nanambady andratompokoamandrainy teo Ambohitrabiby niteraka an'Andriantompokoindrindra.

Ary nahita vehivavy iray homana voan'anana teo ankady ny Angaralahy; dia nilaza tamy ndralambo ny Angaralahy nanao hoe: *Ny Andriana o! Misy vehivavy tsara homana voan'anana atsy ankady.* — Ary hoy ny Andriana: *Aiza lairetsy?* — Ary hoy ny Angaralahy: *Atsy ankady, Tompo ko.* — *Alao ho ahy,* hoy ny Andriana.

Dia lasa ny Angaralahy nankao amindravehivavy nanao hoe: *Ravehivavy o! Alainy ny Andriana hianao.*— Ary hoy Ravehivavy: *Andriana iza moa izany?* — Ary hoy ny Angaralahy: *Ralambo.* — Ary hoy Ravehivavy: *Raha Andriana Ralambo, mba An-*

Digitized by Google

driana tahak'azy aho.

Intelo ny iraka no naka azy ka izany hiany no natao ny. Ary hoy Ralambo: *Andeha ary dia trotroy, ry lairetsy.* — Ary hoy Ravehivavy: *Nahoana no olona manandray aman-dreny, ka tsy avela hiera; fa atao i Kiala azo tam-boan inana ary anavana: Teny ko fe Andriana.* — Dia izany no nisehoany ny hoe: *i Kiala azo tam-boananana.*

Dia tonga teo amy ndRalambo Ravehivavy dia faly Ralambo; ka nanontany Ralambo nanao hoe: *Zanak'iza hianao, Tompokovavy?* — *Zanak'Andrianamponga Alasora aho.* — *Iza no anara'nao, Tompokovavy?* — Ary hoy ny ankizy manaraka azy: *Ratompoandriambavy no anara'ny, Tompokolahy.*

Dia novandRalambo ny anarandRavehivavy natao ny hoe *Ratsitohinina*; dia no vadindRalambo. Dia niteraka an'Andrianjaka zaza masay. Ary Ratompoamandrainy niteraka an'Andriantompokoindrindra any Ambohimalaza.

2° Ary dia avy ny tafikia hanafikia andRalambo eo Ambohipeno. Dia nalaina Andriantompokoindrindra eo Ambohipeno atao hoe: *Andeha, hono, hianao Tompokolahy, fa támy ny tafikia.* — Ary hoy Andriantompokoindrindra: *Mby aiza nefa ny tafikia?* — *Mby eo Mahatsinjo*, hoy ny mpaka, *faingiana, hono, hianao Tompokolahy, antsoindRay nao.* — Ary hoy Andriantompokoindrindra: *Izaho mbola hamono telo no ho dimy.*

Ary nalaina Andrianjaka, dia támy izy. Dia nankany amy n'Andrianandobe izy dia nilaza ny tenindRalambo tamy n'Andrianandobe Andrianjaka, dia nanao hoe: *Atavy ny fanao nao, hono, hoy ny Andriana.* Dia avy ny tafika hanafika an'Ambohipeno. Ary Andrianjaka teo Ambohipo hiany izy no nitoetra. Dia nanome toky Andrianandobe nanao hoe: *Omeo toky Ralambo, fa tsy tody any amy ny izay aleha ny ireo*

Digitized by Google

tafikia ireo. Dia nananikia an'Ambohipeno ny tafikia; dia no torahan'Andrianandobe ny lamokan'akoho ny olona iray, ka no kasihi'ny iny olona iny ny tafikia rehetra; ka maty teo ankeniheny avaratra Alasora avokoa; ka herin-taona tsy hay naleha, fa ritra teo avokoa ny fahavalo nananikia an'Ambohipeno; dia *i Mandámaka* no anarany ny tany eo ankeniheny nahafatesa'ny.

Ary nony afaka kelikely, avy indray ny tafikia nitsidika teo Ambohibaoladina eo atsinanany Betafo. Dia nanirahana indray Andriantompokoindrindra nilazana hoe: *Avy indray, tompokolahy, ny tafikia*, hoy ny Angaralahy, *ka asain-dray nao ilazana hianao*. Ary dia namaly Andriantompokoindrindra: *Eny, fa aoka kely aloha, fa mbola hamono telo no ho dimy aho*. Ary nony nilazana kosa indray Andrianjaka, dia avy Andrianjaka. Dia nampilaza tamy ny i Andrianandobe: *Lazao amy ndRalambo sy Andrianjaka, fa atao ko tsy misy mody ireo, fa matokia, hono, hianareo*. — Dia avy ny tafikia, dia nahazo iny Faly, dia nita teo avaratra Behitsy, dia asian'Andrianandobe *nitifitra basy* havia (†) sy kipikipy n'Ambiaty. Dia maty teo Ankona indray ny tafikia; dia izany no nanavana azy hoe: *Ankonamantsina*.

Ary dia avy indray ny tafikia hananikia any Hiarámy sy Ambohimanambola. Dia avy Andrianjaka nilaza amy n'Andriamanalina nanao hoe: *Ataony ny fanao ny Kelimalaza, fa avy ny fahavalo*. — Dia hoy Andriamanalina: *Matokia hianao Andrianjaka, mateveza filaza amy ndRalambo ray nao*. Dia nalatsaky *Kelimalaza* ny havandra avy any an-danitra, ka nanjary ohatry ny tampontanety teo atsinanany Hiaramy sy teo atsinanana Ambohimanambola. Dia resy ny fahavalo, fa maty ny havandra.

(†) Izany no niseboany ny basy voalohany indrindra.

Digitized by Google

3° Ary dia niaingia Ralambo hifindra ho eny Ambohibato. Ary nony tonga avaratra Ambatofotsy Ralambo nahita Jamóka efa ho faty ny tavy ny, ka hoy Ra'ambo: *Andeha andramo lahy, io Jamoka io, izahana izay hatsara'ny.* — Ary hoy ny Angaralahy: *Mandehana ary hianao miery any an-doharivotra, fandrao mahafaty ny fofo'ny.* Dia lasa any an-doharivotra Ralambo. Ary dia no didiany ny Angaralahy ny jamoka, dia nalai'ny ny tringitringy ny, dia no handroi' ny sy natono ny, ka manitra ny fofo'ny ka hoy Ralambo: *Manitra lahy izany izy!*

Dia nihinana ny Angaralahy ka tsara, dia nilaza tamy ndRalambo izy: *Tsara Tompokolahy*, hoy izy. Dia nba nihinana Ralambo, ka hoy izy: *Tsara tokoa lahy izany izy! Ny inona moa io no handroi'nareo io?— Ny tringitringy ny, tompokolahy*, hoy ny Angaralahy. Ka hoy Ralambo kosa: *Matrafotrafo lahy izany izy.*

Dia nilaza tamy ny Vahoaka izy: *Dia angony izao jamoka daholo izao, fa ahy; ka miangóna isika hanao fahitra, raha manendro volana amy ny Adijady, ho any Ambohitrabiby sy eny Amboatany sy eo Ambohibato.*

Dia nangonina ny jamoka, ka dia naiditra tao amy ny fahitra ny jamoka nony nanendro ny Alakarabo. Nony feno ny fahitra: *Aoka, aoka! fa omby omby*, hoy Ralambo. Dia fahombiazany ny voa angona tao am-pahitra no nanaova'ny ny anarany ny jamoka hoe: *Omby.*

Dia namonoa'ny ny omby, dia tsy nisy naka ny vody ny, ary hoy Ralambo: *Nahoana no atao tsy misy vody ny toy izao?* Dia izany no tsy nihinanana ny vodi-hena, fa natao ndRalambo hoe: *Ahy ny vody ny.* Ka fdia natao ny mahavery vady aman-janaka ny homana ny vodi-hena. Ary ny tringitringy ny no natao ny anarany ny trafo ny, fa vao nova'ny hoe: *Trafo.*

Digitized by Google

Ary nony efa hita ny fahatsarany ny jamoka, dia nandrama'ny indray ny Besavily. Hoy Ralambo: *Aoa indray lairetsy, andramo ny Besavily, fa io misavilivily io no solon-tongoa ny kosa.* — Dia nandrama' ny indray ka tsara koa, ka dia nangoni'ny; ka nony tratry ny orana ny Besavily *nitanondrikia*, dia izany no nanaovana ny anara'ny hoe: *Oudry*.

4° Ary dia tonga teo Ambohibato Ralambo, ary dia nanontany an'Andriantompokoindrindra i Ralambo: *Nanao ahoana tamy ny izay tafikia taty?* — Ary hoy ny Vahoaka: *Dia lavoraiy ny nanaovan'Andrianjaka azy: resy ny fahavalo nananikia anao; fa Andriantompokoindrindra tsy azo naingaina, fa mbola namono ny telo no ho dimy.* Ary dia hoy Ralambo: *Izaho hiantso an'Andriamanitra sy ny Razana! Eny Andriamanitra, Andriananahary! Eny ny Hasina ny any Ampandrana, sy Merimanjaka, sy ny Hasina any Alasora! Alai'-ko anio izy roa lahy; ka izay tsy hahavery ny tanindRazana tongava aloha anio, atao ko Andriana handimby aby amy ny farany.*

Ary dia nirahindRalambo ny Angaralahy Andrianalina sy Andriamalainkoalina sy ny nama'ny telo lahy maka an'Andriantompokoindrindra, ka atao ny hoe ny faka azy: *Mandehana hono, hianao Tompokolahy, fa marary be ny ray nao, zara raha mahatratra ny ai' ny.*— Ary hoy Andriantompokoindrindra: *Izaho mbola hamono telo no ho dimy.* — Ary hoy Andrianalina: *Adala izany hianao izany Andriamatoa! Ny Andriana no marary ka tsy handeha hianao?*

Ary ny naka an'Andrianjaka kosa, Andriamalainkoalina, fa any AmLohimanga Andrianjaka no nitoetra; dia nilaza Andriamalainkoalina nanao hoe: *Haka anao aho Tompokolahy, hianatsimo any Ambohibato, fa marary be ny ray nao, ka zara raha mahatratra ny ai'ny hianao.*

Digitized by Google

Dia tsy naharay lamba Andrianjaka, dia nandeha hamonjy hianatsimo aty Ambohibato iny alina iny; dia ningodongodona mafy any avara-trano Andrianjaka, ka hoy Ralambo ao an-trano: *Iza re izay mingiodongodona izay? Ilay adala va re izay, sa iley kely?*—Dia tonga Andrianjaka niditra ao an-trano, dia nankeo ampofoan-dray ny izy, dia nandray ny tana'ny ka nanao hoe: *Indrisy! Manao ahoana izato hianao Tompokolahy?*— Dia nody tsy nahalala azy ny ray ny, ka nanao hoe: *Iza izato?*— Ka hoy Andrianjaka: *T'Ambohimanga, Tompo ko.*—Ary hoy, Ralambo: *Eny leitsy, fa ialahy no tonga aloha.*-- Dia nisaotra ny zana'ny nahare izany ka nanao hoe: *Masina indrindra Andriamanitra, fa tsy namantana ny ratsy aho; tamy ny andro anio no kasai'ko hioria'ko.* Ary dia niteny Ralambo nanao hoe: *Ko'ary atao ahoana? Fa ny mpanompo tsy fitahina ary ny Andriamanjaka tsy laingaina, ka efa niantso an'Andriamanitra aho, sy niantso ny Hasiny ny Raza'ko nanao hoe: Izay tratra ko tonga aloha amy ny izy roalahy, no Andriana handimby ahy amy ny farany. Ka atao ahoana? Fa tsy hanao hazo mandia loha aho, fa hita ko Andriantompokoindrindra no zokiny, ka ialahy zandriny no tonga aloha nahavonjy ny vava ko. Ka leony ny ialahy i Merina Andrianjaka, kanefa kosa Razaka fa lasa nao i Merina. Ka indro kosa Andriamatoa Andriantompokoindrindra: ny telo no ho dimy no nanaria'ny ny ady ny fanjakana sy tsy namonje'ny ahy marary; ka aza atosikia eo Ambohimalaza izy, fa aoka izay hajia miditra any ho hani'ny; sy ny vodihena aza alan-tahiry ny zoky nao, fa izany no anjara ny.*

Dia nozonindRalambo izay hanosikia an'Ambohimalaza: *Fa aoka izy mba hahaleo tena eo*, hoy Ralambo. Dia hoy indray Ralambo: *Izao kosa Razaka, fa hanjaka hianao. Mba ataovy voaloham-bady kosa ny zanak'Andriantompokoindrindra, fa zana-jo-*

Digitized by Google

kiny. Ary raha hikiabary Ialahy, dia Andriantompokoindrindra no mamaly kabary any Ialahy. (1)

5° Ary dia nianavaratra nankany Ambohitrabiby Ralambo. Nony tonga tany Ambohitrabiby izy, dia niady tamy ny Vazimba teny andrefan'Ambohitrabiby sy teny atsinanan'Ambohimanga Izy; dia resindRalambo ny Vazimba teny avaratra, dia nandositra nian kandrefana ny Vazimba. (2)

---

(1) K'izao teni-ndRalambo izao no nanaovan'Andriamasinavalona ny didimpanjakana hoe: *Raha maka Vady ny Andriamanjaka, dia ao amy ny Zanatompo no akona Zazavavy.* Ary Andriantompokoindrindra hiany no nihiaviany, hono, ny firazanan'Andriana izay atao hoe: *Zanatompo* na *Andriantompokoindrindra*, ka Ambohimalaza hiany no fonena'ny batr' amy ny taloha mandrak'ankehitriny.

Ary ny Zanatompo kosa no *Misoratra* raha avy ny andro anaovan'Andriana ny Famorana: fa Andriantompokoindriudra no nisehoany ny fomba fanao amy ny izany ka atao hoe *Soratra.*

(2) *Ny amy ny Vazimba.* Mandrak'ankehitriny tsy misy olona mahazo milaza marimarina: 1. Ny firenen'olona nihiaviany ny Vazimba; 2. Ny voalohany olona tonga tamy ny tany Madagascar: na Vazimba na Ombiasy, na ny hafa indray.

Ity tantara voa soratra ity dia milaza ny nisiany ny Vazimba tamy ny taloha taty Merina; ka tsy mbola lao izy fony nanjaka Andriamanelo, fa Rasoalao sy Rapeto no Andriana nampanjakai'ny. Ary zavatra vao hita ny mpamaky io taratasy io, ny nandresendRalambo azy teny avaratra, ka tsy lao tamy ny izay izy, fa nandositra niankandrefana; ary vetivety ho hita ny indray ampamakiana io, ny nifandirany izy roa lahy: dia Rasoalao tompo ny jamoka sy Rapeto tompo ny heniheny fambolem-bary; ka lao Rasoalao nankany Manerinerina; ka dia an-tSakalava no farandRasoalao, ary i Mamo kosa no farandRapeto. Ary izy mpanjaka roa lahy, no farany ny Vazimba taty Merina.

Ary dia tsy ity soratra ity hiany no filazana amy ny fisiany ny Vazimba, fa ny lovantsofina mb'amy ny oha-bolana sy ny fanao sasany aty Merina, no milaza kosa. Toizao ny oha-bolana anankiray: *Ny Vazimba no mankarary, ny akoho no mihunton-doha* (mby amy ny Fasam-Bazimba). Dia natao ny

Digitized by Google

6° Dia Ralambo no nahitany Merina, ny Omby, sy ny Fandroana amy ny Alahamady.

Ary rehefa nahalala ny omby Ralambo nisorona

Ntaolo fa ny Fasam-Bazimba no itoerany ny Vazimba, koa ivoadiana ho fanaketrahana ny hatezera'ny; satria marary ny olona fahiny ka natao ny fa ny manitsaka ny fasany ny Vazimba no nihiaviany izay aretina, koa nasia'ny haja amampifonana, sy voady amam-bavavaka ny Fasam-Bazimba.

Ary toizao ny voady fanao: Dia apetraka eo amy ny Vato-Vazimba ny loh'ondry na loh'akoho... izay zavatra nivoadiana, ka ilaozana. Ary asiana vakampotsy koa na masombola ka ilaozana. Ary ivoadiana toizany, indrindra raba mandeha an-dalana ny olona: *Raha hody tsy maninona aho*, hoy izy, *dia tonga hamono akoho amy nao aho*; ary raha tehanan-janaka koa ny velivavy, dia tenénina torak'izao ny Vato-Vazimba: *Hianao Andriamanitra tompo ny tany, mba omeo zaza! Raha táhiny manambina ahy dia hamono ondry ho anao aho.* Dia vonoi'ny ny ondry nivoadia'ny, dia haniny ny mpianakavy, dia hosora-menaka ny Vato-Vazimba.

Ary koa misy izay firenen-Gasy aty Merina, izay taranaky ny Vazimba, hono: ny Antehiroka no isa ny.

Ary hoy ny sasany: *Vazimba natao hoe*: *Zafim-Bazaha, ka Andriambazaha no Raza'ny, ary Dilambato no nilevenana Andriambazaha, k'izany no anaovana hoe*: *Ny tarehy ko ratsy angaha nozaha'nao, fa tsy ny havana avy any Dilambato.*

K'izao rehetra izao no ilaza'ko hoe: fa mba tokony ho marina toko, fa misy Vazimba taty tamy ny taloha; koa tsy mba angano daholo ny tantara rehetra no lazainy ny olona amy ny izany, arak'izay filazany ny sasany manao izany ho angano ihomehezana.

Ka ny amy ny *Ombiasy*, dia izao no mety ho lazaina:

Fa misy Malagasy anaukiray izay hendry, ka mahay zavatra, nanoratra hoe: *Tao aloha ny nisehozny ny Vazimba tamy ny tany Madagascar, nisy Ombiasy sasany hendry nitahiry taratasy milaza ny tantara ny mponina voalohany tao Madagascar. Izany tantara izany dia voa soratra amy ny teni-Gasy; ny tarehi-ntsoratra dia soratra Arabo. Fa ankehitriny toa tsy misy intsony izay manana ny tantara ny Ombiasy.* (Gram. du P. Basilide). Aoka ho hita izany tantara ny Ombiasy izany!

Digitized by Google

izy, dia omby volavita nisorona'ny. Ary nihevitra izy nanao hoe: *Inona no hamonoana ny jamoka?* Dia hoy izy : *Ny Alahamady angaha. — Dia eny*, hoy ny olona, *fa vinta'nao rahateo Alahamady.* Dia no hasinina ny Alahamady vintandRalambo; dia namono omby isany volana Alahamady tsinana; dia *Fandroana* no natao ny anarany ny Mamono omby amy ny Alahamady. Ary ny fomba fanao amy ny Fandroana nentindRazana no ho lazaina ankehitrio.

FOMBA FANAO AMY NY FANDROANY NY MPANJAKA SY NY HAVA'NY. (†)

ANIO MAMONO AKOHOLAHY MENA.

Andro voalohany dia mivory ny Vadin'Andriana sy ny Zanak'Andriana sy ny Manamboninahitra, dia mankao Manjakamiadana ny Andriana. Dia alaina ny akoholahy mena hankao Manjakamiadana no fanaovana. Ary entina eo ambaravarambe ny akoholahy, ary ny mitondra dia Andriandahy Lehibe ny mpisikidy sy Ravehivavy R... Ary dia manala faditra. Ary raha afaka ny faditra, dia tapahina ny tenda ny akoho, dia tatazana ravin'akondro ny ra ny, dia avoaka haingiana ny akoholahy. dia entina ny ra ny hankeo amy ny Andriana eo avara-patana, dia manao aloha Izy: Ny hohokeli-ntána'ny havia no

(†) Ny fomba ny Fandroana dia mizara roa: Ny amy ny Mpanjaka sy ny Hava'ny; ary dia ny amy ny Vahoaka tsy vakivolo. Ary ny amy ny Mpanjaka no lazaina aloha, ka lazaina daholo izay fomba rehetra ny Fandroana hatr'amy ny voalohany tsy miova fa mitombo an-dalana, mandrak'ankehitriny.

Ary tahak'izany hiany koa ny amy ny *Fomba rehetra janao nentindRazana* taloha, izay ho lazaina amy ny ity taratasy ity.

Digitized by Google

akána ny ra; asiana aloha ny handrina, dia amy ny tenda kely, dia ny vava-fo, dia ny volo-nkelikia dia ny hohontánana, dia ny hohontongotra; ary dia manao tahak'izany koa ny olona rehetra. Ary dia samy nitondra mody daholo ny olona; ary dia tsy homana zavatra alatsa-dra, ary tsy mamono zavatra intsony.

MANDBO RANO. -- ANDRO FARANY NY TAON-DASAN'IZANY.

Nony maraina ny andro, amy ny fito, dia mivory indray ny Andriandahy sy ny Andriambavy, sy ny Zanadahy ary Andriandahy Andriamasinavalona; dia mitafy lambamena. Dia vohana ny *Tranomasina* rehetra, atáo aloha ny dimy eo atsimo amy ny trano Fito miándalana, dia fafana dia velaran-tsihy; ary dia mifindra eo amindRadama ray ny, dia velaran-tsihy, dia velaran-jaky: ary raha avy ao dia *Manasa-tongotra* ; dia mankao amy ndRalesoka sy Andriamasinavalona, dia velaran-tsihy koa, dia vita, dia mirava. Ary rahariva, dia miangona indray, dia *Handro rano* ny Andriana. Ary dia vory isan-karazany ny Andriana sy ny Vahoaka; ary dia tonga eo koa ny Mozika sy ny Hazolahy sy ny Mpiantsa amy ny 7 ny famantaranandro hariva. Ary dia manasina Andriana isam-pirenena: aloha indrindra ny Zanank'Andriana, dia ny Zazamarolahy, dia Andriamasinavalona, dia Zanatompo, dia Zanakambony, dia Zanadralambo, dia Zafinandriandranando; ary aloha indray amy ny Hova, dia ny Terak'Andriantsilavo, dia TeradRatsiamboho, dia ny Foloalindahy. Ny miteny dia ny Prime Minister, dia ny Ambaniandro tsy vakivolo rehetra. Ary dia atokana ny *Varisosoa* sy ny *Mialintaona*. Ary dia mitsangana ny Andriana handro eo anjoro firarazana. Ary dia miteny ny Andriana eo manao hoe: *Dia ho masina anie aho* ! Ary dia apoaka ny tafondro manodidina. Ary ny mampandro ny An-

Digitized by Google

driana, dia ny Lehibe mpitaiza ny Andriana; dia tokonana jaky eo amy ny *Handroa'ny*; ary dia antsoina izy 12 Vady n'Andriana sy Zanak'Andriana; dia afánana ny rano antandroka, ary miteny ny Andriana manáfana ny rano antandroka manao hoe: *Afanana Ny rano ho masina anie aho!* Ary dia fafazan-drano ny ao antrano, dia mipoaka indray ny tafondro manodidina. Ary dia mivoaka eo alatrano indray izy hitso-drano ny ao alatrano, dia mipoaka indray ny tafondro. Dia mipetraka eo avarapatana izy, dia homana ny varisosoa sy ny mialintaona; dia *Misambasamba* izy manao hoe: *Ho masina anie aho, ary ho arivo tratry ny taona!* Dia mandeha ny olona manao *Trarantitra Andriana*. Dia vita amy ny 11 famantaranandro alina. Ary dia maraina indray ny andro: *Antananarivo 1 Alahamady ny taona.*

MAMONO OMBY VOLAVITA SY OMBIMALAZA SY OMBY ANDROANA.

Andro voalohany ny taona vaovao izany.

Amy ny 6 ny famantaranandro maraina dia vory indray ny olona rehetra; dia ampidirina ny omby ny olona rehetra hankeo andrefany ny trano Fitomiandalana; dia mipetraka eo andrefan-trano Masoandro ny Andriana, velaran-tsihy sy asian-tseza hipetrahany ny Andriana; ary dia manasina Andriana ny olona rehetra. Ary ny Hasina voalohany dia ny Andriana no mandray, dia lelafi'ny, dia atao ao an-tampondoha ny, dia mivavaka; ary ny sisa dia raisiny 12 Vavy Vady n'Andriana. Dia vonoina ny omby *Volavita* sy ny *vosi-Malaza*; ary ny Sampy miarak'amy ny eo *i Manjakatsiroa,* (†) dia atao eo, dia izy Andriana no mihazona, dia mivavaka eo Izy manao hoe: *Izay atao*

(†) Fony nanjaka Rasoherina.

Digitized by Google

ny Ambanilanitra dia hahamasina ahy ifanantera'ko amy ny Ambanilanitra. Izany no angatahi'ko amy nareo ry Raza'ko rehetra, sy amy n'Andriamanitra Izay atao etoana dia hahamasina ahy. Dia entina ny trafony ny omby volavita, dia le'afiny ny Andriana eo anatrehany olona: *Ho arivo tratry ny taona anie aho! Andriamanitra Andriananahary*, hoy izy. Ary dia entiny ny Velondray aman-dreny ny trafo ny hankeo amy ny Vadin'Andriana sy amy ny Zanak'Andriana, mifelaka koa izy; ary izany no atao hoe *Misaotra omby.* Dia vita, dia samy mamono ny azy.

Ary dia miangona indray ny Zanak'Andriana sy zy 12 Vady n'Andriana sy ny Andriana 6 toko, dia mankeo amy ny *Trano masina* rehetra. Dia mitono trafo-nkena an-doha Tranomasina; ary raha masaka ny trafo-nkena, dia aka'ny tsirairay, dia homana ny Andriana, dia mangataka manao hoe. *K'indreo ny zanak'areo mila zaza dia omeo! Mila harena, dia ameo! Dia ho arivo tratry ny taona mitsingeringerina izahay.* Ary vita ny eo. Dia mankeo Manjakamiadana indray izy ireo, dia homana *Tatao*, misambasamba manao hoe: *Ho arivo tratry ny taona tsy hisara-mianakavy!* Dia atao an-tampondoha ny vary masaka, dia hanina, dia miteny manao hoe: *Sambasamba Andriamanitra, Andriananahary! Ho arivo tratry ny taona izahay tsy hisara-mianakavy!* Dia mirava.

Ary nony amy ny 5 ny famantaranandro hariva, dia miangona daholo izao rehetra izao ny Manamboninahitra hatr'amy ny 10 no miakatra, aloha ny indrindra ao Besakana, dia tonga ao ny Andriana sy ny olona, dia miteny ny Andriana manao hoe: *Izao ary; Ry Tompokolahy sy Tompokovavy, fa raha tonga Asaramanitra taona fihasina'ko, ka hilelaka ity tanty ity, raha tanty dia tanty tokoa, dia ho masina anie aho?* Ary dia misaotr'Andriana ny olona, dia homana, dia vita ny ao. Dia ao Masoandro, dia ao Manjakamiada-

Digitized by Google

na, dia Antranovola. Dia mirava.

Ary ny andro famonoana omby, Alahady sy Alakamisy. Raha Alahady no mamono omby, Alakamisy no manasa; ary raha Alakamisy no mamono omby, Alahady no manasa Mpianakavy ny Andriana; mampikalo sy mampandihy, sy mampihira Izy amy ny andro anasany izany.

Ary omby *Volavita* dia vonoina ao Ambohimanga iray sy ao Antananarivo iray, atao *Hasina* ny Razan' Andriana eo Ambohimanga *Tanana masina*, sy eo Antananarivo *Analamasina*: Dia sorona entina mivavaka amy n'Andriamanitra sy ny Razana izany, ka entina hangataka ny fahasoavana. Ary dia vonoiny ny Andriana ny omby volavita eo Antananarivo, ary ny Zana'ny dia mamono any Ambohimanga; indray andro hiany no amonoana azy. (†)

Ary ny omby *Malaza* dia vonoina amy ny Tendrombohitra Roambinifolo aty Merina, sy amy ny isambohitra malaza any amy ny Vazan-tany efatra anaty ny fanjakana, angalany Ambanilanitra rehetra ny *Jaka n'Andriana*: fa samy mandray kely avy, samy homana

---

(†) Tsy amy ny ny Fandroana hiany no vonoina ny omby volavita; mamora ny Andriana, vonoina— mangataka Andriana, vonoina; izay hasoavana rehetra no amonoana azy. Misoratra mena sy fotsy amy ny tenany hatr'amy ny tongo' ny sy ny loha ny sy ny rambony izy.

Ary ny *Mamono omby volavita* sy ny *Manao soron'Andriana*, dia ny *T'Alasora* no manao: fa *Zoki-mpirenena* izy. Tao Alasora ny fhiaviany ny Razan'Andriana rehetra: fa teo no nisehoany ny Andriana vao nitoko nankany Ambohitrabiby sy any Ambohimanga sy any Antananarivo sy any Ambohidratrimo: izany no nitokoany, k'izany no *maha-Zoki-mbohitra* azy. Ary ny Andriana taloha no nahazaony Talasora izao didy zao: Raha *Manao santatra* ny Andriana, --- raha *Mandatsak'Andriana* miamboho,--- raha *Manao sorona* ny Andriana: dia ny Talasora no alaina; ka *Tsy mati-manota* izy. Izany no didy tany aloha nome'ny azy.

Digitized by Google

daholo izao Vahoaka Ambanilanitra izao: k'izany no famonoana ny omby malaza; ary izao no mahombi-malaza azy: fa omeny Andriana iny omby malaza iny, ho jaka kosa izay avaly ny ilay jaka ome'ny ny Ambanilanitra mandoa vary iray venty isan'olona miaina ka enti' ny manasin' Andriana: *Hasina* tahaky ny vary iray venty isan'olona miaina iny omby malaza iny; ary samy kely ny tena ny, na ny vola iray venty na ny hena ohatry ny loha tondro. Ary dia avoaka eo Antananarivo ny omby malaza omeu'Andriana atao jaka ny Ambanilanitra. Raha Alahady no amonoana ny omby androana, dia Zomá no amoahana ny omby malaza, dia vonoina maneno akoho ny Sabotsy; raha Alakamisy no amonoana ny omby androana, dia Talata no amoahana ny omby malaza, dia vonoina maneno akoho ny Alarobia. Ary ny Tendrombohitra 12 sy ny tendrombohitra sasany izay malaza anaty ny fanjakana, samy manana ny azy iray avy, ka samy angalany ny Ambanilanitra izay anjara ny kely avy: Ambohimanga no angalany Tsimafotsy ny azy;

Antananarivo — ny Voromahery;
Ambohitrabiby — ny Mandiavato;
i Lafy sy Namehana — ny Tsimiamboholahy;
Alasora — ny Vakinisaony;
Ambohidratrimo — ny Marovatana;
Ambohijoky — ny Ambodirano;
Amboatany — ny Ambohidralambo. &.

Ary ny amy ny Vazantany efatra dia arak'izao samy manana ny azy hiany: dia Fianarantsoa no angalany Betsileo ny anjara ny; Toamasina sy Mahavelona-- ny Betsimisaraka; Ambatondrazaka sy Amparafaravola-- ny Sianaka; Majangá, sy Hiarambazaha, sy Mahabo, sy Mananjara, sy Mahamanina sy Vangaindrano &. &. no angalany ny Sakalava ambany ny Ravinkazo ny azy.

Ary rahefa nijaka any Antananarivo ny Andriana,

Digitized by Google

dia mandeha kosa indray izy mijaka any Ambohimanga; ny Tena ny mandeha, tsy hahay hampandehanan' olona, fa dia ny Tena ny no mandeha mijaka eny, ka dia tsy mamono omby androana intsony izy, f'iny omby malaza sy omby volavita iny hiany no ijaka' ny eny, enti'ny mangataka saotra sy hivavaka amy ny Razana. Dia mamoha ny Razana Izy amy ny *Tranomasina*; mila saotra sy vavaka amy ny Raza'ny rehetra ao Izy, dia hoy ny fivavaha'ny: *Mba tahio nareo aho, Raza'ko rehetra! Mba omeo izay hahasoa ahy sy hahatsara ahy! Mba omeo izay hahatana'ko ny tany sy ny fanjakana, sy izay hahatrarantitra ahy! Izany no angatahi'ko amy nareo Raza'ko rehetra.*

Dia apetraky ny Andriana eo amy ny Tranomasina izay fomba rehetra fanao ny amy ny Fandroana: dia ny Volatsivaky, dia Voahangy mivady.. no atao ny; tahaky ny manasina ny Raza'ny, izy Andriana Mpandova ny fanjaka'ny. Ary ny ra amy ny omby volavita nalaina amy ny zozoro, dia atao eo am-baravarana ny Tranomasina; ary indray ny trafo-nkena amy ny omby volavita, atao ny anjorofirarazana ny Tranomasina; izany no fanavana azy, ka tsy azo avela amy ny fomba fanavany ny Razana hatr'amy ny ela izany; ary fangatahana ny fitahiany ny Razan'Andriana sady fangalana ny *HasindRazana* hanasiny ny Andriamanjaka izany.— Dia vita ny fomba ny Fandroana fanao ny Andriamanjaka.

FOMBA NY FANDROANA FANAO NY VAHOAKA.

Ary ny amy ny Vahoaka kosa, raha efa handro ny Ambanilanitra, dia miantso ny Andriana izay andro anavana ary miteny manao hoe: *Izao no ambara'ko amy nareo Ambanilanitra ka didy ome'ko anareo izany. Ho avy ny Fandroana, ka ny amonoana ny zava-miaina, hadimiana ambony hadimiana ambany; ka raha manoatr'*

Digitized by Google

izay, atao ko very vady aman-janaka. Ary tsy mandro, tsy mamono omby, tsy mamono izay zava-miaina rehetra hadimiana ambony hadimiana ambany, hoy izy. *Ka raha avy ny famonoana ny zava-miaina, ka tsy ny vorona no ho vonoina sy ny akoho , — f'izao no ome'ko ho vonoina — ka raha manoatra izao didy ko izao, koa mamono omby, koa mamono kisoa, koa mamono ondry: tapahi'ko ny loha ny.* Dia lazaina raha Alahady na Alakamisy no andro amonoana omby.

Ary izao kosa no ambara ko anareo Ambanilanitra hoy izy: *Ny amy ny sabora, dia sasahina ny amy ny Fandroana: fa maniry amy ny tany ko ny vanja sy ny basy sy ny savóny, ka dia atero hankeo Analakely ny sabora anaova'ko savony. Ary ny amy ny hoditra, angatahi'ko amy nareo Ambanilanitra atao ko satroka, atao ko bokotra sy fehi-kibo jomba ny Miaramila: Izany no angala'ko ny hoditra ny omby androana*, hoy ny Mpanjaka. *Ary ny vary iray venty isan' olona miaina, hasin'Andriana fahatsiarovana no didimpanjakana tamy ny tonon-taona nentiny ny Razana tany aloha. Ary ny vodi-hena didimpanjakana kosa, raha mandro dia vakina ny vodi-hena raha tsy eny an-dapa. Ary izao koa no didy ome'ko anareo Ambanilanitra: Ny amy ny maty raha mandro ka maty amy ny Alahamady, dia tsy itomaniana, fa atao an'iritra, fa rahatr'izay afaka ny Alahamady vao itomaniana sy alevina.* K'izany no didimpanjakana mipetraka amy ny Ambanilanitra hatr'izay hatr'izay mandrak'ankehitrio.

VOALOHANY MANATITRA JAKA SY MANAO HARENDRIN'ANDRIANA SY HARENDRIMBAHOAKA, ARY MAMOY NY MATY.

Ny fomba voalohany dia *Manatitra jaka*: dia mamangy ny ray aman-dreny, sy ny lehibe, sy ny havana, sy ny sakaiza, dia manatitra vola jaka *Solombody akoho*, ary hoy ny manatitra: *Avy manatitra jaka izahay: dia solombody akoho. Raha jaka dia jaka tokoa.*

Digitized by Google

Samia tratry ny taona! Ary hoy ny aterana: *Dia samy ho tratry ny taona.* Raha amy ny Fandroana dia manatitra vody akoho amy ny ray aman-dreny ny zanaka, ary ny ray aman-dreny kosa manatitra fe n'akoho ho any ny zana'ny. Ka raha tsy mamono na ny ray na ny zanaka, dia vola no atao solom-body akoho na solompen'akoho. Ary ny vody akoho entina kosa ho fanajana ny ray aman-dreny, fa ny vodi-hena any ny Manjaka, koa iny no atao solo ny mank'amy ny ray aman-dreny kosa: fa samy hajaina ny Manjaka sy ny ray aman-dreny. Ary ny jaka vola mandra-piherina ny andro mifanatitra hiany, fa be ny lavitra ny olona.

Ary nony efa mby akaiky ny andro androana dia manao *Harendrin'Andriana sy Harendrim-Bahoaka* ny olona, andro roa mifanaraka no anavana azy: Raha Alahady no mandro, alina ny Zoma any ny Andriana ny Harendrina, ary hariva ny Sabotsy any ny Ambaniandro ny harendrina; ary raha Alakamisy no mandro Talata any ny Andriana ny harendrina, Alarobia any ny Vahoaka. Ka fahatsiarovana ny fahasoavana fa *Andro vidina* ny Alahamady, fa zara raha tratry ny taona mitsingeringerina, ireo harendrina'ireo: *Avy ny taona vidina* ka entina hividy ny tonon-taona ny fady rehetra no lazainy Andriana sy ny fomba rehetra fanao amy ny Fandraona. Ary ny Andriana manao aloha, ka raha mitsangana ny afo any Ambohimanga sy ao Antananarivo, dia manao ny Vahoaka. Ary izay maty havana amy ny iny taona iny dia maty afo io: tsy mamoaka afo alatrano, — tsy mandro, — tsy mamono akoho, na vorona, na omby, — tsy mitondra Fandroana izy.

Ny *Famoizana* ny maty rahefa manao ny harendrim-Bahoaka dia mitomany isan-trano ny Vahoaka enti' ny *Mamoy ny maty*. Ho avy ny Hasoavana ka tsy tsaroana ny maty, fa rahefa homan-kena tsy itoma-

Digitized by Google

niana intsony fa fady izany: fa ny andro amonoan' omby dia *Andro Vidina*, koa mitomany izao. Ary izao no famoizana: Raha manèno ny akoho dia miarina mitomany ny olon-drehetra isan-trano; samy mitomany ny azy na ny maty aloha na ny maty aoriana. Mitomany fotsiny no mamoy ny maty; k'izany no ahatsiarovana azy itomaniana: fa mitabataba ny velona ka tsy miverina intsony ny maty ho hita.

FAHAROANY IZANY: MISAFO RANO, ARY MANAO FOTSIARITRA.

Nony efa vita ny jaka vola sy ny harendrina sy ny famoizana ny maty, dia ny *Fandroana rano mafana* no manaraka sy ny famonoana akoho amam-borona. Ary ny famonoana akoho, raha Alakamisy no maudro dia hariva ny Alarobia no ho vonoina ny akoho sy ny vorona, ka dia aterina amy ny ray sy ny reny ny vody ny. Be ny olona tsy mahandry ny andro maraina amonoana omby, k'izany no amonoana ny akoho sy ny vorona, izay tongo-droa rehetra no fanao amy ny izany, raha tongotra efatra tsy fanao.

Ary ny *Rano androana* dia hafanaina amy ny io andro io, nony hariva ny andro ka mandro ny Andriana; dia mifanatona ny mpianakavy rehetra *Hisafo-rano*, dia misambasamba amy ny rano mafana, samy mandray kely avy amy ny tana'ny, dia atao any an-doha, dia manao hoe: *Sambasamba Andriamanitra, Andriananahary! Ho arivo tratry ny taona tsy hisara-mianakavy! Mba hahaleo hahalasa! Mba hahazo vola hahazo harena! Mba ho tratrantitra!* K'izany no didy ny Fandroana ny Vahoaka, ka tsy mandro rano ilomanosana, fa misafo rano hiany ny Ambanilanitra rehetra. Ary *Ranomasina* no fanao amy ny izany; ary ny maka azy mandeha maraina maneno akoho, ary misy izay tany fangalany ny Vahoaka ny ranomasina fanao amy ny Fandroana sy ny Fora.

Digitized by Google

Ary *Andro farany* ny taona io, ary dia mihaingo tsara ny olona amy ny iny andro iny fa tonga ny *Andro vidina*.

FAHATELONY IZANY : MANAO TATAO SY MAMONO OMBY, ARY NY TRAFO-NKENA NO ENTINA HIVAVAKA AMY NY RAZANA; SY MANAO TONO-MBILANY, ARY NY ANKIZY MANAO TSIKIONINA ANY AN-TSAHA.

Manao tatao ny maraina, dia mamono omby ny antoandro, nony tonga ny hena dia entina ny trafo-nkena hivavaka amy ny Razana, ary nony hariva ny andro dia manao tono-mbilany.

Ary ny *Manao tatao*: dia ahandroina ny vary, dia asiana *Tantely* sy *Ronono* ka sambasambána ary santárana. Dia samy mandray kely avy an-tampon-doha, dia daholo miara-manao hoe: *Sambasamba! Ho arivo tratry ny taona tsy hisara-mianakavy! Ho tratry ny taona mitsingeringerina!* Ary mamono omby volavita sy omby malaza ny Andriana, vao mamono omby *Androana* ny Vahoaka. Ary amy ny io andro amonoana ny omby io, raha vory ny olona dia manao hoe: *Arahaba tratry ny taona*; ary dia mifamangy ny olona ka mifampiarahaba hoe: *Arahaba tratry ny taona.*

Ary raha vao vonoina ny omby raha mandeha ny ra voalohany, dia alainy Vahoaka ny *Zozoro* lemana amy ny io ra io, dia atao ambony ny varavaram-be ho fiarovana ny trano sy ny aina, ary ho hasiny ny trano. Dia alaina kosa ny *Trafo-nkena*, dia atono atsy amy ny *Fasan-dRazana*, dia ahosotra ny tsangam-bato, dia entina mangataka ny fahasoavana sy ny fahatsarana izany: Ny mila harena dia mangataka, ny mila zaza dia mangataka &. Toy izao ny hataka atao: *Mangataka amy nareo ry Razana rehetra, ny Hasoavana! Mba omeo fananana! Mba omeo zaza! Mba omeo fara-mandimby! Andriamanitra Andriananahary sy zay*

Digitized by Google

Razana atoana! Mangataka amy nareo izahay. Dia ho hanina eo ny trafo-nkena, dia mody. Ary taona iray raha tsy idiram-paty ny fasana, dia manao tahak'izany ny olona. Izany no fangatahana ny amy ny Ambaniandro amy ny izay hafatesany ny omby androana, na antoandro na hariva no anavany izany, ka nitondrany 'Ntaolo tany aloha koa entiny tato aoriany izany.

Ary *Manao tono-mbilany* ny olona. Nony voa rasa ny omby, dia alaina ny tsinay ny sy ny roroha ny sy ny áty ny sy ny vorivory ny, ny ao anaty, ny sy ny ra ny dia atao tono-mbilany, dia tetehina, dia ahandroina, dia loarana nony vory ny mpianakavy, dia alaina, dia manao hoe: *Sambasamba Andriamanitra Andriananahary! Ho arivo tratry ny taona anie izahay! Hahatrarantitra ny Andriana, tsy hisara-mianakavy! Ho tratry ny taona mitsingeringerina! Ho arivo tratry ny taona!* Dia homan-tono-mbilany atao sambasamba isan-trano, ary mifamangy no fanao ny olona amy ny izany.

Ary ny ankizy dia *Manao tsikionina*: mitondra vilany sy hena manta entina any an-tsaha ahandroina; izany no filalaovany ny ankizy rehetra, na Hova na Andevo, ka fomba nentina amy ny taom-bidina; dia mihira no atao ny sy mandihy sy manao tono-mbilany sy mifanasa any an-tsaha: izany no enti'ny mangataka ny taom-bidina. Ary ny Zanak'Andriana aza, raha avy ny tonon-taona, dia milatsaka any Mahamasina izy, dia manao tsikionina sy milalao mandihy sy mihira.

FAHEFATR'IZANY: MIFANATITRA JAKA HENA, SY MANAO SAMBASAMBA AMY NY HENA VAOVAO SY NY MIALIN-TAONA, SY MIJAKA AMY NY KITOZA, ARY MANAO VARANGA.

Ary nony maraina dia tohizina ny hena aterina indray amy ny ray aman-dreny sy ny havana rehetra sy ny zanaka rehetra atao hoe: *Manatitra ny jaka nareo izahay; fa raha jaka dia jaka tokoa izay*

Digitized by Google

nofo-nkena mitam-pihavanana. Zao no aleha ny, k'izany no atao hoe *Jaka hena*. Ary dia mahandro hena sy manao jaka sy manasa ny havana rehetra manao hoe: *Manasa anareo havana rehetra izahay, mba hilelaka ny tanty*. Ary dia tonga ny havana rehetra. Ary alaina ny hena *Mialin-taona* aharo amy ny io hena *Vaovao* io, ary dia loarana ho any ny havana rehetra ijakana, ary hoy ny Tompo-ntrano: *Tsy izay hanin-kahavoky anareo, fa avy ny taona mitsingeringerina, koa izao no anala' ko anareo havana rehetra: mba hilelaka ny tanty, fa avy ny taom-pahatsiarovana: zara ja tratry ny taona*. Izany no fomba ny fanasana.

Ary ny sisa izay dia jaka tohizina, na ny hena masaka na ny hena manta; iny kosa no nofo-nkena mitam-pihavanana, ka ny olona tsy mifankatia aza dia anaterana io hena io, ka tonga ny fihavanana amy ny iny; fa iny taona vidina iny tsy mba azo iadiana, fa na ny niady aza dia tonga tsara ny fihavanana, fa tonga ny taom-bidina ka tsy azo iadiana; ka na ny mpirahalahy miady, na ny mpianadahy, na ny mpirahavavy, na ny mpianaka, na ny mpivady, dia tsy azo iadiana ny Fandroana: mifankatia rehefa avy ny Fandroana izy.

Ary raha hanambady dia akarina amy ny andro androan-drano, ary raha hisaraka dia isaorana amy ny io andro io; ary raha hanangan-jaza dia atsangan'amy ny andro amonoan'omby, ary raha hanary dia ariana amy ny io andro io: fa taom-bidina k'izay tsara rehetra hahasoa hahatsara dia atao; koa izany no anaovana hoe: *Tonga ny Fandroana, sady fanariam-panalàna*. Ary dia mifanasa sy mifankatia ny Vahoaka mandra-pahalany ny hena; mandra-pahalany ny Alahamady tsy manao zavatra na inona na inona, fa mihira sy mandihy no atao sy mihaingo sy mifamangy sy mifanoti-kira, izany no fomba nentindRazana.

Ary ny manan-karena namono omby 1 na 2 dia ma-

Digitized by Google

nao *Varanga* atao mialin-taona : Ahandroina ny nofonkena, dia haroana ny sabora, dia atao amy ny Siny, dia avela eny ambony ny siny, dia tsy angalana intsony ny hena, raha tsy avy ny Fandroana manaraka iny. Ary ny hevitra anaovana izany: dia fa tsara ny trano ingerenany ny taona indray, na amy ny zozoro len-dena ny ra n'omby androana na amy ny hena mialin-taona.

Ary dia manao *Kitoza* ny olona atao fanajana raha tonga havana izy. Ary ny kitoza dia ny omby androana kitozaina lavakelimanifinify, dia asiana sira ka abantona ka avela ho maina , koa rahefa maina dia zairina amy ny harona, atao fanajana ny havana mamangy, ary atao santatra amy ny fomba ny taona vaovao. Ary tahak'izany no fomba fanao ny Fandroana nony tany aloha izany ela izany, ary ny sisa efa miankina amy n'Andriamanitra ka tsy fantatra.

7° Ela miarak'amy ny olona aty an-tany 'ty ny Sikidy sy ny Sampy. Vao hita ny mpamaky io fa i Ralambo no nanavandRandapavola *Sikidy* fony mbola tsy teraka izy.(Vakio takelaka 13); ary indray fa ny Sampy hoe *i Kelimalaza* no nanontanian' Andrianjaka nandeha nanafika ny fahavalo teny Ambohipeno, ka toky nomeny Kelimalaza azy , ka nanjary havandra i Kelimalaza & (vakio takelaka 34). Koa efa nahatoky ny o'ona ny Sikidy sy ny Sampy nony nanjaka i Ralambo; ary dia zavatra miharo Sikidy sy Sampy ny Tantara ny Ntaolo; koa tsy azo avela ny filazana ny Sikidy sy ny Sampy amy ny ity izao.

NY AMY NY SIKIDY SY NY SAMPY, ARY NY ANAKANDRIANA NIPOSAHA'NY.

Ny *Anakandriana* (na R'Anakandriana) no nisehoany ny Sikidy sy ny Sampy sy ny Tsindrimandry ary ny Mpanao hitsakandro. (†) Ary izany Anakandriana izany

(†) Ho lazaina amy ny aoriana ny amy ny Mpanao hitsakandro.

Digitized by Google

tsy olona, tsy biby : fa *Zavatra* tsy fantatra , ka ny feo ny hiany no fanta'ny mahalala azy , ary ny olona tsindria'ny no mahalala. Ary *Lava-bato* no itoera'ny ao atsinanana Ambohitrahaza sy ery Fandána atsinanana Ambohimanambola &...: ary ireo itoera'ny ireo no nandehanany ny olona betsaka dia betsaka , ka hataka sy vavaka ary hasim-bola no anaovana eo. Ary kely ny lava-bato itoera'ny , ka raha ome'ny ny zavatra angatahina , dia malalaka ny varavarana ka omby anao : *Izany no fizahana azy*; ary dia manome raha mahatsara anao ny zavatra angatahina . Ary be no tsindria'ny ao an-trano ny ao, ary iny olona tsindria'ny iny dia tonga *Mpisikidy sy Mpitahiry Sampy* mahalala ny fomba famohazan'azy. K'izao no anaova'ny azy ho Mpisikidy sy Mpitahiry Sampy ny raharaha ny: dia mampandry azy ley zavatra atao hoe *Sikidy* , na hoe *Sampy* , ka fanendre'ny iny zavatra iny nome'ny azy, ka ireo no atao ny hoe: *Fanilo* ny Mpisikidy sy ny Mpitahiry Sampy . Ary dia miteny izy amy ny izany , ary hoy no fiteny ny: *Aza afeni'nareo ireo zavatra ome'ko anareo ireo, fa amburao ny olona rehetra*, hoy izy : *f'ireo no solomaso ko sy solo-ntongotr'o, k'aza afeni'nareo* : *f'izao no enti'ko mitaiza ny olona rehetra*, hoy izy. Ary ny zavatra ome' ny amy ny izany dia: *Voafano* na *Tsaramaso*, na *Katsaka*, na *Tapakahitra*... no Sikidy, — ary *Tapakazo* no Sampy; k'izany no nanambara'ny azy ho Mpisikidy sy Mpitahiry Sampy ny raharaha ny. Ary ny Mpisikidy dia tonga mahalala ny *Mamoaka voafano*: f'izany no fizahana ny Sikidy; ny Mpisikidy dia manoko Voafano ary mamoaka eo izy; va'o tarika iray ary efatra tarika iray, ka efatra an-dalana isan-tarika : izany no ampamoaha'ny azy ; ny tsara dia fanta'ny, ny ratsy dia fanta'ny kosa fa misy ny hevi'ny izy daholo. Ary ny Mpitahiry Sampy dia tonga mahalala ny

Digitized by Google

Mampandihy Sampy (†), izany no fizahana azy: hampandihizina raha hahasoa, hosorana tseroka ka embohana ary tenenina hoe: *Raha hahasoa mandihizu hianao;* ka raha hahasoa dia mandihy ny Sampy; ary raha tsy hahasoa hahatsara, dia tsy mety mandihy izy ,fa mihenahena fotsiny ao. Ary na ny Sikidy na ny Sampy na ny Tsindrimandry i R'Anakandriana no nahitana azy daholo. Ary ny Sikidy no fototra ny nahatoky ny olona: *Famonjen'aina*, hoy ny olona; izany no nanatonany ny olona ny Mpisikidy. Ka betsaka ireo Mpisikidy ireo tamy ny andro taloha, ka tsindrian-javatra tokoa izy; ary betsaka indray no nahay ka nisikidy na tsy no tsinindri-*nJavatra* aza. Ary ny Razana tamy ny andro taloha sy ny zafy ny tato aoriana dia nahita zavatra very: be no hita be no tsy hita; — dia nahalala ny zavatra tsy ho tonga sy ny zavatra ho tonga: raha nisikidy olona lavitra, dia hita ny ny ho tonga sy ny tsy ho tonga; — dia nahalala raha velona sa maty ny zaza ao an-kibo-ndreny ny: *Sikidio raha ho velona ny zaza.*--*Eny*, hoy izy, *efa hilatsaka hilalana.* Ary ny mankany hanatona andR'Anakadriana eo amy ny lavabato itoera'ny dia mankany; ary ny mankany hanatona ny Mpisi'idy na ny mpitahiry Sampy dia mankany: ka vita ny. Ary na inona na inona no nisikidianany Razana: na marary, na vohitra alaina, na ombalahy ampiadina, na andevo ho vidina, na zavatra very, na mpangalatra miafina,— na vintan'olona,— na andevo milefa, na ho resy na hahery amy ny kabary: dia izany no nanaovan-tsikidy &. Ary nentiny Razana ny Sampy mitady odivaratra sy (odiandro) sy odilefona sy oditazo sy odimosavy sy odizavatra sy odibasy &.. Ary i R'Anakadriana no nangatahany Razana: Zaza sy harena sy fanafody enti-manafika &.

(†) Ny Sampy ny Vahoaka no ampandihizina, ary ny Sampy Masina ny Andriana dia fohaziua.

Digitized by Google

Ny Manatona an-dR'Anakandriana.

Raha mankany hanatona an-dR'Anakandriana hianao, dia misy izay olona tsindria'ny ao, ka mandray ny hataka sy ny hasina enti'nao manatona, ka manontany azy arak'izay hataka atao nao; ary nony efa azo ny ny *Ambara* ny R'Anakandriana dia hoy izy: *Izao no ambara: Mifadia hianao ny Fitoana tsy mihatra, sy ny Hazo marary, sy ny Ahi-bahoaka, sy ny Vato misakan-dalana, sy ny Tsimipaka: analana faditra izany,* hoy izy; *ka raha vita izany, ny sorona kosa no atao* —, ny vorovorinkena, ny ondry mazava loha, sy ny trafo-nkena tsy mivaky, sy ny taolam-be mitapaka ... no fanao sorona amy ny izany;— dia lazai'ny izay soron-kisoronana,-- ary dia hoy izy: *Mivavaha amy n'Andriamanitra sy Andrianamahary sy ny Razana hianao eo an-jorofirarazana,* hoy izy. *Ary ny Sikidy nao: Vaka-miarina atao an-tanana, sy Vakantsileon-doza, sy Voahangy mivady,* hoy izy. *Ataovy izany ary dia ome'ny anao ley zavatra hahasoa sy hahatsara anao: ny fanafody ny marary no anala'nao izany; raha fanafody ho tahirizina no alai'nao, dia ome'ny hianao; raha fanafody odi-basy ho enti-manafika, dia ome'ny .... na inona na inona no angatahi'nao dia mahazo hianao,* hoy izy. Ka raha fanafody alaina no angatahina, dia apetraky R'Anakandriana ny zavatra eo, ka tsy hita ny tànana ny *Mametraka*, fa ny teny hiany no re ny sofina hoe: *Indro ny zavatr'ao*, hoy izy. Ka be no sitrana raha ome'ny, raha tsy ome'ny tsy sitrana, fa fanta'ny ny ho sitrana: izany no nahatokiany olona azy.

Ny Manatona ny Mpisikidy. Fanaovan-tsikidy. Fampodiana ny fanahy ny marary atao ny Mpisikidy.

Ny Sikidy dia Voafano na Tsaramaso na Katsaka na Tapakahitra naseho ny R'Anakandriana, izany nonahitana azy; ka lova azo ampandovaindray ny ny zana'

Digitized by Google

ny izany, ary tamy ny andro taloha betsaka dia betsaka ny Sikidy izay azon-dova torak'izany. Ary amy ny ireo Mpisikidy ireo betsaka dia betsaka no tsindriany *Zavatra* tokoa, ary betsaka indray no nahay ka nisikidy na tsy tsinindrin-javatra aza. Ary hoy i Ranona mitantara izany: *Ny Reny nay*, hoy izy, no tsinindry ny R'Anakandriana ka tonga manatona ny Reny nay izy hanindry azy: nampandihizi'ny izy rehetra ao an-trano na ny tena ny Reny nay na ny vady ny sy ny ankizy ny; ary izaho, hoy izy, tsy mba no tsindria'ny ka tsy nandihy aho· fa nitehaka no natao ko, antoandro izany; ka no tsindria'ny matetika ny Reny nay torak'izany, kanjo tsy nety nanao sikidy izy, ny Kiaky be no nanao na dia tsy no tsinindri'ny aza: azon-dova ny azy.

Raha misy marary koa misikidy dia mankany hanatona ny Mpisikidy ka manao hoe· *Anaovy sikidy aho.* — Dia hoy ny Mpisikidy: *Inona no aretina nanjo?* — Ary mamaly ny marary, hoy no famaly ny: *Niady aman'olona aho, nifanditra izahay; izay olona niadia'ko izay masimasina mahay zavatra izy izay, ka matahotra aho, ka dia marary ka manatona anao aho mba hihevitra izay hahasitranana: fa tsy olon-kafa fa iraitam-po isika, ka ataovy izay mahafak'aretina ahy.* Dia manoko sy mandahatra ny Sikidy izy Mpisikidy, dia miteny manao hoe: *Misy hatao ko amy nao: zaka nao va sa tsia?* — *Ataovy*, hoy ny marary: *f'izay hahasitrana ahy no tadiavi'ko.* — Ary dia mandahadahatra sikidy ny Mpisikidy ary miteny indray: *Vola roavoamena sy varifitoventy atao andohasàna*, hoy izy, *ary akoholahy mena efa maneno ateri'nao aty amy ko, ary masom-bola mivady.*

Ary toy izao ny filahatry ny Sikidy: Manao *Joria* sy *Alànana.* Ny Joria dia Voa fano valo iray an-dalana. Ny Alánana kosa indray efatra milahatra efatra avy ny ambony, ary ny ambany valo milahatra efatra avy. Ary ny anarany n'izany tsirairay amy ny *Joria*:

Digitized by Google

Ny Tale-ntsikidy, ny Harena, ny Fahatelony, ny Vohitra, ny Zatovo, ny Marína, ny Vehivavy, ny Fahavalo. Ary ny anarany amy ny lahatra ambany dia: Ny Fahasivy, ny Mpisikidy, ny Hanina, ny Andriamanitra, ny Razana, ny Ontány, ny Lálana, ny Trano. Ary ny Talé sy ny Trano mifanandrify, ny Lalana sy ny Harena mifanandrify koa; ary dia mifanandrify toy izao ny sisa: ny Fahatelo sy ny Ontany, ny Razana sy ny Tany, ny Andriamanitra sy ny Zatovo, ny Marína sy ny Hanina, ny Mpisikidy sy ny Vehivavy, ny Fahavalo sy ny Fahasivy; ary enin'ambinifolo ny Sikidy *Joria mamoaka*. Ary roa ambinifolo ny Sikidy *Alànana*, k'izao no anara'ny: Jamá, Taraiky, Asoralahy, Asoravavy, Alahizány, Aditsimay, Alokola, Adibijady, Leimora, Saka, Vontsira, Adikasajy, Kizo. Ary samy manana ny famoaha'ny na ny Alanana na ny Joria: Ny Fahavalo sy ny Fahasivy mamoaka ny Hodóvy (mpamósavy); ny Tany sy ny Razana no Asorotany mamoaka ny Andriana &. Dia atokotoko ny Sikidy, dia fohazina.

Betsaka no fanao famohazana ny Sikidy: samy manana ny azy ny Mpisikidy, ka indreo famohazana anankiray fanao ny betsaka, hoy ny famoha ny Mpisikidy: *Foha! Foha! ity Sikidy ity! Fa tamindR'Anakandriana, — tamindRamanitralanana, — tamindRakizoandranjo, — tamindRazezé, — tamindRafohitánana, — tamindRajohibelavavolo!* (anarany ny R'Anakandriana nihiaviany Sikidy tamy ny taloha izany) *K'ity no solom-pasika. Fohazi'ko 'ty Sikidy 'ty: Fa tsy manamaso hijery 'ty, — tsy manam-bava hiteny: f'ity no solomaso, no solom-bava. Ka fohazi'ko: tsy handainga, tsy hifetsy, tsy hitolo-boho, tsy hilaza fitaka! Fohazi'ko: hilaza izay soron-kisoronana, izay faditra ifadirana! Hianao tsy mana-maso ka mahita, tsy manantsofina ka mahare! Hianao mahita ny ankoatra ny bonga: Ny tsara tsy hatao ratsy, ny ratsy tsy hatao tsa-*

Digitized by Google

ra! Hianao mahita! Lazao izay soron-kisoronana sy ley faditra ifadirana.. Dia no lazainy Sikidy izay faditra ifadirana, dia hoy ny Mpisikidy: *Misadira,* hoy izy, *ny Fahatelon-kazo, ny Lamba sampona, ny Ahi-bahoaka, ny Taolan'ela, ny Tsimipáka... Izao kosa no soron-kisoronana,* hoy izy: *Misorona ny Betsimihilana, ny Vakantsileondoza, ny Vakamiarina, ny Masombola, ny Voahangimivady, ny Ondrimazavaloha...* Ka raha vita izany: *Mividiana Vorivori-nkena,* hoy izy, *ary ahandroy, ka rahefa masaka dia mivavaka mankany anjoro-firarazana: mangataha amy n'Andriamanitra sy Andrianananahary sy ny Razana mba hahasoa hahatsara 'zao atao 'zao. Hosorana 'ty Tsotsóroka 'ty,* hoy izy. Dia haniny *Marary manao sorona* sy ny vady ny sy ny zana'ny ley Vorivorin-kena nisoronana, tsy mba hanin'olon-kafa. Ary ny fanafody tokony hahavelon'azy, dia ambara ny Mpisikidy. Ary asainy Mpisikidy handoa: Akoho lahy mena sy vola fitoventy sy voamena, dia vita.

Ary toy izao ny fampodiana ny *Moroa* (ambiroa) ny marary mafy. Very saina sy very fanahy ny marary, koa antsoina ny fanahy hody amy ny izy Tompo ny, ka angatahin'amy n'Andriamanitra izany, koa ny Mpisikidy no enti-mangataka anak'izay fanao ny. Dia entina mank'amy ny Mpisikidy ny marary; dia mitondra *Saron'an-karona* sy *Vololondravina* ary *Tantely* Velondreny, ny marary omeny ny Mpisikidy ho enti'ny amy ny Tendrombohitra famerenana ny fanahy efa lasana. Dia alainy ny Mpisikidy ireo fomba rehetra ireo, dia mandeha izy sy ny marary sy ny mpianakavy ny marary, hankany amy ny Tendrombohitra. Nony mby eo izy rehetra, dia velariny Mpisikidy ny Vololondravina, dia atao ny eo ambony eo ny Tantely velondreny, ary dia sokafana ny *Saron'an-karona*, dia miantso ao izy. 'Zao karazan-javatra rehetra izao tsy anononana izao dia voa antso ny Mpisikidy daholo. Ary

Digitized by Google

nony efa vita izay fiantsoa'ny azy, dia hoy no fiteny ny: *Andeha isika hody? fa tonga ny hava'ntsika*— (miantso ny moroa ny marary). Dia entiny Mpisikidy eo aloha, ary ny marary sy ny mpianakavy ao aoriana; ary efa omby akeky ny trano idira'ny dia mialoha ny mpianakavy, dia mamelatra tsihy ao an-trano, dia fafána madio ny trano, dia tonga ny Mpisikidy mitondra ny ambiroa ny marary sy ny marary; ary ny eo an-trano manao hoe: *Mandrosoa Tompo ko e! Faly izahay fa tonga hiany hianao: dia tsy hisaraka amy nao izahay*, dia sokafana eo anatrehany ny marary ny *Saron'an-karona*: dia mihoby ny eo an-trano noho ny hafalia'ny, fa tsy ao an-karona intsony ny ambiroa, fa efa tonga miverina amy ny marary izy.

NY AMY NY SAMPY MASINA 12 NY ANDRIAMANJAKA SY NY MPITAHIRY AZY. TSY AMPANDIHIZINA: TSINDRIMANDRY NO AZY.

Tsy misy tsy nanan-tSampy tany aloha ka samy masina daholo ny Sampy rehetra, fa ireo no fidiny Andriana ho Sampy Masina ny Andriamanjaka.

1. *Rakelimalaza* avy any Ambohimanambola atsinana.

2. *Ramaluvaly* avy any Matitánana atsinanany Kiongo amy ny Betsileo.

3. *Rafantàka* avy any Ambohimandroso atsinanan' Ambohimanga.

4. *Manjakatsiroa* avy any Ambohimanga.

5. *Rabehaza* avy any Fiaferana amy ny Zanakambony.

6. *Ratsimahalaly* avy any Ambohitrerana avaratr' Ambohidrabiby.

Ary *Ramasoandro* sy *Ramanjaibola* sy *Rafaròratra* sy *Ratsimitàko* sy *Rahodibato sy Rabefaravolo:* Ireo no ley enina manarakaraka maha-roambinifolo ny Sampy Masina ny Andriana.

Digitized by Google

Ary tsy Roambinifolo, hono, ny Sampy Masina ny Andriamanjaka: fa *An-ohatra* foana izany tahaky ny Vadin'Andriana 12, sy ny Tendrombohitra 12, sy ny 12 Nanjaka. I Kelimalaza sy Manjakatsiroa sy Rafantáka sy Ramahavaly sy Rabehaza ary Ratsimahalaby : ireo hiany no Sampy Masina ny Andriamanjaka no tána'ny, ary ireto manarakaraka ireto tsy misy no tánan'Andriana tsy akory, fa amy ny Vahoaka kosa izy no nihahaka ka mipetraka, hoy i R... ary tsy azo isaina izay Sampy mitoetra amy ny Ambaniandro, fa betsaka.

Ary ireo Sampy Masina ny Andriamanjaka ireo mitsangana eo amy ny Andriana raha mandeha miaady: miainga ny Andriana, dia miainga izy, izay aleha ny Andriana hiany no aleha ny : fa Sampy ndRazana ka navela ny Ray. Ary mitoetra anaty ny Rova izy ireo, ary fonenana fandehana'ny hiany izay Vohitra sasany voa laza teo: Ambohimanambola fonenana fandehanany Kelimalaza ; Amboatany fonenana fadehanany Mahavaly &...; ary i Manjakatsiroa dia eo Ambohimanga sy aty Antananarivo no mitoetra: tsy mba miala amy ny Tranon'Andriana izy. Ary ny Andriamanjaka hiany no *Mandidy* ny Sampy Masina hanao izay fanao ny, sy *Maniraka* azy hanáfana ny Vahoaka.

Ary ny mitahiry Sampy Masina no atao hoe *Mpitaiza Andriana*: fa mahatoky ny Andriana raha misy zavatra manjó na mahatahotra azy; fa tsy mba Mpanandro tsy akory ; ary *Tsy maty manota* izy ireo. Ary ny raharaha ny dia *Manao Soron'Andriana* sy *Mitondra Sampy Masina* hivoaka amy ny Ambaniandro hanáfana azy, sy *Mandidy* izay faditra hifadirana aman'izay soron-kisoronana; ary ny Vahoaka tsy mba mandoa vola na zavatra hafa amy ny izany: fa irak'Andriana mahazo valy amin'Andriana ireo. Ary ny raharaha ny dia izay zanaka ny Nitahiry Sampy Masi-

Digitized by Google

na tany aloha hiany no mitahiry azy: k'io azon-dova hiany.

Ary samihafa ley *Fizahana* ny Sampy Masina ny Andriana, amy n'izay fizahana fomba ny Sampi-mBahoaka: Ny Sampy ny Vahoaka no ampandihizina, ary ny any Andriana tsy mba ampandihizina fa *Fohazina* kosa ny azy; dia fohaziny ny Mitahiry azy izy ka atao ny hoe: *Marary izao ny Vahoaka ary asainy Andriana hafànana: ka ambarao izay entina hanàfana ny Vahoaka.* Ary dia *Tsindrimandry* no fanao fanambarana: dia tsindriany R'Anakandriana ny Mpitahiry Sampy mamoha azy, ary hoy no fambara ny: *Izao no ataovy, izao no ataovy.* Ary dia alainy ny Mpitahiry iny zavatra ambara Ny iny: dia atao ny amy ny rano atao amy ny *Tandro-potsy*, ary iny no enti'ny manafana ny olona nanirahan'Andriana azy. Ary ny Tandroka fotsy no fitondrana ny rano misy fanafody entiny ny Mpitahiry Sampy Masina rehetra, raha manao fanafody ny Vahoaka izy; ary *Tsidrimandry* no fanao ny Sampy n'Andriana rehetra; ary ny Tsindrimandry tsy mba omeny Sikidy, tsy omeny Sampy: fa omeny R'Anakandriana hiany; tahaky ny *Mampanonofy* io olona io fanomeza'ny azy: Izy R'Anakandriana avy milaza amy ny manao hoe: *Toy izany no ataovy...* tahaky ny nofy no filazana, k'izany no anaovana azy hoe: *Tsindrimandry.*

Ary tsy misy tsy *Odilefona* ireo Sampy Masina ireo tany aloha, ka tonga *Odibasy* tato aoriana hatr'amy ny nahitan'Andrianjaka ny Basy sy ny Vanja. Ary ny sasany indray dia *Odivaratra*, na *Odimamba*, na *Odifamato* &. Ary izay fanao ny samy mahefa daholo, ka mitovy daholo ny efa ny: Izay asainy Andriana atao dia samy mahavita avokoa, hoy i R.. kanjo samy manana ny fandeha ny.

RAKELIMALAZA dia *Ody* ny izao zavatra rehetra izao. Izy no nanjakan-dRalambo sy Andrianjaka

Digitized by Google

sy Andriamasinavalona ary Rabodonandrianampoinimerina. *Sampy maditra* izy: saiky tsy naneky ho an'Andrianampoinimerina izy. Nony nentiny Andrianampoinimerina ny Ambaniandro hananika any Ambohimanambola ipetrahana ny Kelimalaza, dia *nanjary honahona naniriany ny tantamo sy ny arefony tanety;* dia tsy afa'ny ny Tanàna, dia nandeha izy nanao hoe: *Izaho tsy hananika andRakelimalaza*. Ary tato aoriana i Ambohimanambola naneky ho azy, ary i Kelimalaza dia tonga Sampy Masina nalain'Andrianampoinimerina; ary ny natao ny tamy ny nananihany ny Ambaniandro an'Ambohimanambola no nanomezan'Andrianampoinimerina iny Tanàna iny, hasina tokana hoe: *Mahadidy tena* Ambohimanambola.

Rakelimalaza kosa dia Ody famantarana ny Taona amy ny vary ambolena amy ny orana: raha avy, raha tsy avy. — famantarana amy ny Varatra, — famantarana amy ny Biby ambany rano & ... Ny sorona tia'ny atao, dia, ny *Akondro vokatra* sy n. *Mizarabemahendry* sy ny *Omby volo-nTakatra* sy ny *Omby volavita*. Ary malaza lavitra noho ny Sampy rehetra izy. Ambohimanambola no Vohitra nipetraha'ny hatr'amy ny taloha ela, ary toizao ny nahazoan'Ambohimanambola azy.

Ny Tany atsimo no nihiaviany Kelimalaza, ka Ambohimanambola no anaram-Bohitra koa nipetraha'ny tarý atsimo lavitra, ary i *Kialabe* no nahitana azy tany. Ary nony indraiandro no doran'olona ny tanàna itoerany Kialabe, ka may ny trano nipetrahany Kelimalaza; dia no raisi'ny i Kelimalaza tsy ho may, dia nenti'ny nandositra, ary ny *Tenina* sy ny *Boróna* no nitondra'ny azy niery eny an-tsaha eny. Dia nihevitra i Kialabe: dia niala'ny ny tanàna no doran'olona, ka nentiny Kelimalaza nianavaratra izy: dia tonga mankany Ambohimanambola any atsinanana any izy. Ary nony mby eo Ambohimanambola, dia nambara ny izay

Digitized by Google

fomba ny Kelimalaza, ka gaga izy rehetra nilaza'ny izany. Koa no vonoin'olona i Kialabe, hono, fangao mitondra any Kelimalaza mandositra indray; ary teo ambony avaratra Ambodiakondro no nandevenanana azy; ary hantsana daholo manodidina ny Fasany Kialabe milevina ao: ka tsy mba mikoa fa mipetraka ao hatr'izay ela *Iny;* ary kosa nanirany *Seva* ho azy iny fasana vao nilevenany Kialabe iny, ka mbola velona izao ny Seva. Izany no nahazoan'Ambohimanambola hitana andRakelimalaza: naha *Fahatelonimerina* azy fony nanjakan'Andriamasinavalona, sy naha *Mahadidi-tena* azy indray tamy ny Andrianampoinimerina no nanjaka. (1)

Ary izao no *Fomba* ny Kelimalaza nambara ny Kialabe: dia ny fomba ny *Tsy fihinana*, sy ny fomba ny *Tsy miakatra*, ary ny fomba ny *Fandeha amy ny olona* mila ody. Hoy ny *Ambara* ny Kialabe nony tonga tao Ambohimanambola: *Raha mety ho tany ipetraha'ko dia tsy mahazo mitaina : ny Tenina sy ny Orondrano, ary ny Borona, hoy Kelimalaza. Ary ny tsy itainana ny Tenina sy ny Orondrano nitondrany Kialabe ahy niery, izay no tsy nahamay ahy: k'izany no tsy amela'ko itainana ny Tenina sy ny Orondrano. Ary ny tsy itainana ny Borona nanjairany Kialabe lamba ho ahy. Ary ny Omby mainty sy ny Ondry mainty sy ny Akoho mainty sy ny Tompondrano, — dia izay tokambolo mainty rehetra, — tsy mahazo miakatra ny Tanana ipetraha'ko: fa mitovy volo amy ko.* (2) *Ary ny Kisoa tsy mahazo miakatra ny Tanana, ary tsy fihinana na iza na iza mety ho didiny Ambohimanambola amponenana ny olo-*

---

(1) Ho tantaraina amy ny aoriana izany. Kelimalaza koa no nanaovan'Andriana an'Ambohimanambola hoe: *Hadivory tsy ampiana tsy analana.*

(2) *Zavatra* manan'aina ohatry ny *Tsikovoka* izy, hono, ary izany no tsy itiava'ny hiakatra ny *Zavatra mainty;* ka vata kely no nitondrany Kialabe azy, ary Vehivavy *mainty* sy fohifohy i Kialabe, hono.

Digitized by Google

na, hoy Kelimalaza. &..

Ary hatr'izay ela, dia tsy natain'Ambohimanambola: ny Tenina sy ny Orondrano ary ny Boróna. Ary Ambohimanambola tsy iakarany ny zavatra mainty tokam-bolo rehetra,--- sy ny Kisoa: tsy mahazo mikasika ny Vohitra aza, — sy ny Soavaly,— sy ny Ombi-bory, — sy ny Basy, — sy ny Vazaha: fady azy K'izany no nanaova'ny Mpihira taloha tany Ambohimanambola hoe: *Tsy iakaran'omby 'ty vohitr'ay 'ty, tsy iakaran-kisoa.* &... (†). Ary ny Mpitahiry and Rakelimalaza dia nifady izao rehetra izao; ary tsy mahazo mikasika ny *Faty*, na ray, na reny, na vady, na zanaka: raha maty dia tsy mahazo mikasika azy.

Ary ny Ambaniandro raha mank'amy ny Kelimalaza hila soa amy ny, tsy mba mifady. Ary Alatsinainy sy Alarobia sy Alakamisy ary Alahady no *Andro velona* fanetsehan'azy: dia azo andehanana sy angatahana izy; ary Talata sy Zoma sy Sabotsy tsy mety mandeha ny olona na dia voujitaitra aza: *Andro fady* azy izany.

Ary izao no Fomba ny, *Fandeha amy ny olona:* dia ny *Sakamalao* sy ny *Rano voa hasina* an'an-*Tandropotsy* no tomba ny. Ary toizao no fanao fangalana Sakamalao: Dia mankany Ambohimanambola hanatona azy ny Miaramila, ary dia entina manatona azy ny Sakamalao; dia *Manasina* azy vao omena ny Sakamalao; dia raisiny Mpitahiry azy: dia atao *Miafana* amy ny Rano an-Tandro-potsy ao; rahefa niafana eo io, dia averi'ny amy ny olona, ary hoy no fiteny ny: *Ho entina iny raha mankany an-tafika, dia atao amy ny kitapo ka ambozonana iny; ary nony avy ny ady dia tsakoy mangingina.* Izany no didy momba ny Sakamalao. Ary dia

(†) K'izany no nanaterana ny *Nandotra* azy tamy ny taona 1869: Soavaly sy Basy sy Sabora sy Kisoa &.. Izay fady azy rehetra *Izahà'ny azy*, ka tsinontsinona no hita ny.

Digitized by Google

atao ny olona torak'izany ; nony avy ny ady, dia nitsakotsako iny ka tsy miteny, fa *Maka fomba* hiany izy; ary apetraka ao ny kitapo raha handry: *Ny miady no misy izany fomba io izany.*

Ary raha betsaka ny olona manatona azy (fa Miaramila mankany an-tafika) dia *Afanana* ny Miaramila rehetra; ary ny Rano an-Tandro-potsy no enti-manafana azy: dia fafazana io rano io izy rehetra, ny Mpitahiry no manao, ary hoy no famafy ny: *Dia afanany ny io rano io hianareo: aza mandro hateloana,* hoy izy.

Ary raha misy ny tafika tsi-toha andehanana, dia ampandehanin'Andriana ny Mpitahiry andRakelimalaza: hisava lalana aloha ny Miaramila, sy hiahy ny tafik'Andriana, sy hitsinjo azy miady: Ndrefa tsy mihetsika i Kelimalaza, fa mipetraka eo amy ny izay ipetraha'ny any Ambohimanambola an-joro-firarazana eo: ny *Nama' ny* no mandeha, dia ny Mpitahiry azy no *Nama'ny analana Fomba ;* ary Odibasy aman-defona sy Odi-aretina, izany no Fomba itondrany ny Miaramila any amy ny fandehanana amy ny fanafihana; ary ny Tandro-potsy sy ny Rano voa hasina sy ny Sakamalao.... izay fanafanana rehetra fanao ny no enti'ny manaraka ny tafika. Ary indraindray asainy Andriana mandeha isan-karazana ny Mpitahiry Sampy Masina: samy mitondra ny Fomba ny izy rehetra am-panarahana ny tafikia.

Ary i Kelimalaza, ery an-*Joro-Firarazana* no fitoera'ny. (†) Ary izao Sampy rehetra izao dia tahak'izany kosa izy daholo. Raha i Kelimalaza sy Ratsimahalahy, tsy mba mipetraka fa miorina amy ny *Kilangàna* fitoera'ny: *Mifono jaky* ao izy, ary ao amy ny Vata daholo izay fomba ny vorongo fanao ny amy ny olona : dia

(†) 'Zay zoro-ntrano eo avaratr'atsinanana: ipetrahany ny Tompo-ntrano raha mihinana, raha mandry,-- sy iantsoana ny Razana,— ary anaovan-kataka amam-bavaka rehetra amy n'Andriamanitra sy Andriananahary ary ny Razana.

Digitized by Google

Sakamalao, dia Tapa-kazo &, izay fanao ny *Fandeha* amy ny olona. Ratsimahalahy amy ny kilangana koa. Ary ny sisa dia *Am-bata* no fitoera'ny. Raha mila zavatra amy ny hianao, dia mitondra atao *Hasin'azy* no fanao, ary ny Mpitahiry no mandray ny hasina ka manome zavatra izay mila.

RAFANTAKA SY MANJAKATSIROA. Ary Rafantaka Odi-*Lefona* Odi-*Basy*, ary Manjakatsiroa Odi-*Varatra*; izy roa no nanjakan'Andrianampoinimerina tamy ny taloha raha nahavory, ary Kelimaláza sy Mahavaly kosa tato aoriana; ary mpanaraka an'Andrianampoinimeriaa miaingia iny Sampy iny nenti'ny hiaro tena. Ary indray andro nony niady tamy ny Marovatana sy Antehiroka Andrianampoinimerina, dia voa basy tany Ankosy izy: ka tsy loaka ny bala izy na dia ny lamba ny aza, fa niantefa teny amy ny lamba ny ny bala, ka latsaka foana an-tany tsy naninona. Koa gaga Andrianampoinimerina, ary dia namono ombivolavita atao sorona entina hisaotra amy ny Sampy ny izay nitsangana teo, ary ny ombalahy mitrongitany kosa: izany no fanao ny Andriana mahazo soa amy Sampy Masina.

Ombalahy mitrongitany no alaina ho dikaindRafantaka raha miaingia handeha izy; Sakamalao koa no Fandeha ny amy ny olona.

Manjakatsiroa no nanjakan-dRasoherina kosa tato aoriana.

RAMAHAVALY Odi-*Mamba*, sy Odi-*Mosavin'olona*. sy Odi-*Aretina*· izay marary afaha'ny daholo. Ny Omby mitrongitany sy ny Ondry mazavaloha no tiankisoronana; ary ny Bibilava no filaolao ny. *Sampy maditra* tahaky an-dRakelimalaza izy, ary malaza koa tahak'azy. Matitànana no Vohitra nihiavia'ny atsinany Kiongo any amy ny Betsileo, Ramahavaliarivo no na-

Digitized by Google

nana azy; ary vao natao n'Andrianampoinimerina ho isa ny Sampy Masina izy raha vao azo ny ny Betsileo avaratry Mania. *Mpitsapa entan'Andriana* Ramahavaly: Raha misy zavatra ho entina hankao amy ny Andriana, Ramahavaly no alaina hitsapa ny entana, koa misy ratsy, misy ody, misy mosavy ny entana, dia fanta'ny ka dia ariana: izany no mahatokian'Andriana azy. Raha entana ka avy any an'indran-tany (avy any ambany an-dafy na aiza na aiza) dia alaina i Mahavaly hitsapa azy, na Vazaha aza ka manatitra entana ho any Andriana, dia tahak'izany daholo na ny aty Merina aza.

Ary *Bibilava* no azy, koa io no fomba ny; ny Mpitahiry azy no mahita ireo, ary betsaka ny olona no nahita kosa. Raha tezitra i Mahavaly dia mandositra izy amy ny *Hazo* eny Amboatany, dia mankany amy ny lava-Bibilava eny an-tsaha rehetra eny izay tia'ny aleha, dia mitsatoka ao an-davaka izy, ary tsy mody izy raha tsy ivavahan'olona eo amy ny lava-Bibilava eo. Izany no fomba ny: *Manjary Bibilava ivavahana* izy. Ary indray ny Mpitahiry azy dia mahamanjary azy ho Bibilava, ary toy 'zao no atao ny: Dia alaina ny Sahafa, dia asiana Menaka ny Sahafa, dia antsoina eo Ramahavaly, dia tonga izy, dia vory eo ireo Bibilava betsaka ireo ka homana ny menaka izy; ary rahefa homana izy dia tsy hita izay aleha ny, fa lasana izy mankany amy ny fitoera'ny. Ary be ny olona no nahita ny Bibilava: Izaho no nahita hoy ny Mitantara ity.

Nony nanao Fano Soamierana Leigro Vazaha (*Legros*), indray andro nony nahita andRamahavaly nandalo miakatra amy ny Andriana (Lahidama) izy nanao hoe: *Inona iny*, hoy izy? --- Ary hoy ny olona: *Ramahavaly*. — *K'inona izay Ramahavaly*, hoy ny Vazaha? --- Ary hoy ny Mitondra: *Sampy Masina ny Manjaka*. --- Ary hoy izy: *Inona no efa ny io izy io? — Mahafaka ny zavatra rehetra*. --- Ary hoy Leigro: *Raha mahafaka ny zavatra rehetra, avelao hiady amy-ko*. —

Digitized by Google

Ary hoy ny Mitondra: *Tsy izahay no tompo ny fa Lahidama no Tompo ny: Andeha hilaza amy ny hianao*. Ary dia lasana izy nilaza tamy ny Andriana ma nao hoe: *Avelao*, hoy izy, *hiady amy'ko i Ramahavaly: hizaha'ko izay vita ny.* --- Ary hoy ny Andriana: *Aoka itsy! F'hianao Vazaha, ary io Malagasy: ka tsy hampiadi'ko amy nao.--- Tsia*, hoy izy, *avelao mba hizaha'ko izay efa ny amy ko.*-- Ary hoy ny Andriana: *Raha rara'ko ka tsy zaka hianao, dia indro izy hiady amy nao*. Ary dia nidina izy hankany Andohalo nirahin'Andriana, ary hoy ny Andriana miantso Leigro: *Dia mandehana hianao mankany amy nao: fa indry Ramahavaly hankany*. Dia nandeha Ramahavaly. Dia nankao Andohalo, dia nanatona teo Leigro, dia nivory ny Vahoaka sy ny Vazaha betsaka: ary *Nipetahany ny Bibilava makadiry* ohatry ny ranjo i Leigro, ka maro izy, ary nony efa nipetaka ny Biby dia lasa Ramahavaly nody anaty Rova, ary ny Bibilava dia nilaoza'ny ao amy ny Leigro mangehy azy amy ny valaha'ny, mioya ho sikina ao am-balaha'ny. Ary dia nidradradradra teo Leigro nanao hoe: *Lazao amy ny Radama aho, fa masina tokoa i Ramahavaly, koa tsy miady amy ny aho: fa asavy esorina ireo biby, mangehy ahy ireo*. Ary hoy Radama: *Hianao tsy no rara'ko va ré: Aza miady amy ny hianao, hoy Zaho, f'hianao Vazaha ary izy Gasy. — Eny*, hoy izy, *fa diso aho, dia mivalo aho: fa mieky an-dRamahavaly aho;*---Ary hoy ny Andriana: *Andeha esory ny biby: fa izaho tsy mba manan' ady amim-Bazaha*. Ary dia niainga Ramahavaly, dia jere'ny Leigro: dia niala ny biby tsy hita izay naleha ny. Gaga avokoa ny Vahoaka sy ny Vazaha rehetra, ary ny Andriana torana nihehy. Ary dia nanasin'Andriana i Leigro nanao hoe: *Manasina Anao Lahidama, fa izaho tsy Vazaha intsony fa Gasy. K'ity Hasina ity hahamasina Anao*. Dia namaly ny Andriana nanatitra omby iray nafaha'ny azy: *Dia mamahana anao Aho*

Digitized by Google

fa manasina Aby hianao.

Ary ny Vady ny Mpitahiry andRamahavaly kosa dia ny Bibilava nenti'ny maka azy raha misintaka. Ary ny mahalala izany ny havandRavehivavy dia mampanasa azy mody: fa matahotry ny Bibilava mirotsaka amy ny tafo-ntrano ka mipelipelika ao. Izy no faka'ny azy misintaka.

Ary ny Fomba ny Ramahavaly, Fandeha amy ny olona, dia *Tapa-kazo* ome'ny sy *Ravoravo*. Ary hoy ny Mpitahiry azy: *Raha miady, dia asiana Ravoravo ny handrina, asiana ny vavafo sy ny lamosina. Ary ny tapa-kazo dia atao amy ny kitapo, dia ambozonana*, hoy izy.

Odi-*Mamba* i Ramahavaly, ka raha mandeha ny Miaramila mankany an-tafika, i Ramahavaly dia mba mandeha koa, ary atsoboka anaty ny rano aloha izy vao mandeha ny Miaramila.

Ary Odi-*Aretina* izy. Raha marary i Merina misy ny aretina, dia alaina Ramahavaly hanafaha'ny ny Vahoaka amy ny aretina. Ary amy ny izany mivoaka izy mandeha amy ny izao Merina izao manafana ny Ambaniandro amy ny aretina, ka *Mitoby* isam-pirenena aleha ny, ary ny Tandro-potsy no itondrá'ny ny rano misy fanafody afafy ny ny Vahoaka.

Tsy manam-pady Ramahavaly.

RABEHAZA Odi-*Romotra*. Tsy akaken'ondry izy, tsy manam-pady afatsy ny ondry izy. Ny akoholahy sy ny ombalahy mitrongy tany no tian-kisoronana. Raha misy romotra dia izy no alaina hirahin'Andriana hanafana ny romotra rehetra: na olona na omby na ondry na kisoa na vorona na akoho, na inona na inona mety ho zava-miaina; ary ny rano amy ny Tandro-potsy no enti'ny manafana azy. Fony nanjakandRabodonandrianampoinimerina vao nisehoany ny romotra, hono.

Digitized by Google

RATSIMAHALAHY Odi-*Famato* amy ny zavatra sy amy ny biby. Rahefa asiana famato ny Omby nao na ny zavatr'ao, dia tsy azo angalarin'olona; izany no azy ary odi-basy. Ary *Hazo* no fomba ny kosa Fandeha amy ny olona, ary ny didy momba ny hazo dia *Tseroka* no ahosotra azy sy *Emboka* anembohana azy nony avy ny ady: Ary ny *Hazo* izay ome'ny dia Tapakazo kely tohizina betsaka atao *Sampilahy* ka entiny Miaramila hiaro tena raha manatona ny ady; ka raha mipoaka ny basy dia alaina ny tseroka ahosotra ny Sampilahy, ary alaina emboka dia embohana iny izy, dia ivavahana hoe: *Izaho tsy manan-java-mahatoky ahy, f'hianao no mahatoky ahy ho enti'ko miaro ny ai'ko.* Dia ambozona'ny iny. Ary rahefa mitsahatra hipoaka ny basy, dia atao amy ny *Kitapo-jaky* fitahirizan'azy.

Be fady izy, ary ny Kisoa indrindra no tsy mba akeken'azy.

Ary toa *Zavatra* (na Ranakandriana) ireo Sampy Masina ireo; ary afats'izy dia *Tapa-kazo* daholo naseho ny Ranakandriana ny Sampy rehetra: izany no nahitana azy.

Ary ny sasany amy ny Sampy Masina, dia efa tsy tiany Andriana koa naria'ny. Toizany hiany ny Sampy hoe *Matsatso*, izay tian'Andriamasinavalona ambony ny Sampy rehetra ka efa tsy tia'ny intsony, ka naria'ny teo am-pariby eo atsinanan'Amboanjobe: *Fa odiratsy*, hoy izy.

Teo Lohalambo no nitoera'ny Matsatso, ary Laimanitrantany no Tompo ny; nony indraiandro no kapohi'ny Laimanitrantany ny Veromanga ny Kiopa renirano avaratr'Antanjombato, ka tapaka ny rano: ka dia nita Andriamasinavalona sy ny Vahoaka nomba azy. Ary nony indraiandro kosa ny tanety natao ny Matsatso nanjary *Tevana*. Izany no nitiavan'

Digitized by Google

Andriamasinavalon'azy. Ary ny tsy nitiavana: fa satrikoa tonga tsy maneky ny sitra-pon'Andriana izy, koa naria'ny mb'amy ny Tompo ny i Laimanitrantany no helohin-ko faty.

Torak'izany i *Soratra* nitoetra tany Ambohipo; dia efa tsy tian'Andriana kosa izy.

Ary ny Sampy Vaventy rehetra hiany no manana iny *Tandro-potsy* iny voa laza teo, ary izy rehetra rehefa hiady ny tafika, dia afana'ny ny Manamboninahitra rehetra: *Odi-basy* sy *Odi-æretina* izany no fomba fanao ny.

Ary betsaka ny *Fady* madinika izay didy ny Sampy ka entiny ny olona mitady ny soa sy manala ny ratsy amy ny. Ny Voankena sy ny Masontantelinkena sy ny Lohomby sy ny Masonomby sy ny Havokavekomby sy ny Faratsinaibenkena sy ny Tonoavadika &. &. no fanao: Samy manana ny fady ny ambara ny Mpitahiry azy.

Ary *Fohazina* ny Sampy vaventy ny Andriana, ary ampandihizina ny Sampi-mBahoaka.

FAMPANDIHIZANA NY SAMPI-MBAHOAKA. ANDRO TSINANA VOLANA ALAKAOSY NO ANAOVAN'IZANY ISAKY MIHERINA NY TAONA.

Raha tsinan'Alakaosy izay manan-tSampy rehetra dia manandratra ny Sampy ny; dia milamina manao hira izy. Ary izao no fomba fanaovan'izany: Raha Alakaosy ny andro *Mifady andro* ny Vahoaka: ny Vehivavy dia tsy homam-bary, ny Lehilahy dia tsy manao zavatra: ary ny manan-tSampy *Mampandihy* ny azy manao hoe: *Raha tsy hahasoa haha tsara, dia mandihiza hianao.*--Ka raha mandihy amy ny iny, dia *Odi-ratsy*, dia ariana; --ary raha tsy mandihy amy ny iny, dia *Ody tsara* dia atao hoe: *Raha hahasoa hahatsara ahy, dia mandihiza hianao.*--Ary dia mandihy izy mirimorimo: izany no fanao ny Sampy *Raha hahasoa*. Ary

Digitized by Google

rahefa mitsahatra mandihy izy,ka raha misy tsindriany iny Sampy iny, dia *Mandihy hirána* izy, dia manaraka azy ny Vahoaka rehetra mihira sy mitehaka: izay hira asai'ny atao na inona na inona, — fa be ny hira ny Merina, — koa izay asai'ny hatao no atao; raha asai' ny mandeha eny an-tanety rehetra eny, dia mandeha ny Vahoaka; ary raha tsy asai'ny mandeha, dia ao an-trano hiany no mihira. Ary rehefa mitsahatra izy vao izay milaza izay asain'ambara na inona na inona: izany no fomba hatr'amy ny ela tany aloha. Ny sasany dia indroa andro no vao mitsahatra, ka mandihy hirána erana ny lalanibe erana ny Vohitra. Ny *Ramanenjana* (†), io manko, no namany ny mampandihy Sampy, hoy R... mitantara izany. *Andro mahery* sy fadina ka ampandihizana ny Sampy hahery azy, izany: Fankaherezana ny Sampy ny ampandihizan'azy amy ny Alakaosy: dia fantenana ny Ody *Tsara*, ka ariana ny Ody *Ratsy*.

Ary faran'izany, raba tantaraina izao rehetra izao natao ny Sampy tamy ny ity Tany ity, dia be loatra ka tsy azo heverina; koa izany no nandaharan'azy natao ny Andriana tany aloha tantara ny Zana'ny, hatr'amy ny teo aloha ka mandrak'ankehitriny koa Ranavalo-manjaka izao no nanova: *Ho hasoavin' Andriamanitra anie ny Andriamanjaka nandotra azy rehetra!* (tamy ny taona 1869.

(†) Fony nanjakandRadama II no nip osahany Ramanenjana.

Digitized by Google

XII. ANDRIANJAKA

TEO ANTANANARIVO.

1° Andrianjaka mianatsimo hankany Alamanga hiady amy ny Vazimba.

2° Mikiapa ny ala sy manao trano sy Rova, ary Misambasamba amy ny izay vohitra natao hoe: Antananarivo no anara'ny.

3° Mihevitra izay hahavary ny heniheny.

4° Fifandirany ny Rasoalao sy Rapeto mpanjaka ny Vazimba. Farany ny Vazimba niseho tety Merina ary ny Vazimba milevina nanarakaraka ny Vazimba miseho ka nivavahany ny Ntaolo izy Vazimba masina.

5° Andrianjaka no nahitana ny basy sy ny vanja.

6° Andrianjaka no nisehoany ny Andrianamilevina ao Antananarivo. Ny Trano Fito miandalana. Fomba ny Fasan'Andriana sy ny Fasam-Bahoaka ary ny Mivavaka amy ny Razana.

7° Ny fomba fanao amy ny fandevenana ny maty: dia fomba fanao na amy ny fisaonana ny Andriana miamboho, sa amy ny fisaonanany ny Vahoaka.

1° Andrianjaka vadindRavadifó no nahazo ny Tendrombohitra rehetra teny avaratra: Andringitra, sy Mamiomby, sy Ambohipoloalina, sy Ambohitsoa, sy Ampananina ary Mangabe, fony nanjaka'ny teo Ambohimanga Andrianjaka vadindRavadifó niteraka an' Andriantsitakatrandriana.

Ary dia nianatsimo Andrianjaka haka any Alamanga masina honena'ny, sy hiady amy ny Vazimba teo Alamanga. Ary nony mby teo Amboniriana avaratry La-

Digitized by Google

zaina izy, nisy vehivavy nitondra andevo vavy nanasa raofia ka hita ny Angaralahy, dia nilaza tamy n'Andrianjaka ny Angaralahy nanao hoe: *Ny Andriana ô! Misy vehivavy tsara àtsy.* Dia hoy Andrianjaka: *Andeha ary alao ho aby.* Dia lasa ny Angaralahy nankany amy ndRavehivavy, dia hoy ny Angaralahy: *Ravehivavy o! Avy aiza hianao?* Dia namaly ny andevo vavy: *Manasa raofia.—Anontaniana hiany*, hoy ny Angaralahy, *kanjo irahiny ny Andriana aty amy nao izahay.—Haninona*, hoy Ravehivavy? *— Halainy ny Andriana ho vady ny hianao Tompokovavy. — Andriana iza moa izany*, hoy Ravehivavy? *— Andrianjaka avy etsy ambony avaratra amy ny itsy Tanàna mifono ala itsy*, hoy ny Angaralahy.— *Ruha Andriana Andrianjaka, izaho koa mba Andriana tahak'azy*, hoy Ravehivavy.

Intelo ny iraka naka azy ka tsy nety Ravehivavy.

Dia hoy Andrianjaka: *Mandehana ary trotroy, ry lairetsy, fa farany ny loha ny, endre ity raharaha ity!*

Dia no trotroiny ny Angaralahy; ka hoy ny andevo vavy manasa raofia: *Nahoana no olona manandray aman-dreny, ka tsy avelao hiera? Fa valala va io ka hametrak'ilalana?* Dia tonga teo amy n'Andrianjaka Ravehivavy.

2° Dia nandeha hianatsimo ho amy Alamanga Andrianjaka, ary dia avy eo an-joro ny amy ny Alahamadi-ntany no niakara'ny; dia nitoby teo izy, fa misy Vazimba teo an-tanàna ny Alamanga. Ary nony nahita ny setrok'afo betsaka ny Vazimba dia nandositra, dia lao. Dia niakatra avy eo an-joro firarazany ny Vohitra Andrianjaka, dia hoy izy: *Tsy ho roa aho fa ho tokana.* Dia natao ny: *Ambohitsiroamanjaka* no anarany ny Vohitra.

Nony tonga teo Ambatobe indray izy, dia nisambasamba fa hiditra'; dia izany no nanaova'ny hoe:

Digitized by Google

1 *Fidirana*. Dia nahita ny Tompo ny ala izy *ny Zanamahazomby* nony mby teo ampasan'Andriampirokána, dia nahazo any Antsahondra izy, dia tonga teo an-tampony Alamanga, dia nikiapa ny ala izy nampanao trano sy Rova, dia nisambasamba izy manao hoe: *Ho arivo an-tanána Antananarivo* no i Alamasina.

Dia nianatsimo izy nankany Andohamandry; nony mby teo Andohamandry izy, dia nahita olona nively amponga teo Ampanibe ny Angaralahy, dia niantso izy nanao hoe: *He Zalahy mively amponga ireroa! Mandre va hianareo? Ity no ZanadRalambo tsy mahavery vady aman-janaka: Fa avia ombao ity dia nay ity.* Dia mba namaly kosa ireo Angaralahy nively amponga nanao hoe: *Iza izao? — Andrianjaka*, hoy ny Angaralahy mpiantso. Dia namaly ny Angaralahy nantsoi'ny: *Izao va no tsy mahavery vady aman-janaka, sy tsy mahavery tanindrazan'olona?* — *Eny*, hoy ny Angaralahy mpiantso. Nony nahare izany kosa ireo, dia niakatra nankeo ambodin'Andohamandry, dia nianavaratra nankao Andranomalahelo, dia *Nivelirano*.

Ary nony vita nihevitra indray izy ny *Hamoanjoana* ny tampo-nTanàna: *Dia eto no Antananarivo*, hoy Andrianjaka. Dia efa be ny trano.

3° Dia nilatsaka teny Ambohinierána izy hihevitra izay havary ny heniheny, dia hoy Andrianjaka: *Tsy avela ko tsy ho vary io, any am-parany any.* Dia nihiady an'Ankadimbahoaka Andrianjaka.

4° Ary Rasoalao sy Rapeto Vazimba dia nivalana any Tasy lasa niankandrefana hiany. Ary Rasoalao tompo ny jamoka, fa mbola jamoka hiany no atao ny Vazimba anarany ny *omby*. Ary Rapeto kosa tompo ny heniheny teo iTasy fambolem-bary. Ary raha miandry ny jamoka Rasoalao, ka mihinana ny varindRapeto hiany mandrakariva ny jamoka ndRasoalao, ka tra-

Digitized by Google

tra ny Rapeto, ka hoy izy: *Hay adala ratsy io sasatra miandry izay zavatra tsinontsinona, ary mitahiry izay zavatra ratsy rehetra.* Ary hoy kosa Rasoalao: *Tsy haniry ny ahy va ny farany ialahy any am-parany any? Ary tsy hahavita any ialahy ny vary ny ialahy any am-parany any, raha tsy ampiana ny hena ny jamoka ko.* Ary hoy kosa Rapeto: *Ny vary nomen' Andrianakotrina ahy, tsy maintsy hahavita ahy! Fa hiriny ialahy; ary ny jamoka ny ialahy atao ko tsy misy itoerany aty.*

Ary nentanindRapeto ny vato naherany ny Renirano tao Ambodifefy; dia no tampenandRapeto, dia tampina ny Renirano, dia tonga i Tasihanaka ny heniheny, dia tsy nisy hihinanany ny jamoka ndRasoalao. Dia lao Rasoalao nankany Manerinerina. Dia any an-tSakalava no farandRasoalao. Ary i Mamo no farandRapeto. Kanefa teo Ambohimiangara no vohidRasoalao; ary teo Ambohidrapeto no Vohitra nitoerandRapeto taty Merina tany aloha.

NY VAZIMBA MILEVINA NANARAKARAKA NY VAZIMBA NISEHO TETO MERINA, KA NIVAYAHANY NY NTAOLO IZY.

Izany no farany ny Vazimba niseho teto Merina ka tsy hita izay niandoha'ny taty. Lovantsofina fa tany aloha nony nanjakan'Andriana voalohany teto Merina, dia efa misy ny Vazimba izay samy mipetraka tamy ny tany anjaka'ny: dia *Andrianerinerina* sy *Andrianandjavonana* sy *Andrianahitrahitra* sy *Andrianizinizina*....: no Vazimba tamy n'izay. Ary tsy toha ny Andriamanelo sy Ralambo sy Andrianjaka izy ireo Vazimba mizarazara tany sy fanjakana ireo, koa natosi'ny handao any Merina, ka tsy efa vetivety foana izany, fa nony nanjaka i Andrianjaka vao izay no farany ny Vazimba teto Merina: dia Rasoalao sy Rapeto no farany.

Ary rahefa lasa iréo Vazimba dia vao nisy ny *Vazimba milevina* amy ny tany, vao izay niseho betsaka ny Vazimba tamy ny tany *Vanindry* ny olona, ary ny olo-

Digitized by Google

na tsindria'ny dia nanatona azy, ary ny nanatona azy sy ny mivavaka amy ny sy ny manatitra zavatra amy ny, --- izay asai'ny atao, --- dia tonga fanao ny olona miandalandalana, dia tonga fomba fanao ny olon-drehetra, dia tonga miantso ny *Razana* indray izy ivavahana: satria fa atao ny sahala amy ny Vazimba ny Razana; ary tonga misy ny *Razana manindry* ny hava'ny kosa raha misy mampalahelo azy. Koa ity Tany 'ty tonga maniry ny fivavahana amy ny Vazimba sy ny Razana; zavatra ifanarahana izany ka ny iray no angalana tahaka amy ny iray; ary ny Fasana efa ela misy tonga Vazimba, koa tonga namany ny Vazimba, kanjo olona hiany tany aloha ary ankehitriny tonga Vazimba, fa ela ny nahafatesa'ny fony ny olona mbola vitsy, fa tsy mba nikambana tamy ny be tato aoriana. Ary izao tsy mba misy tonga Vazimba intsony fa be ny olona ankehitriny, ka tonga Razana hiany ny maty: *Lasan-ko Razana,* hoy ny olona miantso ny Maty. Ary no misy ankehitriny ny Razana manindry ny hava'ny, raha misy mampalahelo azy, tahaky ny nofy no fanindry ny: tonga eo milaza izay asai'ny atao eo amy ny havana matory izy.

Ary indreo ny *Fomba fanao* ny olona amy ny Vazimba: Raha misy olona tsiudria'ny, --- na olona manitsaka azy ka ankarari'ny, --- na olona mila zavatra amy ny ka mahazo izay zavatra ilai'ny: na harena ilai'ny, na zaza,--- na hankany an-tafika &: Koa raha manambina azy ny Vazimba, koa asai'ny mamono ondry mamono akoho, na asai'ny manoso-menaka ny *Vato-mBazimba*: Ireo olona ankarari'ny ireo sy ireo olona mangataka hasoavana ireo, dia mankeo amy ny Vato-Vazimba mamono ondry na mamono akoho na manoso-menaka iny *Vato* iny: Izany nó fomba amy ny Vazimba. Fa tsy dia ny Vahoaka rehetra tsy akory no mankeo: f'izao ankarari'ny sy izay tsindria'ny sy izay mila fivavahana amy ny hiany no mankeo. Ary ny tsindria'ny

Digitized by Google

dia *Tsindrimandry* no azy : sahala hiany ny tsindriany *Ranakandriana* sy ny tsindriany *Vazimba* izany no anaovana hoe *Mpanaotsindrimandry* no azy, ka namany ny Mpitahiry Sampy sy ny Mpanao hitsak'andro izy ireo tsindriany Vazimba ireo.

Tezitra ny Vazimba raha voa hitsaka ka mankarary ny olona: koa isoronana sy ivavahana izy.

Ary raha asai'ny mamono ondry amy ny, na akoho na omby : dia ahantona ny loha ny enti-mangataka amy ny ny fahasitranana sy ny fahavelomana. Ary ny loha hiany no apetraka eo amy ny sy ny tongo'ny sy ny ra ny : fa ny tena be ny zavatra vonoina na omby na ondry na akoho , dia enti-mody zaraina amy ny mpianakavy any an-trano : Izany no fomba. 'Ndrefa raha akoho no vonoina dia ny loha ny sy ny tongo'ny no apetraka eo; ka raha omby sy ondry no vonoina, dia ny ra ny hiany no eo, ary ny tena ny rehetra entina mody daholo zaraina ho haniny mpianakavy.

Ary ny olona tsindria'ny dia mahita azy: dia olona tahak'izao olona izao ny Vazimba hita ny, ary izay asai'ny atao dia atao ny. Izany no niposahany ny Vazimba no angatahana sy isoronana omby na ondry na akoho sy hosora-menaka ny *Vato-mPasa'ny*, fa fasandRazana koa iny.

Ary raha Vazimba , ny *Vato-malambolambo* amoron-drano no itoera'ny. Misy anaty rano, misy kosa an-tanety. Dia iny Vato iny no hosora-menaka sy amonoana omby sy ondry sy akoho. Ary dia *Andranoro* (andrefana Ambohimanarina) sy *Tasy* (andrefana ery Mamo) sy *Antanambola* (andafy atsinanana Ambohimanambola avaratry Hiaramy) sy *Ampanobe* (atsinan'Ambohimpotsy)..... no fitoerany ny Vazimba malaza aty Merina. Raha mankany Tasy ny Andriana dia ny Vazimba ao no amonoany Andriana omby Volavita ; ary *Vato* anaty rano, na *Rano* an-doha Vato

Digitized by Google

no itoera'ny any Tasy, ka famonoana ny omby volavita iny Vato iny. Raha mankany Andranoro kosa ny Andriana dia tahaky izany: isoronana omby volavita ny Vazimba atao hoe *Ranoromasina* ny anara'ny, ary ny Vato nitaingena'ny sy ny rano nisitriha'ny ao atsimo ny Tanána Andranoro, noanaovana ny sorona.

Ranoro Vazimba Masina.

Fanasinana ny Vahoka izy. Ary hoy ny Tantara: Tamy ny nanjakan'Andrianampoinimerina dia olona hiany tahak'izao olon'izao i Ranoro ka vinady n'Andriambodilova ray niteraka, hono, ny any Ambohimanarina; ka olona tsindriany Vazimba Ravehivavy Ranoro. Ary nony indray andro voa tsinindry ny izy ka nenti'ny nandositra nankao anaty rano ao Andranoro izy: dia nisitrika ao amy ny rano i Ranoro ka tsy hita intsony: dia *Vazimba* ao izy. Dia nivavahana na ny Andriana na ny Vahoaka ny *Rano* nisitriha'ny sy ny *Vato* nitaingena'ny nisitrika. Ary naniriany ny *Volotara* atao hoe Bararáta ny rano nisitrihan'Ranoromasina ao.

Ary malaza lavitra noho ny Vazimba rehetra i Ranoromasina eo Andranoro. K'izao no Fomba ny kajakaja: Ny *Sira* dia hala ny, ka tsy azo akeken'azy. Ary ny Sira entina mandalo Andranoro, dia levona, dia tsy misy tokoa; ary ny Sira tsy azo atao hoe *Sira* raha entiny mandalo Andranoro fa atao hoe *Farao*, ka raha atao hoe *Sira*, dia levona. Ary ny olona efa tsinindry ny rehetra tsy mba milaza *Sira* fa *Sakay mamy*; raha milaza hoe *Sira* dia ako'ofo'ny ny olona tsindria'ny: fady azy indrindra ny Sira. Ary ny Sobiky misy *Zezika*, raha apetraka any amy ny itoerany io Vazimba io, dia aria'ny anaty ny rano ny Sobiky misy ny zezika, ary tsy hita ny tompony ny Sobiky izay nahalasana azy. K'izany no nahatoky ny olona. Dia niaingia ny Andriana, ary indrindra i Rabodonandrianampoinimerina nankamasina io Vazimba io.

Digitized by Google

Ary *Manam-pady* hafa koa i Ranoro Vazimba masina: dia ny *Tongolo* sy ny *Sifotra* ary ny *Ombi-hirina* (fomba amy ny fandevenana ny Maty) no fady azy; mifady izany ny olona mila fivavahana amy ny.

Ary nisy nankahátra nihinana izay fady: dia tsy nahita ny maso ny, dia nikimpy, dia jamba. Ary dia avy ny hava'ny hilaza nankery Antanjombato nanatona andRavehivavy tsindriany Ranoromasina, ary hoy no fiteny ny: *Ny maso ny R... tsy mahita Tompokovavy! Avy izahay manatona anao.* Ary dia *Mitendry ny Valiha* Ravehivavy, — fa Valiha tendrena no fomba ny nabazoa'ny tsindrimandry amy ny Ranoro, — dia tonga manao tsindrimandry izy, ary hoy ny famindry ny azy: *Hianareo dia nihinana tongolo, nihinana sifotra, nihinana hena-ratsy avy amy ny maty; raha tsy nihinana izany, dia tsy jamba izy. Aza mankaty amy ko hianareo.*— Ary hoy ny hava'ny: *Nihinana tokoa omaly alina izahay.* --- Ary hoy ley Tsindriana: *Raha milaza marina ny ota nareo hianareo dia ento mankaty amy ko ny jamba, anontania'ko andRanoromasina raha misy ny fanalana ihiratany ny maso ny, fa nanota izy.* Ary Ambohipeno no fonenany ley nikimpy maso, vehivavy izy; dia no lanjaina nentina nankeny Antanjombato, dia tonga teny izy. Ary dia nitendry Valiha i Ravehivavy ho tsindriany Vazimba masina mpanindry azy, dia tonga izy avy mampilaza hoe: *Sasao ny maso ny, f'izy tsy naharitra ho rarana hoe: — Aza homana tongolo, aza homana sifotra, aza homana hena ratsy avy amy ny maty,--- ary tsy naharitra, koa nihinana izay: k'izany no nikimpiany ny maso ny.* Ary dia nasai'ny alaina: ny *Nifinakanga* sy ny *Havozo* sy ny *Fanazava*; ary nasai' ny tanehina ny Nifinakanga, tsy dia natao mafana ny rano; ary nony efa nafana kely, dia ny Havozo sy ny Fanazava (samy tapa-kazo izy roa) natao ny amy ny jo rano io; ary dia no sasan'ny ny maso ny; ary no-

Digitized by Google

ny efa voa sasa ny maso ny, dia nipetraka kely indray mahamasa-patsa: ary dia nibiratrà ny maso ny. Ary hoy i Ranoromasina: *Modia hianao, aza lanjaina intsony, dia mandehana: fa ny maso nao efa mahita, k'aza homana sifotra sy tongolo ary ny hena ratsy any amy ny niaty, raha tsy efa nièra aty amy' ko, aza mba homana ireny.* Dia afak'aretina izy ary gaga ny olona.

Ary ankizy n'olona ley Tsindriany Ranoromasina ka niangonany ny Vahoaka be mizaha azy, ka nataon'olona hoe: *Laingia ny azy fa malain-kanompo izy.* Ary dia nasain'Andriana hampinomina izy, (fony nanjakandRabodonandrianampoinimerina' izany), hizahan'Andriana ny atao ny: *Indry ny Vadintany hampinona azy, indro ny Andriambaventy hanatrika azy hisotro Tangena, indro ny Mpanozondoha: ary dia ny Tompo ny sy ny Vady ny sy ny hava'ny, tsy mahazo manatrika ny fampinomana,* hoy ny Andriana. Ary dia ny iraka ny Mpanjaka hiany namitrika azy ny amy ny finomana: dia velona izy. Ary rahefa velona izy dia nakari'ny ny teny lazaina amy ny Andriana: *Dia velona ny olona nasai'Nao nampinomina.* Ary dia nomen' Andriana Miaramila 30 lahy hiambina azy eo andrefan'Ambohijanahary eo hiany ny namelan'Andriana azy: *Ary tandremo,* hoy izy: *fa mahafaka ny anjara ny izy.* Dia tsinindry ny Vazimba masina tokoa izy teo, dia Ranoromasina tokoa nanindry azy, dia tsy nilaza laingia tokoa izy. Ary nony avy Ranoromasina hanindry azy dia fanta'ny, dia milaza, dia miakanjo madio: *Fa ho avy Ranoromasina,* hoy izy, *izaho hiakanjo ary hiarahaba Andriana.* Dia vory ny Vahoaka, dia tonga ny Mpanindry azy: *Dia nasai'ny mihira sy mandihy, dia mihira sy mandihy aho,* hoy izy. Ary nony efa nitoetra kely ampihirana sy ampandihizana, dia niainga izy hiakatra any ambony; ary nisy kofehy fanantonan-damba, dia ny tana'ny no maka, ary iny no

Digitized by Google

andihiza'ny mianatsimo sy mianavaratra: *Ndre! Sao tapaka ny kofehy!* Hoy ireo olona nandeha hizaha.--- Ary hoy izy: *Tsia fa tsy satry ko, fa Ranoromasina no mampanao ahy io kofehy andihiza'ko io, ho hita nareo Vahoaka, fandrao atao nareo hoe: Laingia no ambara; ary izao ihantona'ko amy ny io, hahafantara' nareo ny finoana amy ny Vazimba masina. Ary izahay,* hoy izy, *mbola mpanompon'olona, ary ny vady ko mbola andevo n'olona: ary indro hianareo hahita, rah'afaka herin-taona, dia afak'amy ny fanandevozana izahay,* hoy izy. Ary nizahany ny Vahoaka izany: *Aoka isika hizaha,* hoy ny Vahoaka. Ary nony efa sasatra nandihy eny ambony kofehy izy, dia nidina mitamora,—tsy potraka sanatria izany!— ary nipetraka izy, tokony ho hadim-pamantaran'andro iray ny nandihiza'ny. Ary nony nipetraka dia hoy izy: *Handry kely fa sasatra, ary hianao,* miantso ahy (†), *sasatra mitehaka ahy, homàna vary hianao: Izaho tsy mba alefa ny hihinam-bary.* Ary dia miandry ao amy ny tokotany ny olona, miandry izay hifohaza'ny. Ary nony efa nahatsiaro: *Izaho,* hoy izy, *hateloana ho any anatv rano izahay.* --- Ary hoy ny vady uy: *Aiza ny rano aleha nareo? --- Io Rano be Tanjom-bato io no aleha ko,* hoy izy miantso any Kiopa eo ambany ny Tatezana eo Antanjombato; dia nandeha

---

(†) Hoy ny *Mpitantara* io fa isa ny nahita io izy.: *Dia zavatra hita ny maso ko izany,* hoy izy, *ka nasai'ny nitehaka azy aho: Dia nitehaka azy aho, sady nitehaka no nihomehy azy, ary nanaova'ny hoe: Aza miomehy ahy hianao, fa ny tehak'ao hiany no atao, fa tezitra i Ranoromasina mihomehy h anao: Hianao mba eme'ny ny anjara nao, aza homehy ahy hianao, ny anjara nao mbola ho avy hiany amy ny andro farany: Ary hianao tsy andevo fa omeny Tompo nao ny Mpanjaka hianao amy ny andro farany,* hoy *Ranoromasina.* Ary hoy ny *mitantara* izany: *Marina fa lasany Mpanjaka aho izao, k'iany no inoa'ko and Ranoromasina teo aloha,* hoy izy,

Digitized by Google

izy. Ny varavarana kely tsy omby azy no nivoahany. *Nanjary omby azy ny varavarana*, ka nivoaka niankandrefana ny Fefiloha mahazo avaratra ny Vohitra Soamieja: Dia nihazakazaka mitsambikina no fandeha ny, dia narahiny ny olona rehetra. Ary nony mby teo amorony ny Ranobe izay no lazai'ny teo, dia nirotsaka ao anaty rano, ndrefa no lazai'ny ny hiakara'ny, hateloana no lazai'ny: *Hateloana no any izahay*, hoy izy, *izao no ambara ny Ranoromasina*: *ny hateloana no hitondra'ny ahy ao*. Dia ny Lamba sy ny Akanjo sy ny Kitamby nenti'ny nandihy, nenti'ny anaty rano daholo. Ary marina tokoa andro fahatelo no niakara'ny avy teo anaty rano. Ary nanontaniany ny olona: *Inona no hani'nareo tany anaty rano, tany amy ny Ranoromasina ?* --- Ary hoy izy: *Foza manta no nome'ny, ary izaho tsy mba tia; nome'ny Toho manta, ary tsy nihinana aho, tsy mba tia; ny nitoera'ko tany hatelona tsy mba nihinana na inona na inona aho; ary hoy i Ranoromasina Indro akaro, tsy mba mihinana ny fihina'ntsika akaro hiakatra, --- dia izay no nampakara'ny aho.*

Ary nizahany ny Vahoaka izany teny natao ny izany; --- *Raha afaka herintaona dia afaka amy ny fanandevozana izahay.* — *Aoka isika hizahá*, hoy ny Vahoaka; ka marina tokoa raha afaka herin-taona, dia nalefa ny Tompo ny izy mivady; ary nony afaka izy dia nidina nanatona an-dray ny niteraka azy any atsimo amy ny Betsileo.

Vazimba masina ny Antehiroka i Ranoromasina ka malaza indrindra amy ny iny firenen'olona iny.

NY VAZIMBA MASINA ANY TANAMBOLA. Vato malambolambo mitsangana an-tancty ary maniry *Herana*, no ipetrahana ny Vazimba aroa. Tsy misy rano fa tanety hiany, ary maniry ny herana ny tany maina mby eo amy nyVato: ho fantatr'olona izay nanirianà ny herana fa

Digitized by Google

Vazimba izany, ka tsy hitsahiny ny olona fa ivavahana. Ary ny Vazimba ao dia nandehanany ny Vahoaka: ny mila zanaka, ny mila harena... dia nanatona tao, dia nitondra *Menaka* ahosotra ny Vato. Ary ny herana dia naniry dia naniry, izany no nahatoky ny olona hankao amy ny: dia hanasina azy sy hila fivavahana amy ny. Ary toizao ny nahitan'olona azy. Nony indray andro nisy roalahy nanao Tamboho itoera'ny, ka tsy nahalala fa itoerana ny Vazimba izany tany izany. Ary nony efa vao hodidi'ny ny Vohitra nalainy, dia no tsindriany ny Vazimba ny Tompo-mbohitra: *Ary nahoana izakay*, hoy izy, *no atao nareo aty ivelana ity Vohitra nalai'nareo ity? Ary indry ny hanjo anareo ho avy: fa izahay malahelo, izahay navoak'areo amy ny ity Vohitra nalai'nareo*, hoy ny Vazimba. Ary nony nankany an-Jomà izy roalahy nanao ny Vohitra, ary nony omby ao avaratra ny Vohitra: dia *Nilatsahany ny Varatra* izy roalahy nanao ny Vohitra, hono, — Vara-maina tsy nisy orana,— dia maty izy, ka tsy tontosa ny Vohitra hatr'izay mandrak'ankehitriny: ka tsy nisy nanao ny Vohitra fa maty izy nanao azy, fa natahotra ny olon asao fasam-baratra izy kosa.

Ny Vazimba ao Ampanobe. Ary Ampanobe kosa misy Vazimba *Fivelezana* ny olona rehetra izay mifanao ratsy na mifanendrikendrika. Ary raheſa miantso ny Vazimba eo izy, ka raha tsy marina ny anankiray, dia *Miolana ny hato'ny*.

Kitosarotra any ampamaho, atsinananany Merimandroso dia Vazimba masiaka izy, tsy azo hitsahina izy fa kendakendai'ny ny manitsaka azy fa *Vazimba mahery sasa* izy: izany no tsy azo anitsahana azy. Fa raha tonga any an-trano ny olona manitsaka azy, dia kendakendai'ny koa tsy hita ny olona izy, fa iley nanitsaka azy hiany no mahita ka vonoi'ny. Koa ny olo-

Digitized by Google

na manao hoe: *Tandremo fandrao manitsa-Bazimba.*

Ary atsinanan'Ambohitrombalahy, ny *Vazimba* ao dia anaty *Rano* no fitoera'ny. Misy Vato telo mitsangana ao amy ny rano mandeha, ka ao izy anaty ny vato telo sy ny rano: *Aza manitsaka azy*, hoy ny olona mandeha, *fandrao mahazo kilema.*

NY ZAVATRA AO AKEKY NY FANTSAKANA: Dia *Vazimba* raha misy fasana akeky ny Fantsakana, fa raha tsy misy fasana, dia *Ranakandriana* kosa no amy ny izany, ary *Kelilavavolo* no anarany izy io; ary ny olona tsindria'ny eny dia betsaka. Ka raha marary ny olona any am-pantsakana ka raha manatitra haja ho azy, dia alaina ny *Tantely velondreny*: ka atao amy ny *Vololondravina* raha vao misoha vaky Masoandro, dia aterina any an-tsaha akeky ny fantsakana omena azy; izany no fomba fanatitra sy fanajana ho azy. Ary *Ravoravo* atao amy ny TavintSiny no fomba kosa, ary anarany izany atao hoe *Sandtry.*

Ary *Zavatra* misindrafindra ka mankary mankatsy ny Vazimba. Misy Olona izay no tsinindry ny Ranoro Vazimba masina tao Andranoro, tany aloha, ka nandidy izay faditra ifadirana aman-tsoron-kisoronana, kanjo mitsahatsahatra izao izy tsy tsindria'ny intsony, koa efa natao ny hoe: *Nandositra i Ranoro Vazimba, lasa nankany Tasy ery Mamo Ranoromasina: Lasa izahay handeha ho any ,fa manao veloma nareo izahay, hoy Ranoro.*

Ary dia ny Mponina any Tasy mahita *Olo-masina* mitaingina ambony *Vato* lehibe eo ambony avaratry Tasy, ka roa ireny Olo-masina ireny, ka mitafy lamba m. ena, koa mazána izy mipetraka mitaninandro eo amboi. y iny vato iny isehoa'ny mandrakariva, ary izao no fo mba ny: Ho avy ny olon-kizaha azy, dia hita

Digitized by Google

ny, -- ary ho avy ny olon-kanatona azy, dia miala izy ka tsy hita izay aleha ny : tsy mety izy ho jeren'olon'akeky fa tsinjovin-davidavitra hiany, fa miala mankany anaty rano, hono, raha vao manatona azy ny olona, izany no fomba ny. Ary tamy ny Ranavalona Reniny nitsangatsangana tany Mamo hizahá'ny any Tasy, izay no nahitany ny Vahoaka ireny Olom-Bazimba ireny, ary ny mponina no nilaza nanao hoe: *Tsy vao izay no niseho'a'ny teo fa mandrakariva isan' antoandro miseho ao hiany, ary nony vao avy ny mpizaha azy, dia tsy mitoetra dia miala izy. —Olona iroa* hoy ny Vahoaka nanarak'Andriana.— *Tsia tsy olona*, hoy ny Mponina. Dia nanirahan'Andriana olona betsaka hamaky laingia ; ary dia niaingia ireo irak'Andriana : *Mandehana, izahao na olona tokoa na dia ts'izy; ary izahay aty dia hitazana anareo sy io izy io*, hoy ny Andriana ; eo andafy atsinanany : i Tasy no nitobian'Andriana tamy ny izay. Dia nandeha itoy olona nirahin' Andriana, ary nony mby teo dia hita ny ireny *Olom-Bazimba* ireny, ka tsy olona isa ny olona velona izao *io izy io*, fa satria nilaoza'ny teo ny iraka ka tsy hita izay naleha'ny, dia tsy nisy tokoa. Ary dia niangia ny iraka hitondra ny teny hank'amy ny Andriana; ary nony mby eo anatrehan'Andriana dia nilaza: *Trarantitra Hianao Tompokovavy ! Aza marofy! Mifanantera amy ny Ambanilanitra! Ary ny naniraha'Nao anay, dia tsy misy : Tsy olona io izy io. — Ary dia misaotra anareo*, hoy ny Andriana, *fa tsy nisy olona tokoa, ka tsy laingia ny Mponina, dia Olo-masina tokoa, ka amonoana omby volavita ny Vato itoera'ny : Handeha isika hamono omby volavita amy'ny Vato itoera'ny.* Ary dia nilaza ny Mponina nanao izay : *Trarantitra Hianao Tompokovavy.... Tsy vao izay no itoera'ny fa Vato fitoera'ny mandrakariva. Fa nony vao Hianao no nankaty vao izay niposahany eo, dia izahay manao hoe: Fanambara tokoa io, sao ho loza, ka hasino*

Digitized by Google

hiany ka amonoy omby volavita io, K'ataovy izay fombandRaza'Nao, fa tsy loza tsy akory io, fa fitoera'ny mandrakariva, k'aza matahotra foana Hianao, Tompokovavy, --- Aoka ary, hoy ny Andriana, *raha izany io Vato aza vetavetaina*: --- Ary hoy ny Mponina: *Atao ahoana ny fametaveta ny Vato avo be io? Tsy Vato ho azo hanihina.* Dia tsy namono omby volavita ny Andriana, dia ny lalao no natao Ny. Ka *Vazimba velona* no natao anarany *lo izy io.*

Ary ery Andranomainty ery andrefany Mahabo misy azy kosa, ny *Vazimba velona tsy te-ho-jerena.* Avy any anaty Ranomasina izy, ka ao amy ny Fitodiana ny Sambo misy azy, ary tokony ho bita ny Vazaha manatona eo izy. Ny Tafika rehetra nahita azy tamy ny RadamaRainy sy tamy ny RanavalonaReniny: Samy nahita azy ny Vahoaka sy ny Tafika, antoandro be ny nahitany azy eo am-pasika amorondRanomasina. Koa raha nahita ny olona izy, dia nandositra nankany anaty Ranomasina. *Izaho dia nahita azy,* hoy i R... Milalao izy, mitsambikimbikina eny amy ny fasika eny sy mandehandeha eny izy, tsy manan-damba fa mitanjaka izy, ary fohitena sahabo ho havaniana izy, ary fisaka iry loha iry, ary mainty tarehy, tsy mitóndra na inona na inona antànana izy, ary manorirana ny fandeha ny: izay nahitá'ko azy, hoy izy.

Koa tsy mitoetra aty intsony izao ny Vazimba fa lasana daholo anaty ny Ranomasiná any Andranomainty amy ny Sakalava andrefana, ary vao haingiana tamy ny ity nivavaka ity no nanaova'ny *Veloma*, hoy ny Mpitantara.

5° Andriamjaka no nahitany Merinatsimo ny Basy sy ny Vanja, ka tsy fantatra izay nahazoa'ny izany; ary nanaova'ny *Hafaliana* lehibe ilanonany ny Vahoa'

Digitized by Google

ny rehetra ny nahitany azy: satria mahasoa ny fanjakana izany. Kandreña Basy *Dimam-pelo* hiany sy Vanja *Telo Barikia madinika* hiany no nanana'ny tasmy n'izay. Ary tsy ny nisehoany ny Busy voalohany indrindra amy ny Merina izany: fa satria tamy ny Andriandranandobe no nisehoany ny Basy, nony niady tamy ny Ralambo teny Ambohipeno: *Dia nasia'ny Andriandranandobe mitifi-Basy havia*. Izahao tak. 34.

6° Teo Antananarivo no nanaova'Ny any'Masoandrotsiroa sy Besakana. Dia Andrianjaka kosa no nisehoany ny *Andriana nilevina* ato i Alamasina (Antananarivo); ary izy no Andriana *Voalohany* mintina ao amy ny Trano-Fitomiandalana.

Fomba ny Tranofito miandalana sy ny Trano masina sy ny Tranomanara, fanao amy ny Andriamanjaka sy ny Hava'ny.

Fomba ny Fasan'Andriana sy ny Fasam-Bahoaka.

Ny mivavaka amy ny Razana.

Ny amy ny zorofiharazana.

Ny Mirary.

Fanao fiantso ny Razana raha manasin'Andriana.

Trano-fitomiandalana. Ary ny ato hoe *Trano-Fitomiandalana* dia ny *Trano-masina* fito misy Fasana *fito* milahatra *miandalana* eo atsinananany Manjakamiadana ao anaty Rova, ka ilevenany ireo Mpanjaka fito ireo nanjaka teo Antananarivo tato aoriana: hatr'amy ny Andrianjaka niantombohany ny nanjakan' Andriana teo, ka hatr'amy n'Andrianampoinimerina nahavita ány Merina 6 Toko, fa afa'ny Antananarivo. Ary indreo ny anarany Mpanjaka fito nilevina ao ka maha-*Tranofitomiandalana* iny: dia *Andrianjaka* sy *Andriantsitakatrandriana* sy *Andriantsimitoviaminan-*

Digitized by Google

diandehibe sy *Andriamasinavalona* sy *Andrianjakamandimby* sy *Andrianamponimerina* ary *Andrianavalonibemihisatra*. Ary taty aoriana indray dia nampiany ny Trano Masina roa iny Tranofitomiandalana: Ny and*Radama Raiky* sy ny and*Rasoherina*, eo an-joro-mbaravaran-kely ny Tranovola. Koa iny Tranofitomiandalana iny dia Fasan'Andria-Nanjaka hiany.

TRANO MASINA SY TRANO MANARA. Ary ny Fasan' Andriana tsy atao hoe *Fasana*, fa atao hoe *Tranomasina*. Ary ny atao hoe *Tranomasina*: dia Trano misy fasana ilevenany ny Mpanjaka, na ny Zana'ny, na ny Zazamarolahy: fa samy mahazo Tranomasina izy telo. Raha Tranomasina ny Mpanjaka, dia *Mitokana* ao ny *Masiny*: fa tsy miray fasana ny Mpanjaka fa dia Izy irery no ao, satria Nanjaka tokana Izy, koa atao mitokana kosa raha miamboho sady omena haja tokana Izy. Ka raha Tranomasina ilevenany ny Zanak'Andriana sy ny Zazamarolahy, dia *Miray fasana* tahaky ny Vahoaka izy ireo. Ary Trano-hazo ataingina ambony ny Fasana no *Maha-Trano* azy, ary ny *Maha-Masina* azy satria ao ny faty ny Andriana atao hoe *Masina*, izany no maha-Tranomasina azy; ka famantarana *fa Mpanjaka no milevina ao*, --- na hoe *Zanak'Andriana* sy *Zazamarolahy* no ao, dia Tranomasina. Ary fomba koa ny Tranomasina: *Ny any Andrianjaka*, dia ao amy ny izay Reni-tanana nanjaka'ny sy anaty Rova nipetraha'ny; ary *ny any Zanak'Andriana sy Zazamarolahy*, dia ao amy ny izay Vodivona ipetraha'ny.

Ary ny atao hoe *Tranomanara*: Trano misy fasana ilevenany ny karazan'Andriana hoe *Andriamasinavalona* sy *Zanatompo*, famantarana azy izany. Ary ny Tranomanara dia trano-kotona na trano-zozoro ataingina ambony fasana: ireo no mahasamihafa ny fasa'ny amy ny any Vahoaka; ka trano foana tsy misy afo, izany no

Digitized by Google

maha-*Trano-Manara* azy.

Ary ny any Vahoaka dia fasana fotsiny hiahy: tsy azo asian-trano. Ary samy fasana daholo na ny any Andria-Manjaka sy ny Hava'ry, na ny any Vahoaka, fa ny Tranomasina sy ny Tranomanara famantarana hiany, no mahasamihafa azy.

Fomba ny Fasana. Ary ny atao hoe *Fasana*: Dia *Faibato* na *Rafi-bato* ao an-davaka misy *Farafarampaty*. Raha fasan'Andria-Manjaka dia iray ny farafara. Ka raha fasan'Andriana tsy manjaka, na fasam-Bahoaka, ny farafara ao anaty ny fasana dia dimy: Ny avaratra roa, ny atsimo roa, ny atsinana iray; ary iny atsinana iny dia fandriana ny Raibe sy Renibe Razana taloha ela, ary ny zafy ny dia alahatra amy ny ireo farafara efatr'ireo; ary ny fianakaviana iray dia mikambana daholo anaty fasana iray: ka miray fasana no fomba ny Vahoaka sy ny Andriana tsy manjaka; ary ny any Mpanjaka tsy mba miray fasana.

Ary misy tsy manam-parafara, dia *Lapabe* amy ny izao daholo izy rehetra.

Ary ny fomba ny Fasana, dia atao *Miankandrefam-baravarana*: satria fa atao ny Ntaolo tahaky ny trano no fomba ny fasana; ary ny manaovany Ntaolo miankandrefana ny varavarana ny trano, raha ny hevitra ao amy ny izany: dia tsy mety mazava ny trano raha tsy manaraka ny Masoandro ny varavarana; toa izany no nanaovany Ntaolo ny varavarana miankandrefana, fa fomba fanao ny tany aloha: dia miankandrefana izy rehetra; k'izany no anaovan'Andriana miantso kabary hoe: *Raha olona miankandrefam-baravarana koa tsy maintsy tonga hihaino ny kabary hatao ko*... &...

Ary ny fomba ao anaty ny Fasana kosa: ny Faty dia *Miantsinanan-doha*, fa ny mianatsimo sy ny miankandrefana tsy fanao, ka tsy hampanarahina ny Ma-

Digitized by Google

soandromaty fa hampanarahina ny Masoandrovelona ny Maty, koa atao miantsinanan-doha kosa daholo ny Maty. Kanjo amy ny ireo Maty miantsinanan-doha anaty ny fasana ireo, ny farafara ambony atsinanana, ny Razana taloha Raibe sy Renibe n'izay rehetra Maty ampasana no ampandrina ao, ka *Mianavara-doha* izy: satria fanajana azy izany ka atao ny an-doha ny, ary ny zafy ny dia miantsinanan-doha daholo. Izany no fomba ao anaty ny fasandRazana.

Ny Mivavaka amy ny Razana. Ary ny fomba amy ny FasandRazana kosa: dia *Manatona eo ny Velona hiantso ny Maty rehetra ao amy ny FasandRazana.* Isan-trano raha misy zavatra ilaina amy ny Razana, na ny Andriana na ny Vahoaka, samy miantso ny azy; ka anaovan-tsorona sy angatahan-tsoa ary ivavahana ny Razana, na ery am-pasana na etsy an-jorofirarazana; ary Mpisikidy sy Mpitahiry Sampy sy R'Anakandriana no niposahana ny izay sorona atao ao am-pasana, amy n'izay vavaka atao eo an-jorofirarazana. Raha misy olona koa ny olona marary, ary misy ny olona tsy marary koa handeha na ho aiza na ho aiza, na hivarotra, na handeha amy ny fanjakan'Andriana, ka *Misikidy*: Na ny marary na ny tsy marary, koa raha asaina mamono ondry mamono akoho, dia mamono eo amy ny *Tsangam-bato* fanaovan'izany eo am-pasana; ka raha tsy asaina dia tsy sahy manao ny Vahoaka. Ary satria misy tsindrian-*Javatra* koa manao hoe: *Mamonoa ondry, ny Razana eo ampasana*, --- dia manao ny olona. Ary satria tonga misy ny Razana maniindry ny hava'ny raha misy mampalahelo azy, dia mandeha ny havana *Mandatsaka Vola* ao an-doha fasana; ary raha *Paraky* no angatahi' ny, dia atao an-doha fasana; ary na *Satroka* koa no angatahi'ny, dia atao an-doha fasana hiany; ary raha mpitendry Valiha ny Razana maty ao, dia raha ma-

Digitized by Google

nindry ny Valiha ny izy, dia aterina eo an-doha fa-sana ny *Faliha* ny, ka atsatoka eo an-doha ny. Ary raha tonga ny *Fandrouna* dia mahatsiaro ny Razana ny olona rehetra, ka dia mitondra trafo-nkena eny amy ny lasana atono ny: dia atao *Mitete ambony ny Tsangan-bato ny menaka*, ary dia ahoso'ny eo ny faikia-ntrafo-nkena, ary dia angatahana fara-mandimby ny Razana. Izahao takelaka. 43 46 50.

NY ZOROFIRARAZANA NATAO NY NTAOLO HOE: FANGATAHANA SY FISORONANA AMY N'ANDRIAMANITRA ANDRIANANAHARY SY NY RAZANA. Ary raha mivavaka ny Taloha dia mitodika miantsinanana izy mankany *AnJorofirarazana*: dia mitalaho *Manantitanandroa* mangataka amy ny Andriamanitra Andrianahary sy ny *Razana* ny zavatra ilai'ny: dia manao sorona, dia mamono ondry ao an-trano, dia zaraina ho any ny fianakaviana ny hena: na ondry mazavaloha-mivaditandroka, na ondry bobo, na ondry vandan-tokambolo,—izay asai'ny Mpisikidy atao dia atao,—ary hoy ny fivavaka eo: *Mivavaka izahay Andriamanitra Andrianahary ray Razana! Mba omeo ny angatahi'nay! Mba omeo zaza, omeo fara-mandimby! Mba omeo izay ha-hasoa hahatsara anay ka hahatratrantitra anay. Mba tahio izahay ry Raza'nay rehetra!*

Ary Anjorofirarazana *Zoki-nTany*, koa fangatahana. Ary nitodika miantsinanana ao ny olona raha mivavaka fa avy any ny niposahana ny Masoandro, koa izany no fanao ny Ntaolo koa narahiny ny tato aoriana. Ary ny *Mahazokintany ny An-jorofirarazana*, fa eo ny andro nomen' Andriamanitra ny Mpanjaka tany aloha dia *Alahamadintany*, ka natao andro n'Andriamanitra sy ny Mpanjaka. Ary ny zavatra rehetra na inona na inona ka amy ny hasoavana, dia eo an-jorofirarazana no fangatahana manao hoe: *Manany tanan-droa amy n'Andriamanitra Andria-*

Digitized by Google

nanahary sy amy ny Razana rehetra: Dia mangataka izahay izay fahasoavana sy havelomana amy nareo Andriamanitra Andrianahary sy ny Razana rehetra: Mba omeo Vola, omeo Harena; omeo Zara, omeo Fara-handimby, koa izany no zavatra angatahina sy talahoana amy nareo Andriamanitra Andrianahary sy ny Razana rehetra. Ary izany no anaovana eo hoe: *Ny Alahamadintany no Fivavahana* sy fangatahana sy fisaorana. Ary izao no anaovana-azy hoe *Alahamadintany*: fa *Andro n'Andriamanitra sy ny Mpanjaka.* Ary dia tany aloha *Alahady* no fivavahana sy *Talata* sy *Alakamisy*, izany no andro natao ny Ntaolo ho fivavahana sy fisaorana sy fangatahana amy n'Andriamanitra Andrianahary sy ny Razana.

Ary ny zoro-ntrano efatra samy manana ny anara ny sy ny fomba ny hoe: Ny zoro-ntrano atsimo atsinanana, dia *Asorotany* no anara'ny: *Andro masy* kosa eo, koa andro famadihana sy fanaovam-pasana, izany kosa no azy fa andro mahery.

Ary ny zoro-ntrano andrefana koa avaratra dia *Adijady* no anara'ny, koa ny andro kosa *Andro mahery*: koa raheta zavatra tsy hatao intsony, dia tsy mba hatao amy ny andro Adijady, izay no azy kosa.

Ary ny zoro-ntrano andrefan'atsimo dia *Adimizana* no anara'ny, koa fanaovana ny zavatra rehetra: na asa atao, na trano aorina, na lamba tenomina, na omby afahy ka alatsaka am-pahitra, — izay zavatra santatra rehetra, — dia io Adimizana io no anantarana ny zavatra rehetra atao, izany no nisehoana hoe: *Raha manana dia Adimizana: tsy manana dia Alakaforo.*

Ary ny zoro-ntrano atsinanan'avaratra dia natao anarana hoe *Alahamadintany*, na hoe *Zokintany*, na hoe *Zoro firarazana*, na hoe *Fivavahana* sy *fangatahana* sy *firarazana* sy *fisoronana* amy n'Andriamanitra Andrianahary sy ny *Razana*. K'izany no mahazokin-

Digitized by Google

tany azy: *Natao Andro fivavahana.* Koa raha mivavaka ny tany aloha manao hoe: *Mivavaka mitodika amy ny atsinanana.* Koa manantý tanan-droa ny An-Jorofirarazana ny mpivavaka. K'izany ny nisehoana ny hoe--- Raha misy olona, koa tsy mba mahazo na Vola na andevo na omby--manao hoe: *Ka hanao ahoana izahay? Fa tsy nivavaka any andrefana, fa samy nivavaka any atsinanana hiany.. Koa hanao ahoana fa mba manao hiany? Koa tsy ambinina. Fa miandry izay vintana atao n'Andriamanitra.* Ary ny mahazo kôsa, raha nivavaka tamy n'Andriamanitra sy ny Razana, koa mahazo omby na vola na andevo manao hoe: *Hita hiany ny nivavahana samy n'Andriamanitra sy ny Razana! Koa raha manao zavatra, na asa na varotra, nà manao zavatra ny Vehivavy... koa ambinina ary nahazo izay nangatahina tamy n'Andriamanitra sy ny Razana.* Izany no fiteny ny ambiniina.

Ary raha hanorin-trano ny Ntaolo, dia manontany amy ny Mpanandro izay andro tsara, ary rehefa hita ny andro tsara dia manorina izy: dia alaina ny *Vatovelona* (vatokaranana) sy ny *Fandrotrarana* sy ny *Zozoro* sy ny *Sodifàfana* sy ny *Vazan'Omby*, ary ny Hazo atao Andry eo An-jorofirarazana. Dia atsato'ny eo An-jorofirarazana eo izao fomba rehetra izao atao ny fanorenana *Voalohany*; ary raha mandatsaka dia manao hoe: *Hahasoa hahatsara! Hahatratrantitra! Hananam-bola hananan-karena! Hitoviana amy ny izay olona ohatry ny tena*, hoy ny Ray aman-dreny mivavaka eo amy ny zoro-ntrano. Ary ny Zozoro sy ny Fandrotrarana &... anaovana eo: satria *Tsy Maty faniry ireny.* Ary ny Vatovelona no atao, hitadiavana ny fahavelomana amy ny Vatovelona: izany no anaovan'azy ao an-jorontrano; ary ny Vazan'omby fomba amy ny izay, natao ny Ntaolo hitadiavana izay hahatratrantitra: izany no nanaova'ny azy co an-jorontrano, fa tsy mba maniry ireo tsy akory. Ary

Digitized by Google

Tonom'andro sy Tonom-bolana no asiana ny Zorom-trano efatra ambany ny Rindrina toy izao: Izy efatra Zoro ny, dia *Reni-mbintana* hoe: Alahamadintany sy Asorotany sy Adimizana ary Adijady. Ary ny *Zana-bintana* eto *Avaratra* --- Alohotsy dia Adalo; ary ny *Andrefana* --- Alakaosy dia Alakarabo; ary ny *Atsimo* --- Asombola dia Alahasaty; ary ny *Atsinanana* --- Adizaoza dia Adaoro. Ary izao no fomba fanao ny Mpanandro raha *Manao andro* miantso manao hoe: *He ry Lafi-ntany efatra sy ry Zoro-ntany valo! Mangataka amy nareo izahay, Andriamanitra Andriananahary sy ny Razana!* Dia manao ny tonom-bolana izy, araky izay fomba fanao ny (†).

Ny Minary. Ny zoro-ntrano izay atsinanan'avaratra natao ny Ntuolo hoe *Fangatahan'*amin'Andriamanitra Andriananahary sy ny Razana, koa zoro-*Firarazana*, ary samy *irarazana* na ivavahana eo: Andriamanitra Andriananahary sy ny Razana, sy ny Sampy fa fitoerany ny Sampy kosa ny zoro-firarazana. Ary ny fomba ny hoe *Mirary*: dia raha tonga ny fahoriana ety ambony ny tany, raha avy ny Orana ka misy Havandra, koa be ny Varatra, koa misy Rambondanitra, ny Vahoaka sady mivavaka amy n'Andriamanitra Andriananahary sy ny Razana no miantso hoe: *Tahio izahay Andriamanitra Andriananahary sy ny Razana rehetra! Tahio izahay! Tahio soa tahio tsara izahay!* Ary ny *Mpanao Odi-Havandra* dia mivoaka kosa izy mitondra ny odi-havandra eny an-Tanana rehetra eny, izy no mandehandeha miantso manao hoe: *Tahio izahay Andriamanitra Andriananahary sy ny Razana rehetra!* Ary ny Vahoaka kosa dia mandrindrin-trano raha mivoaka ny

(†) Ho lasaina amy ny aoriana ireny fomba fanao ny Mpanandro ireny.

Digitized by Google

mpanao Odi-havandra, ary dia mivavaka ny Vahoaka any *Anjorofirarazana* mangataka amy n'Andriam anitra Andrianamahary sy ny Razana, izay no fomba fanao (†).

Ary izao no fomba indrindra ny atao hoe *Mirary*: Raha miaingia ny Miaramila ka mankany an-tafika, rehefa mby an-tafika izy, koa miady, dia mampitondra taratasy milaza amy ny Andriana manao hoe: *Milaza amy Nao izahay Tompo ko, efa miady izahay, koa ny ady nay mafy hiany, k'izany no ambara nay amy Nao.* — Ary hoy ny Andriana: *Dia azo ko ny taratasy nareo milaza ny ady: fa dia ho tahin'Andriamanitra hianareo!* Ary dia milaza kosa ny Andriana manao hoe: *Izao no ambara ko amy nareo Ambanilanitra: dia samia Mirary isam-Bohitra, fa efa miady ny Ambanilanitra.* — Ary dia mirary ny Vahoaka rehetra dia manao *Fivavahana mihira*, ka ny Vehivavy no manao, izany no atao hoe *Mirary*. Dia miangona be ny Vahoaka amy ny Tanàna lehibe: ny Vohitra madinika any an-tsaha rehetra any dia manatona ny Vohitra lehibe, ary ny Vehivavy dia misikina mitsinjaka mandihy, isa-maraina sy isany hariva no manao isan'andro *Hahary* ny Lehilahy, koa raha tsy ny Andriana no mampitsahatra dia tsy mitsahatra, ka hoy no firary ny:

Mehery am-basy mehery an-defona ny anay!
Tahio nao an'izy Andriamanitra Andriananahary!
Hehery am-basy hehery an-defona an'izy!
Tsy ho voa ny an-tanan'olona, tsy haratra ny antana'ny!
Tsy ho leo n'olona ny anay, tsy ho leo n'olona!
Ko'arovy nao an'izy Andriamanitra Andriananahary!
Ho tsara mandroso, ho tsara miverina izy!
Tsy ho voa tsipáloka ny Fahy, tsy ho azo ny Havaotra!

(†) Tapa-kazo hiany io Odi-havandra io ka Sampy hiany izany, fa Sampy hafa fomba: Tsy mba Sampi-ndefona na Sampi-mbasy, fa Sampy enti-miaro ny Vary sy ny zavatra zinbolena rehetra.

Digitized by Google

Tahio nao an'izy Andriamanitra Andriananahary!
Ho tahiny ny Hasin'Andrinampoinimerina sy Lahidama!
Ho tahiny ny Hasiny ny Roambinifolo Nanjaka!
Ho tahiny ny Hasiny ny Tany masina!

Izany no *firary* fiantso an'Andriamanitra sy an'Andriananahary sy ny *HasindRazan'Andriana*, raha mankany an-tafika ny Lehilahy, ary ny Vehivavy no mirary rahefa miady ny Miaramila. Isan-Tanána dia samy mirary avokoa ny Vehivavy rehetra, izany no azy raha miady ny Lehilahy ka mipoaka ny basy; ary ny fangatahana atao ny Vehivavy mirary tsy mba haroana zavatra hafa, fa hampandehanina manokana ny azy ny any an-tafika. Izany no fanao ny Ambaniandro raha manafika ny Lehilahy hatr'amy ny ela, f'indrindra hatr'amy ny Andrinampoinimerina, koa hatr'amy ny Laidama, koa hatr'amy ny RanavalonaReniny. Ary ny Vehivavy izay manaraka ny tafika, na Ilova na Andevo, dia manao koa ary ambany tahaky ny fanao ny aty ambony, dia manao eo an-Toby kosa izy: Ny Lehilahy miady eo an-dany ny eo, ary izy mivavaka eo an-dany ny koa. K'izany no fanao amy ny fomba ny tany aloha.

Ary rahefa mahafa-Bohitra ny Mpanafika, dia mampilaza amy ny Andriana izy manao hoe: *Dia afak'ay ny Vohitra, fa resy nay ny fahavalo, ary dia ny nahafatesa'nay betsaka; koa tsy atao nay' lian-tsofina Hianao, koa milaza amy Nao izahay.*— Ary hoy kosa ny Andriana: *Dia azo ko ny taratasy nareo milaza ny fanafahana ny Vohitra, ary milaza ny ady natao nareo:ka dia mankasitraka anareo aho,dia ho tahin'Andriamanitra hianareo! Ho tahiny ny Hasin'Andrianampoinimerina sy Lahidama hianareo! Ho tahiny ny Hasiny ny* 12 *Nanjaka sy ny Tendronbohitra* 12! *Ho tahiny ny Hasiny ny Tany masina!* Ary raha tonga iny tafika iny ka raha ankasitrahany Andriana ny natao ny: ny Tafondro manodidina dia apoaka, ary dia omeny ny

Digitized by Google

Andriana omby na firy na firy, dia omena Salàka na Lamba enti'ny ho amy ny vady aman-jana'ny kosa, ary dia ampitomboina ny Voninahi'ny : *Fa Lehilaky nahavita fanjakana ho Ahy*, hoy ny Andriana, *k'izao kosa no ome'ko anareo*, hoy izy.--- Teny n'Andriana ampitondraina any Andohalo *Mankasitraka* ny Mpanafika mahery sy *Manolotra* ny zavatra nome'ny Mpanjaka izany.---Koa rahefa miravà am-pikabariana ny tafika, ny Vahoaka be sy ny Miaramila dia mody, ary ny Mamamboninahitra rehetra dia *Mamangy Andriana* anaty Rova, izany no fanao. Ary rahefa any an-trano ny Mpanafika, dia manatona azy ny Hava' ny rehetra, ary ny Vady aman-jana'ny dia *Miankohoka amy ny tongo'ny* ka latsa-dranomaso izy rehetra na ny avy an-tafika na ny tato an-toerana; ary ny ilatsahan-dranomaso ny dia ny fahatongavana ao amy ny indray: koa efa faly malahelo izy rehetra, dia samy misaotra an'Andriamanitra an'Andriananahary sy ny *Razana* noho ny fihaonany izy mianakavy indray.

FANAO FIANTSO NY RAZANA RAHA MANASIN'ANDRIANA. Ary indray ny fiantsoana ny *Razan'Andriana* raha misy kabarin'Andriana, koa manasin'Andriana ny Ambanilanitra, dia fomba hatr'amy ny ela izy miantso manao hoe: *Trarantitra Hianao Tompo ko e! Aza Marofy! Mifanantera amy ny Ambanilanitra! Raha salama tsy marofy Hianao, dia faly sy ravo izahay, ka hanasin'Anao izahay. K'ity Hasina atao nay-ity ampia'nay saotra ampia'nay vavaka. E! Andria manitra. E! Andriananahary! Koa ity Hasina atao nay ity: E! Ny Hasiny ny Tany. E! Ny Hasiny ny Lanitra. E! Ny Hasiny ny Masoandro. E! Ny Hasiny ny Volana. E! Ny Hasiny ny zava-masina rehetra ambony ny Tany ambany ny Lanitra. E! ny any Ampandrana: f'any Rafandrana sy Rafandrandava sy Rafandrampohy sy Ramasindohafandrana. E! ny any*

Digitized by Google

Merimanjaka : *f'any Rangita sy Rafohy. E! ny any Alasora*: *fa any Andriamanelo. E! ny any Ambohitrabiby* : *f'any Ralambo*, *fa itoerana ny Hasina ny Merina. E! ny any Antananarivo Analamasina*: *fa itoerana ny Tranofitomiandalana*, *f'any Andrianjaka*, *sy Andriamasinavalona nanjaka tokana tamy ny tany* (†), *any Lahidama nanao salaka fohy rambo namory ny anivo ny riaka naharifenitra any Merina. E! ny any Ambohimanga Tananamasina*: *f'any Andriantsimitoviaminandriana sy Andriambelomasina*, *sy Andrianampoinimerina nahavita any Merina 6 Toko sy nanao Tsara Savtra ho any Lahidama*, *sy Rabodonandrianampoinimerinana nahatan-kafatra. E! ny any Ambohidratrimo* : *f'any Andriantompoinimerindehibe. E! ny any i Lafy sy ny any Namehana sy ny any Ambohijoky sy ny any Ambohimalaza. E! ny Hasina ny Tendrombohitra Roambinifolo. E! ny Hasiny ny Roambinifolo Nanjaka. Ty Hasina atao nay ity hahamasina Anao hifanantera'Nao amy ny Ambanilanitra.* Izany no *Fiantso* ny Ambanilanitra amy ny *Razana Andriana* milevina amy ny izay Tanàna nanjaka'ny ka nilevena'ny, koa isa ny Tendrombohitra Roambinifolo : fa ny Andriana tsy iva ipetrahana, fa na dia iva aza ny ipetraha'Ny dia tonga Tendrombohitra izy. Ary *Ampandrana* sy *Merimànjaka* ary *Alasora*: ireo no *Fototra* Renivohitra indrindra ka *Masim-piantso* tamy ny andro taloha. Ary ankehitriny Ampandrana tsy mba onenan'olona, fa Alabe no maniry ao, ary itoerana ny Razan'Andriana hiany: Rangita sy Rafohy. Ary *i Merimanjaka* dia be olona hatr'amy ny taloha mandrak'ankehitriny, ka Andriana izy rehetra tamy ny taloha, ary ankehitriny Hova

(†) Lazaina daholo izay *Fisaotra* ny Ntaolo, hatr'amy ny voalohany tsy niova fa mitombo an-dalana mandrak'ankehitriny ka vao niova tamy ny ity *Miadvaka* ity.

Digitized by Google

daholo. Ary i *Alasora* be olona hiany hatr'amy ny taloha mandrak'ankehitriny, ary ny Andriamasinavalona monina eny ny sasany, ary ny sasany Ambaniandro hiany. Kanjo tsy mba azo atao Menakely ny olona monina eny Alasora na any Merimanjaka na amy ny Tendrombohitra Roambinifolo rehetra, fa atao Menabe izy rehetra ipetrahany Zazamarolahy Vadin' Andriana na Lahy na Vavy. Koa izay no mipetraka amy ny atao Tompo ny, kanjo ny Andriamanjaka hiany no Tompo ny ireo Tendrombohitra Roambinifolo *Masim-piantso* ireo.

Ary dia i Ralambo no *Voalohany* nahitany ny Mpamaky ity, ny *Fiantsoana* ny Razan'Andriana sy ny Tendrombohitra nanjaka'ny sy nilevena'ny, dia ley natao ny nony i Andrianjaka Zana'ny zandriny no kasai'ny hampanjakaina, ka hoy no fiantso ny: *Izaho hiantso an' Andriamanitra sy ny Razana! Eny Andriamanitra Andriananahary! Eny ny Hasiny ny any Ampandrana sy Merimanjaka! sy ny Hasiny ny any Alasora* &. (Izahao takelaka 36).

Ary faran'izany dia marina tokoa fa *Naniry fivavahana amy ny Razana ity Tany 'ty* hatr'izay ela 'zay tsy hita noanoa. Ary ny *Tsy ifanahafany* ny fivavahana amy ny Razana sy ny fivavahana mila hataka amy ny *Vazimba*: Ny Razana tsy mba amonoana ny Vahoaka *Omby* raha mila fivavahana amy ny: *Ondry* sy *Akoho* no vonoina amy ny, ary ny *Menaka* sy ny *Trafo-nkena* no fitono amy ny; fa ny Andriamanjaka hiany mamono Omby Volavita raha mangataka amy ny Razana Ny, fa ny Hova tsy sahy. — Ary ny *Vazimba* namonoany 'ny Vahoaka Omby &... Ary indray: Ny Vazimba raha voa hitsaka ny Fasa'ny, dia tezitra, dia mankarary, dia be no ferena, be no kilemaina, be no kely ila, be no marary dia tsy afaka, be no marary dia maty, be no maty tampoka kendakendainy ny Vazimba; koa am-pitahorana ny fivavahana amy ny

Digitized by Google

Vazimba. — Ary ny Razana tsy mba mampitahotra ny olona fa Havana.. koa tsy mba am-pitahorana.

Kandrefa ny fangatahana iray hiany, samy hafa hiany ny fanononan'azy. Ny Razana dia antsoina hoe: *He ry Razana! Mangataka amy nareo izay hahasoa hahatsara &..* Ary ny amy ny Vazimba kosa, izao kosa no fangataka amy ny: *Ény ry Vazimba Ray, ry Vazimba Reny ! Ry Vazimba masina ato! Koa mangataka ny hasoavana sy ny hatsarana izahay.*

Ary ny nanaovany ny Ntaolo, Sorona sy Vavaka mandrakariva, dia tia'ny ny mangataka amy n'Andriamanitra, kanefa nampia'ny ny Vazimba sy ny Razana ary ny Sampy indray ny fivavahana natao ny, fa maniry ta-hahazo zava-tsoa amy n'Andriamanitra izy , ka dia toa nivavaka tamy n'Andriamanitra ny fo ny, fa ny mahadiso azy dia aharoharo ny amy ny zavatra natao n'Andriamanitra ny fivavaha'ny amy n'Andriamanitra.

7° Nony nanjakan'Andrianjaka vao izay no nisehoany ny Fomba fanao amy ny fandevenana sy fisaonana ny Maty, sy ny tsy itoviana ny Fasan'Andriana amy ny Fasam'Bahoaka. Fa ny Taloha tsy mba misy Trano Masina famantarana ny Mpanjaka milevina ao: Fasana fotsiny be Vatolampy no fanao ny Ntaolo. Toy izany i Ralambo any Ambohitrabiby : dia Vato ny azy ohatra ny Fasam-Bazimba; ary Andriamanelo any Alasora, sy Rangita any Merimanjaka, sy Rafandrana any Ampandrana... ny Taloha rehetra dia torak'izany; vao hatrizay nitrangàna ny Tranofitomiandalana, no nisehoany ny Trano masina sy ny Fomba sasany fanao amy ny fandevenana ny Maty.

Digitized by Google

FOMBA FANAO AMY NY FANDEVENANA SY NY FISAONANA NY MATY.

Fomba fanao amy ny fisaonan'Andriana miamboho

Voalohany tsy azo atao hoe : *Maty ny Andriana*, fa *Miamboho* na *Modimandry* ny Andriana. Ary tsy azo atao hoe: *Alevina* ny Andriana, fa *Afenina*. Ary raheſa voa afina tsy azo atao hoe : *Ny Faty ny*, fa *Ny Masina*.

Koa raha misy Andria-manjaka miamboho dia *Miborivolo* (†) ny Ambanilanitra rehetra izany hoe *Mihety* ; dia *Miala satroka* sy *Tsy miakanjo* ny Lehilahy, ary miala akanjo ny Vehivavy; dia *Tsy misampina* fa miteri-helika ny Lehilahy sy ny Vehivavy; dia *Tsy mandry am-parafara*, *Tsy mandro*, *Tsy manoza* tongotra sy tanana, *Tsy manala* hoho sy volo-mbava, *Tsy manasa* lamba ny olona rehetra, —ambara-pah'afa-tsaona izany; ary tsy *Manao zavatra* hateloan'andro ny Ambanilanitra: ka raha misy Ambanilanitra manota ireo Fomba ireo ka tsy mihety &.., dia tapahina ny loha ny. Ary intelo no mihety ambara-pahafatsaona, tsy misy mihoatra amy ny izany raha tsy Andrianampoinimerina.

Ary dia *Manao temitra*: Temerana ny Rova ary tafoana Jaky ny Trano nitoerahy Andriana niamboho, dia asiana *Tranovorona* ipetrahany *Masina*. Ary ny atao hoe *Tranovorona*: dia famantarana fa misy maty ao anaty ny, ary ny amy ny Mpanjaka atao hoe :

(†) Izao no hihetezana, hono, fa tsy ampitovina ny fanao fisaonana ny Andriana amy ny fanao fisaonana ny Vahoaka; koa ny amy ny Andriana *Boriam-bolo*, ary ny any Vahoaka *Rakaraká-mbolo*. Ary iudray be hao ny Vahoaka raha tsy mihety, fa ela ny fisaonana ny Andriana.

Digitized by Google

Ao ny Masina. Ary ny Tranovorona dia fomba *Fi-aterana ny ati-dranomaso* mandra-pahatonga ny andro anafenana ny Masina.

Ary dia mandeha *Miati-dranomaso* mitomany ny Andriana ny Vahoaka rehetra. Ary ny Vehivavy dia mitomany andro aman'alina mifandimby *Miari-tory* eo manodidina ny Tranovorona. Dia alefa ny *Tafondro*, dia ampipoahina ny *Basy*, dia ampifandimbasina ny *Mozika* sy ny *Lokanga* sy ny *Ampongabe*; dia vonoina ny *Omby anirinana* (na hoe *Omby hirina*) omeny Andriana ho any ny mpiari-tory iaretan-tory sy ho any ny Ambanilanitra, isan'andro mandra-panafina ny Masina: Raha tsy voa afina ny Masina dia tsy mitsahatra ireo fomba ireo, fa atao isan'izao andro izao.

Ary izay Fomba dia atao hitondrana ny Masina: Dia tefena ny *Lakam-bola* hanitrihan'Azy,— vola n'Andriana no anefena izany, (†) — ary iny Lakambola iny no tahaky *Lamba-mena* afono Azy, fa Mpanjaka Izy. Dia atao ny *Tranomasina* hametrahana ny Masina rahefa voa sitrika. — Andriamasinavalona no mpanao Tranomasina: Mpipai-bato sy Mpandrafitra no enti'ny manao. --- Ary raha voa tefy ny Lakambola sy vita ny *Fasana* misy Tranomasina, vao izay no afenina ny Masina. Ary ny atao hoe *Afenina*: Ny anaterana ny Masina ambany ny Tranovorona sy ny Lakambola ho amy ny Tranomasina. Ary tsy mba azo afenina antoandro ny Mpanjaka, fa *Alina kosa no anafenan'Azy*, fa hoy ny Mpanjaka tany aloha: *Ny antoandro nomena ny Vahoaka hy fandevenana, ary ny alina kosa Anay. Ka raha misy alevina alina tratra ny Masoandromaty, atao ko mahavery vady ma-*

(†) Ny vola atao lakambola ny Lahidáma no tovonana A. 2000 (roa arivo) ka foby loatra koa nampiany.

Digitized by Google

havery zanaka, hoy izy. Ary hatr'izay ela, ny Mpanjaka dia alina no fanafenan'Azy, ary ny antoandro dia amy ny Hova kosa, izao Ambaniandro izao, na Mainty na Fotsy (†).

Dia asitrika ao anaty ny Lakambola ny Masina, — ny Talasora no *Mpanitrika*, fa Zokimpirenena izy, — ary ny Lakambola dia atao amy ny *Vata-hazo*, ary asiana erana ny Vata izay zava-tsoa rehetra ampombaina ny Mpanjaka niamboho: na *Jakimena* arakotra ny Lakambola, na *Lambamena*, na *Volafotsy* amam-*Bolamena*, na *Voahangy* &, enti'Ny mankao an-Tranomasina; ary ny Vata dia atao amy ny Tranovorona: eo itomaniana ny Ambaniandro. Ary nony hariva efa tsy hahita mitsinjo intsony ny andro, dia afenina ny Mpanjaka, ka raha manafina Azy, dia alefa ny Tafondro sy ny Basy atao tsy misy lany ny: izany amantarana Azy hoe *Voa afina ny Andriana*. Dia vory ny Havan'Andriana rehetra sy ny Vaventy rehetra anaty Rova sy ny Vahoaka izay tonga ao; ny Masina dia entina ambany ny Tranovorona aseho amy ny Ambanilanitra, ka itsofana ny Mozika, ka ipoahana ny Tafondro, ka anaovana ny Reré, ka atao araky ny fomba rehetra ny fanafenan'Azy; ary ny Jiro atao *Fanilo* fa alina ny andro.— Ny Talasora no mitondra Azy hafenina ao amy ny Tranomasina. — Ka raha vita izany rehetra izany, nony efa mby am-baravarana-pasana ny Tranovorona misy ny Masina: dia alaina ny Masina, dia alatsaka ao amy ny Fasana, — ny Talasora no *Mpandatsaka* indray, — dia afenina Izy, vao izay no voa afina. Ary dia ariana *An-kazomasina* eo atsinanandRova ny Tranovorona sy ny Kidoro sy ny Ondana sy izay nametrahan'ama-nampan-

(†) Alina kosa no fandevenana ny Zanak'andriana sy ny Zazamarolahy, izany no didy fanavan'azy.

Digitized by Google

droan'Azy, izay fom'ba rehetra nenti'ny Mpanjaka *Niamboho*: ny Azy rehetra tsy misy apetraka fa ampandehanina daholo hanaraka Azy, fa efa lasa Izy Tompo ny. Ary ny *Tranomasina*, dia misy ny zavatra tsara rehetra *Azy*: na *Jakimena* na *Sabatra* na *Lefona* na *Basy* na *Satro-bola* na *Famantaranandro* &... izay rehetra *Azy* dia atao ny ao daholo. Ary ny Velondray aman-dreny maka *Tanimena* atototra ny Fasana ao amy ny Tranomasina — ny maka azy dia *Tahimanangoana* no anara'ny, ka firenen'olona avy any atsimo, atsy avaratra Alatsinainiambazaha, --- dia vita ny fanafenan'Azy. Ary *Tampi-Masoandro* no atao vao izay hirava ny Vahoaka. Afenina anio, dia rahampitso vao atao ny Tampi-masoandro.

Ary ny atao hoe *Tampi-Masoandro*: dia *Mandeha daholo* (†) ny Zanak'Andriana sy ny Havan'Andriana sy ny Manamboninahitra sy ny Ambaniandro rehetra, eo Tsimbazaza eo atsimon'Ambohijanahary amorony ny kamory no fanaovana. Dia *Mamono Ombi-mainti-tokambolo-antitra-mivaditandroka* atao hoe: *Tampimasoandro* sy *Famoizana* ny Mpanjaka lasana no hevi'ny. Dia *Mandoa varidimivenly* isan-trano ny Ambaniandro, ary manao menaka an-katoka enti-mandoa izany, --- ny menak'omby no atao an-katoka, --- izany no atao hoe *Tendroilo*, ka fialan-tsaona izany: vao hosora-menaka ny volo. Dia *Manao Rere* ny Miaramila rehetra, dia *Mipoaka* ny Tafondro, dia *Mitsòka ny* Mozika. Ary nony voa lavo ny *Omby mainty*---ny Talasora no Mpamono --- dia enti'ny Talasora ny *Tendro-ntrafo ny* hankao amy ny Andria-Manjaka mitoetra anaty Rova, ka *Alafady* ny Andriana izany. Ary ny sisa

(†) Ny Andriana mandimby ka vao manjaka tsy mba mandeha satria mbola tsy niseho tamy uy Ambanilanitra; tsy mivoaka Izy raha tsy efa hiseho amy ny Ambanilanitra rahefa afa-tsaona ny Ambaniandro.

Digitized by Google

dia zarainy Talasora izay nanafina ny Masina: *Alajady* ny amy ny fanafenan'Azy izany ; zarai'ny kosa amy ny izay mahita eo: samy mandray kely avy ho *Alafady*.

Ary fizarana ny Omby *Famoizana* hankao amy ny Vahoaka no atao, fa manome omby betsaka ny Andriana amy n'izay. Dia zaraina amy ny Ambaniandro ny omby rehetra atao famoizana ny *Mpanjaka lasanko Razana*; dia samy mitondra ny azy amy ny Vohitra onena'ny: eo ny amonoana azy.

Ary rehefa voa zara ny omby, dia mandeha ny Vahoaka rehetra dia mankany amy ny rano *Misasa*. Ary ny atao hoe *Misasa*: Rahefa mby amy ny rano maria, dia alaina *Tsiriry* sy *Ahibita* (ahitra fialandratsy hatr'amy ny ela) ary iny no asasa ny zorondamba efatra atao hoe: *Lasan'izay ratsy izay tsy soa, homba ny lasa homba ny tsy soa: entiny ny rano be mivalana hankany Farahantsana hankany Kiopa.* Ary vita ny Tampimasoandro fomba fanao amy ny Andriana miamboho.

Ary raha ny hevitra ao amy ny izany, dia toy ny *Manakona ny Masoandro*, hono, mba tsy hahita ny Vahoaka, fa azo-mpahoriana ny Ambaniandro: fa lasa niamboho ny Mpanjaka natao ny Ntaolo hoe *Masoandro ny Ambanilanitra*. Ka hira fanao amy ny Andriana mivoaka ny nilaza'ny Ntaolo izany. Raha mivoaka ny Andria-Manjaka dia atoavina ny Mpanatoa hoe :

Ny Andria'nay e e e! Tsara Andriana e e e !
Ny Andria'nay e e e ! MASOANDRO nay e e e !
Ny Andria'nay e e e ! Zanahary nay e e e !

Izany no fanajana ny Mpanjaka tany aloha mandrak'ankehitriny. Tsy azo hadinoina fa Mpanjaka Izy, tahaky ny Masoandro maty andrefana .ka miseho atsinanana, koa tsarovana isan'izay misaotra fa tsy azo hadinoina izy; k'izany no nanaovany ny Vahoaka ny

Digitized by Google

Mpanjaka hoe : Tahaky ny Masoandro tsy azo hadinoina, maty andrefana kandrefa miseho atsinanana, fa tsy azo ajanona ny fisaoran'azy : Fa nenti'ny tany aloha ny fisaoran'azy, koa narahiny ny tato aoriana.

Ary raha voa afina ny Mpanjaka mandra-pahafatsaona dia misanao avy zao Merina izao miati-drano maso na herinandro na tapabolana ifanaovana; ary vao mitsahatra ny tafondro sy ny basy mipoaka, sy ny omby vonoina : fa *Ati-drano-maso no sisa*, ary dia mizara ny Vahoaka amy ny fanaterana atidranomaso.

Ary ny taozavatra fadina, vao atao ny kabary ny fanaovan-javatra izay tsy hatao rehetra : na *Tefy*— tsy manefy vy tsy manefy vilany, na *Tenona* — tsy manenona, na *Tovon'ampian-tany* —tsy manovona tsy manao taniditra, na *Foly* —tsy mamoly landy tsy mamoly landahazo, na *Hira* — fady indrindra ny hira sy ny mampaneno feo-njavatra: ny *Ampela* aza tsy mba hampanidihizina fa mimonimonina iny.

Izany no fomba entina amy ny fisaoriana amy ny Mpanjaka miamboho.

Ary ny Andriana 6 toko samy mandoa izay fomba fanao ny. Ny Zazamarolahy sy ny Andriamasinavalona *Mandrary* ny Tsihibe atao tsihy *Masina* enti'ny mankao amy ny ipetrahany ny olona amy ny Trano itoeran'y Masina.

Ary Andriamasinavalona no Mpanao ny Tranomasina. Ary dia tsapai'ny kosa ny Tranofitomiandalana ka amboari'ny ny sihiba : akopaka sy faohina izy daholo; dia vaozina ny *Tsihimasina* ao, na ny Trano masina aza ampiana : dia esorina ny ratsy asiana ny tsara. Ary Zanadralambo sy Andriadranando sy Zanakambony, izy ireo no *Mpaka hazo* fanaovana ny Tranomasina. Dia manao izany izy ireo isany miamboho ny Andriana. Ary ny Antehiroka nataon'Andrianampoinimerina namany ny Havan'Andriana dia, mandoa *Lambamena* iray, isany miamboho ny Andriana. &.

Digitized by Google

Ary rehefa hiala saona dia milaza ny *Andriana Mandimby* mampiantso manao hoe: *Dia miala rahona fa tsy misaona intsony, fa efa nisava ny zavona: dia ataovy ny fanao rehetra sy ny fomba ny olona tsy misaona.* Ary dia afa-tsaona ny olona.

Ary ny sitra-po n'Andriana no fetra amy ny fialantsaona: Tamy ny *Andrianampoinimerina* niamboho, inefatra nihety ny Vahoaka, ka tsy nisy nanohatra azy tato aoriana amy ny izany; tamy ny *Radama Rainy*, intelo nihety ny Vahoaka ary erin-taona vao izay niala saona; tamy ny *Rabodonandrianampoinimerina*, inefatra mihety ny kabary n'Andriana, kanjo indray maka hiany ny nihetezana, ary telo volana sy tapany dia afatsaona ny Vahaoka; ary tamy ny *Rasoherina*, dia indray maka nihety ary telo volana dia niala saona ny Ambanilanitra.

Ary dia nony afa-tsaona ny Vahoaka vao izay no milaza ny andro *Hisehoany* ny *Andria-vao-Manjaka* amy ny Ambanilanitra.

FOMBA FANAO NY VAHOAKA AMY NY FANDEVENANA NY MATY.

NY MANIRI-PATY.

NY MANAO TSANGAM-BATO.

NY MITARI-BATO SY MANAO FASANA.

NY MAMADIKA NY MATY.

NY TSY ATAO AM-PASANDRAZANA.

FANDEVENANA SY FISAONANA. Voalohany raha mandevina tsy mba mandevina *Alakamisy* angao misy maty indray, fa *Alarobia* no mandevina raha azo atao, fa ny atao ny anarana ny Alarobia atao hoe: *Alarobia tsy miverina*. Ary ny *Andro misandratra* koa tsy handevenana, fa natao ny hoe *Mahery*, fa avela hihilana ny Masoandro vao izay no alevina. Azo atao hiany maraindraina, ka foa raha tsy alevina maraindraina.

Digitized by Google

dia raha tsy efa milatsaka ny andro tsy mandevina izy.

Ary ny amy ny Vahoaka kosa raha misy Maty, dia milaza amy ny Fokonolona sy ny Mpianakavy, manao hoe; *Maty i R..... ka milaza amy nareo izahay*. Dia vory ny Fokonolona sy ny Mpianakavy, ary miraharaha hividy Lambamena sy hividy Omby izy; dia mandoa Vola ny Mpianakavy hamidy Lamba sy Omby, izany no atao hoe *Tsentsin-doloha*. Ary mividy Ondry sy Vorombe sy Vorom-Bazaha sy Akoho sy Fotsimbary kosa.

Ary raha azo ny Lamba sy ny Omby &.., dia *Fonosina* ny Faty, dia *Aseho*. Ary ny trano fampisehoana ny Faty dia asiana temitra arak'izay ananana. — Raha anio no maty dia rahampitso no aseho; nony alina dia miari-tory ny Mpiandry Faty; ary nony ampitso n'iny dia alevina; koa nefa tsy misy fetra,na andro roa, na hateloana, na hefarana, na herinandro aza ny handevenana; dia mitàtana amy ny io fampisehoana ny Maty io. --- Ary ny Lamba amonosana ny Faty dia iray na roa... ny Manan-karena mifono lamba telo, na folo, na roapolo, na mihoatra noho izany aza, ka lamba *Mena* daholo, fa atao ny *Voninahitra* sy atao ny *Manaraka azy*. Tompo ny... ny Malahelo dia lamba mena iray, ary misy izay mahantra tsy mifono lamba mena akory na iray aza, fa lamba *Soga* no ifonosana na *Jiafotsy*. Ary *Ampandroina* ny Faty vao izay fonosina, raha sendra misy mivonkina dia atsotra, raha sendra tsy mandry ny volomaso ny dia ampandrína. Ary dia *Mirakaraka volo* ny Mpianakavy rehetra sy ny Famatonkavana, dia *Miala satroka* ny Lehilahy, sy *Miala akanjo* ny Lehilahy sy ny Vehivavy mandra-pahafatsaona; dia aseho ny Faty.

Dia *Miandri-Faty* ary *Miari-tory* ny Vahoaka, dia *Mitomany* tsy tapaka ny Vehivavy mandra-paharaina ny andro, fa maty havana izy. — Tsy azo atao hoe

Digitized by Google

Miati-dranomaso, fa any Andriana izany. --- Dia ny *Mitsap'alahelo* manao hoe : *Mangina Tompo ko, fa ny Maty tsy hiverina. Hanahoana hianao fa niafaky ny Maty tsy afaka ny Velona* ! Ny Mpianakavy mitomany no ilazany ny Vahoaka izany.

Dia *Mandoa vola* ny Fokonolona hatao *Fao-dranomaso* sy *Rambondamba* sy *Kofehy*; ary *Manatitra Faham-Bahiny* na hoe *Toham-Bahiny* ny Vahoaka: dia Fotsim-Bary ho any ny Vahiny hafa nalai'ny Tomponalahelo izany. Dia mandoa vola *Faridimiventy* isan'olona, ary ny Mpianakavy dia mandoa *Foamena* isan'olona na arak'izay zaka ny, atao *Kofehy* homba ny Maty. Ary manatitra iny ny Fokonolona ary miteny ny mitondra dia manao hoe: *Manatitra Vola-Kofehy homba ny Maty izahay: fa efa lasana ny hava'nay.* — Ary hoy ny aterana Tomponalahelo: *Dia afaka loza aman' antambo ! Aza ny ratsy no fanodiavana ! Fa dia Veloma hianareo, soava tsarà : Fa avy mandevina ny Maty sy mitsapa ny Velona. Ka dia voa levina ny Maty : fa manana anareo Havana.* — Ary io Kofehy Vola io hanampy ny Vola amidy Lamba ampombaina ny Maty, k'izany no atao hoe *Kofehy* ny Maty, na hoe *Tsentsin-doloha.*

Dia *Mitàtana* manome na Ondry na Vorona na Akoho ; ary dia vonoina ny Omby atao hoe *Hirina* iaretan-tory ao am-paty : Ny *Miari-tory* am-paty no amonoan'azy, dia haudrahoina ho hanina ; ary koa anomezana ny havany ny Maty , na ny Fokonolona nanatitra ny Fao-dranomaso ; dia zaraina ny Hena, ary hoy no fiteny ny Tomponalahelo manome hena kosa ny Fokonolona : *Aza manan-tsiny amy nareo izahay, fa iny ny Alafady nareo : k'aza manantsiny izahay.*— Ary hoy ny Olona omena hena : *Afaha loza ! Aza misoso-boina intsony hianareo* ! — Ary ny Vahoaka tsy mandoa vola dia omen-kena kosa. Izay no Valy atao ny Tomponalahelo ny Vola nomeny Mpia-

Digitized by Google

nakavy, sy ny Fokonolona. Ary nony alina dia miari-tory ny Mpiandry Faty.

Ary nony vita izay nony ampitso n'iny dia alevina ny Maty. Dia hadina ny FasandRazana, ary nony voa hady ny Fasana dia entiny ny Mpianakavy ny Maty. Ny manan-*Tranovorona* dia manao, ny tsy manana dia entina amy ny *Tsihi-hisatra*: ahorona amy ny Tsihy ka entina amy ny Filanjana ary Mpianakavy ny izy efadahy manatitra. Ary ny Havana dia manaraka mitomany sy ny Fokonolona handevina. Ary rehefa togna ao am-pasana, dia alevina atao miantsinanan-doha eo ambony ny Farafara ny Maty: ary dia mitomany midradradradra ny Mpianakavy rehetra mandra-pandrindrina ny varavarana ny Fasana. Ary raha voa levina dia totofana ny Fasana, raha voa tototra ny Fasana, dia mikabary ny Tompo-mpaty manao hoe: *Mankasitraka anareo Vahoaka avy mandevina' ny Maty ka mitsapa ny Velona, dia mankasitraka anareo izahay, ry Tompokolahy sy Tompokovavy! Fazany ratsy no fanodiavana!* -- Ary hoy kosa ay Vahoaka: *Dia afaha loza aman'antambo*! --- Ary hoy ny Tompompaty: *Dia mankanesa amy ny tanety malalaka, fa hanao Famoizana isika.*

Raha Lehilahy no maty dia mikabary ny zana'ny manome toky Andriana sy ny Vohoaka hiaraha-monina satria, fa handimby andRay ny izy, ary hoy no fiteny ny: *Manome toky Andriana aho sy anareo Vahoaka iaraha-monina: F'izaho nandimby any Kiaky.* K'izany no anomezany toky ny Andriana sy ny Vahoaka.

Ary raha Vehivavy kosa no Maty, dia izay Loholona eo mitsangana misaotra ny Vahoaka. Saotra no fomba amy ny izany.

Ary nony vita izany vao izay miaingia ny Vahoaka hankao amy ny tanety malalaka hanao Famoizana. Dia vonoina ny omby atao *Famoizana*, dia zarama ny he-

Digitized by Google

na. Izany no Famoizana ny Maty, fa tsy manana anjara intsony izy na lamba na omby, f'izay lasa ny izay no anjara ny. Dia manao *Alafady* : Manome vola ny olona izy ireo Mpianakavy maty havana atao Alafady, izay vola ome'ny na ohatrinona na ohatrinona.

Ary rehefa izany dia mandeha ny Vahoaka sy ny Tomponalahelo mankany amy ny *Ranomiria Misasa*. Dia asiana *Ahibita* sy *Tsiriry* ny Rano, dia *Mandro* izy Mpianakavy rehetra, dia tsy mitomany intsotry satria fa efa avy nandevina. Ary ny olona Mpandevina sasany dia ny lamba zoro ny efatra no sasána mivalana atao hoe : *Lasan'izay ratsy homba ny lasa, entiny Ranobe mivalana hankany Farahantsana*. — Olona mitoetra amy n'Andriamanitra ny Velona ka miala amy ny ratsy ny Velona, fa Andriamanitra tsy mba tia ratsy : izany tokony ho hevitra anaovany ny tany aloha ny *Misasa*. — Dia vita, dia samy mody ny olona.

Ary *Mifady* ny Tomponalahelo sy ny Mpianakavy ny Tao-zavatra sasany : Ny *Mamoly landy*, sy ny *Mamoly landahazo*, sy ny *Mampaneno zavatra*... tsy atao ny; dia *Tsy Mandro*, *Tsy mandihy*, *Tsy mirandrana*, *Tsy mihoso-menaka* fa mirakaráka volo izy Mpianakavy; ary afatsizay dia atao ny avokoa na inona na inona.

Ary ny fisaonana misy maharitra ela, misy ny sasany vao faingana dia miala saona. Ny mana-Maty raha ela mirakaraka volo dia mbola misaona hiany izy, ary rehefa mirandrana izy dia afa-tsaona : izany no amantarana ny ela sy ny haingana. Ka raha sarotin'alahelo ny Tomponalahelo dia ilazana hoe: *Masina madinika! Mandra-pihaona!*

Ary indroa monja mamono omby : Ny iray atao hoe *Hirina*; ary ny iray *Afana* na hoe *Fialàna* na hoe *Fiefàna*, iny hiany no Ombi-Famoizana.

Ary misy *Ombi-dikaina* namany ny Ombi-famoizana. **Raha ny Mpanan-karena no maty, dia vonoina ny Om-**

Digitized by Google

by betsaka, dia apetraka eny amy ny Lalambe; ary nony mivoaka ny maty halevina, dia iny Omby maty iny no tetezina ny Mpitondra Faty: izany no anaovana hoe *Mandika omby*. Ka izany no any Manan-karena, be no mamono folo, na roampolo na telompolo &... ka namany ny Ombi-famoizana ireo. Misy ny Faty ny Mpanan-karena maharitra na hefaranandro na herinandro aza, amonoan'omby hiany no iandrasana azy.

Raha vita ny fomba ny fandevenana dia samy mody ny Vahoaka; ary nony ato aoriana dia avy ny Mpianakavy mamangy ny Tomponalahy o manao hoe: *Izao no atao amy nareo, tsy homba ny maty fa ny alahelo tahaky ny rahona, ka raha mandòndona dia potraka hiany. Aza dia ny alahelo loatra no heverina fa asiry fisainana ny Kibo, fa tsy hanarala ny maty tsy ao ory. Koa mba mahereza manao zavatra, fa ny alahelo atao vy tahaky ny hanin'omby: koa ny am-bava miraotra, ny an-kibo mieritra; fa raha ny alahelo hiany tandrovina androa hianareo dia very, ary tsy mahavita hanin-kohanina, fa mba mahereza manao zavatra.*

Izao no fomba nentiny Ambaniandro hatry ny tany aloha ka mandrak'ankehitriny.

MANAO TSANGAM-BATO. Ny anaovana *Tsangam-bato* kosa, izany no anaovana'azy: *Maty i R...* koa tsy tonga amy ny Fasana ny faty ny fa tsy hita nahafatesana, ary kosa natao ny Hava'ny iny Tsangam-bato iny *Solom Pasana fa tsy mba hita*, atao hoe: *Any an-davaka izy, k'io no atao Solon-davaka ilevenana*. Koa raha manontany ny olona manao hoe: *Iza no anaovana io Tsangam-bato io? Maty havana angaha hianareo?* Ary hoy no famaly: *Eny, ka tsy tonga faty no anaovan-Tsangam-bato io*. Izany hiany no anaovana azy ka *Fahatsiarovana sy famoizana ny maty*. Ary tahak'izany ny fanaovan'azy, fa misory ny Fokono'ona sy ny Mpianakavy amonoana omby, dia mamono omby sy

Digitized by Google

manao Tsangam-bato amoiza'ny ny maty. Ary dia isa ny Fasana raha Mandro: dia tavonana menaka itonoana Trafo-nkena eo, dia antsoina ny Razana ao arak'izay fiantso rehetra fanao amy ny Razana.

MANIRI-PATY. Ary ny maty sasany dia atao *An'iritra*. Ary ny atao hoe *An'iritra*: dia mbola tsy lazaina ny Vahoaka na ny Mpanjaka hoe *Maty i R...*, ka afempenina ny Mpianakavy ny faty; ary rehefa tonga ny andro andevenana azy, dia ilazana ny Mpanjaka sy ny Fokonolona vao izay no atao ny fomba fandevenana azy am-pasandRazana. Ary ny Maty atao an'iritra dia: 1° Ny *Maty akeky ny Fandroana*, dia tsy azo lazaina ny Vahoaka izy fa atao an'iritra: fa akeky ny Hasoavana; 2° ary ny *Maty an-tany lavitra*, dia atao an'iritra any mandra-paka ny faty ny; 3° ary kosa ny *Maty mbola tsy manam-pasana*, dia atao an'iritra ambara-pahavita ny fasana, ary raha vita ny fasana dia *Mamadika* azy izy; 4° ary dia ny *Mati-nendra* atao mitokana ny fasa'ny izany hoe: Tsy atao am-pasandRazana raha tsy Tenin'Andriana mampaka tsy azo atao am-pasandRazana *Satria aretina mifindra*. Tamy ny Lahidama sy tamy ny Ranavalona Reniny sy tamy ny Radama II nisy *Teny nampamadika* ny mati-nendra rehetra taloha, k'izany nangalany Havana ny *Fati-nendra* akamba'ny ao am-pasandRazana. Ka dia faly ny Havany ny Maty rehetra, dia obatra ny Androiray toa zato ny hafaliany izy ireo: satria fa nahazo nikambana ny *Taolana* na dia ny *Vovoka* ny Razana aza, tafahaona ao am-pasandRazana. Ary raha tsy Tenin'Andriana, dia tsy azo atao ao am-pasandRazana ireo *Mati-nendra vaovao*. Ary ireo Mati-nendra taty aoriana fony nanjakandRasoherina tsy azo atao am-pasandRazana ireo, fa tsy mbola niteny ny Andria-Manjaka mampaka ireo. Ary raha mbola mitoetra ao hiany ny faty ny, dia ao hiany ny fasany.

Digitized by Google

Ny Manao Fasana. Voalohany dia *Manenda-Bato*, ka raha manenda-Bato dia alaina ny *Tainomby*, dia alaina *Akoholahimena* (na *Ondry*) vonoina amy ny *Vato*, dia atetè amy ny Vato ny *Ra* ny; koa raha vita izay, dia mitsapa Vato endahana, dia izahana ny *Fata'ny*; koa raha hita ny fata'ny dia alaina ny *Afo*, dia alaina ny tainomby, dia ataingina eny ambony Vato ny afo sy ny tainomby handoroan'azy hiendahany ny Vato; ary rehefa may ny Vato dia ampandehandehanina ny afo, dia miendaka ny Vato.

Ary raha voa endaka ny Vato, dia milaza amy ny Vahoaka manao hoe: *Milaza amy nareo Vahoaka izahay fa hitari-bato*. Ary dia miteny ny Fokonolona: *Rahoviana no hangaraka?* Ary dia milaza ny andro hangaraha'ny azy ny Tompombato. Ary dia alainy ny Tompombato ny Omby atao hoe *Omby Horirika*, dia ahandroina, dia alaina ny *Vary* ahandroina hatao sakafo ny Mpangara-Bato. Ary ny atao hoe *Mangara-Bato*: dia fehezina kofehy Fandrotrarana sy Hafotra ny Vato, sy tsikalanambato eo ambany hifehezana azy, izany no atao hoe *Hara-bato*. Ka rehefa voa haraka ny Vato dia miala ny olona, dia homana ny hanina, ary rehefa homana ny Vahoaka dia mody manao hoe: *Rahampitso izahay dia maraina koa hitari-bato, fa haka ny Zaza amam-Behivavy izahay*. Ary ny Tompombato dia miandry ny Vato.

Ary nony ampitso n'iny dia tonga ny Vahoaka sy ny Zaza amam-Behivavy hitari-bato. Ary ny atao hoe *Mitari-Bato*: dia manisy Mahazaka sy Fandrotrarana vandranina sy Horom-potsy aolana, ary ireo kofehy ireo no hazonina ny Olona betsaka hitaritany ny azy mafy; ary ny Lehilahy dia am-body kofehy, ary ny Zaza amam-Behivavy dia an-doha kofehy --- izany no atao *Mitari-Bato*. Dia mitarika ny olona. Ary ny *Mitam-paneva* na hoe *Mpiventy*, na hoe *Mpanofa lamba*, na hoe

Digitized by Google

Mpibaiko, dia ambony Vato mampirisika ny olona, dia mitsinjaka sy miLaiko ny Vahoaka mitaribato manao hoe :

Fanevotan'ty !	—	*Mievotr'ity !*
Kapila ity !	—	*Kapila ity !*
Manavotra e !	—	*Manavotra e !*
Odre !	—	*Odre !*
Eha !	—	*Eha !*
Sao tsy hay nareo !	—	*Hay nay !*
E uisy va ?	—	*E misy re !*
Gaga re !	—	*Gaga re !*
Lehilahy mody !	—	*Zao no famindra ny !*

Ary dia mihira mifandimby ireo hira ireo ny Mpiventy sy ny Mpitarika. Ary ny Mpiventy manaratsy tarehy hampihomehy ny olona hialan-tsasatra, vao miventy indray: dia miara-manintona ny Vahoaka, dia mandeha ny Vato am-pihirana, ka mba tonga maivana ny havesara'ny.

Ary raha tonga ny Vato rehetra dia manome Omby indray ny Tompombato atao hoe *Sao-Bato*, izay no fomba fanao.

Ary ny Vato rehetra dia Raikambinifolo : Rindrina efatra sy Farafara dimy sy Varavarana iray ary Rangolahy rakotra ambony,--- izay no fomba ny Fasana. Ary samy Vatolampy makadiry ny Rindrina efatra f'indrindra ny Rangolahy; koa amonoan'omby ny Vahoaka na firy na firy, izay fanekena amy ny Vahoaka. Omby roa no fanao : Ny iray atao hoe *Omby Horirika*, ho vonoina ahandroina ho haniny ny Vahoaka, raha mitarika ny Rangolahy, --- ary ny sasany dia mangara-bato no amonoana omby horirika;--- ary ny iray atao hoe *Sao-Bato*, ka vonoina raha tonga ny Vato rehetra; ary ny sisa n'izay dia omby Sao-Bato daholo.

Ary nony tonga ny Vato rehetra dia *Vakina ny tany*;

Digitized by Google

raha hamaky tany ny Tompombato dia alaina ny Mpanandro manao hoe: *Inona no andro anaovana ny Fasana ?* ---Ary dia milaza ny Mpanandro manao hoe: *Ataovy amy ny far'Asorotány ny Fasa'nareo, koa fadiro akoho mavo* (na akoho inona na akoho inona, izay asainy atao ka mety ho tsara volo arak'izay Vintana ny Tompompasana). Ary raha tonga ny far'Asorotany, dia mandeha hamaky tany ny Tompompasana; dia alàna *Faditra* ny tany, dia atao kosa ny *Soron'Akoho*, dia *Miantso* an'Andriamanitra Andrianànahary sy ny Razana. Dia alaina izay olona *Faralahy* indrindra, dia alaina ny *Angadi-mondro*, dia hadina ny tany: dia ny Faralahy hiany no mihady aloha vao mihady ny olona. Ary nony voa hady ny tany dia *Mandatsa-Bato*: ny Rindrina efatra no alatsaka aloha, dia amboarina ny Farafara dimy, dia arakotra ny Rangolahy, dia atao miankandrefana ny Varavarana. Ary nony vita izay dia mamadika ireo Mati-an'iritra.

Ary ny manao fasana dia mahalany be: Ariary 50, na 80, na 100, na mihoatra izany aza, dia isehoana ny hoe: *Tsara ny haren-kita Fasana*: fa nahavita trano be soa ipetrahana ny Nofo, fa ny Fanahy lasa nodi-mandry. Koa Voninahitra ny olona ny Fasana vita tsara. Ary dia amy ny Fasana indrindra ny Voninahitra sy ny Henatra: dia amy ny Fati-ndRazana raha tsy mifono lambamena ka tsy misy Fasana andevenan'azy, k'izany no anaovan-javatra. Ka raha be harena hianao mitafy lambamena hianao, ka ny hava'nao tsy milevina ao ampasana fa an'iritra, dia henatra lehibe izany.

MAMADIKA NY MATY AN'IRITRA. Dia mivory ny Mpianakavy sy ny Famatonkavana, dia mandoa vola *SaodRazana*, — na Voamena na Kirobo & ... isany ny Mpianakavy—'amidy lambamena sy omby. Dia mamono omby atao hoe *Ombi-vadika* na *Ombi-saotra*, dia fono-

Digitized by Google

sin-damba ny Maty, — na lamba iray na roa & . . . arak' izay ananana — dia entina hankao amy ny Fasana vao vita *Izy daholo*. Ary malahelo kandrefa mifaly koa amy ny izany ny Havana, ary *Fisaorana* no fomba ny io omby vonoina io. Ary raha faty vaovao ny maty eo an'iritra, dia ny omby vonoina atao hoe *Hena ratsy*: satria malahelo ny mana-maty, izany no anaovana hoe *Hena ratsy*, fa miharo *Alahelo*.

Ary ny Ankizy n'olona raha manan-kavana nahavita Fasana izy, dia milevina ao amy ny FasandRaza'ny; fa raha tsy manam-pasana izy, dia anaovana fasana eny an-tanety eny.

Ary raha misy Tany itoerana ny olona maro Foko ny, ka mandeha misaraka isam-Poko ny hifindra amy ny Tany hafa izy, dia enti'ny ny Fati-ndRazana homba amy ny izay onenana — na tonga *Vovoka* aza dia enti'ny hiany, — ka fonosin-damba indray ka vao anaovana Fasana amy ny izay itoera ny, ary ny anarana ny Fasana io dia atao hoe *FasandRazana*.

Ny tsy atao am-PasandRazana. Ny *Mpamosavy* dia tsy azo atao am-pasandRazana, fa alevina amy ny tany ratsy foana izy, atao marivo ny lavaka andevenana azy, ary tsy talonina raha alevina fa tarihina kosa amy ny Mahaza'a no fanao azy. Ary ny mpamosavy kosa atao *Mianatsimo loha*, satria ratsy fomba izy, ka tsy mba atao mitovy amy ny Vahoaka.

Ny maty *Am-Pinomana* no namany ny Mpamosavy, fony nanjakandRadama Rainy ka ny fampinomana no tonga fanao.

Ary ny tsy azo atao am-pasandRazana kosa, dia ny *Maty meloka* rebetra. Raha tsy ny Teniu'Andriana no mis[illegible]tra ma[illegible] hoe: *Aleveno ireo meloka ireo*, dia tsy azo atao am-pasandRazana ireo, fa raha manao am-pasana ireo *Meloka* ireo dia veri-vady veri-zanaka, dia tapahina ny loha ny; ary ny didimpanjakana no

Digitized by Google

tsy azo anaovana azy ao am-pasana, fa mafy ny didimpanjakana amy ny ireny. Koa tsy azo idirany ny olo-meloka ny Fasana raha tsy ny Tenin'Andriana mamotsotra azy. Koa ny *Tapahin-doha* sy ny *Torahambato* sy ny *Lefonina* sy ny *Doroana* sy ny *Mati-ampatorana*, sy ny *Maty an-tadimody*, sy ny *Alatsak'ankona* &... dia tsy atao am-pasandRazana raha tsy misokatra ny Tenin'Andriana.

Ny *Havan'Andriana* sy ny olona *Tsimatimanota*, raha diso amy ny didimpanjakana ka mahafaty ny ai'ny, dia tsy alatsa-drà fa alatsaka *An-kona*, izany hoe *Anaty ny fotaka marihitra lalina* izy. Ary ny tadimody ho any izay *Zanak'Andriana* diso amy ny didim-panjakana. Ary ny *Miaramila mitsoaka* amy ny Orim-bato natao ny doroana. Ary ny mety ho meloka ka vonoina, na tapahin-doha, na lefonina, na torahambato, &... raha *Maty aman-kèloka* dia tsy mba alevina am-pasandRazana. Ny olona ratsy fanahy raha misy vonoina, dia avela *Hiely faty* ho haniny ny Papango amam-Borona, na ho lany ny alika eny. Ary raha lefonina ny meloka dia ny olona rehetra izay tonga eo no mandefona. Ary ny olona toraham-bato, dia izay rehetra tonga eo hiany koa no mitoraka azy. Ary ny olona mangalatra any antsena, --- na mandidy lamba na mangalatra zavatra hafa, --- dia enjehiny ny olona rehetra izy, ka raha azo dia atao ny maty. Ary ny olona tapahin-doha sy ny olona doroana, dia ny *Roambinifolo Lahy* no manao.

Ary ny amy ny Roambinifolo Lahy : Dia *Mpanapadoha* ny olo-meloka, izany no anjara fanompoana nomeny Andriana azy. Dia eotina amy ny Andriambaventy ny olo-meloka, dia ampakaran-teny, ka raha miverina ny Tenin'Andriana, --- raha tapahindoha ny meloka, --- dia ny Roambinifolo Lahy no irahin'Andriana hanapaka ny loha ny. Antsy maranitra no enti'ny manapaka ny loha ny. Ary raha vao

Digitized by Google

manapaka dia lelafina kely ny ra ny, ary ny hovitra ilelafa'ny ny ra ny, tahaky ny manao hoe : *Samy rano no mody olona*. Izany no ilelafa'ny ny ra ny, fa fanompoana ka tsy azo ny avela.

Ary ny fomba ny meloka taloha koa, raha olona be *Odi-mahery*, dia tapahina ny loha ny ka abantona akeky ny tany fonena'ny, ambara-pianjèra'ny. Ary dia ahantona ny tapahin-doha rehetra, ery Ampanantonandoha na etsy avaratra Ambatofotsy; ary iry Ambatotsimahasoaolona sy any Fiadanana no anapahana ny loha ny.

Digitized by Google

XIII.

ANDRIANTSITAKATRANDRIANA.

TEO ANTANANARIVO.

1° Ny Zana'ny roa lahy Andriantsimitoviaminandriana sy Andriamanjakatokana. Andriantsitakatrandriana no nisehoany ny *TANIM-BARY* eo *BETSIMITATATRA*.

2° Kasa hanasina an'Andriamanjakatokana eo Ambohitrakely sy Andriantsimitoviaminandriana eto Antananarivo, hatao Ny toeran-jaraina.

3° Ny nandosirandRafoloarivo mianaka: Ambohitrinimanjaka no nijanonany Rafoloarivo, ary Andriamanjakatokana nanoa, eo Ambohitrinimanjaka no milevina.

4° Ny amy ny Tanim-bary Voalohany eo andohasaha sy any Alasora. Fomba fanao amy ny *ASA-TANIM-BARY* nentindRazana.

5° Fomba ny Heniheny aty Merina. Ny amy ny Zozoro sy ny Herana sy ny Laokandrano: Zavatra nanary fomba ny Heniheny rehetra. Fomba amy ny Lakana nentindRazana.

1° Ny nanjakan'Andriantsitakatrandriana vadindRavololontsimitovy niteraka an'Andriatsimitoviaminandriandehibe teo Antananarivo. Ary Rafoloarivo niteraka an'Andriamanjakatokana, fa vady kely n'Andriantsitakatrandriana Rafoloarivo.

Ary hoy Andriantsitakatrandriana: *Mandehàna hia-*

Digitized by Google

nao, Rafoloarivo, fa hanao ny sakeli-drano isika izay hahavary ity Heniheny hetrina Betsimitatatra ity.

Dia nanao ny Fefiloha andrefan' Ankadimbahoaka izy, ka natsato'ny eo Ankeloka: dia izao andrano ratsy 'zao, dia nisy azo ho vary an-kay be: dia *Tanimbarin' Andriantsitakatrandriana*: dia izany no nahavary any Betsimitatatra rehefa vita ny Fefiloha.

2° Ary raha vita ny Fefiloha, hoy Andriantsitakatrandriana: *Mandehàna indray hianao, Rafoloarivo, manasina an'Andriamanjakatokana eo Ambohitrakely, ka ova'ko Ambohitrandriana no anara'ny.* Ary hoy Rafoloarivo: *Miangatra Hianao: Izay Vehivavy ka hahasina Andriana?* Ary hoy Andriantsitakatrandriana: *Aza manao izany hianao, Rafoloarivo, fa toeran-jaraina, fa Izaho kosa hanasina an'Andriantsimitoviaminandriana eto i Alamasina an-tampon'Antananarivo.*

Ary dia nandeha Rafoloarivo. Ary nony nampilanona teo andrefan-Tanàna Rafoloarivo, tsy nisy niandry Vohitra teo Mahatsinjo, fa lasa nizaha lanónana avókoa ny olona, ka no doran'Andriantsimitoviaminandriandehibe ny trano be, ka may avokoa ny Vohitra, fa soudriana nilanona teo an-tsaha ny olona rehetra. Ary hoy ny nahita: *Tompokovavy o! Jereo itsy lozabe, etsy ambony atsinanana.* Ary gaga Rafoloarivo raha nijery, dia nihiahaka ny Vahoaka, ary dia lao Rafoloarivo mianaka nandositra nianavaratra.

3° Ka nony mby teo iLafy nandon-trano ny olona nanao hoe: *Vohay izahay* — ka tsy nisy namoha; ka nandeha indray nankany Mahatsinjo atsimo n'Amboatany ka nanao hoe: *Vohay izahay* — ka tsy nisy namoha indray; ka nilatsaka amy ny iny alina iny teo

Digitized by Google

Ankosy, ka any Ambohitrinimanjaka vao niafitra, tonga tany vao maraina ny andro, ary hoy Andriamanjakatokana: *Izaho ry Neny, ho amy ny iry [tendrombato atsimo iry*. Ary dia nanontany ny olona izy: *Aninona kosa no anarany iry Vato iry?* Ary hoy ny olona: *Anosivato*. Ary hoy kosa Rafoloarivo: *Aoka aho ho eto, fa mandehana hianao raha ho eny*. Ary Andriamanjakatokana dia milevina ao Ambohitranimanjaka ary nandehanany ny Olona tato aoriana ny Fasa'ny: *Handeha izahay hivavaka amy ny Andriamanjakatokana*, hoy ny olona raha merika ny andro &.

4° Ny amy ny Tanim-Bary Voalohany eo andohasaha sy any Alasora. Fomba fanao amy ny asa-Tanim-bary nentindRazana.

Andriantsitakatrandriana no nisehoany ny Tanimbary eo Betsimitatatra. Tamy ny andro teo aloha, raha ny teo Betsimitatatra dia *Zozoro* sy *Herana* sy *Kirikitrala* no naniry teny, ary tamy ny andro tato aorjana raha nonina taty Antanauarivo Andriantsitakatrandriana dia hoy izy: *Monina aNosin-drano isika*: *Ataovy izay hahavary ity Betsimitatatra ity*. Ary dia no heveriny izay hahavary any Betsimitatatra. Dia nijinjàny ny Kirihitrala sy ny Zozoro sy ny Herana. ary dia nanao Fefiloha iny atsimo iny izy, ary dia natombo'ny any Andriantany ny Fefiloha, ary dia natao Ny Tanimbary i Betsimitatatra andrefan-Antananarivo. Ary izao sisa n'izao dia Heniheny be, ka ny Andriana tato aoriavao naha-Tanimbary azy daholo.

Ary ny Fefiloha avaratra Alasora dia izay Andriana taloha nonina tany Alasora no nahavita azy, ka no volena vary ny Heniheny no vinaky amy ny nanaova' ny ny Fefiloha]; ary dia no zarai Ny amy ny Vahoaka hatao Vary raha vita: *Fa any Andriana ny Tany ka tr'amy ny izay nisehoana my Andriana*.

Digitized by Google

Ary izay Lohasaha vita ny olona tany aloha dia Fanimbary *Voalohany* izany, ka niaraka tamy ny olona ela ny nisehoana ny Tanimbary sy ny *Asa-tanimbary*: Raha tsy misy ny hanina, dia tsy ho velona ny tany aloha, ka misy ny hanina, k'izany no nahavelona azy, ary ny Tanimbary sy ny asa no nahavelona azy. Ary izao no fomba ny *Miasa Tanimbary*, fomba hatr'amy ny ela hatr'amy ny izay nisehoany ny olona.

Ny miasa Tanimbary. Dia *Fahavaratra* no anetsàna Tanimbary ary fambolena ny Voly an-tanety, fa ny *Vari-aloha* vao hevitra tato aoriana. Ny Rano n'orana avy any an-danitra no nanetsany ny Ntaolo, fa tsy azo atao *Ririnina*, fa maina ny Tany raha Ririnina, fa vao tato aoriana no vao nisehoana ny *Ketsa-Ririnina* raha nanjaka i Andrianampoinimerina nahavita Fefiloha nahavary ny eny avaratra eny, sy nanao *Famorian-drano* hanetsana raha Ririnina. Ary *Lohataona* no amafazanketsa sy iasana ny Tanimbary, ary *Fahavaratra* anetsana azy, ka raha efa-bolana izy dia masaka, dia jinjána raha *Fararano*.

Ary ny atao hoe *Ketsa*: dia ny *Vary akotry* nafafy amy ny Tanimbary, ny Lohataona no amafazan'azy. Raha Tany ratsy maharitra efa-bolana, raha amy ny Tany tsara izy, raha telo volana dia azo aketsa. Ary ny rano n'orana no andrasana anetsana azy, fa raha tsy misy ranonorana tsy azo aketsa, dia miandry ao ny Ketsa raha tsy misy orana. Ary ny *Asa-tani-ketsa*: dia atao trano-n'Ondry, dia akoro, dia idiran-drano, dia vakin-doha, dia alámaka, dia asian-jezika, dia fafazanketsa, dia totofan-jezika, dia maniry, dia *Vary* no anara'ny, dia avotana, dia aketsa.

Ary ny amy ny *Tanimbary ketsàna*, raha Lohataona dia asaina sy asiana zezika; raha Fahavaratra, koa misy rano, Vakin-doha ny Tanimbary; dia ketsana, dia maniry ao.

Digitized by Google

Ary ny fomba fanao amy ny *Asa-tanimbary*: dia atao Tora-tady aloha, dia soritsoritana, dia ampifanaingenina atao Tohatohatra ny sisiny manodidina sy akarina amy ny Valamparihy, ary ny Baingia anaovana Soritsoritra ataingina ambony ny tsy voa asa. Dia avela ho maina vao montsanina, dia asian-jezika, dia asaina. Ary miandry fotoana anetsana azy. Ary efa tonga ny andro hamakian-doha, dia ampidiran-drano izy halemy, dia tombohin-doha, dia hosena, dia ketsàna, dia maniry. Ka zahàna raha maitso, dia avàna esorina ny *Adala-vatana* na Poakàty, sy ny *Tsiparifary* sy ny *Telorirana* sy ny *Tsiriry*, sy ny ahitra *Volon-drano*, sy ny karazana Ahi-dratsy rehetra. Dia tsara faniry ny Vary, dia manitatra, dia bevóka dia miambozombola atao hoe *Mitohatra*, dia mampilefa reny, dia manjozorobe, dia miondri-dreny, dia miteraka; rehefa tapiteraka dia miondrika, dia mena, dia mampandaingia zaza kanjo mbola manta ny foto'ny. Ary rehefa masaka daholo (rehefa miondrika izy raha lany andro iray volana dia masaka) dia mindrana olona hijinja azy; dia mahandro vary am-pamoaka, dia mahandro laoka, — ary raha karamaina ny mijinja Vary dia Vola no omena azy, — fa Fanaon-dRazana ny fampindrana amy ny fanaovam-Bary. Rehefa voa jinja dia mipetraka miandalandalana, dia avela ho maina am-boaravoara, dia taomina, dia atao am-pamoloana, dia atonta. Ary rehefa tonga ny andro ivelezana azy, dia mindran'olona indray hively azy; ary rehefa voa velv, ny Mololo dia fehezina am-boarany, ary ny Vary dia fakoina ny ahitra amy ny, dia ahahy, dia kororohina ho afaka ny Akofa izay Vary ratsy tsy misy aty. Ary dia mindran'olona indray hitaona ny Vary ho any an-Tanána; dia rehefa voa taona dia alevina amy ny *Lava-Bary*. Ary ny fomba ny Lava-bary: dia fitahirizana ny *Vari-akotry* ambara-pahalany. Ary ny Ntaolo tany alatrano ny Lava-bary ny, ary ankehitriny atao any an-

Digitized by Google

trano ny sasany. Ary raha vao ihinanana *Voalohany* ny *Vari-vaovao* dia misambasamba hoe: *Sambasamba Andriamanitra Andriananahary! Ho arivo tratry ny taona!* Ary dia miteny daholo ny Mpianakavy rehetra manao izany, dia asiana *Tantely* ny Vary rehefa manitra, dia atao antampon-doha Vary masaka kely vao miteny. Ary raha Varialoha no jinjana ka be rano ny Tanimbary, dia taomina, eo no eo hiany no itaomana azy, dia taomina amy ny Lakana angaloha; rehefa mby any an-tanety dia vao taominy ny olona, dia atao ny am-pamoloana, dia avela *Hitsika* tsara eo ny rano; rehefa maina izy dia antontaina indray izy vao velezina.

Ary na ny *Miasa* ny Tani-ketsa sy ny Tanimbary, na ny *Mamafy* ketsa, na ny *Manahy loha*, na ny *Mihosy*, na ny *Mijinja*, na ny *Mivoly*, na ny *Manao Lavabary*... izany no anjara ny Lehilahy. Ary ny anjara ny Vehivavy: dia *Mitaon-jezika*, sy *Miavo-ketsa* sy *Manetsa* sy *Miava-vary* sy *Mitaom-bary* sy *Mively* kosa (miara-manao ny Lehilahy sy ny Vehivavy) sy *Manahy* sy *Mikororòka* s. *Mandevim-bary* andavaka... izay no azy hatr'amy ny eia izany; ary *Mandoa-bary* an-davaka, azy kosa, afatsy ny bevòka.

Ary ny Vary misy ny *Vari-rojo*, misy ny *Vari-madinika*, misy ny *Vari-Fato* sy ny *Vari-Maintisomotra* sy ny *Tokambàny* sy ny *Botri-vaventy* sy ny *Lavarambo* sy ny *Lavo-an-tani-ratsy*, misy ny *Rojofotsy* &. Izany no karazany ny Vary aty ambony. Ary ny Vary Lavoantaniratsy sy ny Rojo no *Mena*, kanjo azo fotsiana hiany raha totoina ela ka fafazan-drano kely foana; ary ny sisa n'izay dia *Vari-fotsy* daholo, ary ny fitotoana azy hiany no mahafotsy azy *Mangatsakatsaka* tahaky ireny na be na kely.

Ary ireo Vary rehetra ireo misy ankehitriny fomba roa ny fambolena azy: dia ny *Vari-aloha* sy ny *Vari-vaki-ambiaty*. Ny *Varialoha*, afafy Ririnina, ka ake-

Digitized by Google

tsa Lohataona, ary jinjàna amy ny Fahavaratra. Ary ny *Varivakiambiaty*, afafy Lohataona, ka aketsa Fahavaratra, ary jinjàna amy ny Fararano; ary ny anarany hoe *Vaki-Ambiaty*: *Vaky* tokoa ny Vony ny *Ambiaty* no amafazana ny ketsa, k'izany no maha-*Vari-Vakiambiaty* azy.

Ary ny Tanim-bary sy ny Tani-ketsa dia ketsana indray mandeha hiany, dia jinjàna, dia 'zay no izy, fa *Kolokòlo* no sisa: fa tsy mba vary ny kolokólo. Ary ny Tani-ketsa dia fafazan-ketsa, dia avótana, dia ketsána, dia jinjana, ary kolokolo indray no ao, fa tsy vary ny kolokolo.

Ary ny fomba ny Vary, dia *Ambony ny zava-pihinana rehetra*; ary ny *Laona* fitotoana azy sy ny *Fanoto* ary ny *Sahafa*, dia fomba ny Trano ny olona rehetra.

Koa rehefa voa levina dia hadina, dia afátra, dia aháby, dia atao amy ny Vilany be na amy ny Sobiky. Raha vita izany dia maka ho hanina, dia afatra amy ny *Fatam-Bary* atao arak'izay antonina hahavoky ny olona izay ao an-trano, dia haroina, dia maivoka. Dia ahofa, ary tsetsehina, dia ahofa indray, koa fotsiana; dia ahofa indray dia fotsy. Dia afátra indray ka very sasaka: *Fa indroa ny Akotry dia erany fotsiny hiany*. Raha vita i amy dia andraboina. Ka rahara-hamBehivavy izao rehetra izao ambany ny *Maka kitay*, ary Rafotsibe na Rangahibe no *Misoron'afo*, 'ndrefa ny Ankizy hiany no fototra ny Mpisoron'afo na Ankizi-lahy na Ankizi-vavy, ary ny Antitra dia *Mpamindro*, koa maneky ho mpisoron'afo. Ary ny *Fahela* ny indray mahamasa-bary natao ny Ntaolo marika famantarana ny zavatra haingiana (†).

(†) Ny fotoana ny Fahela: Haingana indrindra, dia *Indray mipi-maso*, dia *Poa-to'izay*, dia *Miarak'amy ny vava*, dia *Indray mitono Valala*, dia *Indray mahamahasa-patsa*, dia *Indray mahamasa-bary*, dia *Indroa mahamasa-bary*, dia *Tapakandro*, dia *Indray andro tontolo*.

Digitized by Google

Ary fomba indray fanaovana ny Vary: Raha misy olona tonga Havana, na tonga Vahiny fa *Havana ny Vahiny*, fa ny fanao ny Olona taloha tsy misy hafa, ny olona rehetra natao ny Havana daholo; koa raha mandalo na miara-dalana, dia mifanao *Akory* na *Tsara hiany*, dia mifampiandrano ka manao hoe: *Miandranoa hanovam-bary Tompo ko Lahy*, (na Tompoko Vavy). Ary raha miandrano iny olona iny, dia mikorapaka izy Mianakavy, dia manao vary ho any ny Vahiny Ravehivavy. Koa izany no fanao hatr'amy ny Ntaolo taloha ka hatr'ankehitriny, dia atao io fomba fanao io na amy n'iza na amy n'iza, fa indrindra ny Havan'akeky. Ary rahefa tapi-homana ny Vahiny ka voky, dia misaotra, dia faly ka manao hoe: *Ho tahin' Andriamanitra isika rehetra! Fa manan-kavana tokoa Lahy manan'anareo*. Dia miresadresaka. Ary nony efa hody ny Vahiny dia manao ity oha-bolana ity hoe: *Manao soa Vahiny ka raha voky izy dia ilaoza'ny*. Ary dia homehy ny Tompon-trano sy ny Vahiny amy ny izany. Ka raha mitsangana ny Vahiny handeha, dia miteny ny Tompontrano manao hoe: *Aoka handry anio Tompokolahy, fa mahafinaritra ny miara-mikorùna amy nareo*. Ary raha tsy mety ny Vahiny dia mifanao *Vèloma ho tahin'Adriamanitra*. Ary raha mety mandry ny Vahiny, dia anaovana nahandro tsaratsara kokoa noho ny teo, ary amelarana fandriana tsara izy. Ary nony maraina dia *Miera handeha* ny Vahiny, ka miteny indray ny Tompontrano manao hoe: *Aoka hisakafo vao handeha hianao*,--- fa izy tsy mitàna azy intsony.--- Fa izany no fomba fanao amy ny izay olona ampiandranoina na amy n'iza na amy n'iza.

Ary raha Olona mipetrapetra-poana ka tsy manan' asa na raharaha, ka raha miandrano amy ny Sakaiza izy, dia tsy maintsy anaovana nahandro tsara izy; ka raha misy ny olona tsy dia mikovitra loatra fangy nanaovana nahandro tsara izy, mahafinaritra ny Tom-

Digitized by Google

pontrano ny nihaonana voalohany, ary dia raha tamána loatra izy noho ny fitondrany ny Tompontrano azy, dia tsy maintsy miova hevitra kely ny Tompontrano: dia tonga sosotra kely ny fo ny aza, satria manam-Bahiny matetika izy na mipetraka ao amy ny ley Vahiny. Izany no nilazany Ntaolo ohabolana manao hoe: *Asesika ny fitia sy ny hanina izy, ka tsy mahalala Masoandro ho faty.*

Ary izany koa no fomba ny Olona aty: Raha misy Vahiny avy ka sendra masaka ny Vary dia mampiditra azy hihinana: *Mahatrá masaka tokony hihinana, avy tsy nasaina asesiky ny Razana*, hoy ny teny ny Ntaolo. Ary raha mandalo ny Vahiny an-dalana dia: *Miandranoa*, hoy izy, *faza mandalo Tanà-misy Havana: Ny fo tsy mandringa, ka raha mandalo dia mitsidika hiany.* Ary ireo fomba taloha ireo mbola tánany ny olona hiany ankehitriny.

Ary fomba hafa indray fanaovana ny Vary, dia izay ambina ny fivelomana dia amidy ny hatao ny fanana na, satria mihoatra tokony tsy ho lany amy ny herintaona, dia amidy izy hatao fananana na hividianana zavatra samy hafa any an-tsena.

Ary misy ny olona sasany na manangona na mamboly Vary amidy ny, hila'ny ny tombo ny, dia antsinjara: Afatra eny an-tsena no foto'ny, ary ny Vary afatra dia mivoaka isam-Pahenina arakizay vidiny ny Mpividy, na Vary firy na Vary firy no vidi'ny, na dia Fahenina aza dia afatra hiany.

Ary ny *Vary iray*, inenina ny Vata. Ary ny *Vary* zaraina midina: raha zaraina roa dia *Tapa-Bary*, raha teloina dia *Fahatelom-Bary*, raha efarina dia *Fahefa-Bary*, raha dimina dia *Iray Vata sy fahadimin-pahenina*, raha enemina dia *Fahenim-Bary* na hoe VATA.

Ary ny *Vatà* zaraina midina: raha zaraina roa dia *Tapa-pahenina*, zaraina telo dia *Fahatelom-pahenina*,

Digitized by Google

zaraina efatra dia *Fahefa-pahenina*, zaraina dimy dia *Fahadimim-pahenina*, zaraina enina dia *Fahenim-pahenina* & , ambara-pahatonga amy ny *Fahefatrambiro-ampolom-pahenina*, faranv indrindra ny famaram-Bary rehetra: izay no *Fatambary* Kapoaka ny Malagasy, ka raha teloina io vao izay no Kapoaka fanao ny Vazaha aty. *Vary iray* raha mora ny Taona dia *Sasanangy*, Vary telo no Ariary.

Ary ny *Reni-Vary* mahamora ny taona izao ankehitriny izao dia *i Betsimitatatra* : satria izy no *Reni-Tanimbary rehetra*, mandray sy mitondra any Kiopa fangalandrano anetsana, ka raha vokatra tsy maintsy ho mora ny Vary. Ary ny manarakaraka any Betsimitatatra dia: *Andranomasina* atsimo n'Ambohimanga, sy *Ankosy* any Merimandroso, sy *Moriandro* atsinanan' Ambohimirimo. Ireo no Reni-vary kosa, ka raha vokatra daholo, tsy misy takalo ny Vary : *Vary roambinifolo* no Ariary. *Eran'Ambatry* no Fahenina.

Ary ny *Tanimbary malaza* eo Betsimitatatra: dia eny *Ambohimanarina* sy *Ambohitrinamanjaka*,ireo no Vary mahatra-po ka atao hoe: *Lava-bary n'Antananarivo*, na hoe *Sompitra Antananarivo*.

Ary ny rano ny Kiopa no anetsana ny Varialoha , alaina ny Olona rehetra hatr'any Alasora hatr'any Antanjombato hatr'any Anosizato sy Ambaniala sy Ambohidrapeto sy Ambohimanarina, ka hatr'any Ambohitranimanjaka sy Anosimanjaka: izao no maka iny rano i Kiopa iny anetsana Vari-aloha.

5° Fomba ny Heniheny aty Merina: Azo angalana Laokan-drano hihinánana ny Vary. Ny Zozoro sy ny Herana no nitrangána ny Rary sy ny Tsimina sy ny Tsindrika. — Fomba amy ny Lakana sy ny Záhitra.

Ary ny fomba ny Heniheny koa, na dia tsy azo tao Tanimbary aza, misy ny hevi'ny hiany fanta'ny

Digitized by Google

Ntaolo, satria fa maniry ao: Ny *Trondro* mainty vaventy, sy ny *Toho*, sy ny *Patsa*, sy ny *Tsindretra*, sy ny *Ondri-ndrano*, sy ny *Fangorinana*, sy ny *Tsikóvoka*, ary indraindray aza misy *Amàlona*... Izao no hevi'ny: *Azo angalana Laoka indray hihinanana Vary* ny Heniheny. Ary tato aoriana, dia vao naniry mdray Trondro hafa kosa indray na *Mena* na *Vanga* ny Henineny. Ny anarany ny Trondro mainty izay taloha dia atao hoe *Fono*, ka misy trafo ny izy.

Ary ny fangalana ireo *Laokandrano* ireo: na asiana *Vovo*, na tsihifina amy ny *Tandroho*, na jonoina amy ny *Fintana*, na *Atosika*. Ary ny manihika ny *Vehivavy* no mpanao azy; ary ny mamovo sy ny mamintana sy ny manosika, dia fomba fanao ny *Lehilahy* izany.

Ary Rahefa afaka ny Vari-aloha dia ao indray ny Laokandrano, satria fa be rano ao ka mivory ao ny Laokandrano: dia ny Trondro sy ny Laoka madinidinika. Ary nony efa kelikely ny rano dia *Atosika* ny olona ireo Hazan-drano ireo, dia azo ny daholo: dia mahazo an-tSobiky. Ary dia amidy ny avongàdy ny, dia vidina ny Mpaninjara (mpivarotra an-tsinjara), dia mila tombo ny izy; dia tonga harena isantaona ny Hazandrano rehetra azo ny amy ny Tanimbary. Ary ny malaza indrindra amy ny Heniheny ireo misy Hazandrano ireo, dia eny *Anosikely* sy eny *Ambohitranimanjaka* sy eny *Ambohimanarina*: izany no tany be azy, sy amy Renirano ridritra.

Ary izao koa no fomba ny Heniheny dia azo angalana Laoka hafa indray hihinánana Vary, fa eo ny *Voronandrano*, sy ny *Vano-fotsy* sy ny *Vanomainty*, sy ny *Voro-potsy*, sy ny *Talèvana* sy ny *Hangàka* sy ny *Harosy* na Haralahy, sy ny *Faralàmbotra* sy ny *Fotsielatra* sy ny *Kitanotàno*, sy ny *Tsiriry* sy ny *Vivy* sy ny *Hórika*. & Ary ireo rehetra ireo dia fihinana daholo, ary ny Vivy tokana tsy mba tia'ny Malagasy ho hanina: satria fa mirekitra ny tongo'ny, ka ma-

Digitized by Google

lemy tsy afaka handeha an-tanety, izany no tsy itiava'ny azy. Ary ireo rehetra ireo dia Laoka maniry amy ny Heniheny indray, ka mahatonga ny Heniheny rehetra aty Merina ho fahazoam-Bola, fa amy ny Vola no farana ny hevitra rehetra dia Vola daholo no farana, dia tonga fananana izy.

Ary amy ny izany iny Heniheny Betsimitatatra iny no heveri'ny Andriantsitakatrandriana: Atao Tanimbary, dia misy fananana: Avela ho Heniheny, dia maniry Laoka: Ary raha misy Herana sy Zozoro dia tonga fananana indray, fa tonga misy zavatra be hevi'ny.

Ny Zozoro sy ny Herana dia fomba ny *Trano:* satria ny Trano tamy ny Taloha, ny Tanàna akeky ny Heniheny [dia Zozoro atao *Rindrina* sy *Varavarana*; ary izay lavitra, ny mahataona Zozoro dia manao *Trano-zozoro*, ny tsy mahataona dia manao Trano-tany, ny manan-kàrena dia mividy Hazo manao Trano-kotona, sy mividy Volotsangana atao Rindrintrano. Ary ny *Tafon-trano* raha akeky Heniheny be Herana, ny *Herana* no atafo azy; ary raha lavitra ny Herana, dia Bozaka na Horona, na ny Horom-potsy na ny Horon-drano no atafo azy.

Ary ny Zozoro sy ny Herana no nitrangàna ny *Rày* sy ny *Tsimina* sy ny *Tsindrika*.

MANDRARY. Ary ny Fandrariana mandrary ny *Tsihy* sy ny *Harona*, dia ny Vehivavy no manao. Ary ny fomba ny atao hoe *Tsihy*: dia atao *Fandriana*, na atao *Temitra* ny trano &.&. Ary izao no fomba ny *Harona* kosa: dia *Fitahirizan-javatra*, na *Fitondran-javatra*, na *Fitaomam-bary*, na *Fitaoman-tany*, fa indrindra atao *Fitaoman-davenona* sy *Famaran-javatra*.

Ary ny amy ny *Mandrary*: Dia alaina ny *Zozoro*, dia torina, atao *Tsihi-vitrana* dia torina vaventy, na atao *Sobiky* koa, na atao *Harona-Fandrairay* &.., dia

Digitized by Google

órina, dia rarina. Ary raha atao *Tsihi-hisatra*, dia torína madinidinika, dia esorina tsara ny aty ny, dia órina tsara halemy, dia rarina izy: atao *Tsihi-haingio* ny trano, dia atao *Temitra*, dia anaovana *Tsihi-fandriana* sy anaovana *Tsihi-fitoerana* koa, sy anaovana *Tsihi-fandrairay fanajam-Bahiny* raha misy Vahiny, miditra sy *Haro-kisatra* atao fitoerana entana madiodio... dia anaovana ny *Harona madinidinika* rehetra: dia ny *Harom-pamolesany* ny Vehivavy atao mifanarona, sy ny *Harona-fividianana* nahandro any an-tsena sy fitsongoana anana eny autsaha an-tanimboly eny. Zay no fomba ny *Zozoro amy ny rary*, ary ny Vehivavy no manao azy.

Ary izao koa no fomba anankiray ny *Zozoro* ka ny Lehilahy kosa no manao azy. Jinjàna ny antitra, dia ahahy ho maina, ary rehefa maina dia tohizina amy ny Fantáka, atao *Varavaran-jozoro*; dia akambana roa sosona, dia zairina, dia mahavita betsaka, dia amidy ny: dia atao *Rindrin-trano* sy anaovana *Efi-trano*, sy anaovana *Tataro* rihana tapany atao hoe *Voniafo*, ary dia anaovana *Rindrim-baravarana* koa, ary anaovana *Fefi-kototany* koa. Ary ny Zozoro koa izao kosa no fomba ny: atao *Fanjairana* ny tafontrano na ny efitrano, ka *Rindra* no atao anarana ny fanjairan-trano.

Ary ny amy ny *Herana* koa, misy atao ny Vehivavy *Rary* hiany koa, dia ny *Lahinkerana* na atao ny *Sobiky* na atao ny *Harona* madinidinika, na atao ny *Tsihi-tambàlana*: dia ny Lahinkerana no anaovana ireo rary ireo, tsy azo atao tsimina io; ary ny Lahinkerana dia ny Herana madinika malemy ka azo rarina. Ary ireo no fomba ny taozavatra atao ny Vehivavy avy amy ny Herana. Kandrefa na samy rary aza, tsy mitovy tarehy izy sy ny *Rindra-zozoro* fa tsara ny Rindra.

Manimina. Ary ny *Herana vaventy* koa dia atao ny Lehilahy ny taozavatra: *Tsiminina* zairina amy ny

Digitized by Google

Fantàka, ary rehefa mahavita betsaka izy, dia atao ny am-boarany, dia amidy ny any an-tsena, dia vidiny olona koa anaovany ny *Tafontrano*: dia Zairina izy rehetra hitambatra, ny Mpanindrika no manao izany.

MANINDRIKA SY NY MANETY. Ny atao hoe *Manindrika*: Ny manjaitra ny Tsimina amy ny Rafi-Kazo: ny Rindra sy ny Herana no anjairana azy; ary rehefa vita *Tsindrika* dia avela isiana ny Orana, rehefa esiana ny orana izy vao izay no hetezana, fa mifitsaka amy ny izay ny tafontrano ka vao izay no azo hetezana, ary rehefa voa hety dia tsara.

Ary ireo fomba rehetra ireo amy ny Zozoro sy ny Herana, dia fomba nentindRazana hatramy ny voalohany ka mandrak'ankehitriny mbola tsy miova hiany ny hevi'ny. Ary na betsaka aza ny Zozoro sy ny Herana amy ny Heniheny sasany tsy azo atao Tanimbary, dia mbola be hiany no mamboly anaova'ny ireo zavatra rehetra ireo, ary ny any Mpamboly dia tonga fananana ny farany. Ary misy ny Tanimbary ny sasany tsy mba ambole'ny Vary, fa Zozoro sy Herana no ambole'ny eo: satria fa eo atao ny haingiana ahazoa'ny Vola noho ny Vary maniry eo, fa ny Zozoro sy ny Herana tsy mba asaina ny tany ka tsy mba manahirana loatra izy, tsy mba asiana zezika: fa velona fotsiny amy ny 'zao hiany ka maniry, dia jinjána isantaona, ary dia mahazo Vola noho ny Vary ambole'ny eo. Koandrefa ny farana ny Heniheny dia atao Tanimbary hiany fa mitombo ny isa ny olona.

Ary to'izao ny anaovan'azy ho Tanmbary: Raha mbola lalina ny rano ka tsy azo atao Tanimbary dia asiana hevi'ny: na ambolena Zozoro na Herana tia'ny Tompontany hitombo ny tany, ho azo ny vody ny Herana na ny vody ny Zozoro, dia *Mihavo ny tany*. Ary rehefa avo izy; dia amboarina ampiana tany kelikely, dia azo atao Tanimbary indray izy. Fomba ny Heni-

Digitized by Google

heny koa izany.

Ny Zahitra sy ny Lakana. Ary ny *Zahitra* natao ny Ntaolo fitàna voalohany, vao tato aoriana ny nisehoana ny Lakana. Ary ny atao hoe *Zahitra*: ny Zozoro no fehezina betsaka sy ny Herana sy ny Bararata... izany natao ny fitana tany aloha, ary ny tongotra no mivoy azy sy ny tànana, ary taingenana ny Olona any ambony. Ary ny *Lakana* dia zavatra ela taty. Andriamanelo, hono, no nahitàna ny Lakana nony efa hita Ny ny vy handoahana azy. Ny Hazo vaventy no ho jinjàna, dia iny no amboarina atao Lakana. Ary ny Lakana tsy mba zavatra arafidrafitra fa Hazo tokana hiany, loahana ny aty ny, dia avela izy ho maina, dia amidy ny olona mpanao azy atao ny filány ny Hariana. Tsy ny olona rehetra no mahay azy fa ny olona izay mahay azy hiany, ary izay Hazo mafy sy maivana no atao ny: dia *Varongy* sy *Vintànina* zay no fanao Lakana; dia tonga be hevitra ny Lakana. Dia tonga *Fitàny* ny olona amy ny Rano lehibe rehetra hatafita ny olona any andafy ny rano; ary atao *Fitondràna* ny entana amy ny rano na entana inona na entana inona no entina amy ny; fa indrindra atao *Fanondranam-Bary* sy *fanondranan*-Kitay *sy* Zozoro sy Herana &; ary atao *Fangalany* ny olona Hazandrano sy *Fitifirana* ny olona ny Vorona amy ny Heniheny sy ny Fariby sy ny Kamory, ary atao *Filalaovana* milalao rano. Ary ny Zahitra kosa, raha misy Andriana mandeha amy ny Tany lavitra ka mankeny amy ny Rano lehibe, manao Zahitra Izy enti Ny hilalaovana eny: Zozoro na Volontsangana na Hazo madinika &..., akambana haratoina zairina ho mafy tsara, dia azo itoerana rahefa vita.

Ary ny Lakana aty Merina dia *Tehenina* hazo fa tsy mba *Lay* na *Salaza* na *Fanamoriana* no fanao: dia tehenina sy voizina, izay hiany no fanao azy. Ary ny

Digitized by Google

amorona ny Rano hiany no manao. Ary raha tsy misy ny Tehina sy ny Fivoy, dia ny tongotra sy ny tánana no Voy, izany no ivoizana azy.

Ary fomba koa ny Lakana aty, dia fanaovana *Raha misotro Vókaka ny Ambanilanitra.* Alaina ny rano atao amy ny Lakana, dia alaina ny Vókaka atao amy ny rano amy ny Lakana, ary dia sotroi'ny Ambanilanitra io, hatao fahamarenana fandroa matahotra ny Andriana vao Manjaka, ary androa misy ratsy ny olona: fa raha manao ratsy dia maty ny Vokaka ho sotroi'ny, izany no anaovan'azy.

XIV. ANDRIANTSIMITOVIAMINANDRIANDEHIBE, TEO ANTANANARIVO.

1° Ny Zana'Ny roalahy: Razakatsitakatrandriana sy Andrianjakanavalondambo na hoe Ralamboandriantsimitovy.

2° Manampy ny Fefiloha n'Andriantsitakatrandriana izy.

3° Teny vinany natao ny tamy ny zana'ny zandriny, Andrianjakanavalondambo, (Andriamasinavalona).

1° Ny nanjakan'Andriantsimitoviaminandriandehibe vadindRampanananiambonitanilehibe niteraka an'Andrianjakanavalondambo na hoe Ralamboandriantsimitovy; ary Razakatsitakatrandriana no zanak'Andriantsimitoviaminandriandehibe lahimatoa.

2° Ary hoy Andriantsimitoviaminandriandehibe: *Izaho milaza amy nareo, Ray Merina, fa hanampy ny*

Digitized by Google

Fefiloha an'Andriantsitakatrandriana Aho. Ary dia niloka ny Zana'ny roa lahy, ka no zarainy Andriantsimitoviaminandriandehibe ny Vahoaka: Ny Vakiny atsimo ny Rano tari-dalan'Andrianjakanavalondambo. --- Ny Vakiny avara-drano, tari-dalandRazakatsitakatrandriana. Ary iny Fefiloha iny vakiny atsimo Ambivy iny: an'Andrianjakanavalondambo. --- Ary ny vakiny avaratra hatr'eo Ankadimbahoaka ka hatr'eo Anosizato: andRazakatsitakatrandriana kosa. Ary Andriantsimitoviaminandriandehibe dia nitoetra teo Ankadimbahoaka nizaha ny Vahoaka sy ny Zana'ny eo amy ny fandahara'ny ny Vahoaka manao Fefiloha. Ka vita taloha ny an'Andrianjakanavalondambo, ka namonjy ny andRazakatsitakatrandriana indray izy.

3° Ary hoy Andriantsimitoviaminandriandehibe: *Zandrin'olona, fa mahandrasa ny farany; kanefa na izany aza, any ho any koa, f'aza malahelo foana lalahy, ry Lehitsy* (†).

Dia Andriantsimitoviaminandriandehibe no nahava ry an'andrefan'Ankadimbahoaka.

Ary Andrianjakatsitakatrandriana lahimatoa natao Ny teto Antananarivo. Fa izy no natao Ny *Hitondra ny Tany sy ny Fanjakana, fa Andrianjakanavalondambo* hampanoaina tao Alasora.

(†) Nahandry izy, ka tonga mpanjaka malaza natao anarana hoe: *Andriamasinavalona.* Ary izany teny ndRay uy izany no hamindra'ny Vahoaka ny fanjakana ho amy ny Andrianjakanavalondambo zandriny.

Digitized by Google

XV. RAZAKATSITAKATRANDRIANA, TEO ANTANANARIVO.

1° KABARIN'ANDRIAMAMPANDRY LOHOLONA HENDRY MAMPIFIDY NY VAHOAKA HOE: IZA NO HO ANAREO, NY FO TOKANA (RAZAKATSITAKATRANDRIANA), SA NY FO ROA (ANDRIANJAKANAVALONDAMBO).

2° NOZONIN'OLONA RAZAKATSITAKATRANDRIANA, KA NAMPANJAKAINY ANDRIAMAMPANDRY I ANDRIANJAKANAVALONDAMBO, NATAO NY ANDRIAMASINAVALONA NO ANARA'NY.

3° RAZAKATSITAKATRANDRIANA NANDEHA NAKA SAKALAVA KA ILAOZA'NY IZY.

4° AMBOHIMANORO NO NATAO ANARANY NY VOHITRA NAHARESENY ANDRIANJAKA ANDRAZAKATSITAKATRANDRIANA: K'IZANY NO TSY ALEHAN'ANDRIANA EO.

5° FOMBA NY KABARY N'ANDRIANA SY NY ANDRIANA MIERA AMY NY VAHOAKA.

1° Ny nanjakandRazakatsitakatraudriana [nandimby an,Andriantsimitoviaminandriandehibe teto Antananarivo,ary Andrinjakanavalondambo nipetraka teo Alasora.

Ary Andrianjakatsitakatrandriana no nanjaka nitondra fanjakana, kandrefa io Andriana io *Naditra ary tsy hendry koa izy*. Ary Ralamboandriantsimitovy iley zandriny tsy mba nanjaka *io no hendry ary tia Vahoaka*, koa nefa natao ny Ray ny *kanoa* ao Alasora.

Ary nisy Loholona hendry, Andriamampandry no anara'ny, ka Hovalahy izy, ary Mpanapaka amy ny fanjakana, ary tery Andraisisa Andriamampandry no nonina. *Izaho*, hoy Andriamampandry, *hamangy Andriana, fa ambarao, lairetsy*.

Ary dia nasaindRazakatsitakatrandriana niditra izy.

Digitized by Google

Ary nony tafiditra izy dia niarahaba Andriana, dia nanontany Andriamampandry hoy izy: *Izaho, Razakatsitakatrandriana, tamy ndRay nao: Hena matavy sy hofak'ondry matavy sy akoho vositra sy tantely no fihinako, ka milaza amy Nao aho, Tompokolahy: fa Hianao no nandimby an'Andriantsimitoviaminandriandehibe. Tsarantitra! Aza marofy Hianao, Tompokolahy!*

Ary hoy koa Razakatsitakatrandriana: *Marina izany, ry Kiaky, Fa raha tsy misy tsy hamonora'ko hianao, ary raha misy tsy hanafena'ko hianao: fa ny zavatra, mantsy, no tsy vonona eto an-Tanàna, fa mbola hitady.*

Ary dia nanontany indray Andriamampandry hoy izy: *Razakatsitakatrandriana o! Fa fo firy moa no fo nao?*

Ary hoy Razakatsitakatrandriana kosa: *Ka fo firy ny fo ko! Fa fo tokana hiany.*

Ary hoy Andriamampandry: *Eny Lahy! Fa tokampo Razakatsitakatrandriana.*

Ary dia lasa indray Andriamampandry hankany Alasora amy ndRazakanavalondambo, dia tonga teny Alasora izy dia nanao hoe: *Lazao aho fa hamangy ny Andriana*, hoy Andriamampandry. Ary hoy Andrianjakanavalondambo: *Asavy miditra lahy, i Kiaky, fa tonga izany.* Ary niditra Andriamampandry, dia niarahaba Andriana izy, ary hoy Andriamampandry: *Izaho, Andrianjakanavalondambo, tamy ndRay nao aho: Hena matavy no fihina'ko, ondry matavy no fihina'ko, akoho vositra sy tantely,— ka ankehitriny maina ny molotr'o, — ka milaza amy ny Ialahy, ry Lehitsy, na dia tsy manjaka aza Ialahy.*

Ary hoy Andrianjakanavalondambo: *Marina izany, ry Kiaky: fa Razakatsitakatrandriana, manko, no Andriana!* Ka dia nanaovana nahandro tsara hiany ary nome'ny ny zavatra nilainy Andriamampandry. Ka niverina kely indray izy nitsidika eo ambaravaran-kely

Digitized by Google

nanontany hoe : *Fo firy moa no fo nao, Razakanavalondambo?* --- Ary hoy Razakanavaloudambo: *Fo firy ny fo ko! Fa fo roa.— Eny Lahy*, hoy izy, *roa fo Lahy Razakanavalondambo.* Dia lasa Andriamampandry.

2° Dia nanangona ny olon-kendry rehetra teny Alatsinainy ary dia nampifidy Andriamampandry: *Iza no ho anareo, ley Loholona: NY FO TOKANA VA, SA NY FO ROA?*

Ary ny sasany naka ny fo tokana, ary ny sasany naka ny fo roa. Ary hoy Andriamampandry: *Ela loatra izany; fa ny fo tokana hamono izy, fa izy irery no miera; hamelona izy, dia izy irery no miera.— Ary ny fo roa hamono, miera amy ny Vahoaka; misy soa ho lazaina, miera amy ny Vahoaka.* Dia ny fo roa no nalainy ny olona. Ary hoy Andriamampandry : *Lasa ary aho, fa raha maty aho tsy anareo, fa maty ny fanahy ko; fa mahaiza hianareo miala tsara.*

Dia lasa Andriamampandry. Ary nony mby teny antenatena lalana izy, no tsenain'Andriamanalina natao ny hoe: *Aza miteny hianao aloha, fa aoka izaho no hiantso.* --- *Eny*, hoy Andriamampandry. Dia nankao Faliarivo Andriamanalina niantso andRazakatsitakatrandriana nanao hoe: *Mandre va hianareo? Avoahy Razakatsitakatrandriana.* Ary avy Andriampanihiany TsindranolahindRazakatsitakatrandriana nanao hoe: *Ahoana no amoahana ny Andriana?* ---Ary hoy Andriamanalina: *Raha mankeny andemaka, alemaho ny Andriamanitra! Mankeny Volosarika, sariho n'Andriamanitra! Mankeny Ambodikiongona, kongony n'Andriamanitra! Mankeny Ambanidia, mbiaza ambany dia-ndRazakanavalondambo Razakatsitakatra!*

Ary dia nakopak'Andriamanalina ny lamba ny, dia lasana izy. Dia nilaza tamy ndRazakatsitakatra Andriampanihiany nanao hoe: *Nozoniny Hianao Tompo ko.* Ary

Digitized by Google

hoy kosa Andriamampandry: *Izao no sikidy nao, Tompo kolahy, fa nozonin'olona Hianao, koa mankanesa any Anteza hianao.* Ary dia nankany Anteza Razakatsitakatra: Ary dia niala teny Alasora kosa Razakanavalondambo. Ary dia nifindra indray Razakatsitakatra nankeo Ambodivoanonoka: Razakanavalondambo nampita an' Ampohipó. Ary nifindra indray Razakatsitakatra nankeo Antsahondra: ary Razakanavalondambo dia niby eo Ambatoróka. Ary nifindra indray Razakatsitakatra nankeo Ambatobevanja: ary Razakanavalondambo dia niby eo Faliarivo. Ary dia nifindra Razakatsitakatra nankeo avaratr'Andohalo: ary Razakanavalondambo dia tonga ao anaty Rova eo Antananarivo. Dia no doran' Andriamampandry ny trano teo avaratr'Andohalo, dia lao tamy n'izay Razakatsitakatra. Dia nova'ny ny anaran-dRazakanavalondambo ka natao hoe *Andriamasinavalona* ny anara'ny.

3° Dia nandeha naka Sakalava tany Boina Razakatsitakatrandriana. Dia nenti'ny ny Sakalava hananika an' Andriamasinavalona eo Antananarivo. Ka hoy ny Sakalava eny an-dalana: *Aiza no izy?*-- *Iry*, hoy Razakatsitakatra. Ary nony nitsidika any Milangana izy: *Iry no izy*, hoy Razakatsitakatra. Ka hoy ny Sakalava: *Mantsim-batsy ny tafi-dRatsitakatrandriankely.* Ary dia niverina ny Sakalava.

4° Dia nanatona kosa Razakatsitakatrandriana ho eo Faravohitra, dia niantso izy nanao hoe: *Ambarao an' Andriamasinavalona, lahy: i Zakatsitakatrandriana, mpanompo fa tsy Andriana, — atao mpisoron'afo dia tsy mandá, — ary atao mpaka kitay dia tsy mandá, — ary atao mpitoto vary dia mitoto, — ary ho vonoina dia maty rahateo, — ho velomina dia izy Tompo ny no mifidy.*

Ary hoy kosa Andriamasinavalona: *Raha izany no*

Digitized by Google

fiteny ny, atero any Ankadimbahoaka izy. Ka raha maty izy, dia ao Ambohimanatrika no halevina. Ary dia *Ambohimanoro* no natao anaran'ny Vohitra avaratr'Andohalo no naharesen'Andriamasinavalona andRazakatsitakatrandriana: *K'izany no tsy alehan'Andriana eo.*

5° ANDRIAMAMPANDRY NO NISEHOANA NY ANDRIANA *MIERA* AMY NY VAHOAKA. FOMBA FANAO AMY NY KABARY N'ANDRIANA.

Raha misy tokony ho tiany Andriana hatao ka tokony hierà'ny amy ny Manamboninahitra sy Andriambaventy sy Lehibe ny Tany sy ny Fanjakana sy ny Ambanilanitra, koa'manao hoe: *Miera amy nareo Ambanilanitra Aho, ka izao no Teny Ko amy nareo ierà'ko ... Koa manao ahoana ny tokony hiety hifanaraha'ko Izaho sy hianareo?* — Ary dia manao hoe ny Vahoaka rehetra sy ny Olom-Baventy rehetra: *Raha tokony ho tia'Nao ny anay Ambanilanitra, dia manaraka ny Anao; ary raha tsy tia'Nao, dia mipetraka' ao amy nay hiany izay teny nay izany.*

Ary dia manao amy ny izay ny Vahoaka mampitovy teny amy ny *Tenin'Andriana*, koa raha tiany Andriana izay teny ny Vahoaka, dia mankasitraka no atao ny fa dia ny amy ny Vahoaka no ekena; ary raha tsy tia ny Andriana izany teny ny Vahoaka izany, dia apetraka, dia ny *Azy* hiany no atao: F'Izy irery no mahadidy.

Izany no fomba amy ny Tenin'Andriana raha manogona ny Ambanilanitra ka miera sy midinika. Izany no atao hoe *Kabary n'Andriana.*

Tany amy ny andro taloha raha misy Tenin'Andriana ka mivaky amy ny Ambanilanitra, dia ny karazana Andriana atao hoe *Andriantompokoindrindra* sy *Andriamasinavalona* mamaly manao aloha, vao manao ny Andriambaventy sy ny Lehibe amy ny Ta-

Digitized by Google

ny sy ny Manamboninahitra. Izao no fomba ny didimpanjakana natao ny tany aloha.

Ny *Mampiasa*, ny *Mankany an'ala* maka hazo n'Andriana, ny *Milaza didimpanjakana*, ny *Mampanao fanompoana*... sy ny *Maka Miaramila*... sy ny *Mahazo Mikomy mandositra*... izay tsy anononana rehetra... sy ny *Mankany an-tafika*: izay no iantsoan'Andriana Kabary. Raha misy olona mikomy ka ho vonoina koa antsoina amy ny 'Ambanilanitra, --- raha Miaramila manary basy ka ho dorana, raha hanao Fefiloha ny Andriana... dia *Miera amy ny Vahoaka*: *Ny miera no fomba ny Kabary n'Andriana*. Ary ny Ambanilanitra no Ray aman-dReny ny Mpanjaka nanafarany izay Roambinifolo Nanjaka natao ny hoe: *Indreo ny Zana'ko, ry Ambanilanitra, fa tsy manan-dRay aman-dReny amètrahan'azy*. Ary izany no nierany ny Andriana amy ny Ambanilanitra raha manao Raharaha-mpanjakana izy: *Entiny atao ny fanajana ny Vahoaka*. Ary ny Ambanilanitra koa miantso ny Andriana ho Ray ny aman-dReny ny, satria fa ny Andriana no mandahatra ny Lehibe sy ny Kely, ary ny Andriana no ipetrahany ny Olona amy ny Fanjakana isam-Pokony, izany no anaovany Ambanilanitra hoe: *Ray nay aman-dReny nay Hianao*.

Ary raha misy, tiany ny Andriana haleha ka miera amy ny Vahoaka izy, ka sakanany ny Vahoaka, kanefa tia ny aleha na tia atao, dia miteny amy ny Vahoaka izy: *Hianareo no Ray aman-dReni'ko*, hoy izy, *ka tia'ko Lahy*; *fa aoka Aho handeha f'aza omen-tsiny Aho*. — Ary dia mamaly ny Vahoaka: *Rahefa tia'Nao*, hoy izy, *dia faly izahay Ambanilanitra f'ataovy izay mamy ny Kibo Nao sy sitraka ny Fo Nao*. --- Dia mandeha amy ny izay tia ny andehanana Izy.

Ary tsy dia miera lava ny Andriana raha misy zavatra tia ny atao, fa ny zavatra sasany indruindray no ierany ary misy ny teny sasany tsy iera'ny amy ny Vahoa-

Digitized by Google

ka angaloha ſa ny Vahoaka no vorina atao ny *Miakara fa misy Kabary n'Andriana.* Ary dia vory ny Vahoaka, dia tonga ny Tenin'Andriana. Dia manontany Andriana sy manasin'Andriana ny Vahoaka sy maneky ny Tenin'Andriana, dia manome toky, dia vita.

ANDRIAMAMPANDRY NO NIPOSAHANY NY ANDRIANA MIERA AMY NY VAHOAKA. Dia nandeha namangy an'Andrianjakatsitakatrandriana tato Antananarivo izy, ka hoy izy hoe: *Mandre va Hianao Andrianjakatsitakatrandriana: Firy moa ny Fo nao?* —Arv hoy ny Mpanjaka: *Ka fo n'olombelona, ka fo firy! Fa ny fo ko tokana hiany.* — Ary hoy Andriamampandry: *Dia veloma ary, Anaka, fa izaho handeha hody.* Koa intelo Andriamampandry no namangy Azy, ka tsy niova ny fiteny ny izy Roa Lahy fa samy izao hiany no natao ny.

Ary dia nandeha indray Andriamampandry nilatsaka amy ny Lakana teo Marohazo izy, dia niantomboka eroa Malama hankery amy ndRalamboandriantsimitovy ery Alasora. Ary nony tonga teny amy ndRalamboandriantsimitovy Andriamampandry, dia hoy kosa no fanontany ny azy: *Mandre va i Lamboandriantsimitovy! Firy moa no fo nao?* —Ka hoy Ralamboandriantsimitovy hoe: *Fo ko roa — fo ko telo — fo ko tokana hiany.* — Ary dia hoy Andriamampandry: *Fo ny, hono, re, roa, — fo ny, hono, re, telo, — fo ny, hono, re, tokana hiany. Dia veloma ary, Anaka, fa izaho handeha hody.* — Koa intelo kosa Andriamampandry no namangy azy nanao toizao, koa samy izao hiany no natao ny.

Ary dia nihevitra Andriamampandry, dia namory ny Vahoaka izy, ary nony vory ny Vahoaka dia nikabary Andriamampandry dia hoy izy: *Iza no tokony ho tia'nareo Ry Merina? Iza no tokony hahatàna any Merina? Iza tokony hiadanany ny Vahoaka: IKOA manao fo tokana va? Fa ITSY manao fo roa sy fo telo*

Digitized by Google

sy fo tokana hiany?

Ary dia mamaly kosa i Merina manao hoe: *Marina izany Andriamampandry, fa raha IROA manao fo tokana, no ho lavi'ntsika: hamono io dia tsy miroa fo, hamelona io dia tsy miroa. Ary raha ITSY manao hoe, --- Fo ko roa, fo ko telo, fo ko tokana hiany: hamono io miroa fo, hamelona io miroa fo: koa dia io no anay*, hoy ny Ambaniandro, *fa io tokony hay hatána any Merina, ary io no tokony hamindrafò amny Vahoaka, koa dia io no alai'ntsika*, hoy ny Vahoaka. Ary dia nihevitra ny Vahoaka izay hanaovana Andrianjakatsitakatrandriana ka hoy Andriamampandry: *Izao no ho hevitra hanaova'ntsika azy*, hoy izy: *Handeha hanaovan-tSikidy*. Ary dia nanaovan-tSikidy, ka hoy izy: *Andeha Hianao ny Andriana hisorona Omby ato avara-dRova fa izany no Sikidy Nao*. Ary dia nandeha Andrianjakatsitakatrandriana nankeo Amboanonoka hisorona Omby. &... Ary Ralamboandriantsimitovy kosa iley tery Alasora dia nakarina nankeo Ankadibevava dia nankeo Ampamaho, dia nony mby eo: Hoby sy Akora sy Antsa, dia velona ny Angaróha sy ny Hazolahy. Ary Andrianjakatsitakatrandriana nitondrány ny olona fahoriana, dia nampanoaina. Koa ny Manjaka no tonga Mpanoa, ary ny Manoa niofy ho Mpanjaka nampajakainy ny Vahoaka sy ny Sikidy sy ny TenindRay ny manao hoe: *Zandry n'olona fa mahandrása ny farany. Kanefa na izany aza*, hoy Andriantsimitoviaminandriandehibe, *any hiany, fa aza atao ny Ialahy mahalahelo foana, ry Lehitsy*: Koa ny TenindRay ny no faran'izany *Fampanoàna izany*.

Ary ny faran'izany indray dia tonga *Miera* amy ny Vahoaka ny Andriamanjaka, toy ny hoe: *Manana fo roa ny Andriana*. Fa hoy Andriamampandry: *Raha tahak'ahy, ny fo tokana tsy misy fiverenana: fa mamono izy dia izy irery hiany no miera, mamelona dia izy irery no miera. Ary ny itiava'ko ny fo roa: ra-*

Digitized by Google

ha manana sitra-po dia midinika amam-Bady aman-Janaka miera amam-Bahoaka; misy soa, hiaraha-mijery, misy ratsy hiaraha-misaina: aleo ko fo roa ja ny fo roa ama-miera ami-mBahoaka. Ka dia nekeny ny Vahoaka sy ny Andriana tato aoriana ny azy.

FOMBA FANAO AMY NY KABARY N'ANDRIANA.

Ny Andriana tamy ny andro tao aloha no nisehoany ny *Kabary*: Andriandranolava nanjaka teo Ampandrana no nisehoany. Ary hoy, hono, ny Vazimba: *Inona moa no Kabary?* --- Ary hoy no famaly ny Andriana ny Vazimba: *Tsy izaho no Tompo ny Kabary fa Andriandranolava no Tompo ny Kabary.*

Ary nony nanjakandRalambo (*izahao* tak. 38), nony nampanoai'Ny ny Zana'ny zokiny, Andriantompokoindrindra teo Ambohimalaza, dia ny Kabary efa nandroso ho fanao ny Merina, fa hoy no fandidy Ny: *Raha hikiabary Ialahy* (miantso an'Andrianjaka zandriny nampanjakai'Ny) *dia Andriantompokoindrindra no* MAMALY KABARY *any Ialahy.*

Ary indray ny nanjakandRazakatsitakatrandriana tato Antananarivo no nitrangàny ny fomba hafa koa fanao amy ny Kabary n'Andriana: dia ny *Andriana* MIERA *amy ny Vahoaka*, ka Andria*Mampandry* no nisehoany izany; ary toa *Mampandry* tokoa ny Tany sy ny Fanjakana izany fomba izany.

Ary ny atao hoe *Kabary n'Andriana*: Misy zavatra tia ny Andriana hatao, dia mamory ny Ambanilanitra Izy, izay no atao hoe *Kabary n'Andriana*; ary izao no fomba ny Kabary n'Andriana: *Valiana dia manome Toky.*

Raha tonga ny *Mpitondra Teny n'Andriana*, dia *Manontany Andriana* ny Teny fanontanian'Andriana hikambanany izy rehetra, izany no fomba voalohany, ka indraimaka hiany no manontany.

Dia *Mamaly ny Irak'Andriana*, mamaly ny fanonta-

Digitized by Google

niany Andriana, dia mandahatra ny Teny n'Andriana izy. Ary rahefa voa lahatra ny Teny n'Andriana, dia *Mamaly ny Olona isam-poko*: dia mandeha isan-karazany ny Mpikabary, dia Andriantompokoindrindra, dia Andriamasinavalona, dia Andrianamboninolona, dia Andriandranando, dia Zanadralambo, dia i Merina 6 toko (Avara-drano, Vakinisaony... &), dia ny Foloalindahy farany indrindra.

Ary isan'izay mandaha-teny, dia samy *Miala tsiny* sao misy zokiny tokony hanao, samy *Miarahaba Andriana*, samy *Manasin'Andriana*, samy *Manome Toki-Andriana*, vao izay manao Kabary.

Ary ny Irak'Andriana mandaha-teny voalohany dia miala-tsiny vao izay mandahatra ny Teni-nAndriana: *'Zao no Teni-nAndriana asai'Ny lazaina amy nareo Ambaniandro*, hoy izy. Ary raha Teny ieràna: *Manao ahoana*, hoy izy, *izao no Teny kio, hoy ny Manjaka, ka miera amy nareo Aho*. Ary raha tsy Teny ieràna dia lazai'ny izay Tenin'Andriana enti'ny: dia mamaly *Maneky* ny Vahoaka. Ary raha Teny ieràna mbola *Mampitondra teny* ny Vahoaka.

Ary raha vita ny Kabary dia miteny ny irak'Andriana manao hoe: *Ho lazai'nay amy ny Manjaka ny teny nareo 'zao*.

FIALAN-TSINY. Isan'izay manao Kabary, raha vory ny Vahoaka na ny Andriambaventy na ny Manamboninahitra dia manao izany *Fialan-tsiny* izany no fanao. Ary izy no miala Tsiny, matahotra fangao misy Zoky ny Tany ka raha mandahatra aloha ny Ray amandReny sy ny Andriana *Mahafaty tanora*; izany no fanao na eo imaso ny Andriana na eo imaso ny Ambaniandro, na aty ambony na any ambany Ravinkazo, ka tsy mba azo avela fa izao no fanao hatr'amy ny Andriana taloha: dia miala tsiny amy ny izay eo sy tokony ho Zoky. Indreo Fiala Tsiny anankiray angalà-

Digitized by Google

na marika amy ny sasany, ka fanao fony nanjakan-dRanavalona Reniny io izy io.

Ihainoy ary, Ry Tompokolahy. Arindr'ary ny teny, alahatr'ary ny teny, any Tompokovavy izany --- andRanavalomanjaka. Ka na arindra aman'alahatra, tsy dodododòina, tsy hazakazahina: Fa sotro atohy tánana, tanan'aila ny vava, andahara'ko izany: Fa angadimondro entiny nyTompo ny: na atombo ny amy ny vato aza, tsy manam-pandávana.

K'ity Lapa ity any Tompokovavy: kandrao ny Zana'ny mba voa salovana ato, ka ny Zanak'Andriamasinavalona etoana, koa ny Zanadralambo navela n'Andrianjaka, i Merin'Ambaniandro na Fotsy na Mainty: ka handáhatra aloha n'izany aho, k'ombá'ko ato afara manilikia. Fa ny Tsiny toy ny Rano an'ambo: tsy hita koa mahavoa; — Vato misakan-dalana: izay tsy mahary dia tafintohina; --- toy ireny Rivotra tsinjo ny maso hiany fa tsy hita tarehy: raofina fa tsy azo, potra' ny hiany ka voa talanjona; --- To'ireny Hady lalina: tsirihina mahafanina, hianjerána mahafaty; --- fa ny Tsiny sahala amy ny Tandroka: joko mahavoa, solanga mahavoa: Hiala'ko ny tsiny izany: Aloha tsy hisakana, --- aoriana hahatratra, --- ambony tany mahatsindry, --- ambany tsy mahafongotra. Alá'ko salohy fito ho afaka an'Ala-mainty: Tsy misy ala miraotra.

Ary raha afaka ny Tsiny aman-poudro, Trarantitra Hianao Tompokovavy. Aza marofy! Tahafi'ny Maraina sy ny Hariva! Tahafi'ny Andro sy ny Alina! Tahafi'ny Atsinanana sy ny Andrefana! Tahafi'ny Atsimo sy ny Avaratra! Izany tsy manampiována antaranoana! Trarantitra Hianao! Aza marofy Ranavalo-manjaka! Fa Voatavo tokana an'Ony ka voa tsy misy setra ambony Tany ambany Lanitra. Fa rah'omby amy Nao ny Hasina sy ny Arahaba, mahenin'azy Mirahalahy avy, sy izy Mianadahy avy, sy ny Loloha navela ny izy Telo-Mianaka.

Digitized by Google

Izay sain-katao n'izany mahitá izay mamontona, mahita izay manivoany, hahatrarantitra Anao: fa raha i Tompokovavy no salama tsy marofy, Hianareo ny Avara-patana, Hianareo no miadana.

Veloma ny Zanak'Andriamasinavalona! Hianareo ny Tapa'ny sy Nama'ny. I Tompokovavy no tsy farim-peo, tsy vakivaky tongotra tomoetr'amy nareo Andevo-Havana. Aza manao Kotokely miandry omby: ka ny fola-pe no anana'ny. Midododoa,mihazakazáha,miadána,k'aza manisa foly, fandrao ny tsy manao no milaza, ka milaza laingia tsy satry: fa ny zoto no ahandroana,fa ny laina hitonoana. Veloma Ray Tompokolaky! i Tompokovavy tsy mba mamia-Zana-Borona: Hianareo tsy maniry Trafon'Omby; f'izay Saotra amam-Bavaka atao nareo hahatrarantitra any Tompokovavy. Fa raha i Tompokovavy no salama tsy marofy mba ivela'nareo amy ny Vodivona navela n'Andriamasinavalona, tsy hová'nareo fenitra.

Veloma ZanadRalambo navela n'Andrianjaka! Fa Loharano n'Andriana Olombelona: fa i Ranavalomanjaka no Andriana mitehika amy ny Tany aman-Danitra aza: tsy nitsororóka avy any an-Danitra tsy mitrebona avy aty an-Tany. Fa hianareo, no Loharano nitarika ny Ony, --- Farihy nitarika ny Mamba, --- Tanety nitarika ny Vohitra. Veloma! Fa i Tompokovavy tsy manova fenitra: Hianareo tsy manova fanompoana. Veloma! Samia tsy manova izay soa nifanaovana, tsy hiová'nareo fenitr'amy ny Tany. Veloma ry Tompokolahy!

Veloma ry Merina Ambanitanitra! Fa hianareo no Ampingia fatorana, hianareo no Ala ikirizana, hianareo Voni-vato nah'Andriana. Ka veloma ry Tompokolahy! Fa tsy atao toy ny Amponga: Ny iray ho havokavohana ny irav tehatehafina, fa atao: Fandri-ndrano ka tsy misy avo sy iva, --- Lamba ka tsy misy áty ny sy voho ny.

Veloma re Tompokolahy! 'Zay saotr'amam-bavaka

Digitized by Google

atao nareo marain-tsy hariva hahatrarantitra any Tompokovavy; fa raha i Tompokovavy salama tsy marofy, mba hivela'nareo amy ny Trano be rovitra an-tanety, lava fatsy ny akoho, monina ny zavatra ambolena, monina ny roa trano, monina ny telo trano, mandry roa tsy mandre ny rohona.

Veloma ry Tompokolahy! Veloma ry Fanahy ny Manisotra! Iray Manendy iray Tsiarondahy! Izany Vola-mainty tsy manefa trosa, — Vato-tsindry hahazan'any Merina,— Voarabe manendrikia ny Saha. — Lamba ny Tompokovavy izany: tezitra izy enti'Ny misikina, faly izy enti'Ny misampina. Veloma hianareo! Fa tsy mba Songoro be momba Hova hianareo: fa Tady be momba Andriana. Veloma! K'aza marofy fitaiza!

Veloma ny Vazantany efatra! Ranavalomanjaka tsy ratsy an'ady fa ratsy am-pitiavana. Veloma! Fizy manoa sy manasina. Masina saotr'amambavaka, hahatrarantitra Tompokovavy. 'Zay faly Azy hanana, 'zay ravo Azy ho tompo ny. Veloma! Fa izany kosa no Vazantany tsy mandre ny rohona.

Izany ary no ela Ry Tompokolahy. Ento izany teny ko izany, Ry Tompokolahy. Izaho tsy manao fandritotofana, tsy manao longo aman-totobozaka, fa lazai'ko marimarina: Ny fankasitrahana be ka tsy azo atelina, fa ny vava no ampy mizara. Sitraka sy telina, Ry Ambanilanitra.

Miarahaba Andriana sy Manasin'Andriana. Raha manasin'Andriana ny Mpikabary, raha manolotra ny *Hasina*, ka tsy eo Am-pikabariana ny Andriana, dia mitodika amy ny izay Tanàna misy ny Andriana, ka manao hoe: *Hahamasina ny Manjaka ity Hasina ity*, —dia miondrika kely izy,--izay no *Miarahaba Andriana* na hoe *Misaotr'Andriana*. Ary raha Kabary atao an-Tanàna dia mitodika miananatsimo ny Mpikabary *Mi-*

Digitized by Google

saotr'Andriana na hoe *Miarahaba Andriana* na hoe *Manasin'Andriana*. Ary ny manasin'Andriana dia *Manome Volatsivaky*, dia *Miantso ny Hasin'*Andriamanitra sy ny Razana amy ny Tendrombohitra 12 sy ny 12 Nanjaka. (*Izahao* tak. 99 izay Fiantsò ny Razana &.., raha Manasina Andriana).

Ary ny hevitry ny *Hasina* dia *Fankatoavana* ny Manjaka Tompo ny Ambanilanitra. Dia atao ny an-doha ley Volatsivaky, dia atolotra ny Mpandray. Ary raha manolotra ny Hasin'Andriana *Telo no mandeha* ary ny *Mandray koa Telo*. Ary rahefa voa ray ny Vola dia misaotr'Andriana, ary ny Vola dia entina amy ny Andriana.

Manome Toki-Andriana. Ka raha vita ny Fiarahaban'Andriana sy ny Hasin'Andriana, vao izay manao Kabary manome Toki-Andriana. Ary ny atao hoe *Fanomezan-Toky*: Dia *Mampatoky ny Andriana* amy ny izay tia Ny hatao. Ary ny Andriana mamaly hoe: *Matoky Aho raha izany no teny nareo*: *manandRay manan-dReny tokoatra Aho manana Anareo*. Ka raha sendra Rahararaham-Panjakana lehibe no anomezan-Toki-Andriana, dia mibitabitaka *Mamaky Ampingia* ny Mpikabary, famantarana fa manome Toky tokoatra, — ka fanao tsy azo avela raha ny Andriana vao *Miseho* izany. — Ary fomba koa ny Fanomezan-Toky, rahefa tapitra ny teny, dia mitodika ny Vahoaka ny Mpikabary manao hoe: *Fa tsy 'zay Ry Ambanilanitra* ?--- Dia mamaly ny Vahoaka hoe: *'Zay!* Dia mitsahatra ny Mpikabary manao hoe: *Arahaba soa arahaba tsara*. Izay no farany indrindra, dia mitsahatra izy.

Ary raha FOLOALINDAHY no mikabary ka manome Toki-Andriana amy ny izay tian-katao, dia mitodika ny Foloalindahy rehetra ny Lehibe mikabary, dia manao hoe: *Fa ts'izay ry* FOLOALINDAHY ? --- Dia mama-

Digitized by Google

ly ny FOLOALINDAHY manao hoe: 'ZAY ! --- Dia Velona ny *Langorony* sy ny *Mozika*, dia mibitabitaka ny FOLOALINDAHY rehetra mampandihy *Sabatra* mampandihy *Basy*; ary raha vita izay dia ny Mikabary manao hoe: *Arahaba soa arahaba tsara.* — Dia faly ny Andriana amy ny izany TOKY NY FOLOALINDAHY izany.

Ka raha sendra misy Fahavalo manelingelina ny Fanjakana, dia hoy no fiteny ny Mpanome toky hoe: *Matokia Hianao! Na ho aiza na ho aiza, na hianatsimo na hianavaratra na hiankandrefana na hiantsinanana, matokia Hianao: Fa hatao nay izay mahasoa ny Fanjaka 'Nao. Ka raha misy Fahavalo, koa Olombelona foana manelingelina ny Fanjaka 'Nao, matokia marimarina Hianao: Fa hatao nay torotoro sy montsamontsana izany, f'izany no tsy mampandry ny Vady nay sy ny Zanak'ay : An-Danitra tohàra'nay, an-Tany hadi'nay: Matokia marimarina Hianao. Fa tsy 'zay ry Ambanilanitra? --- 'Zay!* hoy ny Vahoaka. Ary ireo sendra Fahavalo ireo mihetsika, no fahamisy ny Ampingia sy ny Lefona ho fomba fanao amy ny fanomezan-Teki-Andriana.

Ary toizao no fomba fanao amy ny manasin'Andriana sy manome Teki-Andriana, fony Rasoherina nanjaka. Dia mandeha Telo, ka iray hiany no miteny manao hoe:

Trarantitra Hianao , Tompokovavy! Aza marofy! Mifanantera amy ny Ambanilanitra!

Raha tonga eto Andohalo, masina Hianao : fa eto no fihasinana ny Izy Efa-Mianaka sy ny 12 *Nanjaka. Raha saláma tsy marofy Hianao, Rasoherina, dia faly sy ravo izahay , ka hanasin'Anao izahay. Kity Hasina atao nay ity, ampia'nay saotra, ampia'nay vavaka. E Andriamanitra! E Andriananahary! E ny Hasiny ny Tany! E ny Hasiny ny Lanitra! E ny Hasiny ny Tendrombohitra* 12! *E ny Hasiny ny* 12 *Nanjaka! E ny Hasiny*

Digitized by Google

ny zava-masin-drehetra ambony ny Tany ambany ny Lanitra! 'Ty Hasina atao nay ity hahamasina Anao Tompokovavy hifanantera'Nao amy ny Ambanilanitra !

Dia mitodika amy ny izany izy Telo, dia miarahaba Andriana, dia atao ny an-doha ny Volatsivaky, dia miondrika, dia misaotra Andriana, dia atolo'ny ny Volatsivaky, ary ny Mikabary no manao izao rehetra izao ka izy 2 lahy andaniny roa no Vavolombelona: f'ireo andaniny roa ny Manolotra Hasin'Andriana, dia tahaky milaza hoe: *Vavolombelona fankatoavana* ny Hasina sy ny Teny: izany no andehanany telo raha manasin' Andriana sy manao Toki-Andriana, fa fomba fanao izany. Ary misy 'koa Vehivavy sasany nandova ny fanjakany ny Razana ka naneky ny Andriana aty Merina, dia izy Vehivavy hiany no manasina sy manome Toki-Andriana amy ny izay fanjaka'ny ipetraha'ny, ka dia avela ny Andriana izy hipetraka amy ny fanjaka' ny, ka dia atao Ny hoe *Zanak'Andriana* izy.

Ary dia miteny indray manome Toki-Andriana manao hoe:

Ka raha vita izany Tompokovavy: Toky no ome'nay Anao: fa Hianao no far'ainy ny 12 Nanjaka. Koa Solon'izy 4 Mianaka, koa Toky marimarina no ome' nay Anao. K'ataovy izay sitraky ny fo Nao, ka mamy ny kibo Nao. 'Zay zavatra tian-katao dia ataovy: Fa foy n'Andriamanitra ho Anao ny Tany sy ny Fanjakana: Fa Toky no omeny ny Ambanilanitra Anao. F'ity Tany 'ty tsy mba Vala-Hazo, fa Val'Olona. Fa Hianao napetra'ny amy nay, ary 'izahay napetra'ny amy Nao. 'Zahay mpandova Fanompoana, ary Hianao mpandova Fanjakana. Ka Toky no omena Anao Tompokovavy na andro na alina izay iantsoa'Nao anay: fa tsy firy namelany Izy 4 Mianaka, fa Hianao 'rery. Dia Toky no ome'nay Anao. Fa tsy 'zay ry Ambanilanitra? — 'Zay!

———

Digitized by Google

XVI.

ANDRIAMASINAVALONA,

TETO ANTANANARIVO.

1° Nanambady 12 : Ny efa-dReny nanjaka, ny efa-dReny nanoa, ary ny efa-Bavy momba.

2° Izy no Nahavory any Merina efa-toko. — Nampitombo be ny vary any Betsimitatatra.

3° Ny nandaharan'Andriamasinavalona ny firazanan' andriana no 6 toko, sy ny niandohany ny Andriana mitoetra ambodivona tompo ny Menakely mandray hajia.

4° Ny amy ny *ANTEHIROKA* natao Ny Tsitsika sy Hasina ary Zanadahy, sy ny amy ny *TALASORA* natao ny Zokimpirenena.

5° Ny Sampy i Matsatso nanontania'ny ka naria'ny tao amparihy!, fa ody ratsy. Tantara mahagaga ny Laimanitrantany tompo ny Masatso.

Ny Sampy i Kelimalaza eo Ambohimanambola no nanontania'ny: Ny Fahatelo ny Merina nome'Ny azy.

6° Mosary be: ratsy fiteny Andrianinoana ary soa natao ny Andriandrivotra eny Andraisisa.

7° Kabary ny Andriana manao zara-taiza fa tsy Andriana: *I MERINA EFA-TOKO LASA NY IZY EFA-DAHY*. Andriamampandry sy ny lamba triari'ny amy ny zoro ny efatra, sy ny akoho lahy mena

Digitized by Google

efatra, sy ny Voro-mahery efatra, nenti'ny nananatra ny Andriana.

8° Ny Marovatana natao n'Andriantomponimerina sanga kely, ka tsy nisy nety i Merina, koa niaingia Andriamasinavalona nitondra any Merina telo toko hamely any Marovatana.--- Dia no fitahiny ny zana' ny roalahy (Andrianentoarivo sy Andriantomponimerina) Andriamasinavalona.— Ny Vonizongo no faran' Andrianentoarivo. — Nò tanan'Andriantomponimerina fito taona tany Ambohidratrimo ny ray ny.

9° Andriamaheninarivo Andriana ny Sakalava. nanirahan'Andriantomponimerina nampaka azy hiady any Merina 3 toko: teny anatra nataon'Andriamaheninarivo.

10. Koa antsoin'Andriantomponimerina i Merina hoe: Avoty vola *A.* 7,000 Andriamasinavalona.— Koa mandoa vola i Merina, ka afaka i Andriamasinavalona: dia nozoni'ny ny zana'ny namatotra sy namitaka azy. Kanjo nanenin'izy ary kasa nampanjakai'ny aza.

11. Manao sikidy Andriamasinavalona; soa no natao ny Trimofoloalina: k'izany no tsy mahafaty manota ny teraky Trimofoloalina.

12. Andriamasinavalona sy Andriambahoakafovoanitany, loka natao ny izy roa lahy: dia nisaraka i Merina 4 toko sy i Mamo 4 toko.

13. Andriamasinavalona sy ireo telopolo lahy namponeni'ny teo Ambohijoky ka natao ny anarana hoe *Manisotra*: izy hiany no voalohany nisehoany ny Manisotra.

14. Ny amy ny ankizy ary ny fomba fanompoana fanao ny aty Merina.

15. Ny niambohoan'Andriamasinavalona.

16. Fomba ny Tani-manga sy ny Vy ary ny Vola.

17. Fomba fanao ny olona aty Merina amy ny Fanajana ny Andriana sy ny Havan'Andriana sy ny Ray aman-dReny sy ny Zoky &.

Digitized by Google

1° Ny nanjakan'Andriamasinavalona teto Antananarivo nanambady 12 Izy, ka ny efa-dReny *Nanjaka*, ny efa-dReny *Nanoa*, ary ny efa-Bavy *Momba*.

Ary ny efa-dReny nanjaka: Ratompokoindroandriana niteraka an'Andriantsimitoviaminandriana ao Ambohimanga; ary Ramananandrianjaka niteraka an'Andriantomponimerina ao Ambohidratrimo; ary Ramananimerina niteraka an'Andrianjakanavalona ato Antananarivo; ary Ranavalontsitakatrandriana (na hoe Ranavalontsitakatrinimerina) niteraka an'Andriamanotronavalonimerina, ao Amboatany.

Ary ny efa-dReny nanoa kosa: Renilambo niteraka an'Andriamborosy sy Rafaralahimanjaka ao Ambohidrapeto; ary Ranavalona niteraka an'Andriantsilavo ao Anosimanjaka; ary Rakalafohy niteraka an'Andrianavalona eo i Soràka; ary Reninandriankotofananina niteraka an'Andriankotofananina ao Anosipátrana.

Ary ny efa-Bavy momba kosa naka Zanaka: Ralanimboahangy naka an'Andriamanitranitany eo Ambohimanjaka. Ary telo Vavy very tantara.

Ary ny Vady n'Andriamasinavalona Roambinifolo:

Ratompoindroandriana, Ramananandrianjaka, Ramananimerina, Ranavalontsitakatrinimerina.	Ireo no niteraka ny 4 dahy *Nanjaka*.
Reninilambo, Ranavalona, Rakalafohy, Reninikotofananina.	Ireo no niteraka izao *Andriamasinavalo na* izao.
Ralanimboahangy, Raseranolona, Ranavalotomponimerina, Ramanambahoaka.	Ireo kosa *Momba* tsy niteraka.

2° Ary Andriamasinavalona no nahavory any Merina efa-Toko:

Digitized by Google

Vaky ny *Fanongoavana* no miankandrefana.
Vaky ny *Bangaina* no mianavaratra.
Vaky ny *Ombifotsy* no miantsinanana.
Vaky ny *Sahasarotra* no mianatsimo.

Izao no i Merina voa vory n'Andriamasinavalona. Ary nony vory Ny izao i Merina efa-Toko efa Azy izao, dia nikiabary Andriamasinavalona nanao hoe: *Izao, Ray Merina Ambaniandro, tsy misy tsy ho Ahy izao manodidina ity Nosy ity, ka tsy mba manan-dRafy Aho, fa ny Mosary no rafy Ko,— ary tsy mba manam-Bola milevina sy Vakoka, fa ny Fefiloha no Mánda Ko,— ka hanatevina sy hanampy iny Aho: fa iny no Vahi-lava mora ladinina, Tantara be tsy mba ho levona, fa Felatanana ny Raza'ko, ka navelan'Andriantsitakatrandriana sy Andriantsimitoviaminandriandehibe amy Ko ho adidy nareo.*

Dia nitoetra teo Ambohinieràna sy teo Ankadimbahoaka Andriamasinavalona; ka natao ny hatr'eo andrefany Mahitsy ka hatr'eo avaratry Lanivato, dia azo ho Vary Betsimitatatra. Dia Andriamasinavalona nampitombo be ny Vary any Betsimitatatra.

NY NANDAHARAN'ANDRIAMASINAVALONA NY FIRAZANAN'ANDRIANA HO 6 TOKO SY NY NIANDOHANY NY ANDRIANAMITOETRA AMBODIVONA TOMPO NY MENA KELY MANDRAY HAJIA.

3° Efa betsaka ny Karazan'Andriana tamy ny Andriamasinavalona nanjaka, ka Zafin'Andriana *Tsy nanjaka* ireo; ary Andriamasinavalona hiany no niandohány ny fampisarahana azy rehetra ho Firazanan'Andriana 6 toko (fa natao Ny *Mienina* ireo), ka dia nasia'ny didy isan-Toko, toizao no nandahara'ny azy:

1. *Zazamarolahy*, izay teraky ny Zanak'Andriamanjaka. Dia natao ny *Tena Andriana* mahazo manjaka ka manana *Elo mena* sy *Trano masina* ireo.

Digitized by Google

2. *Andriamasinavalona* izay Taranak'Andriamasinavalo-Nanjaka. Dia natao ny *Zoky n'olona* mitàna Fanjakana, ka *Ten'Andriana manolotra ny Andriana*, fa tsy mahazo manjaka, 'ndrefa Andriana *Mitoetr'Ambodivona* ka manana *Trano manára* izy.

3. *Zanatompo*, na Andriatompokoindrindra. Dia natao ny *Zoky n'olona* mitana fanjakana kosa izy. Ary raha maka Vady ny Andriamanjaka, ao ámy ny no *Maka Zaza-vavy*. Ary *Manantatra* ny zavatra voalohany ho any ny Andriana izy.

4. *Andrianamboninolona.*)
5. *Andriandranando.*) Ireo no Andriana hoe
6. *Zanadralambo.*) *Telo Ray* . (†)

Ary ireo 3 toko ireo natao ny *Lahi-aivo* fangalana izay mahasoa ny Fanjakana.

Ary ny nanomezan'Andriamasinavalona Voninahitra ny Andriana *Teloray* ho fitondra ny dia izao: Tsy manao fanompoan'Andriana sasany izy: dia tsy mba manao Tranon'Andriana, na mitaom-Bato, na mitaon-Kazo, ary ny zavatra sasany tsy anononana rehetra, fa hany ny fanompoana atao ny, dia ny *Fefiloha tokana* sy ny *Mandoa Miaramila* sy ny *Mamoly Landi-n'Andriana*, ary ny *Mandoa Angadi-mondro* ; --- ary ny fanompoana, atao hoe *Mandoa Angadimondro* : dia mandoa Angady iray efa kely sisa ny lela ny isan-trano, hanaovan' Andriana ny raharaha ny fantsika sy ny gadra sy ny

---

(†) Toy ny manao hoe *Nanambady maro* ny Reny ny, ka avy amy ny Andriana samy hafa ireo, koa nasiany Andriamasinavalona anarana hoe *Telo ray*, hoy i R...

Toa tsy izany no hevi'ny, satria fa azo lazaina izay Ray *Telo* nihiaviany izy ireo Andriana *Telo Ray*: Ny Zanadralambo dia Taranad*Ralambo* nanjaka teo Ambohitrabiby; ny Andrianamboninolona dia Taranak'*Andrianamboninolona* tsy nanjaka fa nanoa. (*Izahao tak.* 13); ary ny Andriandranando dia Zafy ny Andriandranandobe tsy nanjaka kosa fa resy ny Andrianjaka teny Ambohipeno (*Izahao tak.* 34).

Digitized by Google

zavatra tefena rehetra;--- ary *Manatrika ny raharaha* atao ny Ray amandReny (ny Hova atao hoe Ray amandReny) misaotra azy na manome Omby, na Mangahazo. Ary izao kosa no Voninahitra nomeny Andriana azy tsy mba manao ireo fanompoana rehetra fanao ny Merina ireo izy, fa ireo voa laza teo hiany no atao ny.

Ary ny fonenany ny Andriana 6 Toko. Ary ny fonenana ny ireo Havan'Andriana ireo dia roa: Ny anankiray aty Antananarivo, ary ny anankiray any ambani-Vohitra; ary ny monina aty dia atao hoe *Voro-mahery*, ary ny any ambani-Vohitra dia atao hoe *Ambanivohitra* hiany.

Ary izao no Orim-bato nataon'Andriamasinavalona ka milaza ny itoerany ny Firazanan'Andriana 6 Toko ato Antananarivo, — ny *Zazamarolahy* tsy dia anaty io didy io fa ny Andrimanjaka mahadidy azy arak' izay sitra-po ny hiany. — Ny *Andriamasinavalona* Ambatobevanja atsimo n'andohan'Andohalo no Zaratókotany ny, ka tsy misy mahazo miditra monina ao amy ny, na iza nanao soa Ray na iza nanao soa Reny. Ny *Andriantompokoindrindra*, hatr'eo Ambavahadimitafo no mianavaratra ka hatr'eo Ambatolampy no midina, ao ny anjara tokotany ny nametrahan'Andriamasinavalona azy. Ary ny *Andrianamboninolona*, Ambatomasina atsinanan'Andohalo no Fari-tany nametraha'Ny azy, hatr'any Ambohitantely ka hatr'any Ambatolampy atsinanana, ary hatr'any amy ny Lalambe avaratra' mankany Ambavahadimasina: 'zao no mampisaraka azy amy ny Andriantompokoindrindra sy Andriandranando eo avara'ny. Ary ny *Andriandranando*, Ambohitsiroa no Zaratokotany nome'Ny azy, avaratra atsinanan'Andohalo, ka hatr'any atsinanan'Ambohimanoro, ka hatr'any andrefan'Ambavahadimasina, ka hatr'any Ambatonandriankoto no miakatra, no ipetraha'ny.

Ary ny amy ny *Zanadralambo*, ao Ambohitsoa andafy atsimo n'Andohalo ka hatr'any Ambodivoanonoka

Digitized by Google

no miantsinanana, ka hatr'any Andohalokely no mianavaratra ny nametraha'Ny azy.

Ary hoy Andriamasinavalona: *Tsy misy mahazo miditra monina amy nareo amy ny Zara-tokotany nome'Ko anareo, na iza manao soa Ray na iza manao soa Reny*, hoy Izy.

Izany no ipetrahana ny Havan'Andriana isan-Karazana raha tonga aty Antananarivo, fa tsy misy mahazo miharo na monina amy ny Fari-tany hafa raha aty Antananarivo. Kanefa ny fanjakana any ambany Vohitra dia samy manana ny azy, ary samy mitoetra amy ny izay fanjakana natokan'Andriamasinavalona ho azy toy 'zao:

Zanadralambo dia eny Lazaina sy Ambatofotsy sy Masindray.

Andriandranando na hoe *Zafinandriandranando*, eny Soamanandrarina sy Betsizaraina sy Ambohibe sy Andriambola sy Ankadindramamy no fonena'ny.

Andrianamboninolona na hoe *Zanakambony*, dia eo Ambohitromby sy Fieferana sy Ambohipiainana sy Ambohitriniandriana no fonena'ny.

Zanatompo na hoe *Andriantompokoindrindra*, eny Ambohimalaza no Foko ny.

Ary ny *Zazamarolahy* sy ny *Andriamasinavalona*, dia nataon'Andriamasinavalona tamy ny Merina efa-Toko hoe: *Ireo Zanak'o ireo. Hianareo ry Merina, no Tanety, ary izy no Tsimbotry* (†): *Ka na ho aiza na ho aiza ny alehan ny dia ao an-Kibo nareo. Hianareo no hiveloma'ny, ka tandremo ireo Zana'ko ireo.* K'izany no itoera'ny amy n'izao Merina izao sy ny tsy isaraha'ny amy ny Vahoaka Folovohitra

(†) Valala tsy *Manan'elatra* ka tsy miala amy ny Tanety.

Digitized by Google

(1). Ary izy roa tonta natao n'Andriamasinavalona : *Iray Vady iray Zanaka* (2), *sy Andriana mitoetr'ambodivona* Tompo Menakely (3), mahazo *Mandray hajia* (4). Ny Menakely ny dia mandoa : *Hetra* (5),

---

(1) Folovohitra dia Menakely izay mipetraka amy ny Faritany ny Andriana-mitoetr'ambodivona. Ary izao no hevitry ny teny hoe *Folovohitra*. Rahatáhiny atao hoe *Vohitra rehetra* tsy misy fetra, dia toa tsy mahamisy ny teny hoe *Menabe*: fa manam-petra tahaky ny teny hoe *Menakely*. Fa ny anaovana ny teny hoe *Menakely* milaza fa tsy Menabe izy fa manam-petra; k'izany no anaovana ny teny hoe *Folovohitra*: fa tsy ny Vohitra rehetra no voa faritra ho any ny Andriana mitoetr'ambodivona: f'izay Vohitra manana isa, na hoe *Tany voa faritra* ho azy. Koa mitovy ny teny hoe Menakely sy Folovohitra.

(2) Mahazo mifanambady, ka ny zana'ny dia Andriana tahaky ny Lahy nampakatra: dia mitondra ny anarandRay ny.

(3) Toy ny manao amy ny teny *Français* hoe: *Seigneur féodal demeurant dans son Château et ayant droit d'éxiger de ses serfs: le tribut, la corvée, les services..., dans son Fief.* Menakely diá milaza : ny Faritany lasa ny Tompo-mbodivona, na ny Olona izay mitoetra amy ny tany farita'ny. Mena no fotorina dia *Omena* no iposahana hoe '*Mena-kely* na '*Mena-be*. Ny Andriamanjaka Tompo ny Menabe no omena be, ary ny Zazamarolahy sy Andriamasinavalona tompo ny Menakely, no omena kely: ny fanomezana na be na kely no maha-Menabe sy maha-Menakely azy. Ary ny Menabe tsy mba Menakely, ary ny Menakely dia mba Menabe kosa.

(4) Hajia dia teny filaza izay fanompoana rehetra ateriny ny olona Menakely amy ny Andriana *Mitoetrambodivona*, toy ny hoe *Mitoetra amy ny fanjakana natokana ho azy*, koa manan-Dapa misy Rova izy, koa omena Hajia ireo.

(5) Na Vola, na Omby, Ondry, Vorona.. izao rehetra izao angatahiny ny Tompo Menakely: tsy mahazo mandà izy Menakely ary manome malalaka raha ananana.

Digitized by Google

--- sy *Isam-pangady* (1), — ka raha mamono omby ny *Vodihena* any ny Tompombodivona (2), --- raha manangan-jaza na manary zaza manome *Volatsivaky* : ny antsasany any Andriana, ny antsasany any Tompo Menakely, --- raha *Mati-momba* any Andriana sy ny Tompo Menakely ny harena ka misasaka na an-tSaha na an-Tanána, --- manao *Lahasa* sy *Tuozavatra* ny Tompo Menakely (3) : Izao rehetra aloa ny Menakely ho any ny Tompombodivona izao no atao hoe *Lohombintany* sy *Hajia*. Ny Tompo Menakely mahazo maka azy, ary ny Menakely mandoa izao; f'izany no nametrahan'Andriamasinavalona ny Zana'ny sy ny Hava'ny *Ambodivona*: Toy ny mitoetra amy ny fanjakana natokany ho azy. Ary mahazo manao ny sitra-po ny ny Tompo ny Vodivona: fa tsy napetra'Ny tami-mBato aman-Kazo, fa napetra'Ny tamy ny Olombelona; k'izany no andidiany sy ihantany ny Tompombodivona amy ny Menakely ny rehetra Ray amandReny ny, ka arak'izany anaova'ny hoe: *Tsy didy fa hetra*, koa tsy maintsy haloa.

'Ndrefa ireo Andriana mitoetr'ambodivona ireo no *Mpandrary* ny tsihy masina atao amy ny Mpanjaka miamboho'sy ny trano Fitomiandalana. *Izahao* tak. 108.

Ary ny Andriana 6 Toko dia natao hoe: *Havan'Andriamanjaka*, izay samy azo arahabaina hoe: *Tsara va Tompo ko e!* Izany no nametrahan'Andriamasinavalo-

---

(1) Tapa-bary isan-ketra-ntany. Isam-pangady hetra iray, ary isan-dahy fangady iray, ary ny hetra dia tapa-bary iray. Ary ny hetra-ntany milaza kosa izay fizaran-Tany taloha : izay mitondra *Hetra-ntany folo* dia mandoa *Tapa-bary folo*; tapa-bary iray isan-ketra, ka imbonany Andriamanjaka sy ny Tompo-mbodivona ley isampangady.

(2) Na Fandroana ny andro, na Omby maty ho azy ka andrasana amy ny Fari-tany, na Omby jirika.

(3) Na Landy na Rongóny... na Manetsa na Mijinja vary... na Maka kitay sy Misoron'afo aza.

Digitized by Google

na ny Hava'ny teto afovoany Merina 4 Toko (†).

Ny voa laza teo ny amy ny fizaranan'Andriana 6 Toko, tsy mba milaza ny fiamboniana ny *Zanak'Andriana*: fizy tsy mba anaty ny ireo 6 Toko ireo, koa ny azy mihoatra noho ny an'ireo, fa izy mahazo *Elo mena* sy *Trano masina* tahaky ny Zazamarolahy, fa izao no mampihoatra azy noho ny Zazamarolahy: Ny olona mitoetra amy ny Vodivona ny mahazo manao hoe: *Menabe izahay.* — Ary izy no atao hoe: *Sakelik'Andriana* tsy manalavitra ny Andriamanjaka, koa izany no mahaZanak'Andriana azy, — ary izy no voalohan'angalan'Andriana *Mandova fanjakana.*

Ary izao kosa no didy nomen'Andriamasinavalona ny Havan'Andriana ho fitondra ny, ka mandidy ny amy ny fakam-Bady. Tsy mahazo maka Vady any ambony i Andriamasinavalona, raha tsy ny Ambony no maka azy: izy ireo no analana sy ny Havan'Andriana eny ambany hoe Andriana Telo Ray. Ary ireo Andriana Telo Ray ireo raha maka Vady dia samy izy ireo no analana, fa tsy mahazo maka any ambony, raha tsy ny any Ambony no maka azy.

Raha Zazamarolahy na Andriamasinavalona na Zanatompo, ka manambady Hova, koa miteraka eo amy

---

(†) Tetiarana ho fanampy n'izany. Ireo Andriana 6 Toko, dia zanak'olona iray tamy ny taloha, ka hoy, hono, ny Ray ny: *Etsy angeha Lahy isialahy! Hizahana izay hitondra fanjakana sy hahatána ny hafatr'o.* Dia nasai'ny nanao Lapabe, ka nony nisasaka ny alina dia nizaha'ny. Ka nisy nisondro-mandry, nisy nitambotsi-mandry, nisy tsy niova tamy ny izay nametrahana azy. Dia no heverina tamy ny izay. Ka ny *Nisondro-mandry* natao ny *Zoky n'olona* mitana fanjakana. Andriamasinavalona sy Zanatompo; ary ny *Nitambotsi-mandry* natao ny *Lahiaivo* fangalana izay mahasoa ny fanjakana: Andrianamboninolona sy Andriandranando sy Zanadralambo; ary ny *Tsy niova mandry* dia nampanjakai'ny, fa natao ny hahatána fanjakana: Zazamarolahy. K'izany no nisehoany ny fisarahany ny ireo Andriana 6 Toko ireo, hono, fa zanak'olona iray hiany.

Digitized by Google

ny, dia tsy mahazo mandova azy, fa Vola sy Andevo sy Omby no omena azy, fa tsy mba azo atao Andriana hitondra ny anarandRay ny, fa Hova izy. Ary raha Zanadralambo sy Andrianamboninolona sy Andriandranando no vadíny ny ireo Zazamarolahy sy Andriamasinavalona sy Zanatompo ireo, koa miteraka eo amy ny: dia mahazo mitondra izay enti'ny ireo miteraka azy ny Zana'ny.

Ary raha Zanadralambo sy Andrianamboninolona sy Andriandranando, koa maka Hova izy ho vadína, koa miteraka eo amy ny: dia tsy azo ariana fa Zana' ny mandova fanana'ny, fa tsy mitondra izay entina amy ny anarany ny Ray ny, ary tsy mikambana amy ny Fokonolon'Andriana, fa tsy mety mikambana amy ny ny Olona. Raha tia azy ny Ray ny dia ny fanana'ny no andována, na Vola na Andevo na Omby, fa ny Tanin-dRazana tsy azo ny: tsy mahazo mandova fanjakana eny izy.

Ary hoy kosa ny Tetiárana hoe: Andriandranando sy Zanatompo sy Andrianamboninolona, izy telo mirahalahy natera'ny *Andrianteloray* teroa Kilonjy ary atsinanana. Ary tsy naharitra ny Hova Andriandranando sy Andrianamboninolona ka nanambady ny Hova, koa hoy Andriamasinavalona, hono, hoe: *Avelao ny Vady nareo, fa aza vadína, ary avelao ny Zanak'areo f aza ampandovai'nareo.* — Ary tsy foy ny ny Vady ny aman-jana'ny. Ary hoy Andriamasinavalona: *Raha ireo no Zanak'arèo*, hoy izy, *dia tsy mba mahazo manjaka hianareo*, *dia atao Ko Havana hiany hianareo*, hoy izy. Andriandranando Lahi-matoa eo Alahady (Alatsinainy izao) ny Vohi'ny.

4° Ny amy ny Antehiróka sy ny Talasora. Ary ny nametrahan'Andriamasinavalona ny *Antehiroka* Taránaky ny Andriana tany aloha indrindra, raha naudidy ny Razan'Andriana rehetra izy, dia hoy no fandidy ny:

Digitized by Google

Ny Zazamarolahy dia ome'Ko ny fitondra ny, hoy izy: *Atao ko Mpisaotra* (†). *Ary Andrintompokoindrindra atao Ko Fangalan-Jaza-vavy raha maka Vady ny Andriamanjaka; ary ny didy ome'Ko azy, Mpisaotra kosa raha amy ny Fora. Ary Andriamasinavalona Zana'Ko kosa, apetra'Ko Ambodivona, fa Zaza tsy azo ampanjakaina. Ary Andrianamboninolona sy Andriandranando sy Zanadralambo dia samy Hava'Ko, hianareo, dia fangalana izay mahasoa ny Fanjakana &....*

Ary hianareo Talasora dia atao Ko Zoki-mPirenena: fa satria teo Alasora ny ihiaviany ny RazanAndriana rehetra, fa teo ny nisehoany ny Andriana vao nitoko nankany Ambohitrabiby sy any Ambohimanga sy aty Antananarivo, k'izany no nitokoana, k'izany no maha-Zokimpirenena anareo, hoy izy; *ary ny didy ome'Ko anareo, dia atao Ko Mpanao sorona ny Andriana sy Mpandatsak'Andriana miambòho hianareo, &...*

Ary hianareo Antehiróka, hoy izy: *Hava'Ko hianareo sy Zana-Dahy. Hita ko be am-pirenena hianareo, k'izao kosa no didy ome'Ko amy nareo: Tsitsika hianarco sy Hasina. Raha mitsitsika Aho dia hianareo no Mpitsitsika Ahy, sy mitoky Temitra Ahy, sy mifehy Voatavo Ahy: fa tsy azo n'olona tsitsihina Aho, tsy azo tohizin'olona Temitra Aho, tsy azo fehezin'olona Voatavo Aho: fa hianareo no manao izany. Ary raha misy Ha-*

(†) Raha mandro ny Andriana, izy no *Mpisaotra* ny Omby n'Andriana, na Ombi-volavita na Ombi-malaza. Ary raha mamono Ombi-androana' ny Vahoaka, dia angonina ny Ombi-mBahoaka atao an-Kianja anaty Rova: dia ny Zazamarolahy no *Misaotra*: dia iantsoana Andriamanitra Andriananahary sy ny Razana sy ny Hasina ny Tany aman-Danitra hahamasina ny Andriamanjaka, izany no *Saotra* atao ny, f'izany no fanao ny tao aloha. Ary ny any Andriana, na ny Ombi-Volavita na ny Ombi-malaza, dia ny Talasora no mamono; ary ny mankamy ny Vahoaka dia ny Zazamarolahy no mamono amy ny izay Tendrombohitra asain'Andriana amonoana.

Digitized by Google

sina hatao Ko, hianareo no manao, fa tsy azo atao n'olonà izany, hoy izy.

Izany no didy tamy n'Andriamasinavalona (1), ka amy ny *Famorànа* indrindra ny Voninahitry ny Antehiróka. *Tsitsika hianareo*, hoy Andriamasinavalona, *sy Hasina*. Ary ny Tsitsika no mba Hasina tokana izay manokana ny Zanak'Andriana ho forána, ary Antehiróka no mpanao tohana azy. Koa raha tsy Andriamanjaka, na dia Andriamasinavalona aza, dia tsy azo tsitsihiny Antehiróka izy, fa fady ny didi-mpanjakana natao n'Andriamasinavalo-Nanjaka izany, ka raha manao Antehiróka dia very vady aman-janaka izy. Ary raha izy Antehiróka no mamora dia atao ny avokoa izao fomba amy ny Fitsitsihana izao hitsitsika ny zana'ny. Ary tsy tohizin'Andriana Temitra, tsy fehezin'Andriana Voatavo tahaky ny Ambaniandro amy ny Fora izy Antehiróka: fa mahavita tena sady Mpitsitsika Andriana sy ny Zana'ny, mpifehy Voatavo n'Andriana ary mpandray Sahafa n'Andriana izy.

Ary samy mahay mitsitsika Antehiroka rehetra.

Ary ny fomba fanao amy ny Tsitsika: Dia ny Lehilahy no manao, dia roa Fito izy, ary rahefa hiditra anaty Rova hitsitsika dia mifady vehivavy izay Lehilahy tonga any: izany no didy. Dia alaina ny *Sahafa Famelona*, --- *Zanakandrianato* (2) Firenen'olona amy ny

---

(1) Izany no teny tamy n'Andriamasinavalona nandidy any Antehiroka, ka nampian'Andrianampoinimerina indray ta'o aoriana izany.

(2) Tamy ny taloha dia namany ny Zanadralambo ireo Zanakandrianato ireo, ary tato aoriana niongana fony Ranavalona Reniny nanjaka: dia natao Ny Ambaniandro izy. K'izao no azy: Raha misy zavatr'Andriana koa alaina, koa zavatra ho hanina na hatao Santatra, --- na Tanteli-Velon-dReny, na Fari-raiki-bolololona, na Sahafa-Famelona anaovan-javatr'Andriana, na maka Orana, na maka Amalona, na inona na inona ka Zavatr'Andriana alaina, --- dia ny Zanakandrianato, no maka.

Digitized by Google

Mandiavato any Andrainarivo no Mpaka ny Hazo hoe *Famelona* anaovana azy; --- dia apetraka eo afovoany ny Sahafa, ary manodidina azy ireo Antehiroka roa Fito ireo; dia asiana *Ranomasina* amy ny Sahafa, --- ny Zazamarolahy no Mpaka Ranomasina amy ny izay angalana azy; --- dia alaina ny *Volalahy* atao amy ny Ranomasina ambony ny Sahafa, --- ary ny atao hoe *Volalahy*: dia Masombola lava ohatry ny *Chapelet* ny Katolika, Vola no tefena ka atohy, ary Vakana fanao ny Andriana taloha izany; --- ary dia mandray ny Sahafa n'Andriana ireo Antehiroka roa Fito ireo ka manao ny fanaondRazana eo, dia *Mihira* manao hoe: *Isa Ambiroa, roa Ambiroa &. folo ambiroa! Hanan'amby ampy! Andriamanitra Andriananahary!* Dia manisa folo indray, dia atao in-telo izay; ka raha vita intelo izy, dia alaina ny Ranomasina amy ny Sahafa atao *an-Tandro-potsy* ary lafazan'io ny Zaza ho forana manao hoe: *Ho masina Andriamanitra Andriananahary!* Ary mamafy Ranomasina aloha ny Andriana vao izay no manao Antehiroka. Dia mandra-paharaina ny andro manao hiany izy. Ary tsy azo lazaina izay fomba daholo ny Tsitsika sy ny Hasina fanao ny Antehiroka amy ny Andriana mamora ny Zana'Ny, fa hoy Andriamasinavalona: *Koa raha hianareo manova sy mamadika izao Ten'izao, ka mamindra aman'olona raha tsy Teny Ko no mampanao, na iza Andriana na iza Lehibe: dia hatao Ko veri-vady veri-zanaka. Ary raha mamadika izao hitondra'Ko anareo izao, raha Zana'Ko koa no Manjaka ka manova izao Teny Ko izao, atao Ko tsy azo ovana mandrakizay mandrakizay.* Izany no tsy ilazany ny Antehiroka ny Tsitsika amy ny fomba rehetra fanao azy.

Hianareo no Zana-Dahy, hoy Andriamasinavalona miantso an'Antehiroka. Ary ley *Lahy* antsoi'Ny'aniy ny io teny io hoe Zana-*Daly*: dia *Andriampirokàna* sy *Andriambodilova* ary *Ratsimandafika*, ka mirahalahy izy telo, ary *Antehiroka* malaza aty Merina izy telo. Ary nifanka-

Digitized by Google

tia izy telo Lahy sy Andriamasinavalona, ary Andriampirokána indrindra no tia'Ny, koa nalai'Ny ho Mpihevitra hiaraha-mitondra ny Fanjakana, koa natao'Ny taty Antananarivo eo Ampamaho ny itoera'ny (†), ary ny Tany eny Ambohitrinimanga sy Amboditsiry eny nome'Ny azy. Ary dia mbola velona izao eny Ambotrinimanga eny Amboditsiry eny ny Zafy ny, ka Antehiroka hiany izy; ary ny Fasana ilevena'ny dia eo Ampamaho amy ny izay Tokotany nomeny Andriana azy hitoera'ny taty Antananarivo, fa Mpihevitra masim-bava izy.

Ary napetrak'Andriamasinavalona teo Ambohimanarina i Andriambodilova, ary navela Ny i Ratsimandafika tary Ambohitriniarivo TanindRazana ny Antehiroka.

Ary efa *Avo-Razana* izy telo mirahalahy fahizany ka Taranaky ny Vazimba nanjaka, hono, tamy ny taloha, ary to'izao ny havo ny Raza'ny, hoy ny Tadidi-vava amy ny Antehiroka:

Andriandróka Mpanasin'Andriana any Ambohidratrimo ary atsinanana, no voalohandRazana niteraka

---

(†) Ampamaho: fa be hazo *Famaho* fah'izany, izay no nanaovana azy hoe *Am-pamaho*. Ary satria nisy Vatolehibe natao ny kosa anarana hoe *Am-Batobe*, no vinakivaky teo tamy ny taloha ny Vato. Ary ankel itriny efa novany ny anara' ny hoe: *Ambohi-Jafy*, ka itoerany ny PRIME-MINISTRE RAINILAIARIVONY Zafy ny Andriampirokána. Ny Reny niteraka and*RAINIHARO—nahazo anarana fony nanjakándRanavalona Reniny*—no Antehiroka avy any Ambohitrinimanga no ihiavia'ny, izany no nahazoa'ny *RAINIHARO* ny Tokotany hoe Ampamaho, k'izany indray no nampahazoany ny PRIME MINISTRE azy: fa lova avy amy ny Raza'ny. Ary ny nanaovany ny PRIME-MINISTRE tany Amboditsiry Saha sy Tamboho, satri'koa *TanindRazana* nomeny Andriana taloha an' Andriampirokána. Ny PRIME-MINISTRE dia avy amy ny Tsimiamboholahy ny ihiaviany ny Raibe ny, ary ny ihiaviany ny Renibe ny dia any Ambohitrinimanga no ihiaviany, ka Antehiroka ny Renibe ny.

Digitized by Google

andRatsitakondrazana.

Ary *Ratsitakondrazana* niteraka andRazevozevo teo Ambohimahatakatra any atsinanana.

Ary *Razevozevo* niteraka andRazevomanana tany Fanongoavana.

Ary *Razevomanana* niterak'andRamasinanjomá teny Ambohipaniry.

Ary *Ramasinanjomá* niteraka andRasambomanoro taty Antananarivo.

Ary *Rasambomanoro* niteraka andRamasinamparihy teo Alasora.

Ary *Ramasinamparihy* niteraka an'Andriandróka tary Ambohitrabiby.

Ary *Andriandroka* no Ray niteraka azy telo mirahalahy: Andriampirokàna sy Andriambodilova sy Ratsimandafika.

Ary izy telo mirahalahy samy niteraka betsaka ka tonga Loha-nJafy amy ny izay Tany nametrahan'Andriamasinavalona azy: dia *Andriampirokàna* eo Ambohitrinimanga sy Ambǫditsiry, sy *Andriambodilova* eo Ambohimanarina, ary *Ratsimandafika* eo Ambohitriniarivo; ary izy telo mirahalahy sady Razan'Andriana taloha no Razany ny Antehiroka tato aoriana. Any *Vodivato* Tendrombohitra avo be anaty Ala ary atsinanana no nisehoana, hono, ny Razany ny Antehiroka sy ny Razan'Andriana tamy ny taloha indrindra.

Ary rahefa maty ka *Masin-dolo* izy 3 mirahalahy, dia tonga malaza indray izy, satria fa nanindry ny Vahoaka izy sy ny Andriana; ka raha misy zavatra tokony angatahina amy ny, dia namonoan'Andriana Ombivolavita: na *Andriampirokana* taty Antananarivo amy ny Fasana ilevena'ny eo Ampamaho, na *Ratsimandafikia* tany Ambohitriniarivo ao no milevina. *Raza'ko tahaky ny Vazimba*, hoy ny Andriana tato aoriana, *koa hasini'ko*. Ary ny Vahoaka dia arak'izany koa, raha misy mangataka amy ny, koa mamono ondry, mamo-

Digitized by Google

no akoho, mamono omby, dia ome'ny 'zay zavatra ilaina. Ka *Maka tany eo amy ny Fasa'ny*, *ary entina iny hiaro tena amy ny fanafihana*, 'zao no fomba ny.

Ary Andriambodilova any Ambohimanarina, atsy andrefana andafy avaratra Ambatolampy, no misy ny Fasa'ny, ka izao no azy: Raha mandalo ao ny Olona, raha *Lanjaina* dia miala filanjana, — raha Olona *Mielo* dia pihina ny elo,--- ary raha *Misatroka* dia miala satroka: fa raha tsy manao izany, ka mandalo ao dia asafotofotony ny tadio: satria fa masina ny ao. *Ary izahay Antehiroka raha tonga amy ny Fari-tany nay*, *dia mandeha fa tsy lanjaina*, *hatr'any Ambohitrinimanga ka hatr'any Ambohimanarina ka hatr'any Ambohitriniarivo*, *fomba taloha izany*, hoy Antehiróka mitantara io. Ary Andriambodilova izay tsindria'ny mankeny hiany manasina azy: ny mamono omby, ny mamono ondry, ny mamono akoho, izay asai'ny atao dia manao ny olona.

Ary Andriambodi'ova fony mbola *Olombelona* izy nanambady andRanoro, ary Ranoro vady ny nony indray andro dia nisitrika tamy ny Rano eny Andranoro andrefan'Ambohimanarina, ka tsy hita intsony, fa mainkia vao izay no malaza any Andranoro sy amy ny Antehiroka rehetra i Ranoro, ka tonga Vazimba Masina isa ny Razana malaza amy ny Antehiroka izy. Ary toizao ny nisaraha'ny tamy ny Andriambodilova sy ny nisitriha'ny tao anaty ny rano: *Raha hanambady ahy hianao Andriambodilova*, hoy Ranoro, *aza miteny Sira.*— Ary hoy Andriambodilova: *Raha izany foana no tsy anambadia'ko anao*, *aza malahelo hianao*, *f'izaho tsy hiteny Sira.* — *Raha tsy hiteny Sira hianao*, hoy izy, *dia vady nao aho.* Ary dia nivady izy tamy ny izao teny fanekena izao, ary niteraka i Ranoro. Ary nony indray andro lasana nantsáka i Ranoro, ary Andriambodilova nitaiza ny zana'ny, ary nitomany ny zaza, nampanginina tsy nety nangína, ary hoy Andriambodilova: *Ma-*

Digitized by Google

ditra i Kiala Zanaka Sira-an-tandrano ity! Ary nony tonga i Ranoro avy nantsáka, dia fanta'ny ny teny natao ny vady ny: dia naidi'ny ny rano ao an-tSinibe, dia no raisi'ny ny zana'ny no babe' ny ary hoy izy: *Veloma hianao Andriambodilova, fizaho tsy hanambady anao, fa handeha hody.* Dia lasa izy nisitrika tao anaty ny rano, ka tsy hita intsony izy mianaka; k'izany no nisarahana: *Niteny Sira* Andriambodilova. Izao rehetra izao no nanaovany ny Olona hoe: *Masina avelo ny Razana eo* Ambohimanarina sy Ambohitriniarivo, f'indrindra eo Ampamaho. Fa io Tokotany Ampamaho ilevenan'Andriampirokàna io, na iza Andriana, na iza Lehibe, na iza Mpanan-kariana, tsy mba nahazo nitoetra eo, nohony fiteny n'Andriamasinavalona sy ny teny fanekena, ary raha sendra nisy nipetraka eo dia narary ny Kibo ny sy ny Fitena ny ka tsy nahatoetra, raha tsy Antehiroka, hono, ka tanana-ky ny Andriampirokana. Ary dia natahotra ny olona manao hoe: *Masina io Razana io, aza mba mipetraka ao hianao tsy zafy ny.* Koa tonga *Masim-bava* ny Antehiroka nitoetra ao.

Ary Mpanasin'Andriana kosa i Antehiroka. Raha misy tian'Andriana hatao, hoy Antehiroka, dia, manasin' Andriana izahay, ka ny *Anay* manokana; ary ny hikambanana amy ny Ambanilanitra manasin'Andriana hafa indray, fa hikambanana be amy ny Ambanilanitra na Havan'Andriana na Ambaniandro. -- Raha manangantrano ny Andriana manasin'Andriana mandoa Volatsivaky izahay.--Raha misy Andriana miamboho, mandoa lamba mena manolo-koditra na firy na firy izahay.--- Raha misy Andriana teraka, dia manasin'Andriana izahay mandoa Volatsivaky.---Raha mamora ny Andriana, dia manasin'Andriana izahay mandoa Volatsivaky. Ary mitsitsika ny Zanak'Andriana ho forana izahay, ary ny Tsitsika, *io no Hasina atao nay azy.* Ary *Tsi-mati-manota* kosa izahay: Koa raha avy ny Fa

Digitized by Google

droana ka mampakatra Ombi-androana avy any andrefana ny Andriana, ka mandalo Antehiroka ny Omby, dia maka Antehiroka tsy miera *Mandrombaka mahitsy*. Ka maneky ny Andriana: *Azy*, hoy ny Andriana, *fa tsy maty manota izy*. Fomba izany ny Tsi-mati-manota: Raha misy Omby n'Andriana ampakarina dia mahazo maka izy. Ary raha ny tsy *Tsi-mati-manota* no maka, dia very vady aman-janaka.

5° Ka valo Lahy no Zanak'Andriamasinavalona, ary ny Sampy no nanontaniana: *Iza no ho Andriana handimby Ahy?* Ary telo ny Sampy malaza tamy ny izay: dia *i Kelimalaza* no aloha, raha mampihinana Andriamanjaka; ary raha avy ny fahavalo hiady, dia *i Soratra* kosa no mamely; ary koa *i Matsatso*, tari-dalan' Andriamasinavalona.

Ary Andriantompoimbe no tompo ny Kelimalaza teo Ambohimanambola; ary Andrianaivoankarefo no tompo ny Soratra teo Ambohipo; ary i Laimanitrantany no tompo ny Matsatso teo Lohalambo. Ary hoy ny Tantara: No kapohiny Laimanitrantany ny Veromanga ny Renirano avaratr'Antanjombato ka tapaka ny rano, ka dia nita Andriamasinavalona sy ny Vahoaka nomba azy. Koa nampifidy any Laimanitrantany Andriamasinavalona: *Iza no Andriana ny Matsatso, ry Laimanitrantany?* — Ary nandá Laimanitrantany nanao hoe: *Izaho tsy Tompo ny Matsatso noho Hianao, fa Hianao no Andria'ny. Izaho tsy mahita afatsy Hianao, Tompokolahy.*

Ary hoy Andriamasinavalona: *Atao Ko tsy mahavery vady aman-janaka any ialahy, fa alao izay ho Andriana ny Matsatso.*

Ary dia namaly i Laimanitrantany, fa efa ela no nanereny ny Andriana azy hifidy Andriana: *Dia tsy hahafaty ahy, mantsy, tsy hahavery vady aman-janaka*

Digitized by Google

aby? — *Eny*, hoy Andriamasinavalona. — *Aok'ary raha izany no izy*, hoy Laimanitrantany. Dia nifidy i Laimanitrantany: *Dia Andrianavalonimerina Ambohitrabiby no Andriana ny Matsatso*, hoy izy. *Ka hatao ahoana ary? Efa teny natao ko tàmy ny ka hamitaka va aho?*

Kanjo tiau'Andriamasinavalona hifidy an'Andriantsimitoviaminandriana ao Ambohimanga ka tsy nifidy, ka hafa no fidiny Laimanitrantany.

Koa nirahin'Andriamasinavalona ny Vady ny, Rasolomananambonitany: *Mandehana hianao, Rafotsy, mankany Lohalambo, ka ao an-trano ny Matsatso hianao no mitoetra.* Dia lasa Rasolomananambonitany Reny n'Andrianavalomanotronimerina nankany Lohalambo, dia tonga tao izy, dia niarahaba ny Vahoaka, ary dia namahana ny Vadin'Andriana ny Vahoaka: Omby vositra makadiry no natao ny fahana. Dia no raisiny ny Vadin'Andriana ny fahana, natao ny hahamasina ny Manjaka. Dia no vonoi'ny ny omby, dia no handrahoi' ny ny hena: ka ny ambony masaka malemy tsy hay no raisina, ka ny tany am-body vilany manta tsy niova fa ny hena velona. Dia hoy Rasolo Vadin'Andriana: *Tsy hay kio ity omby ity! Ny ambony masaka, ka ny any ambany manta.* Dia lasa Rasolo Vadin'Andriana nandeha nianavaratra, dia tonga teo amy n'Andriamasinavalona teo Antananarivo izy, dia nilaza tamy n'Andriana izy: *Tsara ny natao ny Vahoaka, Tompokolahy: Trarantitra! Aza marofy Hianao!* hoy Rasolo. *Fa no ny handrahoina ny hena, ny ambony masaka ary ny ambany manta.*

Ary hoy Andriamasinavalona: *Satrikoa no fidiny aloha Ko iley io! Mandehana, ry Merina: vonoy Laimanitrantany, fa raha io no velona, io no Andriana.*

Dia no vonoiny ny Vahoaka i Laimanitrantany, teo andrefany Lohalambo. Ka saiky tsy maty.— Namely azy basy, vaky.—Namely azy lefona, niforitra.— Na-

Digitized by Google

mely azy vato, torotoro. Ary hoy ny Vahoaka: *Ambarao izay hahafaty any ialahy, ry Laimanitrantany, fa na dia ho lany eto aza i Merina, raha tsy ny teny n'Andriamasinavalona no to, tsy misy izay tsy hahafatesany ialahy.*

Dia hoy i Laimanitrantany: *Raha izany ary no izy, alao ny Vantotr'akoho-mainti-tokam-bolo.*

Dia naka akoho mainti-tokam-bolo ny Olona; nony tonga ny akoho mainty, dia nanontany ny Olon-kendry nanao hoe: *Atao ahoana ity Akoho mainty ity, ry laitsy?* Dia hoy i Laimanitrantany: *Didio ao an-tampon-doha ko, ka rahefa mitsidika eo amy ny loha malemy ko, mialá hianareo fa maty aho.*

Kanefa ny faty ny Laimanitrantany, tsy nety maimbo, tsy no hanim-Borona na Vitsika na Alikia, fa naniriany ny Ampanga tao ambany ny faty ny, ka nisafelikia an-dainy roa ny Ampanga, ka tototra ny faty ny. Dia nariany tao am-paribiy i Matsatso eo atsinanan'Amboanjobe: fa *Odi-ratsy* i Matsatso ka tsy azo tehirizina.

Ary naniraka indray Andriamasinavalona nankeny amy n'Andriantompoimbe amy ny Kelimalaza eny Ambohimanambola nanontany hoe: *Iza no Andriana ny Kelimalaza?* Dia hoy Andriantompoimbe: *Andray lairetsy! Izay Bozaka aman'Ahitra, ka hahafidy Andriana? F'izay didy n'Andriamasinavalona no didy.* Ary nony nizaha'ny kosa ny tetsy Ambohipo, natahotra izy ka nalevi'ny i Soratra.

Ary nony tonga ny olona nirahin'Andriamasinavalona avy teny Ambohimanambola, dia nilaza ny fiteny n'Andriantompoimbe, ary dia no lazainy koa i Soratra efa nalevi'ny. Ary dia hoy Andriamasinavalona: *Raha manao toizany Andriantompoimbe, dia sitra'Ko sy teli'Ko fa tsara i Kelimalaza: fa Izaho ampahatelony, i Kelimalaza ampahatelony, i Merina ampahatelony,* hoy Andriamasinavalona.

Digitized by Google

6° Ary nisy Mosary be tamy ny 7 taona, ary tsy nanam-bary Andriamasinavalona. *Tsimiofy* no anarany ny Mosary. Dia nampanontany vary ho vidina Andriamasinavalona. Ka teny Ambohipiainana amy n'Andrianinoana no nisy vary ho vidina. Dia nampaniraka Andriamasinavalona, dia nampitondra Vola Kizo 11 hamidy vary. Ary nony tonga teny amy n'Andrianinoana, dia nampilaza ny Tsindranolahy nanao hoe: *Nirahin'Andriana hividy vary aty amy nao izahay.*—Dia hoy Andrianinoana: *Tsy misy vary amidy: fa ny vady ko aman-jana'ko aza, tsy homana.* — Dia lasany Tsindranolahy, dia nilaza tamy n'Andriana izy, dia hoy izy: *Tsy misy vary amidy ny, hono, Tompoko: fa ny vady ny aman-jana'ny aza, tsy homana, hono.* — Ary hoy Andriamasinavalona, raha nandre izany: *Akay ialahy! Aza mitombo, aza mietry anie ialahy, fa ratsy fiteny.* --- Ary dia niozona izy natao ny hoe: *Aza be ireo! Ary aza mahita rarina amy n'Andriana!*

Ary dia nampaniraka indray ny Andriana hitondra ny Vola Kizo 11 eny amy n'Andriandrivotra eny Andraisisa. Dia lasa ny Tsindranolahy nitondra ny Vola Kizo 11, nilaza tamy n'Andriandrivotra nanao hoe: *Naniraka anay hividy vary aty amy nao ny Andriana.* — *Marina izany*, hoy Andriandrivotra, *fa ny Tany aniriany ny vary tsy an'iza, fa an'Andriamasinavalona; ny Olona nahavokatra, tsy an'iza, fa an'Andriamasinavalona. Fa indro vary 7 Harona manta, ary 7 Harona masaka, sy Ondry lahy 2 no vonoina no handrahoina; ary ny Kizo 11 hampia'ko Kizo 11*, hoy Andriandrivotra. Ary nony tonga taty amy n'Andriamasinavalona ny vary, dia nihinana Izy sy ny Vady ny sy ny Zana'ny. Ary nony efa nihinana Izy, dia nanontany: *Ahoana re no nahazoana ireto Vary ireto? Ka misy maro va?* --- Ary hoy ny iraka: *Izao no fiteny ny: Koa izaho nihinam-bary! Ny vady ko sy ny zanak'o nihinam-bary! Koa Andria-*

Digitized by Google

masinavalona indray va no tsy hihinana? hoy izy. *Koa an'iza nefa ity Tany ketsana sy ny Olo-manetsa ity, tsy Azy, no izy indray no tsy hihinana?*--- Ary hoy izy koa: *Raha omby amy ny Alakamisy aho dia tsenao lakana roa lehibe etsy Ankadilanana.* --- Ary nony avy ny Alakamisy, dia no tsenai'ny lakana izy, ka ny lakana iray no fenoi'ny vary, ary ny iray no fenoi'ny vokatry ny tany. Ary dia niakatra Andriandrivotra. Ary nony tonga teto Antananarivo izy, dia niditra tao Besakana, dia napetra'ny ny enta'ny tao an-trano. Ary dia nampifidian' Andriamasinavalona i Andriandrivotra: *Inona no mba tiany ialahy? Fa Andrian-tokana Aho ary Izaho no ho mandidy any Merina,* hoy Andriamasinavalona. Ary dia nifidy Andriandrivotra: *Dia Hianao no sitraky ny fo ko*, hoy izy. *Hianao no mamy ny kibo ko.* --- Ary dia namaly Andriamasinavalona, dia hoy izy: *Raha Izaho ary no tiany ialahy*, hoy izy, *dia atao Ko Menabe kosa Andraisisa mandrakizay.*

Izao kosa no nataon'Andriandrivotra. Ary dia nankasitraka an'Andriamasinavalona, dia nomen'Andriamasinavalona ho an'Andriandrivotra ny heniheny andrefan'Andraisisa. Dia izany no nisehoany ny natao hoe: *Hany vary Andraisisa.*

7° Ary nikabary Andriamasinavalona, nanangona ny Vahoaka teo Andohalo nanao hoe: *Izany no ambara Ko amy nareo, Ry Ambanilanitra: Loaka ny akány, fa firy ny atody?* --- Ary hoy ny Vahoaka rehetra: *Iray no anay.* --- Ary tsy nety Andriamasinavalona, fa hoy izy: *Didia Ko ny fe Ko, maharary; avela Ko ny Zana Ko, tsy foy Ko. Fa mamindrà fo-njanaka hianareo, Ry Merina. Fa alao Andriamampandry, fa Izaho hilaza.*

Nony nalaina Andriamampandry, dia hoy izy: *Izaho tsy manam-damba.* --- Dia nampanaterany ny Andriana izy, — ka no triari'ny amy ny zoro ny efatra ny lamba, — ka natahotra ny mpanati-damba: *Lamba n'Andria-*

Digitized by Google

na ka triari'nao, hoy izy. — Ary hoy Andriamampandry: *Ento hiany, ka inona no fantatry ialahy ?* ---Dia nenti'Ny tany amy ny Andriana ny lamba. Dia nampanateri'ny indray ny lamba,---ka nahosiny tamy ny fotaka.--Ka hoy Andriamasinavalona: *Mandehana hianareo, fa fantatr'O hiany. — Fa ny triatra azo atambatra, fa ny nanenona azy ao hiany.— Ary ny fotaka azo sasàna fa ny rano betsaka.* Dia avy Andriamampandry, dia nikabary Andriamasinavalona, dia hoy izy:

Izany no ambara'Ko amy nareo, ry Merina: Fa haha Toko any Merina, nefa Vodivona itoerany ny Zaza izany: Zara-Taiza *fa tsy Andriana.*

Indro Andriantsimitoviaminandrianjaka tera-dRatompoindroandriana: Ome'Ko an'Ambohimanga no mitoetra amy ny Tsimadiloavaradrano sy i Lafy mitoetra amy ny Tsimiamboholahy, sy Ambatomanoina mitoetra amy ny Volaniray, sy i Fandàna, sy Ambohimanambola, sy Merinkasinina, sy Hiaramy, sy Ambohipeno, sy Ambohijoky, sy Ambohidanerana: Izao no an'Andriantsimitoviaminandriandrazaka.

Ary indro kosa Andrianjakanavalomandimby tera-dRamananimerina: Ome'Ko an'Ambohitraina, sy Ambohiborona, sy Vakin'Amboànana, sy Antanamalaza: dia i Merinatsimo rehetra.

Ary indro kosa Andriantomponimerina tera-dRamananandrianjaka: Ome'Ko an'Ambohidratrimo sy Ambohimanaha 3 Vohitra sy Ambohitrinimanjaka sy Ambohimanoa sy Ampananina : dia i Marovatana rehetra.

Ary indro kosa Andrianavalonimerina tera-dRasolomananambonitany: Ome'ko an'Ambohitrabiby sy Amboatany, mitoetra amy ny Avarabohitra.

Ary Izaho kosa, hoy Andriamasinavalona, *mitoetra eto Antananarivo* Foi-be *ny Merina eto.*

Ary indro kosa Andriambonimena Zanak'Anabavy Ko eo Alasora: Zanak'areo efa-Dahy io, mandimby anareo, na hiady aza hianareo. Ny Zaza-lahi-fotsy

Digitized by Google

avy amy ny Alahamadin-tany, io no ome'Ko amy amparany: Andrian-tokany i Merina amy ny Io (†).
Ary Ravolondralambo Zanak'Anabavy Ny kosa, nome'Ny any i Lafy sy Namehana. Ary any Ambohipoloalina Andriamanitrananamitany Zaudri-n'Andriamasinavalona Faralahy. Ary Ranavalontsimitoviaminandriana Faravavy ao Anosimanjaka.

Ary dia naseho n'Andriamampandry Akoholahi-mena efatra: Ny iray natao ery anjorofirarazana, ary ny iray natao ny ery anjoronakoho, ary ny iray natao ny ery anjorombaravarambe, ary ny iray natao ny anjorombaravarankely. Ary nasia'ny Akohovavy iray eo afovoany. Ka no tapahi'ny ny kofehy ny Akoholahy rehetra, ka nifarombaka niady ny Akoholahy, ka gaga Andriamasinavalona, ka tsy niteny.

Ary nony indray andro nandeha namangy ny Andriana Andriamampandry, ary dia nitondra Voro-mahery efatra izy natao ny tamy ny Sobiky. Ary niteny ny Andriana: *Ka inona izato enti'nao an-karona?* — Ary namaly ka nanao hoe: *Voro-mahery.* Ary ny Voro-mahery tao dia lava daholo ny ela'ny: *Aoka havoaka ko izy*, hoy Andriamampandry. Ary dia no tataha'ny ny vava-Sobiky: dia nirifatra ny Vorona manidina erana ny Trano-nAndriana, ka nihintsana be hiany ny molaly rehetra tao an-Trano-nAndriana. Ary niteny ny Andriana nanao hoe: *Andriamampandry! Nahoana no atao nao tahak'izato Aho? Mihintsana be hiany ny molaly, ka taf'iditra aty an-tenda Ko sy manditsoka Ahy, ary manototra Ahy.* — Ary namaly Andriamampandry manao hoe: *Manohatra no izao fikorápaka ny Vorona izao, sy 'zao fitabatabány ny Vorona izao, sy 'zao hintsánany*

(†) Vakio ny amy ny Andrianampoinimerina ary izahao ny nampaneke'Ny any Merina Azy ho Andrian-tokana amy ny ireo teny n'Andriamasinavalona hoe: *Ny Zaza lahy fotsy..* &.. *Ka Izaho no Izy*, hoy Andrianampoinimerina.

Digitized by Google

ny molaly zao niánjó ny Fanjaka'Nao sy ny Vahoaka: koa izany no ohatra itondra'ko ireo Vorona ireo hikorapaka sy hitabataba ato an-Trano Nao, fa tsy tokony hanintsana molaly Anao aho tsy akory, fa hevitra ome'ko Anao izao.--- Ary niteny ny Andriana ka nanao hoe: *Eny ry Andriamampandry fa manandRay amandReny tokoatra Aho, manan'anao tsy manome vohony Ahy, fa manoro izay marina sy ny mety hahasoa ny Fanjakana sy hampandry ny Vady aman-Janaka ny Vahoaka, ka misaotra anao lehibe indrindra Aho koa: fa tsara loatra ny anao. Ho tahin'Andriamanitra sy ny Razana anie hianao! Fa Lehibe ka tsy azo Ko atelina hianao, dia misaotra anao Aho.*

Ary dia nody Andriamampandry dia nanao *Trarantitra Andriana*.. Ary nony lasa Andriamampandry, dia nieritreritra tao am-po Ny hoe ny Andriana: *Marina sy mahitsy ny atoro n'Andriamampandry, kandrefa tsy foy Ko ny Zana'Ko naloa ny kibo Ko, fa tia'Ko samy hananana ny Fanjaka'Ko samy hanana ny anjara ny.* —Fa natao Ny f'izao no hahatána'ny any Merina vao vory no zarai'Ny efatra ny Fanjakana, fa izao efatra izao no atao Ny mahatána azy, fa hoy izy hoe: *Izy mirahalahy avy hiany, ka aoka samy hitana ny Vazan-tany iray avy, ary tsy ho raisiny olona izay manafika azy: Fa efa voa tana'ny ny Vazan-tany efatra, ka raha misy mananika azy tsy maintsy hifanampy izy, samy hitondra ny olom-pehezi'ny avy, ka tsy maintsy haharesy izy efatra mirahalahy.*

Ary amy n'izay na dia tsara aza ny nanaovana ny hevitra Andriamampandry: *'Zao no atao Ko*, hoy Izy. Dia natao Ny ny sitraky ny fo Ny, dia nampanjaka azy efa-Dahy, dia no zarai'Ny efa-Toko i Merina: izao no nandriana ny hevi'Ny. Ka tokony ho tsara kokoa noho ny hevitry Andriamampandry ny Azy: sàtria fa nandroso be ny Fanjakana, nitatra be hiany ny Vahoaka, dia tsy nifanaraka ireo Zana'Ny ireo fa niady an-trano, ary

Digitized by Google

dia avy Andrianampoinimerina namory Tany anivo ny riaka rehetra ho Fanjakana tokana ny Tany, ary amy ny izany Andrianampoinimerina no farany hevitry Andriamasinavalona: *Nanjaka tokana teto ampovoany Tany izy*, izany no nanaovan'azy hoe *Andrianampoinimerina* toy ny hoe: *Nanjaka teto ampovoany Tany*,

8° Ary Marovatana nataon'Andriantomponimerina sanga kely, ka raha mankeny Ambohidratrimo, ka tsy manao sanga kely to'izany, dia amidy ny.

Ary tezitra ny Vahoaka: *Nahoana ny Zanak'Ao*, hoy izy, *no manova sampona any Merina?* Ary nony nahare izany ny Ray ny, dia nihomehy ary dia nananatra azy nanao hoe: *Aharoy volo i Merina, ley Andriantomponimerina*, hoy Andriamasinavalona.— Ary hoy Andriantomponimerina: *Samy manana ny azy.*

Ary tsy nety i Merina, fa hoy izy: *Nahoana no mbola eto Hianao Tompo ny, ka no ho manandrana sahady?*

Ary dia niaingia Andriamasinavalona sy iMerina telo Toko hamely any Marovatana hankeo Ambohidratrimo.

Nony tonga teo Ambatofohamánjana Andriamasinavalona sy i Merina hananikia an'Ambohidratrimo, dia hoy kosa Andrianentoarivo (fa iray Ray amy n'Andriantomponimerina): *Tian-ko Andriana moa, Ialahy Andriantomponimerina?*

Ary hoy Andriantomponimerina: *Aiza no hah Andriana ahy? Mbola eo Andriamasinavalona Tompo ny mitehikia amy ny Lanitra.* — Ary hoy Andrianentoarivo: *Mora foana, fa mihiadia lavaka atsy andrefam-patana.* — Ary dia nihiady lavaka. Dia hoy Andrianentoarivo: *Milatsaha atsy an-davaka Ialahy.*---Ary nony efa nilatsaka teo an-davaka Andriantomponimerina, dia lasa Andrianentoarivo niantso any Merina: *Mandre va hianareo, ley Merina?*— *Ahoana?* hoy Merina. — *Amberao an'Andriamasinavalona*, hoy Andrianentoarivo

Digitized by Google

fa latsaka an-tany Andriantomponimerina. — Ary dia taitra Andriamasinavalona: *Mandehana, ry ley Merina*, hoy izy, *tehim-potsy entina, fa latsaka an-tany ny Zanak'O.*— Dia niaingia Andriamasinavalona niakatra, fa natao ny ho faty ny Zana'Ny, fa natao Ny hoe: *Latsaka an-tany.*

Ary i Merina salasala: Ny sasany nanaraka ny Andriana, ary ny sasany nitoetra hiany. Ary nony tonga teo anaty Rova ny Andriana, dia no hidiana ny Vavahady, fa Vavahady fito no natao ny; dia no robainy i Merina, fa no fitahiny ny Zana'Ny Andriamasinavalona.

Dia lasa Andrianentoarivo nanao fonenana eto Ambohipotsy, dia nanao hady. Nony nihiady, nifanena amy ny vatolampy ka nijanona ka dia nanao hoe: *Sakanam-bato, afa-kenatra.* Nony nanao trano, vita. Nony avy ny Fandroana nitokanany ny trano, dia nanasa ny Vahoaka hijaka. Nony harivariva mbola tsy nalazo akory ny *Ravina nihinanana*, (†) no tafihin'Andriambonimena niakara'ny avy eo Andohamandry Andrianentoarivo: dia lao lasana iny alina iny hiany, ka tonga any Lohavitra izy irery. Dia nanangona bozaka no fehezi'ny amy ny tendronkazo. Nony hariva tsara no tsehenan'afo ny bozaka, ka nirehitra ohatry ny fanilo be dia be, taitra ny olona: *Iza re ireo Vahoaka alinalina ireo?*--Nony nanirahana no tsapaina, tsy nisy ny olona, fa fanilo foana no teo. Dia nahare Andriamasinavalona hoe: *Resy n'Andriambonimena, hono, Andrianentoarivo, ka nandositra ilay nanao fanilo be teto Lohavohitra.*--Ka hoy Andriamasinavalona: *Aoka, fa izay no anjara ny, fa malain-kanana ny trano fohi-loha, ka tsy ome'Ko trano fihiasinana*

(†) Isa ny Vilia ny Ntaolo koa ny ravin'Akondro.

Digitized by Google

kosa izy, fa aoka ho any Vonizongo no ho anjara ny raha hendry izy.

9° Dia no tanan'Andriantomponimerina fito taona tany Ambohidratrimo ny Ray ny. Ary nony avy mamangy an-dRay ny izy nanao hoe: *Ny Andriana ô! —Ahoana?* hoy Andriamasinavalona. —*Malahelo Antananarivo moa Hianao? Malahelo any Masoandro sy Besakana moa Hianao?* — *Eny*, hoy Andriamasinavalona. — Ka hoy Andriantomponimerina: *Omeo ahy ary i Merina.* — Ka hoy Ray ny: *Endresy Rakoto izato atao ny ialahy Ahy! Dia tsy ome'Ko kosa.*—Ka hoy kosa Andriantomponimerina: *Raha tsy maty eto Hianao, tsy avela ko raha tsy ome'Nao ahy i Merina.*

Ary dia naniraka kosa ny Zanak'Andriamasinavalona, dia no valia'Ny Loe: *Tia'ny Aho, ka tsy foy ny ilaozana.*

Ary nony tapitra ny 7 taona niharona'ny an'Andriamasinavalona, nirahin'Andriantomponimerina i Lambokely *Mpanominda* akoho: *Andeha ialahy*, hoy izy, *mankany amy n'Andriamaheninarivo Andriana ny Sakalava. Izany no fiteny entiny ialahy ataovy hoe: Trarantitra, hono, Hianao! Aza marofy Andrimaheninarivo! Ampio, hono, Andriantomponimerina, fa nony heny tsy ho Andriana izy: k'Andriamasinavalona aza Ray ny mitehikia amy ny Lanitra no azo ko.*— Ary hoy Andriamaheninarivo Andriana ny Sakalava ao Boina: *Hono moa lehitsy! Iza moa no Ray n'Andriantomponimerina? Fa tsy Andriamasinavalona va sa zovy koa? Gaga ny ialahy aho ry ley Lambokely: ratsy ity.*—Ary hoy i Lambókely: *Eny, Tompokolahy, f Andriamasinavalona no Ray ny.* — Ary hoy indray Andriamaheninarivo: *Nony tsy Mpanominda akoho ialahy ry Lambokely, dia no vonoï'ko hatr'aty. Ka ento izao fiteny ko izao ho any amy n'Andriantomponimerina: Na iza Andriana malaza, na iza sondrotana eo i Mamo, ohatry ny tre-*

Digitized by Google

trok'akoholahy izany, ka Mena fa ambany ny Mena. Fa Andriambahoakafovoanitany no Mena, tsy misy manelo. Ao Andrianentoarivo na dia Zana'Ny aza Mena, tsy misy manelo azy ao anaty ny Vonizongo. Any Andriamanalinarivo Mena, tsy misy manelo azy. Any Betsileo erany ny tany sy ny Arivo-lahy manjaka ao anaty ny Betsileo, tsy misy manelo. Eto aho Mena, tsy misy manelo ahy. ato anaty Boina. Ka be no Mena ao anaty ny Merina Ambaniandro, na iza Lehibe na iza Avo-soroka na iza sondrotana, tretraka akoho lahy izany, Mena fa ambany ny Mena: fa Andriamasinavalona no Mena, tsy misy manelo azy ao anaty ny Merina. Fa mandehana ialahy, ry Lambokely, ento ireo Vositra 11 hatao ny ialahy vatsy: fa tsy mba maneky izany aho. Ka raha tsy hampodi'ny i Andriamasinavalona, fa tàna'ny hiany, atao ko Tanimena Marovatana, hoy Andriamaheninarivo.

Ary dia lasa i Lambokely. Nony tonga teo Ambohimirimo, dia niantso izy nanao hoe· *Mandehana hianareo fa hikabary any Ambatofohamanjana, raha olona monina amy ny ity Tany ity koa, raha zaza mahaleha lalana koa.* --- Ary nony tonga tao Ambohidratrimo i Lambokely, dia nilaza tamy n'Andriantomponimerina izy: *Tonga ny fiteny nao Tompokolahy,* hoy izy, *fa tsy isain'Andriamaheninarivo; fa raha tsy hahà'nao, hono, Andriamasinavalona, atao ny Tanimena i Marovatana.* — Ary hoy kosa Andriantomponimerina: *Mandehana ary, antsoy i Merina ka ataovy hoe: Avoty A.* 7,000 *Andriamasinavalona, ry Merina, hoy Andriantomponimerina.*

10. Ary dia nandoa vola i Merina; ka ny tsy manam-bola Andevo ny Vahoaka, ny zana'ny no amidy ny; ary ny tsy manan'anaka fa mpivady an-trano, ny iray amidy, ny iray mitoetra. Ka nafàtra ny vola tamy ny Harom-bazaha fito teo Alatsinainy: Ny *A.* 1,000 (arivo)

Digitized by Google

iray Harona. Dia nentiny ny vola ampitaina an-dakana teo Ambohitrinimanjaka hankao Ambohidratrimo, homena an'Andriantomponimerina. Ary nony efa lasa ny vola, dia no haha'ny ny Vavahady, dia nentiny i Andriamasinavalona, dia nalatsaky Lambokely an-dakana. Ary nony mby teo Boina. dia hoy Andriamasinavalona: *Hazony kely ny lakana, ry Lambokely.* — Dia no hazoniny Lambokely ny lakana. Dia nozonin'Andriamasinavalona Andriantomponimerina: *Raha Zana'Konasia'Ko soakoa, ka hamatotra Ahy sy hamitaka Ahy: Tohàra izay hahakenda any ialahy! Faingàna anie ialahy!*

Ary nony tonga teo Antananarivo Andriamasinavalona, dia nilelaka ny faladia Ny i Merina rehetra. Ary Alatsinainy no natao *AlatsinainamBazaha*, noho ny HaromBazaha fito nasiana ny vola nanavotana an'Andriamasinavalona; dia nentina natao tetezan'olona nampita nampita, dia tonga teo Ambohitrinimanjaka, dia nampitaina tan-dakana hankeo Ambohidratrimo. Kanjo kosa no jokoin'Andriantsimitoviaminandriana alina ka sarihia'ny teo amy ny tafontrano Andriamasinavalona, ka azo ny, dia nentiny tonga ny taty Antananarivo.

Nony tonga taty Antananarivo Andriamasinavalona, nanirak'Andriantomponimerina nanao hoe: *Indry ny ombalahy sy ny lefona. Ento ho any amy n'Andriamasinavalona, ka ny anara'ny ireny, hono,* MANANDRANDRAVOINA. *Ary dia mampamangy Andriana, hono, ny Zanak'Ao Tompokolahy.*

Ary namaly kosa Andriamasinavalona manao hoe: *Ny anarany ny lefondRay Nao, hono:* ANDRÁMOKOA, *ary* VOINKIOANDRÁMO.

Ary nony nahare izany Andriantomponimerina, dia naniraka nanao hoe: *Mba vangio indray, hono, Zanak'Ao fa malahelo Anao indrindra.*—Ary dia namaly Izy nanao hoe: *Eny fa tsenao lakana Aho amy ny Asabo-*

Digitized by Google

tsy. — Nony tonga ny Asabotsy dia nandeha i Lambokely sy ny nama'ny tamoron-drano, dia nitondra lakana, dia niaingia tokoa Andriamasinavalona, kanjo mba fitaka ho enti'Ny mba maka an'Andriantomponimerina. Nony tonga teo i Boina, hoy Andriamasinavalona: *Hazony kely ry Lambokely, ny sisin-dakana*. Nony nihiazona ny sisin-dakana i Lambokely, nozonin' Andriamasinavalona hoe: *Raha hamitaka Ahy indray ka hamitaka tahak'izay teo izay, ka Zana'Ko mba nasia' Ko soa koa: Mba tohàra izay hahakenda azy*. Ary dia hoy indray Andriamasinavalona: *No sakanan-Takatra Aho! Ka aoka hiverina, fa nanenim-panahy Andriantomponimerina, ka nividy fitia nampamangy Ahy, nanatitra ombalahy, ka tsy vita ny izany fa malahelo ka nanafatra, fa no kasai'Ko tsy ho tiana, ka tokony ho vonoi'ny Aho, kanjo tsy foy ny hiany. Ary Ry Zalahy kosa natao Ko tia tsy nahavonjy Ahy, fa navela ny hijaly Aho, kanjo ley* MADITRA *hiany indray, ity mahatsiaro. Ka toa nanozona nanasahato azy Aho! Ka raha fanta'ny ho niteraka azy koa Aho! Mba malahelo azy indrindra Aho izany. Fa no sakanan-Takatra! Ka asaovy avy indrindra indrindra izy, ho aty amy Ko ho tsiofi'Ko rano, dia hamponeni'Ko eto Antananarivo, dia asaovy mihaingio tsara fa hampanjakai'Ko izy. Izao no teny Ko ka lazao amy n'Andriantomponimerina izao, fa hiverina Aho fa izy no asaovy avy*. Ary dia nanirahana indray Andriantomponimerina raha afaka herin' andro, hono, ny Vahoaka no vory: *Miandry anao hampanjakai'Ny sy handriani'Ny hamponeni'Ny any Antananarivo hianao, ka dia mihaingoa tsara*. — Ary dia namaly Andriantomponimerina nanao hoe: *Eny fa niandry hiany aho, ka tsy nisy naka, ka rahoviana?*— Dia namaly ny mpaka nanao hoe: *Satry anio hiany Tompoko, fa mitonantonana ao i Merina*. Dia nanao fehivolojoloka fa tsy nahavita volo, dia nihaingio, dia nifehy fitampinana.

Digitized by Google

Dia tonga teto i Sotry: dia nasai'Ny natoavina; dia tonga teto [Ambohitsorohitra: dia nasai'Ny natoavina; dia niakatra ny Tanána: dia nasai'Ny hobena; dia nandalo an'Andohoalo: dia nijery ny Ambaniandro, dia no arahabainy Merina; dia nandalo eo Antsahondra: nasai' Ny nandihizana; dia niditra ny Rova: dia nandihy Andriantomponimerina. Ka hoy Andriamasinavalona; *Akay Ilay fadiafoahara amy ny izao fehivoloboroaka!* (atao Ny teny tsy re n'Andriantomponimerina izany tsy akory) *Saiky nahafaty Ahy nampijaly Ahy loatra, ka hivavaka Aho Andriamanitra sy ny Raza'Ko : fa nahafoy Ahy hahantra, dia midira ao Trarihiasina Raondria'Ko.* Nony tafiditra tao Trarihiasina: *Izao no ambara Ko amy nareo: fa samy Zana'Ko, ka ilay io nampahantra Ahy loatra. Ka izay mitady hanisotra io, na dia ny faty ny akory aza, raha Zana'Ko koa no hanisotra azy: Aza mba mahaleo Tany ami-mpanjakana! Fa avela izy ho faty ho azy ao, ka dia aleveno ao an-trano ny faty ny mandrakizay! Fa aza mba alahatra amy ny Razana. Ary leoviny tsy mitovy amy n'Andriana kosa anie izao tontolo izao anio tontolo andro.*

11. Ary dia nanao sikidy Andriamasinavalona, ka hoy ny Mpisikidy : *Misorôna olona Hianao, ho didiana amy ny antsi-harara.* --- Dia nangonin'Andriamasinavalona ny Vahoaka, ka hoy izy :

Izany no ambara Ko amy nareo, ry Ambanilanitra. Olona iray no hisorona'ko, — ho tapahina ny tenda ny — ka avia izay olona hamoy ny ai'ny hahamasina Ahy.

Ary tsy nisy niteny ny Olona. Dia avy i Trimofoloalina nanary lamba nánao hoe: *Vonoy aho, Andriamasinavalona, raha izany no hahamasina Anao sy hahatrarantitra Anao!*-- Ary dia no songorana i Trimofoloalina natao ombifohy nantsinananin-doha, teo an-Kianja andrefan-trano ny Masoandro; kanjo tsy no didiana izy tsy akory, fa fomba foana izany, fa ny ra n'A-

Digitized by Google

koho lahy mena sy ny ranon-kodi-Nato no natao tamy ny tenda ny, ka tsy nisy nety ny Olona fa natahotra. Dia nisoronan'Andriamasinavalona i Trimofoloalina. Dia hoy Andriamasinavalona: *Tsy maty manota amy ny Tany Ko io, raha ny fara'Ko koa no Andriana amy ny Tany mandrakizay doriadoria, na inona na inon-kadisoa'ny.* (Ary dia no haha'ny i Trimofoloalina). Ary Masombola *Hidivava* tonga lanja no aloa ny sy ahasi'ny ny Andriana, dia vita sazy: dia afaka amy ny hadisoa'ny na dia diso na izy na ny zafy ny. Dia izany no maha-*Tsimatimanota* ny teraky Trimofoloalina.

12. ANDRIAMASINAVALONA SY ANDRIAMBAHOAKA, LOKA NY IZY ROA LAHY: DIA MISARAKA I MERINA 4 TOKO SY I MAMO 4 TOKO.

Koa Andriambahoakafovoanitany tary Manazary, ary Andriamasinavalona taty Antananarivo. Ary hoy izy 2 Lahy: *Samia mandeha alina koa Isika* 2 *Lahy*: *Ny iray any Antananarivo, ary ny iray ary Manazary: ka samy manao izay takatra ny ai'Ny.* Ary nony efa nandeha, dia nifanena tany Ambohidramijay. Dia narekitra ny anarany ny Tany hoe: *Ankadinandriamampihovohovo.* Ka hoy Andriamasinavalona sy Andriambahoaka: *Samia mitoetra amy n'izao zara-Tany Ny izao*; *koa izay mangala-tsihina amy n'izao elanelany ny Tany izao ihaona'tsika roa Lahy izao, miady an-tanety sahala manani-Bohitra*: *aza mahafaka!* Dia rekitra ny loka ny izy roa Lahy; dia nisaraka i Merina sy i Mamo. Ary nony efa nisaraka ny Tany dia niteraka Andriambahoaka ka efa-dahy ny Zana'ny; koa natao ny miefatra i Mamo, torak'izay nanavan'Andriamasinavalona any Merina; ary lasa ny izy efa-Dahy i Mamo efa-Toko. Ary Andriambahoaka tany Manazary no Renivohitra nitoera'ny. Ary nisaraka i Merina sy i Mamo ambara-pahavy Andrianampoinimerina nahavita any Merina enina

Digitized by Google

Toko sy i Lahidama nahavory ny Anivo ny riaka.

13. ANDRIAMASINAVALONA SY NY 30 LAHY MANISOTRA NAMPONENA'NY TEO AMBOHIJOKY: 'ZAO NO VOALOHANY NY NISEHOANY NY MANISOTRA SY NY NAHAZOANY ANY AMBOHIJOKY ONENA'NY.

Telo polo Lahy sy telo polo Vavy *Tàhany* ny Ramatoarasahala Vadin'Andriamasinavalona, toi'zao ny teny ny Ramatoarasahala tamy ny ireo olona 30 Lahy sy 30 Vavy, teo Ambatonandriana teto Antananarivo no nonena'ny, ary Ramatoa tsy niteraka; ary hoy izy: *Mandehana hianareo, ny Lehilahy mihalo-poza ho ahy, ary ny Vehivavy misambotra valala, eny atsinanana Anosizato: ja atao ko Ambaniandro hianareo*, hoy izy. Ary nony efa tonga izy 30 Lahy sy 30 Vavy nahazo ny *Foza* sy ny *Valala* nasai'ny nalaina: dia no tsofina rano ho Ambaniandro izy 30 Lahy sy 30 Vavy, dia tsy Andevo intsotry ja Ambaniandro. Ary hoy izy 30 Lahy: *Mba mangataka tany onena'nay*. Ary dia nomen'Andriamasinavalona an'Ambohitraina andrefany Sabotsi-n'Andoharanofotsy. Ary nony efa nonina teo izy 30 Lahy sy 30 Vavy, nisy Andriana naditra kosa teo Ambohijoky, ary hoy Andriamasinavalana: *Raha afak' areo*, miantso azy 30 Lahy, *io Ambohijoky io, dia ento ho anareo*. Ary dia naleha'ny izy 30 Lahy alina. Ary nony mby eo amoron-kady n'Ambohijoky, dia nifandray amy ny Sarandrana izy, dia tonga any an-tanàna izy 30 Lahy, dia no fehezi'ny eo avokoa ny varava rana rehetra, ary nizara izy: Ny 15 niandry ny Vavahady fandrao misy miakatra ny any an-tsaha, ary ny 15 namono ny Lehilahy tao an-tanàna; dia afa'ny i Ambohijoky. Dia nataon'Andriamasinavalona *Manisotra* ny anarany izy 30 Lahy: *Fa nanisotra ny tao an-tanàna*. Dia nonena'ny i Ambohijoky fa efa nomen'Andriamasinavalona azy raha afa'ny. Ary nony tato aoriana izay

Digitized by Google

olona maditra rehetra nanatona azy, na Andevo n'olona na Hova; dia no raisi'ny avokoa, ka tsy azo intsony raha mby amy ny izy, dia nama'ny: izao no nitomboany. Ary nony efa niady taty aoriana miady an-trano Ambaniandro, ny *Vatan-dehilahy* hatr'amy ny manambady no ho miakatra, dia tonga *Iray alina* ny isa ny Manisotra, dia Andrianamboatsimarofy no Andriana Tompo ny Merinatsimo tamy n'izay ka Antananarivo no ipetraha'Ny. Dia niady tamy n'Andrianampoinimerina i Merinatsimo ka resy; ary nony resy n'Andrianampoinimerina i Merinatsimo tsy mba nety naneky Azy ny Manisotra. Ary nony vita i Merina herin-taona vao afaka kosa i Manisotra (†).

14. Ny amy ny Ankizy ary ny fomba ny fanompoana fanao ny aty Merina.

Toa efa betsaka ny Ankizy n'Olona fony tamy ny nanjakan'Andriamasinavalona, ka iley tantara milaza ny amy ny ireo 30 Lahy sy 30 Vavy ireo, ankizy ny Ramatoarasahala no tsofina rano ho Ambaniandro, dia teny mahamisy Ankizy aty fahizany. — *Izahao tak*. 189. Ary indray ny nahazoan'Olona ny ankizy ny, dia ny *Mividy azy* no efa fanao tamy ny Andriamasinavalona nanjaka, fa hoy ny Tantara: Ary Marovatana nataon'Andriantomponimerina sanga kely, ka raha mankeny Ambohidratrimo ka tsy manao sanga kely to'izany, dia *Amidy ny*. — *Izahao tak*. 181. Ary izao no fahazoan'azy samihafa kosa.

Ny nahazoan'olona ny Ankizy ny. Nony vao niady i Merina raha azo *Sambotra* dia andevozina, ary ny tsy miady dia miveli-rano, dia tsy andevozina. Ary ny

(†) Zavatra ho lazaina amy ny aoriana izany.

Digitized by Google

Fangalatra kosa no nahazoana azy tany aloha: nangalariny ny Hova ny Mainty, ary avy any atsimo ny ihiaviany ny Mainty, hono.

Ary raha meloka amy ny didimpanjakana ny olona na Ambaniandro na Havan'Andriana, ny lehilahy koa vonoina amy ny ratsy atao ny, koa very vady, koa very zanaka, koa lany ny Andriana fananana, ny lehilahy vonoina dia maty: ny vady amanjana'ny dia Ankizy. Izany no isehoany ny Ankizy koa. Ary ny *Didimpanjakana* indrindra no nisehoany ny Ankizy. Izay manao tsy mety rehetra amy ny didimpanjakana mahavery vady aman-janaka: na mikiomy, na manera Vadin'Andriana, na manani-dRova, na mangaron-Dapa, raha manao Andriandroa... izao Heloka 12 izao: dia vao andevo na vady na zanaka.

Fa tsy dia io loatra no mahabe ny Ankizy aty Merina, fa *Ny miady* Basy aman-Defona, koa resy ireo Fahavalo iadiana, dia vonoina ny Lehilahy rehetra, ary ny zaza amam-behivavy, dia baboina: dia samy maka ny *Izay azo ny* ny mpanafika rehetra, izany no mahabe ny Ankizy aty ambony. Niady taty taloha fa nifamabo, izany no *Mahabe very* any Merina, izany no mahabe Zazahova.

FANOMPOANA NY ANKIZIN'OLONA AMY NY DIDY N'ANDRIANA. Ary izao no fanompoany ny Ankizy n'olona amy ny didy n'Andriana. Raha mikapoka, koa hazo no ikapohana, na inona na inona tiana amonoana azy afatsy ny vy: managadra, mamely tahamaina, mamely totohondry,--- atao 'zay tsy mahafaty ny ai' ny,---dia azo ny atao daholo izany rehetra izany: satria fa Tompo ny. Fa raha mahafaty ny ai'ny ny Tompo ny ankizy, dia vonoina mba tahak'azy koa. Izany no didy n'Andriana nome'Ny ny Ambanilanitra: *Fa ny aina*, hoy izy, *tsy misy Tompo ny aina fa Izaho no Tompo ny; koa raha mandika 'zao didy Ko 'zao*, hoy

Digitized by Google

izy, *dia fafà'Ko ny vady sy ny zanaka sy ny fanànana*.

Tao zavatra no azy: Ny asa, ny maka kitay, ny mitaon-jezika, ny misoron'afo, ny mitoto vary, ny mitondra entana, ny milanja ny Tompo ny, ny manaraka azy amy ny izay hitondra'ny azy —na ho aiza na ho aiza fa tsy mba manana ny sitra-po ny izy, satria fa Ankizy n'olona, na dia mandeha hiany amy ny izay zavatra tsy tia'ny aza—. Izany no fanompoana atao ny amy ny Tompo ny. Ary amy ny Fandroana, dia kitay no anjara ny amy ny Tompo ny: Samy mitondra kitay irai-entana na lahy na vavy.

Ary ny Ankizy n'olona tsy azo atao Miaramila, ary tsy manao fanompoana ny Andriana raha tsy misolo ny Tompo ny.

Ary ny harena azo ny Ankizy: na Vola na Trano na Tanimbary, na inona na inona, dia izy Ankizy hiany no mitahiry azy; koa raha avy ny farany dia any ny Tompo ny izay azo ny. Ary fomba dia mitokan-trano ny Ankizy n'izay manam-be, fa tsy azo atao irai-trano fa betsaka tsy zaka velomina, dia atokana samy hiany ho azy; koa raha avy ny raharaha ny Tompo ny dia ilazany ny Tompo ny izy hanao ny raharaha ny. Ary ny Ankizy mitokan-trano raha mahazo harena, dia any ny Tompo ny, k'izany no anaovana hoe: *Andevo lahy manan'omby zato: ny tena ny aza ahy, mainkia ny omby zato*, hoy ny Tompo ny. Ary mitokam-pasana izy tsy miharo fasana amy ny Tompo ny, fa samy manana ny azy ny Tompo sy izy Ankizy ny. Mba manao fasana izy ho azy, ka raha niteraka ny vady aman-jana'ny dia tonga manam-pasandRazana izy. Ary tsy ao an-Tamboho ny Tompo no manao, f'eny an-tSaha eny.

Ary fomba amy ny fanambadiana ny Ankizy *n'Olona samihafa*: dia raha miteraka ny vehivavy, any ny Tompo ny vehivavy hiany ny zana'ny, koandrefa zanaka ny lehilahy hiany. Izany no anaovana hoe: *Ny teraka naloaky ny kibo, manaraka ny kibo hiany*.

Digitized by Google

Ary ny ankizy alefa raha foy ny Tompo ny, dia anaovana Hasin'Andriana sy Orim-bato; koa raha lasana ny Hasin'Andriana sy ny Orim-bato, dia Ambaniandro izy efa tsy Andevo intsony izy: *Lasa ny Mpanjaka.* Dia Volatsivaky no Orim-bato sy Hasin'Andriana. Tamy ny ela tamy ny nisehoany ny Ankizy izany. Ary ny handefasana ny Tomponankizy ny ankizy ny: izay manao soa sy mahazo harena sy miteraka betsaka, izany no amotsorana azy ho Ambaniandro. Ary ny ankizy raha manan-karena, koa foy ny Tompo ny hiavotena, dia afaka; be no mandoa *A.* 30, na 50, na 60, misy mandoa 1,000 aza.

Ary raha Zaza-Hova izy taloha, ka Andriana no Raza'ny, ka manao soa tamy ny Tompo ny izy, ka nalefa ny fotsiny na miavo-tena, dia mody amy ny fahandriana'ny izy. Ary raha Hova koa no Raza'ny, dia tonga Hova-menabe izy. Ary ny Ankizy sisa n'izay ka nalefa, dia tonga Tsierondahy na Tsierombavy.

Ary ny afao hoe *Zaza-Hova*: Hova kanefa ankizy n'olona kosa, fa tsy mba tahaky ny Hova rehetra fa ankizy n'olona. Ary izany no maha-Zazahova azy: fa misy izay diso amy ny dindimpanjakana *Ny ray ny*, ka very na no vonoina, ka dia ho tombanana ny vady amanjana'ny, dia vidiny ny olona, dia tonga ankizy ny. Ary raha tsy manan-kavana hanavotra izy, dia ankizy n'olona hiany ny tarana'ny. Ary ny Andriana 6 Toko misy very koa, ka dia tonga mpanompo n'olona raha tsy mahavo-tena, ka dia tonga Zaza-Hova koa.

Raharaha ny Ankizilahy. Ary raharaha ny Ankizy lahy: dia *Milanja* ny Tompo ny, dia *Manaraka* ny Lehilahy na an-tafika na amy ny tany hafa, dia *Miasa tanimbary* — mamaky loha — mihosy — mijinja — mively, — dia *Manao Trano*, dia *Mihosy feta*, dia *Mijinja herana sy zozoro*, dia *Maka vilona* hamahazana omby, dia *Milanja entana*, dia *Mitaon-kazo*,

Digitized by Google

dia *Misolo ny Tompo ny* amy ny raharaha afao ny Tompo ny (fa indrindra amy ny raharaha fanompoan'Andriana : na mitaona vato na mitaona hazo na zavatra hafa , afatsy ny mankany an-tafika, fa tsy azo soloan'ankizy ny Miaramila voa tendry).

Ary ny ankizilahy izay hendry ka mahatoky ny Tompo ny na hitondra vola betsaka aza, dia irahiny ny Tompo ny ho any amy ny tany lavitra, asai'ny hividy entana: satria fa hendry izy ka mahatoky. Ary ny anankiray amy ny ankizy rehetra atao ny *Mpamoaka* ny fananana solo ny Tompo ny.

Ary ny fomba ny Ankizilahy kosa, dia *Milanja* ny Tompo ny raha mandeha lavitra ny Tompo ny , na *Manosika* azy amy ny fiakarana. Ary ny ankizilahy milanja arak'izay ananany ny Tompo ny azy , na 4 na 6 na 8 na mihoatra noho izany. Ary ny *Filanjana* ilanjana , dia *Hoditr'omby* fotsiana madio angaloha , dia tetehina madinika , dia rarina amy ny *Bao anankiroa*. Na filanjana tsy rarina fa hoditra hiany no apetaka amy ny hazo , na Sadiadiaka atao hoe Raofia. Ary misy kosa filanjana *Bao tokana* ilanjana ny olona tsy dia manana loatra, fa marary izy ka tsy afaka mandeha, izany no anaovana filanjana Bao tokana atao hoe *Filanjana an-tsavily* : Lamba no afatotra amy ny Bao, ka entin'olona roa lahy miraviravy. Ary ny milanja dia raharaha ny Ankizilahy, fa tsy mba raharaha ny Ankizivavy raha tsy ny marary an-kamehana angaha , ka tsy misy fahy mahavonjy. Ary ankehitriny hatrizay nahatongavany ny Vazaha, dia tonga mahay milanja ny Ankizilahy fa tsy mba tahaky ny tao aloha, ary tonga mahazo vola izy amy ny fahaiza'ny milanja. Ary fomba ny Mpilanja mahay kosa : --- dia manao *Rano-mandry* na hoe *Rarangy* mampatory Vazaha , ka ny fandeha ny amy n'izay manao dia matetitetika miaraka tsara ny fingany ny tongo'ny; — dia manao *Betsimisav* , tahaky

Digitized by Google

ny hoe: Tsy mi'aparaka ny dia ny Mpilanja, fa samy mandeha ho azy; --- dia manao *Manakalahy*, koa tsy Rarangy tsy Ranomandry fa anelanelana; --- ary manao *Bakose* tahaky ny hoe dingandava; -- ary manao *Benasandratra*, toy ny hoe mampihontsinkontsina ny lanjaina noho ny tsy fanarahany ny dia ny;--- ary manao *Soavali-mandringa*, dia ny Mpilanja mila hitsambikimbikina sy hifelipelika.

Raharaha ny Ankizivavy. Ary ny raharaha ny Ankizivavy: dia *Mantsaka rano*, sy *Mitoto vary*, sy *Maka kitay*, sy *Misoron'afo*, sy *Mifafa* trano, sy *Manary lavenona*, sy *Manasa* lovia, sy *Mandoabary*, sy *Mitaon-davenona*, sy *Manetsa*, sy *Miava*, sy *Mitaona vary*, sy *Mitaona tany* raha sendra manao trano na manao tamboho ny Tompo ny..... ary *Mpanaraka andRavehivavy* Tompo ny amy ny izay aleha ny, ka *Mpanosika* azy amy ny fiakarana. Ary ny amy ny *Fanaovam-bolo* izay mahay hiany no manao na Andriana na Ankizy, fa taloha nirandrana ny Olona na lehilahy na vehivavy, ka *Lava volo* i Merina rehetra. Ka dia nony *Nanao sanga* i Marovatana, dia tsy nety Merina 3 Toko, *izahao* tak. 181. Ary fony Lahidama nanjaka vao izay fohy ny volo ny Miaramila, ary na ankehitriny aza mbola mirandrana ny Borozano.

Ary fomba ny Ankizivavy, koa dia *Mitaiza* ny zanaky ny Tompo ny, ka *Reni-mpitaiza* izy, ary dia atao ny ankizy madinika zanaky ny Tompo ny hoe *Neny* no anara'ny. Raha dia lehibe aza ny zaza, ny Mpitaiza azy dia atao hoe *Neny* hiany: tsy mba hadino ny ny fitaizá'ny azy, ary ny zaza taizaina dia manaja azy ohatra ny *Reni-niteraka*.

Ary misy koa ny ankizivavy *Mpitàna fanalahidy* ny Tompo ny, ka mamoaka ny entana ao anaty ny vata na ny vola na ny lamba, fa izay hendry indrin-

Digitized by Google

dia sy mahatoky no azo atao tahak'izany, ary dia no valiana ny Tompo ny soa izy: tsy mba mitafy lamba ratsy izy noho ny fahendre'ny.

Ary fomba ny Ankizy koa na lahy na vavy: *Manasa ny tongotry* ny Tompo ny izy, raha sendrasendra manasa tongotra ny Tompo ny; ary *Mpampandro* ny Tompo ny koa izy.

Ary ny amy ny *Mpiandry* omby sy ondry sy vorona.... raha manan'ankizy izy, dia ny ankizy no mpiandry, ka raha tsy manana, dia ny zana'ny hiany mbola ankizy madinika no miandry.

Ary fomba ny olona manan'ankizy rehetra, dia raha misy raharaha hatao, na amy ny Andriana na amy ny Vahoaka, dia mamory ny ankizy ny arak'izay anana'ny na lahy na vavy, ary dia enti'ny hanaraka azy hitondra ny enta'ny, ary dia enti'ny koa atao *Voninahitra ny tena ny*. Ary ny manan-karena raha mandeha izy dia mitondra ankizy betsaka enti'ny hanotrona azy: fa voninahitry ny Olona aty Merina *No otroniny ny ankizy betsaka*. Ary dia iriny ny Olona izy atao ny hoe: *Sambatra izy manana ireny*.

Ary ny Andriamanjaka koa aza dia manana mpanompo hafa, dia ireo: Ny *Tsierondahy* sy ny Tsierombavy mpanao taozavatr'Andriana, izy ireo no ankizy n'Andriana manompo Azy amy ny raharaha rehetra fomba ny fanompoana fanao ny, --- ary ny *Tandonaka* olona navotany Andriana sy mpiara-mitoetra amy n'Andriana anaty Rova---, sy ny *Mpitaiza Andriana* rehetra,— ary ny mpanao nahandro n'Andriana atao hoe *Madio-tànana*: samy ísa ny mpanompo n'Andriana izy rehetra; ary ny sasany Tsierondahy ary ny sasany Hova hiany fa ambanibany. Ary misy atao hoe *Tandapa*: Olona mahatoky ny Andriana ka na amy ny Havan'Andriana, na amy ny Hova, na dia amy ny Tsierondahy aza, samy misy azy avokoa.

Ary ny *Mpitanja Andriana* dia miarumita no milan-

Digitized by Google

ja Andriana, ary ny anarany ireo Mpilanja ireo dia atao hoe *Alinjinery* na hoe *Koranelo*. Izany no fanompoana anjara ny, milanja Andriana.

Ary ny Andriany taloha raha nivoaha izy tsy lanjaina, hono, fa arahina ny Olona rehetra amy ny izay tia'Ny aleha.

15. Ny niamboHoan'Andriamasinavalona.

Ary nony nandry tamy nd'Rasolomananambonitany Reny n'Andrianavalonimerina Andriamasinavalona, dia nivonkenany ny Andriambavy ny Andriana, fa nandry tamy ny farafara valolavana, ka nianjera any an-tany ny Andriana sady efa antitra no efa nihiakely, ka nandrorá'ny indray Andriamasinavalona. Ka hoy izy: *Akay ity Zavaey! Resen'Andriantsimitoviaminandriana anie ny Zana-tena*, hoy izy. Dia niamboho Andriamasinavalona.

Ny zavatra natao Ny: Nahavory any Merina efa-Toko, — nampitombo be ny fambolem-Bary teto Betsimitatatra, — nanao ny Havan'Andriana nony tany Tangaina, ka azontambi-mBola ka namono ny mahitsy nameloña ny ratsy, ka vao no soloa'Ny amy ny Zana'Ny *Mpanoa* ireo: fa nitsara tsy,--- nanampy ny Basy sy ny Pondy sy ny Vatofalia teo aloha, — nahatonga taty Tafondro, hono, --- nahefa Lovia-hara (†).

Ary ny hoe *Pondy*, *Vatofalia*, *Loviahara* dia teny Sakalava ireo milaza ny *Vanja* sy ny *Afo-vato* sy ny *Vilia-bakoly* na *Vilia-sokay*; ary Sakalava any andrefan'avaratra no nahazoany Merina izany fahataloha. Vao tato aoriana ny nisehoana ny Basy betsaka raha navarin'Andriana ny olo-meloka vao izay namidy ny

(†) *Hara* teny Sakalava milaza *Hodiitra* ny Sokatra lehibe izay ao amy ny Ranomasina, fa tsy kely tahaky ny sokatra aty Merina, ka anaovana taozavatra betsaka.

Digitized by Google

Basy sy Pondy sy Vato-falia novà'ny hoe: *Vanja*, *Afo-vato*, no anara'ny. Tamy ny namarina olona, izany, hono, no niposahana ny Vola amam-Basy sy Vanja sy Afo-vato & ... fa zavatra avy amy ny Vazaha ny ihiaviany ireo. Ary ny olona nivarina taloha ny omby, ary ny olona navarina dia ny olo-meloka taty Merina.

16. Fomba ny Tani-manga sy ny Vy ary ny Vola.

Ary ny Tani-manga sy ny Vy dia zavatra maniry aty, ka zavatra hay ny Olona hatr'ela ny fomba n'ireo. Ny Tani-manga dia mahavita zavatra betsaka, ary mainkia aza ny Vy dia mahavita zavatra be loatra. Ary ny Vola kosa tsy mba maniry aty fa vao nitranga avy amy ny Vazaha, ary tonga misy hevitra betsaka indrindra amy ny Vola: fa ny Vola no iríny ny Olona rehetra indrindra, mihoatra ny zavatra rehetra; ary *Tsy misy zavatra tsy azo ny Vola*, hoy ny 'Ntaolo.

Ny Manefy Vilany sy Siny ary Vilia. Tsy mba hita Tantara izay niposahany ny Vilany fahandroankanina sy ny Siny fantsakan-drano. Ary hita Tantara fa ny *Lefony* ny Vazimba dia *Tani-manga* natao ny tamy ny Volotara (*izahao* tak. 14): koa hay ny Olona hatr'ela ny fomba hoe *Manefy tani-manga*. Ary hita Tantara indray fa naheña *Lovia-hara* i Andriamasinavalona; ary koa fa ny *Ravin'Akondro* no natao ny Olona fihinanana, fony tamy ny nanjakan'Andriamasinavalona, (*izahao* tak. 182): koa, toa *Vilia voalohany* nihinanany ny Olona ny Ravinakondro na Ravina hafa; ary fanao izao hiany koa ny Ravinakondro, atao Vilia amy ny fanasana lehibe ka tsy ampy ny Vilia: dia laharana tsihi-madio amy ny tany, dia velarina eo ambony ny tsihi-madio ny Ravina, dia atao eo ny nahandro ny olona.

Digitized by Google

Ary ny *Hodi-tSokatra* fanao ny 'Ntaolo hiany raha tsy misy koa nihinanana. Ny *Haron-kely* aza no fanao Lovia raha tsy misy. Ary ny amoron'Ala *Lovia-hazo* no nihinana'ny, izany kosa no fomba fihinanana.

Ary misy koa *Vilia-hofa* (hodi-javatra) atao ny olona Tanindrana koa (†) ho Vilia fihinánana. Ary tsy mba fomba loatra aty Merina izany Vilia izany, fa fomba ny any ambany sy ny Betsileo. Ary ny *Voatavo* koa, dia azo atao Siny hatao fantsakan-drano raha mandeha lavitra, fa maivana izy ka mora entina ; ary na dia tsy mandeha lavitra aza, dia misy hiany mantsàka amy ny Voatavo ; ary ny anarany iley voatavo azo antsakàna *Voatavo-bozaka* no anara'ny. Ary ny *Vilia-sokay*, ny any Malagasy dia atao hoe *Sokay* hiany ; ary ny atao hoe *Bakóly* dia Vilia-sokay, fa ny Vazaha any andafy no manao izany. Ary ny *Vilia-vi-fotsy*, dia Vilia fitondra lavitra, na atao fahandroana, na atao Siny fantsakána, izany koa no fanao vao haingiana amy ny izy ireo. Ary ny *Lovia-vola* dia vola *tefena* atao jhinànana, ka ny Mpanjaka sy ny Manan-karena no manao, fa tsy azo atao ny Malahelo ; ary ny nanaovana azy vao faingiana hatr'amy ny Laidama no mankaty no nanaovana, fa ny tany aloha mbola kely ny Vola ny ka tsy nahefa. Ary ny nitrangàny ny *Vilani-vy* kosa dia avy amy ny Vazaha , fa tsy mba nahay nanao ny Vilani-vy ny teto, fa tsy hay ny ny fandrendrehana azy, fa avy amy ny Vazaha ny nahazoan'azy. Ary dia betsaka ny Vilani-vy amidy eny an-Tsena , fa miakatra mandrakariva izy entiny Mpandranto; ary sarotra ny vidy ny, fa tsy mba tahaky ny vilany rehetra : misy lafo *A*. 5 na ambony na ambany no ho izany ny vidy ny; ka ny mahasarotra azy dia ny hamafia'ny, fa tsy mba

(†) Ny olona izay tsy ato anaty ny Merina, fa indrindra izay monina amy ny sisin-Tany, no atao hoe *Tanindrana*.

Digitized by Google

mora vaky tahaky ny Vilani-tanimanga aty: fa ny Vilany tani-manga aty kosa sady mora vidy no mora vaky, ka izany no nanaovany ny Ntaolo oha-bolana hoe: *Tavi-mbilany ny aina ka tsy hita izay hahavakiany.*

Ary ny Lovia *Tani-manga*, izay indrindra no fomba fanao ny Olona aty; ary ny *Vilany* sy ny *Siny* mb'amy ny *Lovia* na hoe *Vilia*, dia zavatra avy amy ny Tani-manga no tefeny ny olona, hatao *Fahandrahoana* sy *Fihinanana* ary *Fantsakana*. Ary dia izao no fanaovana azy. Alaina ny *Tani-manga*, lemana ary ditina tsara hadity. Ary rehefa madity dia tefena atao *Vilany* na atao *Siny* na atao *Vilia*. Ary ny tanana no manao azy, ka tovotovonana matetitetika ambara-pahavita ny. Ary raha atao Vilany izy na atao Siny, dia *Vody ny* no atao voalohany: kelikely no anaovana voalohany dia tovonana, dia atao mitatra ambara-pahavita ny, dia mihiamakadiry izy, tahak'izany ny fomba ny Vilany sy ny Siny no fomba fanaovana azy. Fa ny Siny kosa atao *Jarobo* (atao boribory kely vava). Ary ny Viliatany tahaky ny fanaovana ny Vilany ny fanaovana azy, fa ny vava ny no samihafa: Ny Vilany asiana *Molotra*,---ary ny Vilia atao mahitsy hiany sy asiana *Tongotra*. Ary dia ny Vilia asiana *Manjarano* (tany mainty mangilohilo) dia tonga *Manga* tsara izy,---ary ny *Vilani-nongo* hatao fahandroan-daoka kosa, dia asiana haingiohaingio ny amy ny vata'ny, atao tahaky ny *Vanditra*, na asiana haingo tahaky *Dia-nkoho*, — 'zay hiany no atao haingo ny.

Ary ny Vilany dia maro samby hafa:

Ao ny *Vilani-be-tsangam-batana* fitoerany ny vary maina, misy omby Vary 'ray mahery aza. Ao ny *Vilany lehibe fandritan-kena* amy ny Fandroana. Ao koa ny *Vilany lehibe fandrahoam-bary* ambany Mangahazo sy Vomanga mpamahoaka raha mindrana olona betsaka. Ao koa ny *Vilany salasala fahandroam-bary* isan'andro. Ao ny *Vilani-nongo fandritan-daoka* isa-

Digitized by Google

ky ny misy: dia ny Toho, ny Trondro, ny Patsa, ny Orana, ny Tsikóvoka, ny Foza, ny Sífotra, ny Ondrindrano, ny Sikidindrano, ny Valala... 'zao laoka kely madinika fomba fanao an-davanandro; --- ary dia ny Vantotrakoho kely raha sendra seriserena ny mpianakavy; --- ary raha tonga Vahiny dia mamono Akoho na ho Vorona, na hividy hen-Omby na hena-Kisoa na hen-Ondry: dia atao izay hanomezam-boninahitra ny Vahiny sy hahafa-kenatra ny tompontrano;--ary ny *Vilani-nongo salasala* fandritana no anaovana ireo laoka vaventy ireo. Ao koa ny *Nongo-kely* fandenoana anana: dia ny anan-Tsinahy, sy ny anam-Patsa, sy ny ravim-Boatavo, sy ny ravim-Bomanga, sy ny ravin-Toto, sy ny ravim-Boavahy, sy ny ravin Tsaramaso, sy ny ravim-Boatabia, sy ny anam-Tsingita, sy ny anam-Bodihena, sy ny anan-Tarika, sy ny anan-Davaravina, sy ny anam-Poza, sy ny Beroberoka, sy ny ana-Mafaitra, sy ny ana-Malaho-nKova..,dia ny ana-madinika rehetra; ary dia ny anam-baventy fivarotra antsena: ny ana-Mamy, ny ana-Malaho, ny ana-Tsonga, sy ny Horirika *Tale ny anana indrindra ja hen'ondry ny malahelo.*

Ary ny amy ny Siny indray kosa: Ao ny *Sinibe* mipetraka ao an-trano hatao fanangonan-drano. Ao ny *Sinikely* fantsakandrano. Ao ny *Sinikely fitoera-menaka.* Ao ny *Tavohara* fitondraindrano fisotro raha mandeha. Ary ao koa ny *Tavindrano* fanozan-tànana.

Ary ny Vilia dia telo karazana: Ny *Vilia-lava-tongotra* sy ny *Bori-tongotra*, sy ny *Vilia-sokay.* Ary ireo Vilia-tany ireo dia hosorana Manjarano ho manga, ary ny Vilia-sokay dia mena fa fomba ny Sokay izany.

Ary rehefa voa tefy ny Mpanefy izy rehetra ireo, dia ahahy ny, ary rahefa maina dia dorana, anio tontolo andro avela ho may hiany, ka rahefa levona ny afo dia tsirihina,dia pehipehina izy, ka rehefa maneno tsara dia masaka. Fa ny fomba ny ireo Vilany rehetra

Digitized by Google

ireo, sy ireo Vilia aman-tSiny ireo, dia raha tsy efa may dia tsy azo andraboan-kanina, na azo antsakan-drano, na azo ihinanana: fa raha tsy may izy mohaka raha lena. Ary ny fandorana dia any am-pahitra no fandoran'azy, eny an-tokotany eny, eny an-tsaha ivelan-kady eny, izany no fandorana azy raha maina.

Dia ireo no fomba fanao ny Ntaolo taloha hatr'amy ny voalohany ambarak'ankehitriny. Ary ny karazana ny mpanao azy dia avy any andrefana ny ankabiazany. Ambohitrandraina any andrefana no mpanao Vilany sy Siny sy Lovia, sy Amboanjobe ary atsimo. Ary ny Tani-manga betsaka amy ny tany rehetra manodidina, ary ny mahay dia maka izy, dia manao.

Ary ankehitriny indray koa ny Tani-manga dia atao ny mpanan-karena *Birika* hanaovana rindrin-trano, ary hanaovana tafo-ntrano atao *Kapila*. Ary dorana hiany koa no fomba fanaovana azy; ary koa ny Tani-manga atao Birika hiany koa, raha tsy dorana aza. Ary ireo koa no fomba vao niseho tamy ny Tani-manga tato aoriana.

Manefy vv. Andriamanelo no nahitany Merina ny Vy --- *izahao* tak. 14 --- Ny fasika na ny vato misy ny Vy, izany no arendrika dia tonga Vy mitambatra, vao izay empoina indray ka tefena. Natao Lefona sy Angady sy Antsy, no hevi'ny tamy ny taloha; ary dia natao Basy sy Tafondro kosa no hevi' ny, fony tamy ny nanjakandRabodonandrianampoinimerina.

Any *Amoronkay* any atsinanana any (atsimo ny Mantasoa) no fangalana ny Vy. Dia hadina any ny tany, dia alaina ny tany tahaky ny fasika maintimainty hila ho sahala amy ny *Tainkankana*, dia entiny ny olona amy ny Sobiky, dia sasana amy ny rano maria: dia miala ny tany, ary ny Vy no sisa mijanona. Dia entina ny Vy refefa voa sasa, dia arendrika amy ny *Afo n'ari-*

Digitized by Google

na: Atao ny ao am-patana, ka asiana arina ao amy ny fatana fanefena, dia foforina amy ny *Tafoforana*, izany no fitanehana azy. Ary rahefa mivaivay tsara ny afo, dia mirendrika ny Vy ka mitambatra izy. Ary rahefa mitambatra izy, dia entiny ny mpandrendrika hamidy ny. Ary ny Vy io misy *Mahery* sy *Osa*. Ary ny atao hoe *Vimahery*: dia ny *Vi-tsy* no mahery. Ary ny atao hoe *Osa*: dia ny Vi-malemy, ka *Fonja* no anara'ny. Ary ny *Malemy* dia atao Fangady sy Fantsika sy Savily &... ary ny *Mahery* dia atao Famaky na Antsy na Tsofa na Tantánana na Fándraka. &... Ary ny amy ny Vimahery, samihafa ny tareby ny raha rendrika: Ny *Tsy* manga dia manga, ary ny *Fonja* mainty dia mainty, --- izay hahafantarany ny mpandrendrika azy. Tsy misy zavatra ho fanaovan'azy ho *Tsy*, fa fatana iray hiany no anaovana azy rehetra, ka ny *Tsy* miavaka eo amy ny anaovana azy, ka dia tsy fantatra izay mahatonga azy ho *Tsy*: fa ny hiadiana azy iray hiany, ary ny handrendrehana azy iray hiany, ary samy mitokana eo hiany izy rahefa voa rendrika.

Ary dia no vidiny ny Mpanefy ireo Vy ireo. Dia henjahana, dia anaovan-javatra maro karazana. --- Dia anaovana ny *Lefona* natao fiadiana nentina hiaro ny vadi-aman-janaka sy hampandry ny Tany sy ny Fanjakana, ka dia nentiny Andriamanelo voalohany handresy ny Vazimba. --- Dia anaovana ny *Angady* hiasana ny tany ambolena ny vokatra ho hanina ny vadi-aman-janaka, fa raha tsy misy Angady tsy misy hihinanam-bokatra: fa ny Angady tahaky ny Lefona no fototry ny raharaha lehibe indrindra amy ny Vy. --- Dia anaovana ny *Fantsika* hamantsihana ny loha-trano, sy atao *Savili-mbaravarana* sy atao *Hidi-ntrano*. --- Dia anaovana *Gadra* hanagadràna ny meloka.--- Dia anaovana *Antsy* fandidian-javatra, ary ny Antsy koa nentiny ny Ntaolo niady, ary natao ny famonoan'

Digitized by Google

omby, --- Dia anaovana *Fisisika* hamakiam-bato, sy *Kanonta* handónana ny fisisika hahavaky ireo vatoboribory hanaovam-pasana. sy handrafetana ny tokotany nianjera sy ny Rova, sy hanaovana vodi-rindrina. --- Dia anaovana *Vato-mizàna* handanjam-bola. --- Dia atao *Tantànana* sy *Tandra* sy *Riandriana* fomba fanao ny Mpanefy manefy Vy. Tantanana iray hivelezana ny Vy rahefa masaka, ary Tandra iray handraisana ny Vy mahamay, ary Riandriana iray hipetrahany ny Vy hanefena azy, ary Tafoforana iray mamelon-drivotra hivelezana tsoka ny afo hahamasaka ny Ivy: 'zao no nentiny ny 'Ntaolo hanefy ny Vy, ka nahavita betsaka izy: fa ny Angady manana isan'olona, ny Lefona manana isan-dahy, ny Antsy manana isan-trano', ny Vatomizana manana isan'olona, ny Famaky be no manana...

Ary ny atao hoe *Tafoforana* dia hazo roa (na iray aza) boribory, ka loahana ny aty ny, ka dia asiana Tafoforana fitsiofana azy ao anaty hifoforana azy. Hevitry ny Mpanefy tao aloha izany ka narahiny ny zafy ny tato aoriana.

Ary misy atao hoe *Mpanefy n'Andriana* manao ny tefy rehetra asain'Andriana atao. Ary misy ny Lehibe ny Mpifehy azy, ka isa ny Miaramila ireo izy ireo, ka avoaka tahaky ny Miaramila no anaovan'Andriana azy; ary raha misy zavatra hatao ny Andriana ka tefy, dia izy no mpanao azy, ka anjara fanompoana izany. Ary ny nametrahan'Andriana azy dia eo Amparihibe eo avaratra Mahamasina, sy ao Analakely atsinanan'an-Joma, sy any Avaratrila'y, sy any Mantasoa any atsinanana, no nametrahany Andriana ireo Mpanefy ireo.

Ary ny taozavatra atao ao Amparihibe: dia manefy Gadra sy Fantsika sy Bala-mBasy hitofirana sy Bala-nTafondro hiadiana sy ny Vy rehetra asain'Andriana atao.

Ary ny ao Analakely kosa, dia mpanao Vanja, sy mpanefy Vilia sy Vilany sy Siny n'Andriana, sy mpa-

Digitized by Google

nao Barikia, sy mpanao *Savony n'Analakely* &...

Ary ny any Avaratrilafy dia mpanao Basy kosa izy. Kandrefa izy ankehitriny tsy mamorona Basy intsony fa manamboatra ny rava, ka amy ny Vazaha ny ihiaviany ny Basy izao.

Ary ny any Mantasoa na hoe Soatsimanampiovàna, dia mpanao Tafondro-vy sy Tafondro-varahina aza &&.

Ary ny taozavatra betsaka dia betsaka natao sy nianarana tao Mantasoa nony tamy ny nanjakandRabodonandrianampoinimerina, dia mbola ho lazaina ao aoriana.

NY MANEFY VOLA. Toa efa betsaka ny Vola aty Merina raha nanjaka i Andriamasinavalona, fa *Vola* Kizo 11 nampitondrai'Ny hamidy vary—*izahao* tak. 176; --- ary indray *Vola A*. 7,000 nentiny Merina 3 Toko nanavotana an'Andriamasinavalona--- *izahao* tak. 184; --- ary Masombola *Hidivava* na hoe *Haba* no anarany tonga lanja n'Ariary no aloa ny Trimofoloalina sy ahasi'ny ny Andriana nahatsimatimanota azy, dia vita sazy izy---*izahao* tak. 188 ---Ary fanao fahataloha izany, raha voa sazy ny olona ka misy Vola ami-nkariana haloa, dia ny *Haba* no aloa ny, izany no anaovany ny Ntaolo hoe: *Izaho nandoa Haba an-tànana sy Kavin'an-tsofina*. Ary samy haingio avokea na ny Hab'an-tànana na ny Kavin'an-tsofina. Ary tsy mba nandoa Vola ny tany aloha, f'ireo kosa no naloa ny raha voa sazy izy: fa ny Vola taloha tsy dia mbola betsaka tahaky ny ankehitriny fa kely, ary tsy mbola nahalala izay anaovana ny Vola izy, fa izay azo ny natao ny *Fihaingioana manaraka ny tena ny*, ka narendri'ny no tefe'ny natao ny *Haba* an-tanana sy *Kàvina* an-tsofina &... Fa vao taty aoriana rahefa betsaka ny Vola, ary efa betsaka ny Olona vao mahalala ny fihariana sy ny fivarotana ny zavatra rehetra ary vao izay ny nisehoany ny Vola no vakina atao *Va-*

Digitized by Google

kim-bola na hoe *Torotorom-Bola*. Koa ny Vola sasany izay azo ny Ntaolo tamy ny Vazaha, dia narendri'ny no rava'ny natao ny *Haba* sy *Vakana*, sy *Masombola* vaventy na madinika na salasala. Ary ny Vola sasany kosa no tehirizi'ny ho Vola *Farantsa* hiany, na no vakivaki'ny ho *Vakivakimbola*.

Ary raha ny *Manefi-vola* sy ny mandrendrika azy atao *Vakana* &..., dia betsaka aty Merina no manao azy. Ary ny Vola tefena, ny sasany atao *Sampilahy*, sy *Volalahy*, sy *Sarinomby*, sy *Tongalika* na hoe *Rojovola*, ary ny sasany atao *Haba*, sy *Kavina*, sy Masombola *Fehi-ntongotra* na *Fehi-ntanana*, sy *Atsipilavaka*, sy *Vilia-vola*. Ary ny nanavany ny Ntaolo azy rehetra, dia atao firavaky ny tena, sy fanasinana ny Sampy, sy Sikidy na Vintana an-tanana, sy Voady amy ny Sampy, no hevi'ny.

Ny *Haba* na hoe *Hosina* dia mivongady iray hiany, ary ny *Masombola* dia maro mitohitohy; ary samy atao an-tanana hiany, na ny Masombola mitohy maro, na ny Haba mivongady iray; ary ny Haba tsy mba azo atao an-tongotra; izany no fomba natao ny tany aloha: natao fihaingioana ny nanaovana azy, fa tsy mba fomba fanao na amy ny Sampy, na amy ny Sikidy. Ary ny Mpanjaka no manao azy sy ny Mpanan-karena, dia atao misamboady amy ny soroka ny Masombola, ka entina hatao fitondra mihaingio raha mamora, raha sendra misy fivoriany ny Vahoaka betsaka; dia asiana Fehi-ntongotra ny tongo'ny, ary asiana koa Fehi-ntanana ny tana'ny, ary asiana Sampilahy ny vozo'ny; 'zay no nanaovany ny Ntaolo azy. Ary ankehitriny, raha tsy mamora, tsy manao intsony ny Olona.

Ary ny *Sarinomby* na hoe *Ombalahivoli*, dia atao ny Olona an-tanana, na amy ny *Vintana* na amy ny *Sikidy*, izany no hevitra nanaovana azy. Ary majinika fa tsy mba lehibe izy, ary Vola no atao ny azy; koa ny

Digitized by Google

tarehy ny rehetra tahaky ny omby, ary arendrika ny fanaovana azy. Ary ny mpandrendrika azy no manao azy hitondra'ny any an-tsena hivarotra azy, be azy ny tsena rehetra tao aloha. Ary ny lanja ny misy roavoamena, misy sikajy, ... koa raha vidiny ny Olona izy, dia lanja ny hiany no ividianana azy.

Ary ny *Rojovola* na hoe *Tongatika*, sy ny *Volalahy*, haingio hiany no nanaovany ny Ntaolo azy; kandrefa indraindray dia *Sikidy* na *Voady* amy ny Sampy no hevi'ny; ary ny Rojovola dia nifehezana ny vozony ny voatavo Arivolahy fomba fanao amy ny Fora, sy nifehezana ny tenda ny Ody sy ny Sampy. Ary ny *Volalahy* izao kosa no fanao azy: Raha Sakalava, raha maneky ny Andriana mpanjaka ny Sakalava, dia manolotra Ombi-volavita sy Basi-vola (izay Basy ananany) entiny hanasin'Andriana aty; ary ny Vahoaka mandoa *A*. 3 isam-baravarana; ary ny Basy dia alainy Andriana aty ambony, sy ny vanja sy ny vatofalia: izay no fomba fanao ho filazana fa *Tsy hanondro Basy an-Ambohimanga sy Antananarivo*. Ary ny Andriana kosa aty ambony manome *Volalahy* sy Lamba-tsimaroavaratra sy Satro-mena. Izany no fomba taty Merina.

Ary amy ny *Manefi-vola-Farantsa* misy koa mahay fa ny zavatra atao ny Vola tsy hita ny. Tsy misy tsy hay ny Merina, hono, *fa ny Vola tokana no tsy hay ny*. Kanjo ny fanefem-Bola dia efa hay ny, dia atao ny mitovy tarehy amy ny Farantsa *Vola madio*. Ary ny anaovana azy, dia *Varahina* no tefena. dia asiana *Ranom-Bola* kely foana, dia atotra ny Varahina, dia tonga tahaky ny Vola-tsara. Kanefa zavatra mamitaka ny Olona izany, fa Varahina na Vy na Firaka, na Fanitso no anaty ny. Ary dia tsy tiany Andriana sy ny Vahoaka izany, satria fa zavatra akosoka ary tsy mba mateza, fa rahefa mitoetra haingiankaingiana dia miseho ny Varahina, izany no tsy nitiavan'Andriana sy ny Vahoaka azy.

Digitized by Google

Ka raha misy manao ireo vola ireo dia no didiana nasiana dídy: *Raha misy manao ireo, dia atao Ko mahameloka azy. Fa tsy tia'Ko fa fitaka izany mamitaka ny zaza-amam-behivavy* , hoy ny Andriana taloha. Dia izany no nanasiavany Andriana didy azy tsy hitranga amy ny Tany intsotry. Ary ankehitriny raha misy mitranga ny *Vola Malagasy*, dia torotoroina, dia mati-antoka ley nitondra azy, arv ny mpanao azy raha hita dia hatao gadra-lava izy.

Ny Mamaky sy ny Mandanja Vola. Ary nony efa tonga ny Vola , ny *Farantsa* dia tsy azo namidy zavatra amy n'izao raha tsy zavatra mitambatra betsaka; fa nony nividy zavatra madinika izy dia no vaki'ny ny *Farantsa* hividianana ny zavatra rehetra madinidinika, dia izany nahabetsaka ny *Vakimbola* taty Merina: fa ny Vola, be no aleha ny. Ary ny Vakimbola no niposahany ny *Mizàna* sy ny *Vatomizana*. Ary vato hiany tamy ny taloha no natao Vatomizana, ary no ny tato aoriana dia vy na varahina na firaka aza no nanaovana azy. Ary dimy hiany ny Vatomizana: vaton'*Doso* roa, vato *Kirobo* iray, vato-nt*Sikajy* iray, vato-nd*Roavoamena* iray, izany no isa ny Vatomizana fomba fanao amy ny fandanjam-Bola. Ary ny Vatomizana and'Ramboamanana no alaina tahaka: fa ny azy nankasitrahany Andriana. Any Soamanandrarina no mitoetra izy ka mbola velona ao., ka *Tompo-marika* amy ny Vatomizana izy.

Ary fomba ny famakiam-Bola taloha dia izao: Ny Ariary vakina sasahina, dia tonga *Vakindoso* ny antsasa'ny, indroa *Loso* no Ariary.

Raha teloina, dia *Sasanangy* ny fahatelo ny.
Raha efarina, dia *Kirobo* ny fahefa'ny.
Raha dimina, dia *Iraimbilanja latsaka varienimbenty* ny fahadimy ny.

Digitized by Google

Raha enemina, dia *Venty* ny fahenina.
Raha fitoina, dia *Lasitelo* latsaka kely.
Raha valoina, dia *Sikajy*.
Raha sivina, dia *Sikajy latsak'Erany*
Raha foloina, dia *Lasiroa*. (*ila* voamena *sy roa* voamena).

Raha zaraina, 12 dia *Roavoamena*.
zaraina, 16 dia *Lasiray* (*ila* voamena *sy iray* voamena).
zaraina, 18 dia *Efatrambatry*.
zaraina, 24 dia *Voamena*.
zaraina, 48 dia *Ilavoamena*.
zaraina, 72 dia *Eranambatry*.
zaraina, 144 dia *Varidimiventy*.
zaraina, 720 dia *Variraiventy*.

Ary ny Vola *Voamena* kosa raha zaraina:

Sasahina dia *Ilavoamena*.
Teloina — *Eranambatry*.
Efarina — *Varifitoventy*.
Dimina — *Varienimbenty*.
Enemina — *Varidimiventy*.
Fitoina — *Varidimiventy* mihodivitra kely, na *Efa-benty* mahery kely.
Valoina — *Variefabenty latsaka kely*,
Sivina — *Variteloventy maherihery*,
Foloina — *Variteloventy*.

Ireo anaram-Bola ireo natao hianarany ny Olona tamy ny nanjakany Lahidama, ka tonga ny Vazaha mpampianatra ny amy ny Famakiana sy ny Soratra sy ny Fanisana &...

Raha tahaky ny fihevitr'o, hoy i R..., araky ny fahita'ko ny anaram-Bola hatr'amy ny Eranambatry no ho midina, dia ny *Voa-njavatra* nentiny ny Ntaolo handanjana Vola: fa ny anarana hoe *Eranambatry* sy *Variraiventy*, *Varidimiventy* &..., dia avy amy ny ana-

Digitized by Google

ram-Boanjavatra dahalo, ka hita marina fa ny Vola *Eran'Ambatry*, dia tokony ho lanja ny *Voa n'Ambatry iray*, k'izany no mah'*Eran'Ambatry* azy, sy anaovana azy hoe *Eranambatry* no anara'ny. Ary toy izany koa amy ny *Variraiventy*, fa raha *Akotry* iray lena antonintoniny, dia tokony ho lanja ny *Voa-mBary iray* na hoe *Akotry iray*, dia *Lanja-mBary iray venty*, k'izany no maha *Variraiventy* azy. Ary ny manamarina izany indray, satria na dia ankehitriny aza, raha sendra tsy misy Vatomizana, na misy ambiny ny Vola, na kely loatra ny Vola ka tsy azo lanjaina ami-mBato, dia mbola ny *Akotry* hiany no andanjana azy, fangy anasiavana ambiny ny Akotry, indraindray ny Akotry madinika na maina ka tsy mahatonga lanja ny Variraiventy. Koa arak'izany raha mandanja Vola ka sendra tsy misy Vato, raha lanjaina Voamena, Akotry 40 no andanjan'azy.

Voamena	dia	Akotry	40	*Efa-polo* no andanjana azy.
Ilavoamena	dia	Akotry	20	*Roapolo.*
Eranambatry	dia	Akotry	13	*Telobambinifolo.*
Varifitoventy	dia	Akotry	10	*Folo.*
Varienimbenty	dia	Akotry	8	*Valo.*
Varidimiventy	dia	Akotry	7	*Fito.*
Variefabenty	dia	Akotry	5	*Dimy.*
Variteloventy	dia	Akotry	4	*Efatra.*
Variroaventy	dia	Akotry	3	*Telo.*
Variraiventy	dia	Akotry	1 1/2	*Iray sy tapany.*

no andanjana azy. 'Zao no fomba fanao fandanjana azy. Fa tsy azo ampitovina lanja amy ny Vola ny Akotry, fa mahery lanja ny Vola ka asiana ambiny ny Akotry, fa tsy mahaleo lanja azy ny Akotry; ka raha Varidimiventy ny Vola, tsy azo atao Akotry *dimy* fa resy ny manam-Bola, izany no anaovana azy misy ambiny

Digitized by Google

fa raha tsy misy ambiny ny Akotry roa tsy mety mitovy.

Ary amy n'ireo anaram-Bola ireo dia ny *Eranambatry* no *Fototra iakarana* ny Vola rehetra hatr'amy ny Ariary. Ary hatr'amy ny Ariary no ho midina izy koa no *Farany ny ambany*. Ary hatr'amy ny Variraiventy no ho miakatra, dia *Izy no ambony*. Ary hatr'amy ny Eranambatry no ho midina, dia ny *Variraiventy no farany ny ambany indrindra*. Izany no hevitry ny 'Ntaolo.

Ary ny *Manao lanja-miangatra* dia namany ny mpangalatra, fa mba tahaky ny mangalatra hiany ny manao lanja miangatra, dia misy didimpanjakana mihatra amy ny. Raha azo izy ka entina amy ny FITSARANA, dia tsy maintsy ho voa heloka izy na ho gadralava. Ary ny heloka lehibe aty amy ny fomba ny Vola: dia ny *Manefy vola ratsy* sy ny *Manao lanja miangatra*. Ary ny hoe manao lanja miangatra: dia *Manindry ilamizana*, dia *Manao vato mahery* raha mandray Vola, dia *Manao vato latsa-danja* raha hanome.

Ary maro anarana ny Farantsa fahataloha: dia *Behaoka* sy *Amparitra* sy *Ampanga* sy *Helatra* sy *Tokazo* sy *Andohalambo* &. Ary izao kosa no anarany ny tato aoriana: dia *Tsanganolona*, dia *Tombotsisina*, dia *Malamakely*, dia *Ngita*, dia *Tanamasoandro*, dia *Kelihandrina*, dia *Tranompitaratra*, &. Ary Farantsa daholo izy rehetra. Ary ireo anaram-Bola ireo, dia avy amy ny foetry ny sary eo amy ny Farantsa: Ny *Ampanga* dia misary olona mifehiloha ravinkazo ohatra ny Ampanga; --- ny *To-kazo* misy sari-mpoto-kazo iray; --- ny *Tsangan'olona* misary olona telo mitsangana ao; --- ny *Malama-kely* misy sary ny *Bonaparta*, mandry ny soratra ary ny sisiny malamalama; --- ny *Tana-masoandro* misary ny Masoandro amantana'ny; ---ny *Trano-mpitaratra* misy sary ny fitaratra amy ny voho ny; --- ny *Keli-handrina* misary olona be loha kely handrina ... ka tahak'izany dabo-

Digitized by Google

lô ny nihiaviany ny anara'ny izy rehetra.

Ary ny Vola madio, ny atao hoe *Volamadio*: dia ny Tsangan'olona ny Malamakely ny Tranompitaratra ny Kelihandrina; fa ny dia atao ny tena izy indrindra, dia ny misy ny sary *Bonaparte III* (fahatelo), sy ny *Besomotra* (*Louis Philippe*), sy ny *Tsanganolona* (*la Republique*) &., ka ireo no tonga tiany ny olona indrindra.

Ary. taloha, ny *Tana-masoandro* no tiany Olona ny Vola, ambany ny *Vola-ngita*. Ary ny *Vola-madio* tsy mba tia'ny loatra: fa latsaka ny lanja ka tsy tonga lanja. Ary ankehitriny ny *Vola-madio* indray no tia'ny fa tsara tarehy ny Volamadio noho ny Tana-masoandro. &. Ary ny Vola taloha, raha atakalo ny *Farantsa* dia Ariary misanda Voamena na Roavoamena no sanda ny. Ary tato aoriana raha atakalo ny Farantsa, vao tsy lafo Ariary: fa andatsahana Roavoamena amy ny Vato-ndoso roa, na latsaka noho izany no latsaka. Raha betsaka ny Farantsa atakalo fa betsaka ny mampanakalo:---dia mifanerana ny Farantsa sy ny Vatondoso roa, --- dia misy latsaka aza, --- misy latsaka Ilavoamena, --- misy latsa-Boamena, --- dia misy latsa-dRoavoamena ny sasany. Raha tsy misy ny Farantsa fa vitsy no mampanakalo, dia misy sanda ny Farantsa: misy Voamena, misy Lasiray, misy Roavoamena aza no sanda ny. Ary ny atao hoe *Ariary*: dia *Vakivakimbola lanja-nDoso roa*. Ary ny hoe *Volamadio*: ireo Farantsa ireo *Besomotra*, *Tsanganolona*, *Bonaparte III* &, ka avy amy ny Fanjakana *La France* no ihiavia'ny. Ary tamy ny taloha ny *Volamadio* no *Tsy midi-dRova* satria tsy ampy lanja, f'ankehitriny izy indray no *Tonga midi-dRova* sady maro-mpitia.

Ny Mampanjana-Bola. Ary ny manam-Bola, raha misy olona koa tery, koa ananan'olona Vola, na mividy zavatra: dia mankamy ny manam-Bola izy tsy

Digitized by Google

manana, dia *Manjana-Bola*. Ny manam-Bola *Maka Voamena isam-bolana* ho zana-Bola, *Ariary* no reny ny. Ary raha manao *Fito-volana* ho fetr'andro atao handoavana ny Vola n'olona io, ny *Ariary* dia tonga *Loso* no zana'ny. Ary raha Vary no zanaky ny Vola, raha *Herin-taona*, dia *Vary iray* no zanaky ny Ariary. Izany no fomba ny Vola miteraka, ka ela izany tamy ny taloha hatr'izay nisehoany ny Vola.

Ary ny mampanjana-Bola dia maro ny olona manao, mamoaka daholo ny olona izay manam-Bola, na ny any Ambonivohitra na ny any Ambanivohitra, fa fomba ny Vola aty Meriua: Raha tsy amidy omby, raha tsy amidy aukizy... dia *Ampanjanahina no atao azy*.

Ary raha misambotra Vola n'olona hianao, ka tsy manome Vola n'olona hianao fa mihenahena, dia lazainy ny tompo-mBola any amy ny Andriana. Ary dia alain'Andriana ny olona anànan'olona trosa, ary hoy ny Andriana raha tonga iny olona iny anànan'olona trosa: *Aloavy ny Vola n'olona.* --- Ka raha tsy manan-kaloa fa milaza manao hoe: *Tsy manan-kaloa aho.*--- Ary hoy ny Andriana: *Dia amidio io olona io hanalana ny Vola nareo.* Ka ny antsasa-bidy ny dia any ny Andriana. Izany no didimpanjakana, raha amy ny mitrosa ny Vola n'olona, ka mihenahena tsy handoa; izany no nandidiany Andriana taloha ka mandrak'ankehitriny, ka tsy azo avela.

Ary ny amy *Mpanjana-Bola*, tsy mba misy didimpanjakana, tsy mba misy didy amy ny Vahoaka; f'izay teny fanekeny ny tompomBola sy ny manjána-Bola, izany hiany no didy. Ka raha misy maka *Lasiray* na *Sikajy* aza ho zanaky ny Ariary iray volana, rahefa teny fanekena, dia didy izany. Ary raha mandà ny teny fanekena, na ny tompomBola na ny maka Vola, dia tsy mety ny Andriana sy ny Fokonolona: fa mandà izay teny fanekena. Ary raha misy mifona ka tsy mahaloa trosa, dia ny Fokonolona mifona amy ny

Digitized by Google

tompo-mBola, dia manome izay ifonana na ohatrinona na ohatrinona ny tompo-mBola: fa tonga ny Vahoaka mifona. Ary tsy mba misy didy ny fangatahamBola. Raha mamoakaVola ny mpanána Vola, koa mangataka hianao, raha ome'ny dia ome'ny, ary raha tsy ome'ny dia tsy misy didy. Koa dia izao no lanao matetika:

Raha maka *Ariary* amy ny hianao, koa manjanaka, raha vary no atao zana'ny: dia *Vary iray* isan-taona no zanaky ny Ariary.

Koa *Ariary roa* : dia *Vary roa* no zana'ny.
Koa *Ariary telo* : dia *Vary telo* no zana'ny,
Koa *Ariary* 100 : dia *Vary zato* no zana'ny.

Raha Vola indray no zana'ny, ka Voamena no zanaky ny Ariary isam-bolana:

Raha *Roa volana* : dia *Roavoamena* no zana'ny;
raha *Telo volana* : dia *Sikojy*...
raha *Efa-bolana* : dia *Venty*....
raha *Dimy volana* : dia *Iraimbilanja*...
raha *Herin-taona* : dia *Leso*...
raha *Roa taona* : dia *Ariary* no zana'ny...

K'izany no anaovana hoe *Miteraka ny Vola*, ka azo ampanjanahina, ary ny mampanjaka azy dia ny Mpanána Vola atao hoe *Mpampanjana-Bola*, ary ny Manjana-Bola dia ny maka. Ndrefa *Ny Vola tahaky ny vato sy ny vy, koa tsy mba miteraka, fa ny vava no mampiteraka azy sy ny teny fanekena*, hoy ny Ntaolo. Fa ny Vola no ikelezan'Olona aina sy amonoan-tena: fa ratsy raha tsy mba manam-Bola, koa raha mandeha tsy mba manan-katoraka, koa tahaky ny olona monina-anila tsena: Be sitra-po ka tsy manan-katoraka. Ary hoy R... Ka mba manaova dia ny mbola matanjaka, fa rahefa osa: Be sitra-po ka tsy manan-katao, ka iharany ny oha-bolana hoe: *Rafotsibe niantsena: be zavatiany, ka tsy manan-kamidy*. Fa samia manao fa hita

Digitized by Google

nareo ny toetry ny Olona; fa raha tsy manam-Bola, tahaky ny *Ambodiaky miandry Embokakondro*: *koa andrasana tsy latsaka, avela toa Hena.*

Koa samy fatra-pitady sy fatra-pila Vola ny Olona aty, ka mandra-pisiany tsy misy toky ny aina fangao tsy manan-ko an-tena. Ary ny olona izay kamo, ka tsy mba mety hanao zavatra na hivarotra, na manantena lova ho avy, na manao hevi-potsy ka ny taozavatra tsy etao ny, ka tsy mba mahalala fa ny asa no Vola, dia nasiany ny Ntaolo oha-bolana hoe: *Manisa Ariary zato am-pandriana.* Fa nofy izany tsy mahatohtosa na inona na inona afatsy fiolahy angaha mangalatra ny zavatr'olona. Fa zavatra mahajamba ny *Hendry manao zavatra* ny Vola, mainkia mahajamba ny Kamo tsy mety manao, ka hevitry ny Ntaolo indray io izy io. Hoy ny oha-bolana hoe: *Ny taolana maha'amba ny Alika, ny hena mahajamba ny Adàla*: *ny Vola mahajamba ny Hendry*, hoy ny Ntaolo.

17. Fomba fanao ny Olona aty Merina amy ny fanajana ny Andriana sy ny Havan'Andriana sy ny Ray aman-dreny sy ny Zoky. &...

Izahao hatr'amy ny tak. 158 ka hatr'amy ny 165, ny nandaharan'Andriamasinavalona ny Havan'Andriana ary hevero fa, — na ny fanjakana natoka'Ny ho azy,--- na ny *Vodivona* ipetraha'ny, --- na ny *Hajia* raisi'ny avy amy ny Menakely ny, --- na ny *Elomena*, na ny *Tranomasina* sy ny *Tranomanara*,--- na ny *Arahaba mitokana* manao hoe *Tsara va Tompo ko e*... dia fanajana sy voninahitra nomeny Andriana an'ireo Hava'Ny ireo, sady fampanajána azy. Ary izao koa teny manampy ny voa laza teo: dia ny fifanajana sy ny fifanomezam-boninahitra, amy ny Havan'Andriana sy izao Ray aman-dreny rehetra izao.

Ny Ambaniandro rehetra raha miantso ny Havan'An-

Digitized by Google

driana rehetra dia manao hoe: *Zanak'amam-para*, raha miantso azy amy ny fanaovan-draharaha, ka tsy manonona ny anarany n'isaky ny Karazan'Andriana, fa manao ankapobe hoe: *Hianareo Zanak'amam-para, avia hifana tona amy nay, hanao 'zay raharaha sy hevitra tokony hahalavorary ny Fanjakan'Andriana* &., ka fiantso atao ny Ambaniandro miantso ny Havan'Andriana izany. Satria ny Havan'Andriana no toy ny zaza taizainy Ray amandReny, dia tahaky ny fitondrana ny zana'ny hiany, dia atao ny hoe: *Zanak'amam-para*. Ary koa ny Ambaniandro no mitaiza sy mamelona sy manampy ka manome voninahitra ny Havan'Andriana, dia atao ny hoe: *Zanak'amam-para*.

Ary ny Havan'Andriana kosa raha miantso ny Ambaniandro amy ny fanaovan-draharaha, ka miantso azy hiaraha-hihevitra ny fanjakan'Andriana, dia miantso ny Ambaniandro hoe: *Hianareo Rai-aman-dreny, avia isika* &... Ary ny anaova'ny izany, satria ny Ambaniandro dia atao ny tahaky ny *Rai-aman-dreny ny hiany*, ka dia miantso azy amy ny teny fanajana hoe: *Hianareo no Rai-aman-dreny*...

Ka ny teny nataon'Andriamasinavalona hiany, no hifanajana sy hifanomezam-boninahitra to'izany amy ny Havan'Andriana sy ny Ambaniandro, fa hoy no fandidy ny: *Hianareo, ry Merina no Tanety ary izy no Tsimbotry; ka na ho aiza na ho aiza ny aleha ny dia ao an-kibo nareo* &... izahao tak. 161.

Ary ny amy ny *Arahaba mitokana* fanao fanajan'azy dia izao kosa no fiarahabana ny *Zanak'Andriana*:

Sarasara Tompo ko e!
Tsara va Tompo ko e!
Trarantitra Tompo ko e!
Mifanantera amy ny Ray nao! (na *Reny nao*).

Kandrefa ny *Sarasara*, tsy dia imba fanao ny Olona rehetra amy ny loatra, fa dia ny Tsindranolahy

Digitized by Google

sy ny Menakely sy ny mpanompo ny, ary izy mpitaiza azy hiany no manao.

Raha sendra miresaka ka misy amy ny voninahitra tokony hifanomezana, na zavatra na vava fotsiny, ka sendra *Zazamarolahy* na *Andriamasinavalona*; dia miteny ley olona omena manao hoe: *Trarantitra Tompo ko! Aza marofy, mandrosoa fanjakana, mifanantera amy ny Hava'nao!*

FOMBA FANAO AMY MY FANAJANA NY ANDRIANA SY NY RAI-AMAN-DRENY SY NY ZOKY.

Ary ny fomba *Fanajana* entiny Vahoaka manaja ny Andriamanjaka, dia ny mankato Azy ho Tompo ny Ambanilanitra rehetra.

Ary ny amy ny *Fiarahaban'Andriana* kosa dia atao hoe:

Sarasara Tompo ko e!
Tsara va Tompo ko e!
Trarantitra Hianao Tompo ko e!
Aza marofy mifanantera amy ny Ambanilanitra!
Trarantitra Tompo ko e!

'Zao no fomba fiarahaban'Andriana ka lova nentin-dRazana izany, ka tsy azo ovana. Ary raha manao izany Fiarahabana izany, dia sady miondrika no miala satroka ny Olona.

Ary fomba indrindra *Fanajan'Andriana*, dia ny *Hira atao ny Mpiantsa*. Ary fomba ny Mpiantsa, dia mihira raha mandeha koa ny Andriana, manao izay Antsa rehetra fankatoavana ny Andriana, na ao anaty Rova aza dia manao hiany: satria fa ny Hira fankatoavana ny Andriana no raharaha n'ireo Mpiantsa ireo; sady mihira no mandihy, mirebika mihonikonika anoloa ny ny Tompo ny izy; dia manofahofa ny lamba *l'Indienne* ny lamba *Kimbalibe*, ny lamba *Tsimilanjavatsy*

Digitized by Google

nomeny Andriana azy. Ary ny Mpiantsa dia Tsierom-Lavy. Ary ny Tsierondahy manao *Ampongalahy* sy *Hazolahy* ary mampandihy *Basy*. &... Ary izao rehetra izao tahaky ny manao hoe: *Tsy misy fahefana tsy Azy*. Ary ny Hira fomba fanao amy ny Andriana mivoaka dia betsaka, ka tsy azo ko ho lazaina daholo izy rehetra. Hira irai-loha dia izao (fony Rabodonandrianampoinimerina).

Masoandro tsy roa! *Ranavalomanjaka!*
Fa Masoandro tokana hiany!
Lehilahi-Vola! *I KiotondRadama!*
E Ombilahy! *Dia Ombi-ndRay ny!*

Hafa koa:

Ny Andria'nay e e e! *Tsara Andriana e e e!*
Ny Andria'nay e e e! *Masoandro nay e e e!*
Ny Andria'nay e e e! *Zanahary nay e e e!*
Ny Andria'nay e e e! *Tsy azo-mpaniry e e e!*
Ny Manan'Azy e e e! *Dia sambatra hiany e e e!*
Ny tsy manan'Azy e e e! *Die maniry hiany e e e!*
Ny Andria'nay e e e! *Tsara Andriana e e e!*

Ary fankatoavany ny *Vahoaka* ny Andriana raha mivoaka ny Andriana: dia mankato Andriana ny *Vehivavy* rehetra manatoa hoe: *Ny Andria'nay e e e! Tsara Andriana e e e!* Ary raha mahita avy ny Andriana dia *Mihoby* ny *Lehilahy*.

Ary fomba fanajan'Andriana, dia *Fangatahan-dalana* amy ny Andriamanjaka raha mandalo amy ny: Dia miala satroka, ka mandeha manjoko, ka mitodika any amy ny Andriana ny fanjoko --- fa tsy mba miamboho ny Andriana, --- dia misaotra manofahefa satroka manao hoe: *Mangata-dalana Tompoko Vavy* (na Tompoko'Lahy), dia mananty tanandroa amy ny izany manao: *Trarantitra Tompo ko e! Mifanantera amy ny Ambanilanitra*. Tsy dia akeky Andriana loatra ny olona

Digitized by Google

mandalo, tsy dia miteny loatra: la miteny malemilemy fa lavidavitra azy. Ka izao mahasamihafa ny fangatahan-dalana amy n'Andriana sy ny Vahoaka: Raha mangata-dalana amy n'Andriana *Tsy mba miamboho fa manatrika sy misaotra.* Ary ny olona mipetraka akeky ny Andriana kosa, raha miala eo, dia manjoko sy mananty tanan-droa.

Ary fomba fanajan'Andriana vao azo taty aoriana, fa nitombo ny fanajan'Andriana: dia misy ny *Elomena* famantarana Azy Mpanjaka, sy ho fankatoavana Azy ho Tompo ny Ambanilanitra. Dia vao nitranga indray kosa ny fanajana hafa indray: *Dia miarahaba Andriana* amy ny *Tafondro* sy ny *Basy* sy ny *Mozika*. Ary 'zao no fomba fanajan'Andriana betsaka tahak'izao.

Elomena. Tsy hita Tantara izay nisehoany ny *Elomena* (†). Ka izao no fomba ny aty Merina: *Tsy mba azo ieloana mena, raha tsy ny Manjaka sy ny Zanak'Andriana ary ny Zazamarolahy.* Fa raha mielo mena ny Hova dia very vadi-aman-janaka,-- izay no didy nanaovana azy. *Tsy ome'Ko olona, fa Ahy ny Elomena*, hoy ny Andriana taloha, *ary raha mitsangana ny Elomena, dia miarahabá Andriana hianareo Ambaniandro*, hoy izy: *Fa raha tàhina mitsangana ny Elomena, dia mivoaka Aho.* Izany no anaovany ny Vahoaka *Arahaba ny Andriana* raha mitsangana ny Elomena, batr'amy ny Andriana tao aloha mandrank'ankehitrio: *Fa raha tsy tsara ny fanajan'Andriana tsy mety tsara ny Fanjakana, ary be ny fanajana atikitra ho fankatoavana ny Andriana, k'izany no hery sy fahatezány ny Fanjakána*, hoy R... Mitantara ity, ka marina ny azy.

(†) Nisy hono, Vazaha niakatra taty ka ny hevitry ny Vazaha no nahazoana ny Elomena. Tamy ny Andriamasinavalona, hono, ny nisehoany ny Elomena.

Digitized by Google

Ara fomba ny Elomena. Raha isaky ny mivoaka ny Andriana, na dia eo an-Tokotany hiany aza : *Dia Mielo mena Izy*, izany no famantarana ny Mpanjaka. Ary efa mitranga ny Elomena, raha hita ny Olona kosa, dia tsy maintsy tsy miarahaba ny Andriana.

Porizenitr'Andriana amy ny Basy sy ny Mozika. Ary koa raha mitranga ny Andriana ka miseho, na mitazantazana, na mijery ny mpanao Matso, dia mielomena Izy. Ka raha mitazana ny mpanao Matso, dia mitsangana ny *Foloalindahy* rehetra, mibaiko ny Manamboninahitra, dia manao *Porizenitr'Andriana amy ny Basy sy ny Mozika:* --- dia tsófina ny *Mozika* fomba fanao amy n'Andriana atao fiarahaban'Andriana, --- ary ny *Basy* dia atolotra amy n'Andriana, --- dia miarahaba ny *Foloalindahy* manao Matso, dia manao hoe: *Tsarantitra Hianao Tompoko Vavy! Aza marofy! Mifanantera amy ny Ambanilanitra!* Ary manarakaraka izany dia *Manome Saport ny Prime-Ministre* indray izy, ka tsofina indray ny Mozika fomba fanao amy ny. Izay no fanajana ny Manjaka sy ny *Lehibe* amy ny Fanjakána.

Ary fomba ny Mozika kosa indray, raha isaky ny mitsoka Mozika: *Dia tsy maintsy tsy miarahaba Andriana amy ny Mozika*, na tsy miseho aza ny Andriana. F'izany no fomba fanao ho fankatoavana ny Andriana. Ary ny amy ny *Basy* koa miambina anaty Rova : *Dia miarahaba Andriana isan'andro isan'andro manao Porizenitra*. Fa izany koa no fankatoavana ny Andriana.

Ary ny amy ny Basy koa, manome *Saport* ny Manamboninahitra izay mandalo ao: *Hatr'amy ny VII* (*fito*) *Voninahitra no ho miakatra*. Izany no azo omena Saport amy ny Basy.

Ary ny mahazo *Saport amy ny Mozika* kosa indray ny Manamboninahitra : *Dia hatr'amy X* (*folo*) *Voninahitra no ho miakatra*. Izany kosa no fomba fana-

Digitized by Google

jana nomen'Andriana ny Manamboninahitra.

Ary fanajana ny Manjaka koa: Raha sendra mita rano Izy na mandeha amy ny tetezana na mandeha mita lakana, na mifalan-tsarotra, na milalao amy ny rano: dia manao *Sidikinina* na hoe *Porizenitra amy ny Mozika*, ambara-pahatafita Ny, na ambara-piala Ny amy ny rano sy ny lafan-tsarotra. Ary raha homam-paraky koa ny Andriana dia anaovana *Sidikinina*; sy raha mihetsika handeha kely, na hifindra toerana kely kely, dia anaovana izany fanajana izany Izy.

Tafonrro. Ary ny amy ny *Tafondro*, toizao ny fanajana ny Andriana amy ny Tafondro. Raha miseho Izy amy ny andro isehoana amy ny Ambanilanitra voalohany, dia betsaka dia betsaka ny Tafondro apoaka. Ary isam-Pandroana amy ny andro androany Andriana, dia mipoaka intelo manodidina ny Tafondro rehetra. Ary isaky ny mivoaka ny Andriana raha toa tsy mitampody, dia misy Tafondro mipoaka; ary raha miditra dia misy toizany koa. Ary raha miamboho ny Andriana dia mandefa Tafondro betsaka, ary mamaky Tafondro iray no fanao. *Izahao* tak. 104 — 41.

Ary izao kosa indray ny any Vahoaka. Raha misy Komandy mponina na hidina na hiakatra ka hihaonana dia misy Tafondro mipoaka koa. *Omeo folo vava izy* (na folo na ambony na ambany no ho izany) *fa Indriana 'zaho no ho any*, — na hoe — *Fa solon-Tena Ko no mandeha*, hoy ny Andriana raha midina ny mponina. — *Fa lehilahy nanao soa*, hoy izy, raha miakatra.

Ary raha misy Lehibe avy any an-tafika, dia mipoaka ny Tafondro fanajana sy fanomezam-boninahitr'azy, fa Lehilahy nanao soa tamy ny Tany sy ny Fanjakana, nanao ain-tsy ho zavatra hamory ny Fari-bava n'Andrianampoinimerina sy Lahidama. Ary i Merina tamy ny Andrianampoinimerina tamy ny Lahidama,

Digitized by Google

tamy ny Rabodonandrianampoinimerina, tamy ny Rasoherina, ka inty amy ny Ranavalo-manjaka: *Dia mbola tsy resy, ary tsy niamboholahy i Merina.* Ka izany no ahazoany ny Mpitondra tafika rehetra voninahitra amy ny Tafondro.

Ary izao no voninahitra fanomé amy ny Vahiny: Raha sendra misy *Ambassadeur* na *Consul* na *Iraka* avy amy ny Mpanjaka any andafy ny Ranomasina, dia andro hitsenána azy, mipoaka ny Tafondro. Ary rahefa vita koa izay raharaha naleha ny ka andro hodia'ny, dia avoaka amy ny Tafondro sy ny voninahitra indray izy. Ary dia toy izany koa raha misy *Consul* na *Iraka* mivoaka eto Madagascar hankany amy ny Fanjakana hafa, dia ana-coahana Tafondro koa izy: satria *Solontena ny Manjaka* no mandeha. Ary raha miverina amy ny izay fa'ambe naleha ny izy, ka tafa verina indray eto anatrehany ny Manjaka, dia tsenaina sy anapoahana Tafondro: satria nahalavorary ny *Sitra-po ny Andriana.* Kandrefa izany voninahitra omen'azy izany tsy dia ny tena ny loatra no antony: fa voninahitra omena izay *Mpanjaka naniraka* azy hankaty, na ny *Manjaka aty izay naniraka* azy hankany, ka andafy ny Ranomasina.

Ary raha sendra avy mitsangatsangana amy ny Vázan-tany ny Manjaka, dia mivory ny Vahoaka miarahaba azy boe:

Sarasara Tompo ko e!
Arahaba tonga soa aman-tsara!
Fa Hianao Tompo ny Tany:
Ka mianatsimo Hianao, tsy vahiny.
Mianavaratra Hianao, Tompo ny hiany &...

Ary ny fiarahabana fanao amy andavan'andro dia tsy ovana fa ampiana Hoby sy Rebika sy Dihy sy *Tafondro* sy izay rehetra fantatry ny saina hiarahaba..a Azy.

Digitized by Google

Ary betsaka no zavatra tsy maintsy hiarahabana ny Andriamanjaka — na amy ny fitsarana ka na nanan-drarina sa tsia, --- na amy ny teny atombotombok'olona amy ny tena, --- na amy ny izay zavatra nahadiso araky ny lalam-panjakana, --- na amy ny fakam-bava amy ny izay raharaha rehetra mikasika ny Fanjakana.... dia tsy maintsy hanao hoe: *Trarantitra ny Manjaka! Izay atao Ny mahatrarantitra Azy: Fa Izy no Andriana ka handidy.*

Raha misy olona terezany Andriana ka vita ny Teny n'Andriana, dia avy ny hava'ny sy ny sakaiza ny miarahaba manao hoe: *Arahaba nihitsiany Andriamanitra!* --- Dia mamaly izy manao hoe: *Trarantitra ny Manjaka! Efa azo ny saotr'areo aho.*

Raha misy olona nanan'ady ka nahazo rariny, dia avy ny sakaiza sy ny hava'ny miarahaba hoe: *Arahaba nomen'Andriamanitra ny rariny.*--- Dia hoy ny famaly ny: *Trarantitra ny Manjaka! Fa tsy niambohoany ny rariny.*

Ary raha sendra misy olona avy ninona ka nahafaka izay *Tendri-mosavy* sy *Tsindri-nkazolena* natao ny olona amy ny &.., dia avy miarahaba ny havany sy ny sakaiza ny manao hoe: *Arahaba nomen'Andriamanitra ny hitsy ny.*--- Dia mamaly izy manao hoe: *Trarantitra ny Manjaka! Fa raha hoso-potaka natao n'olona nalàna, dia afaka.*

Ary sendra misy hain-trano amy ny Tanàna itoeran-ny Andriamanjaka, ka ahelikeky ny Rova, dia avy ny Vahoaka mamangy manao hoe:

Sarasara Tompo ko e!

Arahaba Tompokokoavy niereny ny afo &...

Ary ny sisa dia araky ny fomba famao an-davanandro amy Ny.

Ary fanajany ny Olona ny Andriamanjaka: Raha mandalo ny *Enta'Ny*, na Nahandro, na Sinj fantsakan-drano, na Rano entina, na Vilia, na entana na

Digitized by Google

inona na inona ka any Andriana, dia hajainy ny Vahoaka : dia *Mitanila* ny olona, ka izay manan-tsatroka dia *Miala satroka* raha mandalo ireo Entan'Andriana rehetra ireo, ho fomba fanajana ny Andriana. Fa tsy ny entana tsy akory no ialan-tsatroka na itanilána, fa ny Andriana Tompo ny no hajaina sy omem-boninahitra amy ny izany, fa natao ny Ntaolo hatr'amy ny taloha izany ka ambarak'ankehitriny entina manamafy ny fanajany ny Andriamanjaka, sy ho fankatoavan'Azy ho Andriana Tompo ny Ambanilanitra. Koa raha miainga ny *Entan'Andriana* ka ny Andriamanjaka, dia tsy mba seranina fa mivily mitanila no fomba fanao. Ary tsy ny Andriana no nanoidy izany, fa didy natao ny Ambanilanitra, hoy izy : *Raha mandalo ny Entan'Andriana, raha antsoina atao hoe --- Mitanilá fa Entan'Andriana --- ka tsy mitanila: dia torahany ny vato. Ka raha tsy mitanila hiany, lefonina ny lefona ho faty.* K'izany no itondrany ny mpitondra Entan'Andriana *Lefona.*

Ary fisaotra isan'andro misaotra ny Lehibe na ny Olona tokony ho hajaina, atao ny olona izay nasia'ny soa, dia toy 'zao ny fanaovana azy matetitetika : Trarantitra Tompokolaky! Ho tahin'Andriamanitra! Mandrosoa voninahitra! *Mifanantera amy ny Manjaka!*

Na hoe : *Ho mamy hoditra amy ny Manjaka!*

Na hoe : *Tsy ho diso fanompoana amy ny Manjaka!*

Na hoe : *Ho tian'Andriana ho tiam-Bahoaka!*

Ary amy ny Fora indrindra, ny anaovana izany fisaotra izany, ka ny zaza ho forana no anaovana. Dia misy lehilahy anankiray am-baravarana mipaikia ampingia sy lefona manao hoe: *Lahy ialahy!* Ho TIAN' ANDRIANA *ialahy! Hotiam-Bahoaka! Hehery varotra ialahy! Tsy haditra ialahy! Hanaraka ny Rai-amandReny ialahy! Ho tia havana!* 'Zao kosa no saotra atao ny zaza forana.

Ary fanajana ny Manjaka amy ny Fandroana dia

Digitized by Google

mamangy Azy ny Loholona rehetra manao hoe: *Arithaba tratry ny taona &...* Dia mamaly ny Andriana manao hoe: *Misaotra anareo fa samy tratry ny taona.* Dia *Manasin'Andriana isam-pirenena noho ny fahatsarana* ny Andriana ny taona vaovao. Dia misy mandihy aza ny olona manasin'Andriana amy ny Fandroana.

Aty ny *Hasin'Andriana* indrindra, no fomba fanao na amy ny Fandroana na amy ny an-davanandro, ny Hasina dia *Fanajanu mitokana* ho amy ny Andriana irery, ho famantarana Azy fa Izy no Mpanjaka ho ankatoavin'y ny Ambanilanitra.

Ary ny fanaovana ny Andriamanjaka hoe *Tompo ny Tany*: Dia haja indray ome'ny Vahoaka ny Andriana fa Izy no Mpanjaka, k'Izy no atao hoe Tompo ny Tany rehetra. Kandrefa ny Olona samy manana ny zara-tany ny, ka samy mahalafo ny azy izy, raha amidy ny aza ny tany, ka amy ny olona aty Merina hianv no ivarotany azy, dia mahalafo azy; fa raha olona amy ny Vazan-tany hafa no ivarota'ny azy, dia tsy mahazo mivarotra izy: fa an'Andriana ny Tany, fa ny Andriana no Tompo tokana ny tany rehetra, fa fipetrahana foana sy fambolena no any ny Olona. K'izany no anaovany ny Andriana hoe: *Na dia erany ny akotry iray aza, tsy azo amidy amy ny firenena hafa ny Tany Ko, fa amy ny Olo' Ko hiany no azo amidy.*

Ary fanajana indray ny Andriana manjaka na ny Andriana mitoetra ambodivona raha *Manoma zavatra* ny Vahoaka Ny na ny Menakely ny, dia atao tsara zara-mbo ho henina avokoa ny zaza amam-behivavy sy ny Vatavo-tsimifandraka ka izany no anaovana hoe: *Fendrompary avy amy n'Andriana tsy henina irery.*

Ary ny amy ny Mpanjaka kosa, raha misy olona sakaiza ny malala'ny na olon-tiana, ka handeha amy ny

Digitized by Google

tány lavitra, na vao avy amy ny tany lavitra ka manatona azy: *Mitsaoka Azy sy miankohoka* eo amy ny tongo'ny; ka raha tolora'Ny ny tana'Ny dia *Manoroka ny tana'Ny*, raha tsy tolorana dia *Manoroka ny tongo'Ny*. Ary voninahitra lehibe ome'Ny ny olon-tiana izay: fa zavatra tsy azo atao ny olona rehetra.

Ary fifanajana amy ny olona rehetra raha misy iraka anirahana, na fangatahan-javatra, na fananarana amy ny zavatra izay mahadiso ny zanaka na olonkafa, dia manao hoe: *Milelaka ny faladia nao aho! Aza manao izany intsony.* — Na hoe: *Tsy misy olona irahi'ko indrindra ka lelafi'ko ny faladia nao! Andeha kely hianao mba mankany!* — Raha hataka dia hoe: *Lelafi'ko ny faladia nao, mba omeo ahy kely io! Fa mahory aky loatra, fa misy zavatra ila'ko azy indrindra.* — Ka raha anatra dia manao hoe: *Milela-paladia anao aho sombin'ai'ko! Mba atsaharo nao izany.* Ary ny teny manao hoe *Milela-paladia anao aho*: indraindray raha misy havana akeky, na zanaka naterak̃a, na Ray niteraka, na rahalahi-ndray, na anadahy, fa avy amy ny tany lavitra ka tonga izy: dia miankohoka amy ny tongo'ny ny hava'ny, dia *Manoroka ny tongo'ny* noho ny ela tsy nifankahitana, sy izay kosa nanjo azy any amy ny naleha ny.

Ary ny antony anajana ny Mpanjaka sy iarahabana Azy amy ny izay rehetra atao: satria Izy no foy n'Andriamanitra ho Tompo ny Tany sy ny Fanjakana.

Ary tsy izany hiany koa: Fa Izy no *Rai-aman-dreny* ny Vahoaka, *Kiady sy voninahitra* ny Ambanilanitra, tsy maintsy ho ankatoavina. Koa na amy ny *Fitsarana*, na amy ny *Fanapahana*, na amy ny *Fitondrána* ny Fanjakana: dia omena fanajana sy fankatoavana ny atao Ny, ary fitiavana f'Izy no Rai-aman-dReny ka tsy maintsy hanao izay mahasoa ny Vahoaka.

Digitized by Google

Ary ny Manjaka dia manome voninahitra ny Vahoaka hoe: *Hianareo no Ray Ko aman-dReny Ko, ry Ambanilanitra* ... Haja omen'Andriana ny Vahoaka izany ka fomba fanao amy ny fiantsoan'Andriana ny Vahoaka Ny. Ary ny Vahoaka indray kosa manao hoe: *Hianao no Ray aman-dReny nay, sy Tompo arahi'nay hoankatoavi'nay* ... Ary izany dia fanajana koa atao ny Vahoaka ho any ny Andriana. Fa ny Vahoaka no *Mitaiza ny Andriana*, ary ny Andriana kosa sady *Mitondra no mandidy ny Vahoaka rehetra*. Ka izany no ilanakalozana ny teny manao hoe:-- Ny Andriana manao hoe: *Izaho manan-dRay manan-dReny, manan'Anareo ry Ambanilanitra. Ary hianareo manan-dRay manan-dReny, fa manan'Ahy hianareo. Fa Izaho no hitondra anareo, ary hianareo kosa hanaraka Ahy* ...— Ary ny Vahoaka manao hoe: *Hianao no Ray nay aman-dReny nay*...— Dia tahaky ny *Mifanakalo fitiavana* ny Vahoaka sy ny Andria-manjaka, ka tsara hiany izany ka tandremo izao amy ny ela.

Ary mbola misy anaraña maro samihafa sady angolangola no fanomezany ny Mpanjaka voninahitra ny Vahoaka Ny, dia toy 'zao. Raha miantso any *Merina* Izy (†) dia manao hoe: *Hianareo ry Merina no*:

Valam-parihy n'Andriamasinavalona.
Farihi-be nahamasina.
Voni-vato nah'Andriana.
Lamba ka tsy misy aty ny sy voho ny.

(†) Ary ny fiantsoana ny Mpanjaka manao hoe *Ry Ambanilanitra*, dia milaza ny Olona rehetra tsy misy avaka, tsy misy fetra fa na Andriana na Vahoaka, ary dia izay rehetra Azy amy ny Vazan-tany efatra no atao hoe *Ambanilanitra*. --- Fa amy ny fiantsoana hoe *Ambaniandro* dia misy avaka kely ny Havan'Andriana.--- Ary amy ny fiantsoana hoe *Ry Merina*, dia misy avaka kely i **Merina 6 Toko.**

Digitized by Google

Fandri-ndrano tsy misy avo sy iva.
Mololo-mbilany iray manodidina.
Vato ifahárana.
Ala ikirizana.
Vodivona ieferana.
Akanga tsy roa volo.
Solo ny 12 (roambinifolo) *Vanjaka.*
Fanòva n' Andrianampoinimerina sy Lahidama sy Rabodonandrianampoinimerina &.

Ary toy izao indray kosa no fiantsoan' Andriana ny *Borizano*:

Fangady tsva-zavana hahamainti-molaly ny Tany sy ny Fanjakana.
Kitro lifaharana.
Vato eran-tanana ny Ambanilanitra.
Tsiriri-ahitra lapetraka amy ny Tany.
Tsy mba tsiriri-vorona handositra &...

Ary to'izao indray kosa no fiantso Ny ny Manamboninahitra sy ny Miaramila hatr'izay namoronany Lahidama ny Foloalindahy.

Lehilahy no ranitana hanory ny fari-bava n' Andrianampoinimerina.
Lefo-maranitra sy ampinga matevina..
Fanjaitry ny Tany.
Kofehy mandò mitaiv-panjakana.
Tandroka ny fanjakana.
Hidy sy rakotra ny Tany, kitàna izao vinory ny Lehidama, nanaovana salaka fohi-rambo sy nanaovana sakafo ambany foitra &...

Ary ny anarana hoe *Manamboninahitra* nomeny Mpanjaka ny *Filoha* ny Miaramila, sady fanajana no filazana lalin-tsaina ny fahalehibiazany. Fa ny Miaramila no niposahany ny Manam-boni-n'ahitra amy ny fifehezana. Ary ny Miaramila ohatry ny *Ahitra* iposahany ny *Tany* ny. Ary no Manam-boni-.

Digitized by Google

n'ahitra no *Vony* ary Miaramila, ary ny Miarapila samy mahazo mamony ho Manam-boni-n'ahitra. Ary ny manamarina izany indray dia ny fomba ny Olona aty, ary fomba ny Olona aty raha milaza zavatra lehibe, na ami-nkafaliana na ami-mpahoriana, dia manao hoe: *Milaza amy nao izahay*, hoy izy, *fa hianao no Kady nay sy Voninahitr'ay: f izahay Valala tsy mandadv karona sy Vodiahitrarivo sy Bozaka aman'ahitra* ... Ary izany fiteny izany tahaky ny manetry tena ho fanàjana ny olona izay atonina na Andriana na Vahoaka. Fa ny Lehibe tahaky ny *Filoha ny olona* ho atonina ny Madinika, ny Madinika tahaky ny *Vodi-ahitra*. Ary ny Lehibe dia tahaky ny *Vony ny ahitra*, dia filoha ny ahitra rehetra. Fa ny Lehibe tokony hitambatr'amy ny Madinika, fa izany no anaovana hoe: *Raha madazo ny ahitra, dia miluintsana ny vony ny*. Izao no hevi'ny: Raha tlaozany ny Madinika ny Lehibe, dia mangatsiaka izy; izany no itrangana hoe: *Mihintsana ny vony my*. Satria ny Madinika no fototra ihiaviany ny voninahitra ho any ny Vaventy..

Ary fomba fanao fanajana amy ny mankany an-tafika dia manao tsio-drano (vola) ny mpianakavy, dia omena vola kely, ary miteny manao hoe: *Manatitra ny tsio-drano izahay. Dia tongava soa aman-tsara! Aza marary! Aza mari-kioditra! Hery am-basy hery andefona! Tsy ho voa ny an-tanan-tena tsy ho voa ny an-tanan'olona! Dia ho tahin'Andriamanitra sy ny Razana! Dia tongava soa aman-tsara! Andriamanitra Andriananahary sy ray Razana sy ny Tany masina onenana!* ---Ary mba mamaly izy manao hoe: *Dia ombinina izay saotr'atao nareo anie aho! Andriamanitra Andriananahary!* ---Izany no famaly ny (†).

Ary ireo tafika ireo rehefa mody ka tonga aty an-

(†) Izahao tato 97. 98 ny *Fivary* asain'Andriana atao raheta mby an-tafika ny Miaramila *koa miady*...

Digitized by Google

tanàna indray kosa, dia tsenainy ny havana eny andalambe hitondrany lamba, ambany tsenainy filanjanà aza ny sasany. Ary rehefa tonga aty an-tanana izy dia ihaonana. Mampaniraka ny *Solontena Ny ny Andriana handray ny teny atao ny* ho lazaina amy ny Andriana. Ary ireo mpanafika ireo raha Vatana vao tonga, dia *Manontany Andriana* no atao ny aloha indrindra sy manontany ny Lehibe manao hoe: *Manao ahoana ny Manjaka, fa izy no fototry ny ai'nay sy mamy nay ? Sy manao ahoana koa ny Lehibe, sy ny* 12 *Vavy, sy ny Zanak'Andriana rehetra, sy ny Fanjakana ny Manjaka aty, sy Ambohimanga sy Antananarivo ?*--- Ary dia valiany ny mpitondra Teny n'Andriana kosa: *Tsara hiany ny Manjaka sy ny Lehibe sy ny Havana rehetra, sy Ambohimanga sy Antananarivo. Fa hianareo manao ahoana hoy ny Manjaka ?* Ary dia vao mandahatra ny raharaha naleha ny ny Lehibe mpitondra tafika. Ary rahefa mirava eo izy, dia manao *Porizenitr'Andriana* izy sy manao *Saport* ny Lehibe, dia samy mody any an-trano ny izy. *Izahao* tak. 221.

Dia samy efa vory daholo ny fianakaviana rehetra miandry azy an-trano ny. Ary efa tonga izy dia mandray tanana azy daholo izy rehetra. Ary ny vadi-amanjana'ny kosa ambany ny reny ny, raha mahita azy vao miditra, sy ny havany sasany, dia miantoraka amy ny tongo'ny ka miankohoka amy ny tongo'ny, ka manao hoe : *Tafa haona aty amy nay indray va re Tompokolahy* ! Dia falifaly daholo ny havany rehetra, kanefa latsa-dranomaso izy noho ny fitiavany ny havana vao tonga. Ka ny mahalatsaka ranomaso azy, mahita ny havana vao tonga, ka nanao vy very ny ai'ny hahasoa ny Fanjakana ny Manjaka, ka velona, ka hita indray, k'izay no mahalatsa-drano maso azy. Ary *Arahaba tonga soa aman-tsaira*, hoy ny havana rehetra, *fa velon-kifankahita indray, ka tafa-haona indray isika mianakavy*.—Dia mamaly ny vao tonga manao hoe: *Ho*

Digitized by Google

tahiny Andriamanitra sy ny Razana sy nambininy ny saotr'areo, ka tonga aty amy nareo indray, fa mafy loatra ny naleha tany, fa noho ny fitahian'Andriamanitra sy ny Razana, ka tonga aty amy ntsika mianakavy indray. hoy izy. Ary dia manao fifaliana lehibe izy mianakavy. Ary ny olom-pantatra renetra avy mamangy mitondra vola, ho entina hifaly sy hiravoravo amy ny, sy entina mandray tànana azy.

Ary ny miady an-tafika kosa ka maty: Raha manan'ankizy lahy izy, dia manaraka azy eo aoriany ny ankizy ny, ka raha sendra voa difotra izy ka maty, dia raisiny ny ankizy ny haingiana ny faty. Ary raha tsy manan'ankizy ambany tsy manan-kavana hanaraka, ka maty eny am-piadiana, dia very foana eny ny faty ny. Ary raha misy manan-kavana kosa ka maty, ka hita ny havany eny ny faty ny, dia alaina ka anambazana olona hitondra ny faty ny hiakatra; ary raha tsy mahita olona ho karamaina, dia alevina eny hiany ny faty. Ary raha tsy manan-kavana ka maty, dia very faty eny an-tanety eny ilaozany ny olona foana eny izy: fa zoimpahoriana izy, satria fa tsy manan'izay hitondra'ny ny faty ny hava'ny izay maty any amy ny tany lavitra. Ka dia mitombo ny fahoriana sy ny alahelo, satria fa manina ny hava'ny efa maty izy, sady maty indray no tsy mba tonga aty amy ny akory ny faty ny, mba hitomaniana eo anatrehana ny faty ny. Fa ny mampalahelo azy indrindra indray: ny faty ny havana izay tsy mba tonga *Hiharo taolana* amy ny izy mianakavy, k'izany no mampitombo ny fahoriana sy ny alahelo ny, fa tsy misy tsy ho faty tsy akory ny Olona, f'izy *Very taolambalo* no mampalahelo azy.

Ary misy koa maty amy ny fiadiana ka azo n'izay olona manaraka azy ny faty ny, ka tsy misy hitondra hody, fa vitsy izy no manaraka azy na havana na ankizy lahy. fa tsy zaka ho entina ny faty ny, ka dia heverina izay

Digitized by Google

fanaovana azy mba ho zaka ny olondrery ny faty : *Dia kikisana ny nofo ny kiala.* Ka dia rahefa afaka ny nofo ny, dia tapatapahina amy ny vani-ntaolana avy, dia afâtratra amy ny izay hitondra'ny azy na vata na harona, ary asiana sira mba tsy ho maimbo, ary dia zaka n'olona irery izy rahefa afaka ny nofo ny. Ary ny nofo ny kosa, dia fonosina lamba, ka dia anaovana fasana tany aniv ny tany mahafatesany, dia alevina eó izy, dia ao ny nofo ny mandrâkizay no mi-levina. Ary ny *Taolana* dia tadiavina izay hahatonga-va'ny aty amy ny fasanâRazana : mba hitomaniany ny havana, ary dia hikaro taolana samy ny Razana : satria fa raha samy tsy fidiny dia fali-malahelo izy, fa tonga hiany ny taolana hikaro taolana amy ny. Dia izany no loa mahafalifaly azy, kanefa fali-malahelo izy, fa manana ny maty. Ary ny inîny ny havana indrindra rehefa maty ny hava'ny, dia izay hahatonga-vana ny taolana ao amy ny fasanâRazana hiany no iri'ny. Ary raha tsy tonga ny faty ny, ka very faty, dia mitombo loatra ny alahelo ny fianakaviana rehetra, fa indrindra ny Reny ny sy ny vady ny ory indrindra izy. Ary raha Manamboninahitra kosa izay no maty, ka very ny faty ny tsy azo, dia anaovana *Tsangam-bato* izy, hatao solo ny fasana, sy hamoizana ny hava'ny azy.

Ary ny fomba ny Olona atikîtra raha maty ny olona, dia hajaina tsara ny faty ny, raha tsy no hajaina loatra aza izy fony velona, dia mitombo ny fanajana azy rahefa maty izy, izany no fomba ny olona raha maty : *Hajahajaina kokoa ny maty aza noho ny velona*, satria fa fara-fanajana azy ambara-pahatonga ny faty ny ao an-davaka ; ary dia mitombo koa ny fitiavany ny hava'ny azy rahefa maty izy. Koa ny fomba ny Olona aty : *Velona hajaina, maty hajaina.* Ka ny aty raha mitomany ny maty izy manao hoe : *Masina mahinidinika hiany mandra-pikaona;* fa ma-

Digitized by Google

halala izy fa tsy maty daholo ny tena ny, fa ny nofo ny hiany no maty, fa lasan'Andriamanitra ny fanahy, k'izany no anaovany hoe *Masina mandra-pihaona*, sy ny anajany ny faty eo am-pasana. (†)

FANAJANA NY RAI-AMAN-DRENY SY NY ZOKY.

VODI-AKOHO. Ary ny fomba fanajana ny Ray aman-dReny rehetra, dia raha avy ny Fandroana, ny olona tokony ho zanaka tsy maintsy hanatitra *Solombodi-akoho* amy ny olona izay havana tokony ho Ray aman-dReny. Ary ny Ray aman-dReny an-trano kosa no omena *Vodi-akoho*, fa maro ny Ray aman-dReny ka tsy ampy zaraina ny vodi-akoho ka soloambola ny any ny sasany, f'izany no fomba fanajana ny Ray amand-Reny. Ary ny olona tokony ho zanaka rehetra, dia mba tsarovany ny Ray aman-dReny izy raha avy ny Fandroana, dia omena *Solompen'akoho* izy; fa ny zanaka an-trano kosa no omena *Fen'akoho*, fa ny any ny sasany soloam-bola; 'zao kosa no fanajana omeny ny Ray aman-dReny ny zanaka.

Ary na dia an-davanandro aza raha mamono akoho na vorona, dia ny *Vody* any ny Ray sy ny Reny. Raha mahandro hena matavy, dia tsarovana ny Ray aman-dReny anaterana ny hena matavy izy. Ary raha tsy ao ny Ray aman-dReny, dia ny *Zoky* no solo homana azy. Ary raha velon-dRay aman-dReny hianao, raha manan-Joky, dia tsy mba mahazo homana io hianao: fa manan-Tompo, ka ny Tompo no ho hajaina.

AVARA-PATANA TOERAM-PANAJANA. Ary raha mipetraka ao an-trano, ka raha mandry, misy Rai-aman-dReny

(†) *Izahão* tak. 89. 114. Fomba ny fasana, sy ny Tsangambato— 103. Fomba fanao fanajana ny Andriana miamboho. — 109 Fomba fanao ny Valoaka manderina ny maty.

Digitized by Google

ao an-trano: dia ny Rai-aman-dReny mandry am-parafara *Eo an-jorofirarazana* avaratr'atsinanana. Ary raha mipetraka, dia ny Rai-aman-dReny *No avara-patana*, mb'amy ny izay Zoky n'olona. Ary raha tsy ao ny Rai-aman-dReny, dia izay Zoky no solo. Ary ny anaovana ny Avara-patana ho toeram-panajana ho any ny Ray aman-dReny, sy ny Zoky, sy izay renetra tokony ho hajaina: satria *Loha-fatana*; ary ny maha-lohafatana ny Avara-patana: satria ny atsinanana sy ny atsimo sy ny andrefam-patana, dia samy isoronana afo avokoa, fa ny avaratra natao ny Ntaolo tsy fanao n'olona; ary ny hevitra ny teny hoe *Tsy fanao n'olona*, tahaky ny manao hoe: Mahafaty tanora.--- mahafaty vorona,--- tsy mampandroso voninahitra.--- tsy mampahazo harena,--- tsy mahafatangena &. Ary satria toeram-panajana ny Avara-patana, dia natao ny Ntaolo ho *Fampandrosoam-Bahiny*: fa ny Vahiny dia isa ny olona tokony ho hajaina, k'izany no ampandrosoan'azy eny Avara-patana. Koa raha misy Vahiny miditra ao an-trano dia atao hoe: *Mandrosoa etsy avaratra*. Ary izany fanajana izany dia mbola hita ntsika amy ny fanao ny Betsimisaraka izay tsy mbola zatra loatra ny Fanao ny Hova. Ka idira' nao an-trano izy, ka hianao koa tsy dia mbola mahalala loatra ny Sata-nTany, ka avy hatr'any hianao dia mandrosoroso misolontsolona, ka mipetraka ery andoha fatana, --- kandrefa hianao tsy dia olona tokony hajai'ny loatra tsinona, --- dia tsy maintsy ho tezitra dia tezitra amy nao izy: satria hianao maka ny toeram-panajana tsy mbola no tsofi'ny rano hitoera' nao, ary dia hila atao ny ho rafilahy ny hifampábady amy ny.

Ary raha misy raharaha hatao, dia ny Zoky no milaza aloha sy mandidy, na kabary aza: fa fomba ny Rai-aman-dReny sy ny Zoky *No mandahatra ny teny*.

Digitized by Google

Ary raha mandahatra aza izy, dia tsy maintsy hiala tsiny amy ny izay olona rehetra itenenana eo, fandrao misy Zoky ny ami-ndRay aman-dReny eo.—*Izahao* ta-kelaka 148.

AZA HO ENTI'KO. Ary raha misy olona mifankahalala, ka tokony ho *Zoky* ny anankiray, ka mitondra entana, dia miteny ley olona tokony ho zandry ny manao hoe: *Aza ho enti'ko ny enta'nao.*— Ary mamaly ley mitondra entana ka hoy izy hoe: *Misaotra anao aho! Tahiny Andriamanitra! Fa aoka hiany ho enti'ko, fa tsy manahirana loatra.* Ary raha tsy mahaleo ditra ley tokony ho Zoky, dia ome'ny ho entiny. Izany no fanajana fanao aminy olona tokony ho Zoky sy tokony ho Ray na tokony ho Reny. Ary raha olona irai-tam-po kosa no miara-dalana ka mitondra entana izy, dia ny zandry no mi-tondra, raha tokony ho zaka ny zandry irery hiany ny entana; ary raha tsy zaka, dia samy mitondra.

NY ZOKY ARAHABAINA ALOHA. Ary ny amy ny fiara-habana: Ny Hova no ho midina dia izay *Zoky hiany na vehivavy na lehilahy no arahabaina aloha*, raha sendra mihaona. Ary ny any Havan'Andriana kosa tsy mba toy izany, fa ny *Lehilahy izay zoky hiany* no arahabaina aloha, fa raha ny amy ny lehilahy sy ny vehivavy na reny na zanaka aza ny *Lahy hiany no arahabaina aloha.*

MBA HILALANA. Ary fanajana koa fanao amy ny olona tokony ho Lehibe na tokony ho Zoky, dia manao *Mba hilalana Tompo ko e!* Fa tsy mety raha manitsaki-tsaka olona raha tsy mangata-dalana. Ary raha O-lon-dehibe ambany Manampahefana, ka mangata-dalana amy ny, dia fomba fanao amy ny fangatahan-dalana:---dia *Manjoko sy mipao-tsatroka* (raha misy satroka),---dia *Mananty tanan-droa*,---dia milaza hoe:

Digitized by Google

Mba hilalana Tompo ko e! --- Na hoe: *Mbay lalana!* --- Sahala izireo, --- ary izao no hevi'ny: Raha mandalo amy ny olona ka manitsakitsaka hiany fa tsy mba mangata-dalana, dia iharana ny oha-bolana hoe: *Tsy manaja hita ka lavo aoriana.* Dia fanajana no hevi'ny, ka fanao ny Olona rehetra, na Andriana na Hova na Ankizy, fa fanao fanajana entimanaja ny Lehibe aman'izay tokony ho Zoky, ka tsy maintsy atao. Fa ny olona tsy manao izany, tahaky ny miavona kely. Ary ny fiavonana sy ny tsifanajan'olona, dia zavatra hala ny Ntaolo izany. Ary raha misy olona mandalo amy n'olona, ka tsy mangata-dalana, atao ny ley olona andalovana hoe: *Iry olona re! Dia miavona tsy mangata-dalana akory, fa mizotra tahaky ny omby! Dia tsy mahalala olona akory izy, fa dia manitsakitsaka hiany izy!* Koa raha mipetraka ny Ray aman-dReny sy izay Zoky, dia mangata-dalana izay zanaka sy izay zandry. Izany no fanajana natao ny tany aloha. Raha manao *Saonjo mihoatra Akondro*, ratsy. Dia izany no anajana ny Ray aman-dReny, fa ny *Olombelona tahaky ny Akondro*: *koa ny zana'ny manolotra an-dray ny aman-dreny ny, ary ny ray aman-dreny manaloka ny zana'ny.* K'izany no nanaovany ny Ntaolo hoe: *Mba hajao ny Ray aman-dReny raha te-ho ela velona hianao.* Fomba nentin-dRazana izany, fa raha tsy manaja Ray aman-dReny sy ny Zoky, — fa ny Zoky ohatra ny Ray aman-dReny — ka raha tsy manao izany, izany no *Manao ambany maso-tsi-tsinjo ka mila haratsian-ko'an-tena, ka matahora an'Andriamanitra fa tsy olona mitovy hasina amy Vy hianao.* Ohatry ny Ntaolo izany.

Ary ny fanajana ny Olona aty ny Vazaha, dia atao ny ho tahaky ny andriamanitra ny Vazaha noho ny fahaizan-javatra, izany no nanaovany sasany hoe: *Ny Vazaha andriamanitra tsy omby ny lanitra*, na hoe: *Tsy*

Digitized by Google

misy mahay zavatra tahak'azy, fa ny aina tokana no tsy hay ny, afak'izay hay ny daholo ny zavatra rehetra.

AZA FADY. Ary fanajana andavanandro amy ny olona tokony ho hajaina rehetra. Koa sendra miaraka mipetraka, na miara-dalana, na miara-manao zavatra, na miara-mihinana, ka misy zavatra hampangalaina na teny hampilazaina, dia tsy mety raha tsy manao *Aza mahafady* aloha vao maniraka; fa raha tsy manao izany dia atao ny olona hoe: *Dia toa zary ity no dia milà voninahitra amy ny namana na amy ny havana tahaky ity! --- Dia tsy manao* AZA FADY *akory!*

AZA TSINY. Ary ny *Aza tsiny ko Tompo ko e.*--- Na hoe *Aza atsiny aby izany Tompo ko*,--- dia izao no fanaovana azy. *Aza tsiny ko*: Raha sendra te-hilaza zavatra, ka mahazo ny tena na ny havana izay itenenana, na mahazo ny sakaiza malala ny, dia tsy maintsy hanao hoe: *Aza tsiny ko Tompoko.* Ary ny *Aza tsiny aby*: Raha sendra miteny ka hilaza ny toetra ny itenenana na hava'ny na sakaiza malala ny, koa 'ndrefa ny teny ho lazaina tsy avy amy ny tena fa laza n'olona, dia manao hoe: *Aza atsiny aby, tompo ko!*

2 ARY NY ARAHABA FANAO ISAN'ANDRO.

Ny arahaba fanao ny Ntaolo miarahaba Vahiny, raha misy Vahiny tonga, na mihaona an-dalana na an-tanàna na an-trano, koa mifampiarahaba manao hoe: *Sarasara tsy ambàka.* — Ary hoy ny famaly ny Vahiny na olon-kafa koa arahabaina, mamaly manao hoe: *Tsy ambaka arahaba.* — *Manao ahoana hiany hianareo*, hoy ny miarahaba?— *Tsara hiany izahay. F'hianareo manao kaoana? --- Izahay dia tsara hiany. Fa ny any antontolo any, manao ahoana*, hoy indray ny miarahaba.---*Ny amy rehetra any, dia tsara avokoa ny any.*

Digitized by Google

Fa manao veloma amy nareo izy. Izany no fanao ny Ntaolo.

Ary ny ankehitrio kosa dia manao hoe: *Akory 'za tsy hianareo Tompo ko?* Na hoe: *Akory 'za tsy izy?* Na hoe: *Akory 'zato hianao?*---Ary hoy izy: *Izaho dia tsara hiany. Fa hianareo no akory?*— *Izahay dia tsara hiany. Fa manao ahoana ny vadi-aman-janaka?* &.&.

Raha manasa olona hihinana dia manao: *Manasa Tompo ko e!* Ary raha manasa Vahiny, dia manaraka ankizy na zanaka manao hoe: *Manasa hono Tompo ko ry Ray nao* (na ry anadahy nao) &. Ary raha tsy handeha ny Vahiny dia mamaly hoe: *Sasatra loatra hony izy hoe, ary vao nihinana takariva koa, sady ny ankizy madinika koa matory be hiany, ny andro koa maizina ... Koa dia manao trarantitra an-dri-Kiaky, fa tsy an'iza ny eto fa azy.*--- Ary dia mamaly ny manasa manao hoe: *Andeha hiany re Tompoko, fa misy laoka hiany.*--- Dia mamaly ny asaina manao hoe: *Veloma aloha fa andro hafa izahay homana, fa dia ampihinano i Kiaky.* --- Dia lasany ny nanasa. *Izahao* tak. 129.

Ary raha handry ka trano samihafa no handriana dia mifanao hoe: *Trarantitra Tompo ko, tafandria-mandry!* Na hoe: *Veloma mifoha!* Kanefa tsy atao izany raha trano iray no handriana. Ary raha mifoha maraina, raha iray trano nandriana, dia mifanontany hoa: *Manahoana ny fandriana raha alina?* Ary trano samihafa, dia mifampiarahaba araky ny fiarahabanDRrazana,--- ny Andriana atao hoe: *Tsara va Tompo ko e!* --- Ny Hova sy ny sisa atao hoe: *Akory hiany?* &.

Ary raha olona efa nifamangy, na olona nifanena andalana, na olona mpiray trano ka handeha ny iray na samy handeha, dia mifanao veloma hoe: *Veloma Tompo ko, mandra-pihaona.*--- Na hoe: *Trarantitra Tompo ko, soava tsarà aza marofy! Fa handeha izahay.*

Ary raha manafatra olona hampamangina havana na

Digitized by Google

sakaiza, dia manao hoe: *Veloma madinidinika any amy ny Ray nao, na vady nao, na zanak'ao...* Ary raha milaza hafatra dia manao hoe: *Veloma indrindrandrindra hony hianareo antsoiny R...* Na hoe: *Dia mampamangy anareo i R...*

Ary raha mandeha lavitra ny olona ka misaraka dia mifanao hoe: *Trarantitra Tompo ko, aza marofy! Ho tahin'Andriamanitra* (sy ny Razana fahataloha), *amy ny lalambe aleha! Ho tsara mandroso ho tsara miverina! Ho tantanan'Andriamanitra! Veloma mandra-pihaona! Tongava soa aman-tsara indray!*

Ary raha sendra misy raharaha ivoriana ny Olona rehetra, na kabary n'Andriana, na ny Andriana vao tonga, dia vory ny Ambanilanitra rehetra, dia tonga eto an-Tanana, dia mifampanaja izy ireo. Ka ny sasany manam-Bahiny tonga ao amy ny, dia mikoropaka mitady izay nahandro ho entiny anajany ny Vahiny vao tonga. Ary ny hankabiazany ny olom-pantatra rehetra koa atao ny hoe: *Andeha hiandrano Tompoko anaovana nahandro, vo'isa mba tonga aty, kandeha hiandrano.* --- Na manao hoe: *Andeha handry any.* Ary ny sasany mifampiarahaba eny amy ny izay ifankahitany, dia manao hoe: *Manaoahoana any izato hianareo?*---*Manaoahoana izato izy?*

Ary izao zavatra lehibebe rehetra izao, dia samy misy fiarahabana kely avy koa:--- vao avy nandeha,—vao nanaritra,--- vao nampaka-bady — vao teraka,--- vao avy namora &... dia arahaba no fanao: fa ny fomba ny Olona aty Merina dia mifampanaja, sy mifamangy, sy mifampiandrano, sy mifampanao nahandro ho any ny Havana sy ny Vahiny,... fa fomba ny Olona ny fampanaja sy ny fampanome voninahatra, fa fomba ny Olona hatr'amy ny taloha ka mandrak'ankehitriny izao, dia mbola atao hiany izany.

Arahaba ny vao avy nandeha, na iza na iza na ny

Digitized by Google

Lehibe na ny Rai-aman-dReny, na ny Zának'amam-pára, na ny Zoky na ny Zandry, izay avy nandeha, koa avy amy ny Fanjakan'Andriana, dia tsy misy hafa na iza na iza, dia arahabaina hoe: *Arahaba tonga soa aman-tsara, tsy maty fo aman'aina!* - - Dia mamaly izy manao hoe: *Azo ny saotr'areo, tahin'Andriamanitra!* (†) Ary manatitra vola kely na vorona, entina handray tánana azy raha olona to'kony ho hajaina. Ka raha kelikely ny zavatra entina, dia hoy no fiteny ny: *Avy mamangy izahay ka mitondra vola kely variraiventy enti-mamangy anao. Tsy ny vola no mamangy fa ny fitiava'nay anao no enti'nay mamangy anao.* Ary mamaly ny vangiana: *Misaotra anareo, fa na dia kely aza ny zavatra enti'nareo, dia lehibe izy ampiany ny fitiava'nareo, ka dia misaotra anareo; ka raha kely aza no enti'nareo mahatsiaro, dia raheja tsarova'nareo amy ny kely, dia ho tsarova'nareo amy ny lehibe indray. Raha tsy mitondra vola be na zavatra hafa hianareo, fa tonga aty ny tena nareo mamangy, dia mahafaly ahy izany.* --- Ary dia mamaly ny olona mamangy indray: *Eny Tompokolahy ka dia misaotr' anao, f'izahay no tsy mitondra vola be, dia vola izany ka manam-pahalaniana: Fa ny fitiava'nay sy ny fo nay no enti'nay mamangy: Izany no vola be, nome'nay anao sy zavatra tsy manam-pahalaniana.* Ary ny vava tsara dia entina manampy ny zavatra aterina, ka dia toa mahazo zavatra be ny olona vangiana *Fa tsara vava* ny olona mamangy, k'izany no nanaovany ny Ntolo hoe: *Vava soa sakafo vava ratsy adidy.*

Ary ny vao manambady izao koa no fanao azy: *Arahaba nahazo tokan-trano.* — Ary hoy izy mamaly: *Azo-ntsaotr'areo tahin'Andriamanitra! Mba manàna*

(†) *Izahao* fakel. 230 ny arahaba fanao amy ny avy namafika

hianareo.

Ary raha misy vao tera-bao, dia avy ny olona miarahaba manao hoe: *Arahaba nomen'Andriamanitra ny fara sy ny dimby*: --- Ary hoy izy: *Ho ela velona ela masina! Mba maróa fara hianareo!* Ary raha maty ny zaza vao teraka ka velona ny Reny ny, dia avy ny olona mamangy ary hoy no fiteny ny: *Arahaba tsy manao takalo kely*. — Ary hoy ny famaly ny: *Talin' Andriamanitra nahasolo aina!* Ary raha maty miteraka ny Reny ka velona ny zaza, dia ny vady ny no tsapainy, sy ny Rai-aman-dreny ny, sy ny havana hoe: *Tsy tony manjo amy ny vady sy ny zanaka sy ny havana hianareo*.— Ary hoy izy: *Ko'ary, izay manjo ratsy dia entina! F'aza ny ratsy no fanodiavana*.

Ary raha mamora kosa, koa vita ny Fora, koa raha mby eny an-trano, dia avy mamangy ny olona miarahaba manao hoe: *Arahaba ny zanaka vita soa amantsara*. — Ary hoy izy: *Tahin'Andriamanitra azo-ntsaotr'areo, ja dia veloma soàva tsarà hianareo, avy mamangy ny zanak'areo vita soa aman-tsara*. Zay kosa no fomba fanao amy ny io.

Ary fanajana ny marary kosa raha mamangy azy, dia manao hoe: *Manao ahoana hianao? Fa avy mamangy anao izahay. Dia arahaba sitrana soa amantsara*.---Ary hoy izy: *Dia veloma soàva tsarà hianareo avy mamangy ahy! Dia tahin'Andriamanitra! Fa izaho vangia'nareo dia tsara hiany*. Ary rahefa manaritra izy koa vangiana, dia---*Arahaba no tahin'Andriamanitra! Sitrana soa aman-tsara* — no atao azy. Ary hoy izy: *Dia azo-ntsaotr'areo, tahin'Andriamanitra! Ary dia veloma soava tsarà hianareo tahin'Andriamanitra! Fa mba mahatsiaro ahy marary, ary avy miarahaba ahy velona*. Izany no fomba ny marary kosa, koa manaritra.

Ary ny nilatsaham-baratra, koa tsy maty, rana mamangy azy ny olona manao hoe: *Arahaba nierery*

Digitized by Google

(na hoe nieriany) *ny Varatra, tsy maty fo aman'aina.* --- Ary hoy kosa ny famaly ny: *Azo-ntsaotr'areo, tahin' Andriamanitra sy ny Razana!* Ary raha maty dia mitsapa alahelo ny olona manao hoe: *Tsy tony alahelo manjo hianareo.* --- Ary hoy izy: *Ka nahoana? F'izay manjo ratsy no entina, ka fiainy, ka nisaraka tamy ny izahay, fa mby an-koditra izy, ka entina, ka zaka.*

Ary ny amy ny trano-may, raha may ny trano ka tsy maty ny olona, raha mamangy ny olona dia manao hoe: *Arahaba tsy maty fo aman'aina,* --- Ary hoy izy mamaly: *Azo-ntsaotr'areo, tahin' Adriamanitra!* Ary raha misy maman-trano eny anila ny may, koa tsy mba may ny azy, ary raha avy mamangy ny olona dia manao hoe: *Arahaba niereny ny loza aman' antambo, niereny ny afo.*--- Avy hoy izy: *Azo-ntsaotr'areo tahin' Andriamanitra!*

Ary raha an-karatsiana koa misy ny manatitra zavatra, na vola, na kisoa, na ondry, na vorona, na akoho... manao hoe: *Avy mitsapa ny velona izahay, avy manatitra izay variraiventy enti-mitsapa ny velona.*--- Ary hoy izy: *Raha tonga hianareo, koa avy mitsapa ny velona, dia mankasitraka anareo izahay: Dia voa levina ny maty, fa aza ny ratsy no fanodiavana! Fa dia veloma ho tahin' Andriamanitra hianareo!*--- Ary hoy kosa ireto nanatitra: *Dia afaha loza, aman'antambo hianareo! Aza misoso-boina intsony!*

Ary raha misy manatitra zavatra ami-nkasoavana fa tsy ami-nkaratsiana, dia misy manome manatitra na vola omeny, na ondry omeny, na akoho omeny, na vorona, ka manao hoe: *Avy mamangy anao izahay, avy mitondra izay ro mafana enti-mamangy anao.* — Ary hoy ny vangiana: *Dia mankasitraka anareo aho amy ny fanangiana atao nareo ahy. Fa dia veloma ho tahin' Andriamanitra hianareo! Fa raha tsarova'nareo aho dia ahatra ny tsarovany Andriamanjaka ny tsarova'nareo.*

Digitized by Google

fa manan-kavana sy manan-tapaka, manan'anareo mahatsiaro; ka dia faly sy ravo, ka dia samia hifamaly soa hiany, fa dia efa hitan'ny soa atao nareo.

Ary ny Olona aty dia manomo Masoandro eny ampandehanana hamangy ny maraty sy hitsapa alahelo ny Havana sy ny Sakaiza: fa natao ny Ntaolo zavatra lehibe indrindra *Ny tsy hifanary na ankalahelovina na ankasalamana*, mba hifanavina na misy mahafaly na mahory, ary mba hifanatitra zavatra na ami-nkasoavana na ami-nkaratsiana. Ka tandremo izao amy ny ela.

Ary raha mamangy olona na hilaza zavatra ka mby eo ambaravarana, dia manao hoe: *Haody haody Tompoko e! --- Haodiana Tompoko e!* hoy ny vangiana.— Ary ny olo-mamangy mamaly indray: *Aoka ho eto hiany Tompoko e! — Mandrosoa re etsy tvatitra Tompoko e!* &... Ary rahefa handeha indray ka hivoaka ny olo-mamangy dia manao hoe: *Veloma Tompoko e! --- Aoka handovam-bary aloha Tompoko e! --- Tratantitra Tompoko, fa vao nametra-tsotro 'zao vao nandeha.* Dia mifanao Veloma na Trarantitra (†).

NY FIALAHILAHIANA SADY FANAJANA INDRAINDRAY NO FIKIZAHANA. Raha miteny na Andriana na Hova, koa *Zanakalahy*, koa misy zavatra na hatao na hambara, dia manao hoe: *Izao no ambara ko amy ny* FALAHY &&... Ary raha misy teny ka ho fazaina na ami-nAndriana na ami-mBahoaka, koa raha ami-nAndriana no ambara, dia manao hoe: *Izao no ho fazai'ko amy* NAO *Tompokovavy*.., (na Tompokola-

(†) Ary ny *Veloma* sy ny *Trarantitra* dia fanao teto aoriandriana; fa ny fanao ny Ntaolo kosa tamy ny taloha, dia raha hisaraka izy manao hoe: *Traramihono*, izany hoe raha adika amy ny fanao ny akehitriny: *Tsara mandra-pihaona*, na hoe *Soava tsara any amy ny izay aleha mpo ambara-pihaona.*

Digitized by Google

hy)... Ary raha amy ny Manamboninahitra no ambara, koa raharaha, koa hankany amy ny Andriana, na dia *Manamboninahitra iray hiany aza* no ilazana, dia manao hoe: *Izao no ambara ko amy* NANEO: *f'izao no alahelo ko, koa ambara ko* ANANEO, *ho lazai* NANEO *amy ny Andriana manjaka*....

Koa raha Andria-manjaka no miantso ny Zana'Ny lahy, koa manao hoe: *Izao no ambara Ko amy ny* IALAHY: *Tsy iza no tompo ny Fanjakana fa* IALAHY. &.— Ary amy ny Hova kosa raha manao hoe: *Izao no ambara ko amy amy ny* IALAHY: *Tsy iza no tompo ny fanana' ko fa* IALAHY. Ary ky teny manao hoe *Ialahy*: Fanajana ny *Zanaka lahy* izany sy angolangola atao ny Ray niteraka, azy, na ny Andriana na ny Hova. Fa raha *Olona* tsy azo atao *Ialahy* raha ny Hova, — fa raha ny Andrianmanjaka na *Manao ialahy* aza Izy, dia tsy maninona fa mainka fanajana hiany izany. — Ary raha Hova, koa samy olon-kafa, ka manao azy *Ialahy*, koa na lehibe azy hianao ary izy tanora fanahy, ary dia tsy mety izy, hoy izy: *Tsy mety aho*, hoy izy, *fa andevo lahy nao va aho no atao nao* IALAHY? *Fa tsy mety aho*, hoy izy: *Fa hamory Vahoaka aho, fa miompa ahy hianao, ary manao lohateny tsy mitovy: Fa olona mitovy Ray mitovy Reny izaho sy hianao: Fa tsy ambany Razana noho hianao aho, ka no mifampanao ialahy! Koandrefa ny* HIANAO *mbola misy hiany ka, mialahilaly foana*, hoy izy.

Ny olona mpisakaiza sy mitovitovy, raha mifampiresaka izy ka samy faly no miresaka, dia mahazo mifanao *Ialahy* hiany izy: satria fa resaka ifankatiavana izany. Fa raha miresaka kosa ka tezitezitra, ka misy manao *Ialahy* ny anankiray, dia tezitra ny anankiray, dia mifamaly *Ialahy* izy, dia rekitr'aly izy roa lahy, hoy ny anankiray: *Zaho moa mba andevo lahy ny lahy, no izaho no mba lahilahiny ny ialahy?*

Fa ny zavaka ny ny zanditr'izy mila mahazo manao

Digitized by Google

Ialahy ny *Ray* sy ny *Zoky*, fa raha ny zanaka no manao *Ialahy* ny Ray sy ny Zoky ny, dia mahatezitra ny Ray izany sy mahatezitra ny Zoky: *Fa tsy manaja ny Ray sy ny Zoky*.

Ary raha ny *Zanaka vavy*, tsy mba atao *Itena*: fa fady, fa tsy mba azo atao izany, fa omen-kaja sy omem-boninahitra atao hoe *Hianao*. Raha misy zavatra atolotra na zavatra ho lazaina, *Hianao* no fanajana, fa tsy atao *Itena*, na Ray ny na Reny ny tsy sahay manao hoe *Itena*, na Andriana na Hova tsy misy manao. Ary hoy i R... Ny Ray tsy mba manao *Itena* ny zanaka vavy, fa ny Reny no mahazo manao, raha misy zavatra mahatezitra azy sy maditra sarotr'anarina ny zaza, ka antrano fa tsy anaty Vahoaka.

Ary to'izao no fiantsoany ny *Vehivavy*. Raha mitovitovy saranga: *Andeha ry Retsy... Avia ry Kiala i Retsy... Metia ry Zavavy...* ka milaza maro.— Ary raha vehivavy iray monja: *Metia Retsy... Metia re hianao Ranona*— Ary raha latsa-datsaka kokoa noho ny tena no antsoina, dia manao hoe: *Metia ry Kialitsy... Avia i Ndria'ko... Mandehana i Tena... Antsotn'olona i Kialaitsy ka no tsy miteny* — Ary raha Vehivavy lehibe hajaina na olona mitovy amy ny tena ka tokony homem-boninahitra, dia atao hoe: *Andeka isika Ramatoa... Manatóna Tompokovavy...*

Ary izao kosa no amy ny *Lehilahy*. Raha mitovy saranga dia mifanao hoe: *Andeha Lehiretsy... Manatóna ry Zalahy... Hano Leireto...* ka milaza maro.— Ary raha olona irery dia manao hoe: *Andeha ry Se.* --- Ary raha latsaka noho ny tena dia atao hoe: *Andeha Leity... Mandehana Leitsy... Avia aty ialahy Leiroa*. --- Ary raha Lehibe noho ny tena na olona tokony homem-boninahitra, dia atao hoe: *Andeha isika Tompokolahy... Antsoin'olona hianao Ndriamatoa*.

Ary raha lehilahy no miantso vehivavy ka tsy ma-

Digitized by Google

naja azy loatra dia manao : *Avia aty hianao Ravehivavy* ... na hoe : *Ramatoa-ity*. — Ary raha vehivavy kosa no miantso lehilahy ka tsy manaja azy loatra koa, dia manao hoe : *Antsoin'olona hianao Ralehitaky* ... na hoe : *Antsoin'olona hianao Ndriamatoa-ity*.

Ary raha misy olona roa misanena ka mpihavana izy na mpisakaiza, dia misampiarahaba ny anankiray manao hoe: *Manao ahoana* HIANAREO ? Ary ny anankiray manao hoe : *Tsara kiany* IZAHAY. Ary ireo teny ireo ; — HIANAREO tahaky ny milaza ny ao an-tanàna izany, — ary IZAHAY dia tahaky ny milaza ny ao an-tanàna koa izany ; dia izany no mahamety ny teny ny *Olona irery* manao hoe: *Mavangy anao* IZAHAY. — Ary mahamety ny manao hoe : *Manao ahoana* HIANAREO. — Izany teny izany dia milaza ny olona mihaona sy ny any an-tanàna.

Vita ny TÔME I.

Digitized by Google

Ry Mpamaky. Ity Tantara ity dia ohatry ny zaza vao teraka. Efa ela no nitondran-dreny azy tao ankibo ny, ka teraka izy ankehitriny. Iza moa no reny ny? Ary iza no atao zaza vao teraka? Dia i Merina no Reny ny, ary ity Tantara ity no zana'ny. Kandrefa na dia zana'Ny aza, matahotra izahay fandrao zanaka tsy fanta-dReny ny loatra. Ka inona moa no tsy hahafantaran-dReny ny azy raha zana'ny tokoa? Tsy misy afatsy ny laingia. Ka ny anaova'nay izany, andrao nisy olona nilaza lainga sy nanome vohony anay, mba tsy hahamarina ary tsy hahasoa ity Tantara ity. Ary izahay no miteny toy izany, satria tsy dia zavatra voa soratry ny olon-kendry avokoa no natonta nay, fa niampy lazan'olona hiany. Koa amy ny izany raha misy amy ntsika mpamaky, mahita teny diso, na zavatra tokony ho lazaina ka tsy mby ato, dia avia milaza mba hisy hanitsian'tsika azy amy ny ao aoriana. Ary mety indrindra raha tsy aninia'nareo anay, na izay nilaza tamy nay araky izay fahafantara'ny, fa tsy mba nihevitra hamitaka: fa fanta'tsika rehetra, fa tsy mba soratra no nibiazona'ny azy, fa *Tadidi-vava*; koa raha tadidy vava, rahefa ela no nifamindrafindrany, dia tsy maintsy hiampy na hahafahana kely, araky ny oha-bolana manao hoe: *Ny teny toy ny hena: ka raha roritina tonga hozatra.* Fangao *Hozatra* hiany ity zanaka vao teraka ity ka tsy ampy ny *Nofo ny!* Koa oha-bolana indray no faran'izany: *Teny natsipy ny mpanam-panahy, ka raisiny ny mpisaina.*

Tsy dia Tantara voa tontosa ity, fa DOCUMENTS HISTORIQUES hamorónana ny Tantara amy ny ao aoriana, no hevi'ny. — Vita ny *Tôme* I ka telo no sisa.

Digitized by Google

Digitized by Google

FIZAHAN-TAKELAKA.

	Loha-teny	3
	Ny anarany ny Andriana sy ny tany nitoerany	5
	Ny Andriana nanjaka teo i Mamo	7
	Ary ny Andriana nanoa kosa	7
	Ary ny Andrian-dresy	8
	Fizarana I. *Hatr'amy ny niandohany ny Andriana ka hatr'amy ny namorian'Andrianampoinimerina any Merina 6 Toko teo Ambohimanga*	9
	Toko I. *Hatr'amy ny Andrianamponga teo Fanongoavana, ka hatr'amy ny Andriamasinavalona nahavita any Merina efa-toko teto Antananarivo*	9
I.	*Andrianamponga* teo Fanongoavana,	9
	Tetiarana ny lalao ny Vazimba &	9
II.	*Andrianamboniravina* teo Ambatondrakorikia	10
	Andriamorasóny manoa	11
III.	*Andranolava* teo Ambatondrakorikia	11
	Andranolava no niposahany ny *Kabary*	11
IV.	*Rafandrandava* teo Ampandrana	11
V.	*Ramasindohafandrana* teo Ampandrana.	12
VI.	*Rafandrampoky* teo Ampandrana	12
VII.	*Rafandramanenitra* teo Ambohimasimbola	12
	Ratsiseranina manoa eo Andralsisa	12
VIII.	*Rangitamanjaka* teo Merimanjaka	12
IX.	*Rafoky* teo Alasora	12

Digitized by Google

Andriamananitany manoa..... 13
X. *Andriamanelo* teo Alasora..... 13
1. Ny lambo mahanaran-dRalambo ny zana' Ny vao teraka..... 14
2. Andriamanelo no nisehoany ny Vy sy ny Lakana sy ny Famorana..... 14
Ny fomba ny *Famorana*..... 15
Mamono Voalavo..... 15
Mivaky volo..... 17
Mifehy voatavo..... 19
Mampaka-dranomasina..... 21
Famoizana..... 25
Manao saotra..... 27
Ny fomba ny famorana hatr'amy ny zanak'Andriamasinava'ona no ho midina 28
XI. *Ralambo* teo Ambohitrabiby..... 32
1. Ny nahazoandRalambo andRatsitohinina ho Vady..... 33
2. Avy intelo ny tafika hanafika Azy any Ambohipeno..... 34
Nalatsaky Kelimalaza ny havandra... 34
Nisehoany ny Basy voaloany indrindra.
3. Mahita ny Jamoka natao Ny hoe *Omby*, sy ny Besavily natao ny hoe *Ondry*. 35
4. Andrianjaka Zana'Ny zandriny natao Ny handimby Azy, ary Andriantompokoindrindra zokiny napetra'Ny teo Ambohimalaza..... 37
5. Nianavaratra nankany Ambohitrabiby. Miady amy ny Vazimba Izy..... 38
6. Izy no nahita any Merina sy ny Omby sy ny Fandroana..... 39
Fomba fanao amy ny *Fandroana ny Manjaka sy ny Hova'ny*..... 40
Mamono akoholahy mena..... 40
Mandro rano..... 41

Digitized by Google

	Mamano ombi-Volavita sy ombi-Malaza.	42
	Fandroana Fanao ny Vahoaka.....	46
	Manati-jaka &.....	47
	Misafo rano &.....	49
	Manao tatao sy mamono omby &.....	50
	Mifanatitra jaka hena &.....	51
7.	Ny amy ny *Sikidy* sy ny *Sampy* ary ny *Anakandriana* niposaha'ny.....	53
	Ny manatona an-dRanakandriana.....	56
	Ny manatona ny Mpisikidy &.....	56
	Ny amy ny Sampy masina 12 ny Andriamanjaka &.....	60
	Rakelimalaza.....	62
	Rafantaka sy Manjakatsiroa.....	67
	Ramahavaly.....	67
	Rabehava.....	70
	Ratsimahalahy.....	71
	Fampandihizana ny Sampi-mBahoaka.	72
XII.	*Andrianjaka* teo Ambohimanga sy teto Antananarivo.....	74
1.	Andrianjaka mianatsimo hankany Alamanga hiady amy ny Vazimba.....	75
2.	Mikiapa ny Ala, sy manao trano sy Rova, ary misambasamba amy ny izay Vohitra natao Ny hoe *Antananarivo* no anara'ny, ka nonena'Ny.....	76
3.	Mihevitra izay habavary ny heniheny.	76
4.	Fifandirany ny Rasoalao sy Rapeto mpanjaka ny Vazimba.....	
	Farany ny Vazimba miseho taty Merina. Ary ny *Vazimba milevina* nanaraka raka ny Vazimba miseho ka nivavahany ny Ntaolo.....	77
	Ranoro Vazimba masina any Andranoro.	80
	Ny Vazimba masina any Tambolo...	84
	Ny Vazimba ao Ampamaho.....	85

Digitized by Google

Kitosarotra..... 85
Ny *Zavatra* ao akeky ny fantsakana.. 86
5. Andrianjaka no nahitany Merina ny Basy sy ny Vanja..... 88
6. Izy no nisehoany ny *Andriana milevina* ato i Alamasina..... 98
Fomba ny Trano-fitomiandalana &.... 89
Tranomasina sy Trano manara..... 90
Fomba ny fasana..... 91
Ny mivavaka amy ny Razana..... 92
Ny zorofirarazana natao ny 'Ntalo hoe: Fangatahana sy fisoronana amy n'Andriamanitra Andriananahary sy ny Razana..... 93
Ny mirary..... 96
Fanao fiantso ny Razana raha manasin'Andriana..... 99
Fomba fanao amy ny *Fandevenana sy ny Fisaonana ny maty*..... 103
Fomba fanao amy ny Fisaonan'Andriana miamboho..... 103
Fomba fanao ny Vahoaka amy ny fandevenana ny maty..... 109
Manao tsangambato..... 114
Maniri-paty..... 115
Manao fasana..... 116
Mamadika ny maty an'iritra..... 118
Ny tsy atao am-pasan-dRazana..... 119
XIII. *Andriantsitakatrandriana* teto Antananarivo..... 122
1. Ny zana'Ny roalahy: Andriantsimitovitaminandriana sy Andriamanjakatokana..... 122
2. Izy no nisehoany ny Tanimbary eo Betsimitatatra. Kasa hanasina an'Andriamanjakatokana eo Ambohitrakely sy

Digitized by Google

an'Andriatsimitoviaminandriana eto Antananarivo 123
3. Ny naudosiran-dRafoloarivo miaraka, Ambohitrinimanjaka nijanonan-dRafoloarivo, Andriamanjakatokana manoa; eo Anosivato no milevina. 124
4. Ny amy ny Tanimbary voalohany eo an-dohasaha sy eo Alasora sy ao Betsimitatatra 124
Ny miasa Tanimbary, fomba fanao nentindRazana 125
5. Fomba ny Heniheny aty Merina: Maniry laoka 131
Ny *Laokandrano* ihinanana ny Vary.. 132
Ny mamovo sy ny mamintana sy ny manihika sy ny manosika 132
Ny *Voron-an-drano*, laoka hafa indray.
Fomba ny Heniheny indray: Maniry Zozoro sy Herana 133
Mandrary 133
Manimina 134
Manindrika sy manety 135
Ny Zahitra sy ny Lakana 136
XIV. *Andriantsimitoviaminandriandehibe* teto Antananarivo 137
1. Ny Zana'Ny 2 Lahy: Razakatsitakatrandriana sy Ralamboandriantsimitovy. 137
2. Manampy ny Fefiloha n'Andriantsitakatrandriana 138
3. Teni-vinany natao Ny tamy ny Zana'Ny zandriny Ralamboandriantsimitovy (Andriamasinavalona) 138
XV. *Razakatsitakatrandriana* 139
1. Kabary n'Andriamampandry Loholona hendry miampifidy ny Vahoaka: *Iza no ho anareo ny fo tokena sy ny fo*

Digitized by Google

toa? 140
2. Nozoniu'olona Razakatsitakatrandriana ka nampanjakai'ny i Ralamboandriatsimitovy 141
3. Razakatsitakatrandriana nandeha naka Sakalava, ka niaoza'ny Izy 142
4. Manoa i Razakatsitakatrandriana, ao Ambohimanatrika no milevina 142
5. Andriampandry no niposahana ny Andriana *Mieri amy ty Vahoaka* .. 143
Fomba fanao amy ny *Kabari-n-Andriana* 147
Fialan-tsiny 148
Miarahaba sy manasir'Andriana 151
Manome toki-Andriana 152
XVI. *Andriamasinavalona* telo Antananarivo. 155
1. Nanambady 12. Ny efa-dReny nanjaka, ny efa-dReny nanoa, ary ny efa-Bavy momba 157
2. Izy no nahavory amy Merina efa-Toko. Nampitombo be ny Vary amy Betsimitatatra 158
3. Nandaharan'Andriamasinavalona ny Firazanan'Andriana ho 6 Foko, sy ny niandohany ny Andriana mitoetr' am-bodivona 158
4. Ny amy ny Antehiroka natao Ny *Tsitsika sy hasina ary zanadahy*; sy ny amy ny Talasora natao Ny *Zokimpirenena* 165
5. Ny Sampy telo nanjakan'Andriamasinavalona ka nanontania Ny hoe: *Iza no ho Andriana handimby Ahy ?* Fa 8 Lahy ny zana'Ny 173
6. Mosary be. Ratsy fiteny i Andrianinoana ary soa natao n'Andriandrivotra ony Andraisisa 176

Digitized by Google

7. Kabary n'*Andriamasinavalona* manao zara-taiza fa tsy Andriana. Ny lamba triarina amy ny zoro ny efatra, sy ny akoholahi-mena efatra, sy ny voro-mahery efatra nentin'Andriamampandry nananatr'Azy..... 177

8. I Marovatana natao n'Andriantomponimerina sanga-kely, koa tezitra i Merina 3 Toko ka miaingia hamely any Marovatana. No fitahi'ny ny Zana'Ny i Andriamasinavalona, ka no taran' Andriantomponomerina fito taona tany Ambohidratrimo ny Ray ny.... 181

9. Andriamaheninarivo Andriana ny Sakalava nanirahan'Andriantomponimerina nampaka azy hiady any Merina 3 Toko. Teny anatra natao n'Andriamaheninarivo..... 183

10. Mandeo vola i Merina 3 Toko hanavotan'Andriamasinavalona ka afaka Izy: dia nozoni'Ny ny Zana'Ny namitaka Azy; kanjo nanenina Izy ary kasa nampanjakai'Ny aza..... 185

11. Manao sikidy Andriamasinavalona, soa natao ny Trimofoloalina, k'izany no maha-tsimatimanofa ny teraky Trimofoloalina..... 187

12. Andriamasinavalonasy Andriambahoakafovoanitany manao loka.. koa nisaraka i Merina 4 Toko sy i Mamo 4 Toko... 188

13. Andriamasinavalona sy ireo 30 Lahy namponeni'Ny tao Ambohijoky ka natao Ny anarana hoe *Manisotra*... 189

14. Ny amy ny Ankizy, ary fomba ny fanompoana fanao ny aty Merina..... Ny nahazoan'Olona ny ankizy ny..... 190

Digitized by Google

Fanompoana ny Ankizy amy ny didin' Andriana..... 191
Raharaha ny Ankizilahy..... 193
Raharaha ny Ankizivavy..... 195
15. Ny niambohoan'Andriamasinavalona.. 197
16. Fomba ny Tani-manga sy ny Vy ary ny Vola aty..... 198
Ny manefy Vilany sy Siny ary Vilia... 198
Ny manefy Vy..... 202
Ny manefy Vola..... 205
Ny mamaky sy mandanja Vola..... 208
Ny mampanjana-Bola..... 212
17. Fomba fanao fanajana, nomen'Andriamasinavalona ny Havan'Andriana.. 215
Fomba fanao amy ny fanajana ny Andriana..... 217
Fiarahabana ny Andriamanjaka.....
Ny Mpiantsa.....
Ny Hoby.....
Ny Mangata-dalana..... 218
Elomena..... 219
Porizeinitr'Andriana amy ny Basy sy ny Mozika..... 220
Ny Tafondro.....
Raha avy nitsangatsangana amy ny Vazan-tany Izy..... 222
Raha misy olona tereza' Ny..... 223
Raha misy manan'ady..... 223
Raha misy olona avy ninona.....
Raha misy haintrano amy ny tanàna itoera'Ny.....
Raha mandalo ny enta'Ny..... 224
Ny fisaotra hoe: *Mifanantera amy ny Manjaka* &..... 224
Raha amy ny Fora sy ny Fandroana.. 225
Ny manasin'Andriana sy ny miantso

Digitized by Google

Azy hoe *Tompo ny Tany*..... 225
Ny mitsaoka Azy sy manoroka ny tongo'Ny na ny tàna'Ny..... 226
Ny fiantso Azy hoe *Rai-aman-dreny*.. 227
Mifanakalo fanajana ny Andriana sy ny Vahoaka. ..... id.
Fiantso ny Andriana : any *Merina*.... id.
ny *Borizano*..... id.
ny *Foloalindahy*. id.
Ny Manam-boni-n'ahitra sy ny Vodiahitr'arivo..... 259
Fomba fanao fanajana amy ny mankany an-tafika..... 229
Raha tsy zaka ho entina ny faty ny.. 231
Fanajana ny *Rai-aman-dReny sy ny Zoky*..... 233
Vodi-akoho..... 233
Avara-patana toeram-panajana..... 234
Mandahatra ny teny..... 234
Aza ho enti'ko..... 235
Ny Zoky arahabaina aloha..... 235
Mba hilalana..... 235
Aza fady --- Aza tsiny..... 237
Arahaba fanao fifanajana nentindRazana 237
Raha manasa.....
Raha handry.....
Raha manafatra..... 238
Raha mandeha lavitra..... 239
Nv vao avy nandeha.....
Ny vao manambady.....
Ny vao teraka..... 241
Ny marary..... 241
Ny nilatsaham-baratra..... 241
Ny may trano..... 242
Raha an-karatsiana..... 242
Raha an-kasoavana..... 242

Digitized by Google

Ny Haody haody Tompo ko e !..... 243
Ny *Fialahilahiana* sady fanajana indraindray no fikizahana..... 243
Raha *Zanakalahy*, azo atao *Ialahy*.... 243
Raha Hova, koa samy olon-kafa..... 244
Raha mpisakaiza sy mitovitovy..... 244
Raha *Zanakavavy* tsy mba atao *Itena*. 245
Fiantsoany ny Vehivavy mitovy saranga..... 245
Fiantsoany ny Lehilahy &.....
Ny mahamety ny teny ny *Olona irery* manao hoe : *Izahay*..... 246
Famelaran-kevitra..... 247

Digitized by Google

Soa misy mpamaky

tsy mahazo loatra ny hevitra ny Marika Romána sy ny Marika Arabo, ka dia ho lazain'amy ny teny fohifohy. Ny Marika *Romàna* dia milaza ny fifandimbazana ny Andriana *Nanjaka.* Ary ny Marika *Arabo* kosa dia milaza zavatra roa; voalohany dia zavatra fomba amy ny taratasy ka efa fanta'tsika rehetra, fa milaza ny isa ny takelaka, --- ary faharoa dia milaza ny andininy izay tokony ho tantaraina tamy ny nanjaka'ny Nanjaka.

M. *Romàna.*	M. *Arabo.*	Hevi'ny.
I	1	iray na faharay
II	2	roa na faharoa
III	3	telo na fahatelo
IV	4	efatra &.
V	5	dimy &.
VI	6	enina
VII	7	fito
VIII	8	valo
IX	9	sivy
X	10	folo
XI	11	raikambinifolo
XII	12	roambinifolo
XIII	13	teloambinifolo
XIV	14	efatrambinifolo
XV	15	dimiambinifolo
XVI	16	ninambinifolo
XVII	17	fitoambinifolo
XVIII	18	valoambinifolo
XIX	19	siviambinifolo
XX	20	roapolo
XXI	21	raikambinifolo
XXII	22	roambiroapolo
XXIII	23	teloambiroapolo
XXIV	24	efatrambiroapolo

Digitized by Google

Fanampy ny amy ny Soratra fomba fanao amy ny Famorana. Izahao tak. 19.

Sary ny Vaki-tany atao hoe *Soratra*. Andriantompokoindrindra Zanaka lahimatoa ny Ralambo no nisehoana ny fomba fanao amy ny io *Soratra* io; ary ny Karazan'Andriana atao hoe *Andriantompokoindrindra*, no mpanao *Soratra* isan'izay mamora ny Andriana.

V. — *Vato masina* aleha ny Olona mandihy, ka itoerana ny Zaza ho forána.

M. — *Mahazaka* mizara efatra ny tany. Ary isan-toko anankiray aleha ny olo-mandihy; ary ny dihy atao ny, tsy mba mahitsy lalana fa miolikolika.

T. — *Tsipika* efatra arahiny isan-toko am-pandihizana.

A. — *Ny Ampovoana* aleha ny Andriana sy ny Havan'Andriana manolotra Azy.

F. — *Fidirana* dimy: Ny ampovoana any ny Andriana, ary ny efatra any ny Vahoaka.

N. — *Fivoahana* dimy: Ny ampovoana any ny Andriana, ary ny efatra any ny Vahoaka.

Ary na ny Andriana na ny Vahoaka, dia samy manatona ny Vato masina avokoa, hanatona ny Zaza ho orana. Ary na ny amy ny dihy, na ny amy ny hira, na ny amy ny tanan'aman-tongotra, sy izay rehetra natao teo... dia izay natao ny Andriana no narahiny ny Vahoaka.

Digitized by Google

Digitized by Google

Digitized by Google

Digitized by Google

Digitized by Google

Digitized by Google


Digitized by Google